
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2019

# Liahona



**Ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**

Nisy fanovana ara-drafitra nambara mba **hanamafisana orina ny zatovo**

**Nampisongadina ireo fitahiana avy amin'ny tempoly sy ny fitiavana ny hafa ny Filoha Nelson**

**Tempoly vaovao miisa 8 no nambara**

***Ny fieritreretana Anao (Ilay Mesia),*** **nataon'i Elspeth Young**

*"Raha niresaka momba ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny Filoha Russell M. Nelson dia hoy izy:*

*"-I Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra, "izay naharitra ny hazo fijaliana mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany" [Hebreo 12:2]. Eritrereto tsara anie izany! Mba hizakana ny zavatra sarotra indrindra niainana teto ambonin'ny tany, ny Mpamonjintsika dia nifantoka tamin'ny* fifaliana*!-* . . .

*"Toy izany koa, ny fifaliana -napetraka teo anoloantsika- dia ilay fifaliana avy amin'ny fanampiana ny Mpamonjy amin'ny asa fanavotana ataony."*

Loholona D. Todd Christofferson, ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny fifalian'ny Olomasina," 17.




© ELSPETH YOUNG, TSY AZO ADIKA

# Votoatiny nôvambra 2019

Boky 19 • Laharana 4

**Fivoriana sabotsy maraina**


6 **Ny hafatra, sy ny dikany, ary ny olona**
*Loholona Jeffrey R. Holland*

9 **Tena mpianatry ny Mpamonjy**
*Loholona Terence M. Vinson*

12 **Aoka hanam-pinoana fa tsy ho kely finoana**
*Stephen W. Owen*

15 **Ny fifalian'ny Olomasina**
*Loholona D. Todd Christofferson*

19 **Fahafahana ara-panahy**
*Michelle Craig*

22 **Fanolorantena tsy voahozongozona amin'i Jesoa Kristy**
*Loholona Dale G. Renlund*

26 **Matokia ny Tompo**
*Filoha Dallin H. Oaks*


**Fivoriana sabotsy tolakandro**


30 **Fanohanana ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Mpiandraiktira Ambony ao amin'ny Fiangonana**
*Filoha Henry B. Eyring*

31 **Hiambina amim-bavaka lalandava**
*Loholona David A. Bednar*

35 **Hita tamin'ny alalan'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna**
*Loholona Rubén V. Alliaud*

38 **Vavolombelona sy kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ary kilasin'ny Zatovovavy**
*Filoha Russell M. Nelson*

40 **Fanovana mba hanamafisana orina ny zatovo**
*Loholona Quentin L. Cook*

44 ***Avia, hanaraka Ahy*—tetikadin'ny Tompo hamaliana ny fahavalo sy drafitra handraisana andraikitra mialoha**
*Mark L. Pace*

47 **Fitokiana tsy tapaka sy tsy mety lefy**
*Loholona L. Todd Budge*

50 **Aorian'ny fizahan-toetra ny finoantsika**
*Loholona Jorge M. Alvarado*

53 **Manaja ireo fampanantenantsika sy fanekempihavanantsika**
*Loholona Ronald A. Rasband*


**Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**


57 **Na inona re miseho, mitoera eto!**
*Reyna I. Aburto*

60 **Manaja ny anarany**
*Lisa L. Harkness*

67 **Zanakavavy malala**
*Bonnie H. Cordon*

70 **Vehivavin'ny fanekempihavanana miara-miasa amin' Andriamanitra**
*Filoha Henry B. Eyring*

73 **Ireo didy *roa* lehibe**
*Filoha Dallin H. Oaks*

76 **Ireo harena ara-panahy**
*Filoha Russell M. Nelson*


**Fivoriana alahady maraina**


80 **Fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana**
*Loholona Gerrit W. Gong*

83 **Mahita fifaliana amin'ny fizarana ny Filazantsara**
*Cristina B. Franco*

86 **Ilay dianao lehibe mampientanentana**
*Loholona Dieter F. Uchtdorf*

90 **Ny fikasihan'ny Mpamonjy**
*Loholona Walter F. González*

93 **Aza mamitaka ahy**
*Loholona Gary E. Stevenson*

96 **Ny didy lehibe faharoa**
*Filoha Russell M. Nelson*


**Fivoriana alahady tolakandro**


100 **Fahamasinana sy ny drafitry ny fahasambarana**
*Filoha Henry B. Eyring*

104 **Mahafantatra sy mitia ary mitombo**
*Loholona Hans T. Boom*

106 **Mamela ny fanahintsika hifehy ny vatantsika**
*Filoha M. Russell Ballard*

110 **Hery handresena ny fahavalo**
*Loholona Peter M. Johnson*

113 **Mitondra ny hazo fijaliantsika**
*Loholona Ulisses Soares*

116 **Voa**
*Loholona Neil L. Andersen*

120 **Lahateny famaranana**
*Filoha Russell M. Nelson*

64 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

123 **Vaovaom-piangonana**

127 ***Avia, hanaraka Ahy*—Mianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany**




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-189

**Sabotsy maraina, 5 ôktôbra 2019, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanokafana: Loholona Larry Y. Wilson
Vavaka famaranana:
Loholona Steven R. Bangerter
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Le jour paraît, chassant la nuit," *Cantiques,* no. 1; "From All That Dwell below the Skies," *Hymns,* no. 90, narindran'i Wilberg; "Pour sonder tes Ecritures," *Cantiques,* no. 163, narindran'i Murphy; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 12; "Finoana," Bokin-kiran'ny ankizy, 50, narindran'i Elliott; "Mifalia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 64, narindran'i Wilberg.

**Sabotsy tolakandro, 5 ôktôbra 2019, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanokafana:
Loholona Matthew L. Carpenter
Vavaka famaranana:
Loholona Craig C. Christensen
Hira nataon'ny amboaram-peo mitambatra avy ao amin'ireo tsatòka ao Provo, Utah; Jim Kasen, mpitarika ny hira; Joseph Peeples, mpitendry ôrga: "Christ est ma lumière," *Cantiques,* no. 50, narindran'i Kasen; "Tsara ny asa," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 25, narindran'i Kasen; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 9; "L'Esprit, Seigneur, nous a touchés," *Cantiques,* no. 88, narindran'i Kasen.

**Sabotsy hariva, 5 ôktôbra 2019, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpitarika: Joy D. Jones
Vavaka fanokafana: Salote Tukuafu
Vavaka famaranana: Carol Costley
Hira nataon'ny amboaram-peo mitambatry ny kilonga vavy sy zatovovavy avy ao amin'ny tsatòkan'i West Jordan, Utah; Kasey Bradbury, mpitarika ny hira; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Louange à Dieu," *Cantiques,* no. 37, narindran'i Webb; "Misaotra Anao noho ny Mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 72; "Mahita ny tempoly no mahafinaritra ahy," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 99, narindran'i Mohlman; "Nalefany ny zanany," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 20, narindran'i DeFord.

**Fivoriana alahady maraina, 6 ôktôbra 2019, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring
Vavaka fanokafana: Loholona O. Vincent Haleck
Vavaka famaranana: Becky Craven
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square; Mack Wilberg, mpitarika ny hira; Brian Mathias sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Combien tu es grand," *Cantiques,* no. 176; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 59, narindran'i Wilberg; "Vavaky ny ankizy," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 6, narindran'i Perry; "Toroy handeha amin'ny mazava aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 129; "Vas-tu faiblir, ô jeuness," *Cantiques,* no. 164, narindran'i Lyon; "Love Divine, All Loves Excelling," Wesley sy Prichard, narindran'i Wilberg.

**Fivoriana alahady tolakandro, 6 ôktôbra 2019, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dallin H. Oaks
Vavaka fanokafana: Loholona Jack N. Gerard
Vavaka famaranana: Douglas D. Holmes
Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely ao Temple Square; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Ndao, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 7, narindran'i Murphy; "Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 44, narindran'i Murphy; "Ndao handroso hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy,* pejy 20; "Ah, donne-moi, Père," *Cantiques,* no. 70, narindran'i Staheli.

**Fomba ahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**
Raha te hahita ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny internet dia tsidiho ny conference.Church ofJesusChrist.org ary misafidiana fiteny iray. Hita ao amin'ny application Bibliothèque de l' Évangile ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita any amin'ireo foibe fanapariahana ireo rakitsary sy rakipeo amin'ny teny Anglisy. Misy fampahalalana mikasika ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay azo alaina amin'ny endriny maromaro ho an'ireo mpikambana manana fahasembanana ao amin'ny disability.ChurchofJesusChrist.org.

**Eo amin'ny fonony**
Eo anoloana: Sary nalain'i Janae Bingham
Ao an-damosina: Sary nalain'i Welden C. Andersen

**Sary nandritra ny fihaonambe**
Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Welden Anderson, i Cody Bell, i Janae Bingham, i Randy Collier, i Weston Colton, i Bruno Lima, i Brian Nicholson, i Leslie Nilsson, i Matthew Reier, i Christina Smith, ary i Dave Ward.



**NÔVAMBRA 2019 BOKY. 19 LAH. 4**
**LIAHONA 18611 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring
**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk
**Mpanorohevitra:** Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Walter F. González, Larry S. Kacher, Adrián Ochoa, Michael T. Ringwood, Vern P. Stanfill

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Camila Castrillón
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Aaron Johnston, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, José Chavez, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith
**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha Fokontany Manarintsoa Est, Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny ivon-toerana mpaninjara any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity Liahona, flr. 23, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0023, USA.

Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2019 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
November 2019 Vol. 19 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



**Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia**

Aburto, Reyna I., 57
Alliaud, Rubén V., 35
Alvarado, Jorge M., 50
Andersen, Neil L., 116
Ballard, M. Russell, 106
Bednar, David A., 31
Boom, Hans T., 104
Budge, L. Todd, 47
Christofferson, D. Todd, 15
Cook, Quentin L., 40
Cordon, Bonnie H., 67
Craig, Michelle, 19
Eyring, Henry B., 30, 70, 100
Franco, Cristina B., 83
Gong, Gerrit W., 80
González, Walter F., 90
Harkness, Lisa L., 60
Holland, Jeffrey R., 6
Johnson, Peter M., 110
Nelson, Russell M., 38, 76, 96, 120
Oaks, Dallin H., 26, 73
Owen, Stephen W., 12
Pace, Mark L., 44
Rasband, Ronald A., 53
Renlund, Dale G., 22
Soares, Ulisses, 113
Stevenson, Gary E., 93
Uchtdorf, Dieter F., 86
Vinson, Terence M., 9

**Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra**

Ao an-tokantrano, 12, 44
Asa fanasoavana olona, 96
Asa fanompoana, 15, 19, 60, 70, 86, 96
Asa fitoriana, 83, 86
Bokin'i Môrmôna, 35, 80, 83, 110
Drafitry ny famonjena, 83, 100, 106, 116
Eveka, 38, 40
Fahakiviana, 110
Fahalalana, 104
Fahamasinana, 100, 120
Fahantrana, 96
Fahararian'ny saina, 57
Fahasambarana, 100
Fahatokiana, 19, 26, 47
Fahitana Voalohany, 6, 104, 120
Fahoriana, 15, 47, 50, 57, 90, 100, 104, 113, 116
Fakam-panahy, 31, 93
Famelan-keloka, 113
Famerenana amin'ny laoniny, 120
Fanahy Masina, 19, 35
Fanambadiana, 73, 80
Fanantenana, 47, 90
Fanasan'ny Tompo, 110
Fanasitranana, 57, 90
Fanatitra amin'ny fifadian-kanina, 96
Fanavahana, 76, 93
Fandalana ny fahamarinana, 53
Fandalinana soratra masina, 44, 110
Fanekempihavanana, 22, 53, 60, 76, 80, 83, 116
Fankatoavana, 15, 73, 93
Fanolorantena, 9, 22
Fanompoana, 70, 96, 104
Fiainam-panahy, 12, 19, 44
Fianakaviana, 83, 106
Fiarovana, 31, 44
Fiarovana amin'ny loza, 31
Fibebahana, 73, 100, 104, 106, 113
Fifaliana, 9, 15, 47, 83, 96, 116
Fifehezan-tena, 106, 113
Finamanana, 12, 67
Finoana, 6, 12, 19, 22, 47, 50, 67, 76, 116
Fiomanana, 31, 70
Fiovam-po, 15, 22, 35
Firafitry ny Fiangonana, 40, 67
Fisandratana, 73
Fisiana talohan'ny nahaterahana, 86, 106
Fisoronana, 76, 80
Fisoronana Aharôna, 38, 40
Fitahiana, 76, 90, 120
Fitarihana, 38, 40, 67
Fitiavana, 73, 86, 104, 106, 110, 116
Hery, 35, 76, 110
Ireo Didy, 15, 73, 93
Jesoa Kristy, 6, 9, 15, 22, 26, 35, 44, 47, 53, 57, 60, 80, 83, 86, 116, 121, 100, 110, 113, 116
Joseph Smith, 6, 93, 100, 104, 113, 157
Lalàna, 73
Ny maha-mpanara-dia, 9, 15, 19, 22, 60, 86, 96, 104, 113
Ohatra, 50
Ôrdônansy, 38, 80, 116
Satana, 31, 44, 93, 110
Sorompanavotana, 9, 47, 60, 106, 116
Teknôlojia, 12, 19, 40, 110
Tempoly, 26, 76, 120
Tontolon'ny Fanahy, 26, 106
Vatana mety maty, 31, 106
Vavaka, 19, 31, 104, 110
Vehivavy, 70, 73, 76
Zatovo, 12, 38, 40, 53, 120
Zatovolahy, 38, 40
Zatovovavy, 38, 40, 67



# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-189

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay nanao lahateny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana dia nanolotra ombieny ombieny ilay fanasana mba hahatongavana: hahatongavana ho sambatra kokoa, hahatongavana ho masina kokoa, hahatongavana tahaka ny Mpamonjy bebe kokoa, ary ny hanampy ny hafa hanao torak'izany koa.

Ankoatra izay dia nataon'izy ireo izay hahatonga izany fanovana izany ho azontsika tsirairay avy handraisana anjara.

"Tian'ny Tompo ireo zanany rehetra handray anjara amin'ireo fitahiana omena any amin'ny tempoly," hoy ny nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson. ". . . Ny fahamendrehan'ny tena manokana mba hiditra ny tranon'ny Tompo dia mitaky fiomanan'ny tena manokana ara-panahy be dia be. Kanefa miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo dia tsy misy zavatra tsy azo tanterahina."

### Mitady fahasambarana sy fahamasinana

Nanasa antsika tsirairay avy ny Filoha Nelson mba ho mendrika hahazo ireo fitahian'ny tempoly (jereo ny pejy 120).

Ny Filoha Henry B. Eyring dia nanazava ny fifandraisana eo amin'ny fahamasinana mitombo sy ny fahasambarana mitombo (jereo ny pejy 100).

Ny Loholona D. Todd Christofferson dia nampianatra antsika ny fomba hahitana "ny fifalian'ny olomasina" (jereo ny pejy 15).

### Fanasana mba hitia sy hizara

Ny Filoha Nelson dia nampianatra ny maha-zava-dehibe ny fitiavana ny namantsika ary nanazava ny asa fanasoavana olona ataon'ny Fiangonana izay mipaka ihany koa any amin'ireo olona hafa ankoatra ny mpikamban'ny (jereo ny pejy 96).

Ny Loholona Dieter F. Uchtdorf dia nanazava ny herin'ny fanasana ny hafa ho avy ka hijery (jereo ny pejy 86).

Nanoritsoritra ny fifaliana avy amin'ny fizarana ny filazantsara ny Rahavavy Cristina B. Franco (jereo ny pejy 83).

### Fanamafisana orina ny zatovo

Nampahafantatra fanovana eo amin'ireo rafitry ny zatovo ny mpaminany izay hamporisika ireo zatovo ao amin'ny fiadidian'ny kôlejy sy ireo kilasy mba hijoro sy hitarika (jereo ny pejy 38).

Natolotry ny Loholona Quentin L. Cook ny fomba fitantanana ny Fisoronana Aharôna (jereo ny pejy 40).


Rahavavy Bonnie H. Cordon dia nizara ireo fanovana amin'ny rafitry ny Zatovovavy (jereo ny pejy 67).

### Manorina tempoly; Mampiorina antsika

Nanambara tempoly vaovao miisa valo ny Filoha Nelson nandritra ny fivoriamben'ny vehivavy (jereo ny pejy 76).

Ny alahady tolakandro izy dia nampianatra momba ny fahamendrehana hiditra ny tempoly ary nampahafantatra mikasika ny fanavaozana ireo fanontaniana hahazoana fahazoandalana hidirana ny tempoly (jereo ny pejy 120). ■







NATAON'NY LOHOLONA JEFFREY R. HOLLAND
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Ny hafatra, sy ny dikany, ary ny olona

*Ao anatin'ny safotofotom-piainana tsy mitsahatra amin'izao androntsika izao dia aoka isika hiezaka hahita an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika sy ny finoantsika ary ny fanompoantsika.*

Ry rahalahy sy anabavy, i Sammy Ho Ching io hitantsika io, fito volana, mijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fahitalavitra ao an-tranony tamin'ny aprily lasa teo.

Rehefa akaiky ny fotoana hanohanana ny Filoha Russell M. Nelson sy ireo Manampahefana Ambony hafa dia sahirana nitazona tavoahangy ny tanan'i Sammy. Koa dia nataony ary ny zavatra tsara indrindra manaraka.

Nasian'i Sammy dikany vaovao ny hevitr'ilay fomba fiteny hoe manohana amin'ny alalan'ny fananganana tongotra.

Tonga soa amin'ity fihaonambe maneran-tany fanao isaky ny tapataona an'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ity. Mba hanomanana resaka momba ny dikan'itony fivoriana in-droa isan-taona itony dia tiako ianareo hieritreritra izao tranga ao amin'ny fitantaran'i Lioka ao amin'ny Testamenta Vaovao izao:[1]

"Ary raha Jesosy nanakaiky an' i Jeriko, dia indro jamba anankiray nipetraka nangataka teo amoron-dalana.

". . . *Ary raha nandre ny vahoaka mandalo izy, dia nanontany hoe: Inona izany?*

". . . Hoy ny olona taminy: Jesosy avy any Nazareta no mandalo.

"Dia niantso mafy ralehilahy ka nanao hoe: Ry Jesosy, Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko."

Taitra tamin'ny fahasahiany ny olona dia niezaka nampangiana azy, "fa vao mainka niantsoantso izy," araka



*Nanohana ny Filoha Russell M. Nelson i Sammy Ho Ching nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 2019.*

ny voalaza. Vokatry ny fikirizany dia nentina teo amin'i Jesoa izy, izay efa nandre ny fitarainany feno finoana mba hamerina amin'ny laoniny ny fahitany sy hanasitrana azy.[2]

Mampihetsi-po ahy foana io zavatra niainana kely izay tena mpitranga io isaky mamaky izany aho. Tsapantsika ny fahorian'io lehilahy io. Mila ho rentsika izy mihiaka mba hampitodika ny Mpamonjy. Ihomehezantsika ny tsy fanekeny hampanginina, izany hoe ny fahavononany hiantsoantso *mafy* rehefa niteny azy mba hiteny *moramora* ny olona hafa rehetra. Tantara iray momba ny finoana tsy azo hozongozonina izany. Fa tahaka ny ao amin'ny soratra masina rehetra dia arakaraka ny hamakianao azy no hahitanao zavatra ao anatiny.

Ny zavatra iray izay nanaitra ahy vao tsy ela dia ny fahatsapana tsara izay nananan'io lehilahy io noho ireo olona manana toetra mahafantatra zavatra ara-panahy nanodidina azy. Ny tena mampisy lanjany io tantara io dia mifototra amin'ireo vehivavy sy lehilahy vitsivitsy tsy fantatra izay rehefa nanontanian'ny namany hoe "Inona izany?" dia nanana fahitana ny hilaza an'i Kristy ho anton'ilay horakoraka, Izy ilay olona nahatonga izany; Izy ilay Antony Velona. Misy lesona ho antsika rehetra ao amin'io resaka kely io. Raha resaka finoana sy finiavana hanao ny tsara, dia manampy ny fametrahanao ny fanontanianao amin'ireo izay tena manana izany. "Ny jamba va mahatari-dalana ny jamba?" Hoy i Jesoa nanontany indray mandeha. "[Raha izany, moa] tsy hianjera any an-kady va izy roa?"[3]

Fitadiavana ny hampitombo ny finoana sy ny finiavana hanao ny tsara toy izany no antony mahatonga antsika manatrika itony fihaonambe itony, ary amin'ny fiarahanareo aminay androany dia ho hitanareo fa zavatra iraisan'ny rehetra izany fitadiavana izany. Jereo ny manodidina anareo. Hitanareo tonga etoana fa misy fianakaviana isan-karazany avy amin'ny toerana rehetra. Ao ny mpinamana taloha izay mifamihina ao anatin'ny fihaonana feno fifaliana, ao ny amboaram-peo mahatalanjona izay manafana feo, ary ao ireo mpanohitra miantsoantso

avy eny amin'ny toeram-panentanany tian'izy ireo indrindra. Ireo misiônera nanompo teo aloha izay mitady ireo namana mpiara-mitory teo aloha, raha toa kosa ireo misiônera tafaverina ka mitady namana *vaovao* mihitsy (raha azonareo ny tiako holazaina!). Ary ny sary? Ampio re izahay ry lanitra ô! Miaraka amin'ireo finday eny an-tanan'ny tsirairay dia niova ilay hoe "ny mpikambana rehetra dia misiônera" ka lasa hoe "ny mpikambana tsirairay dia mpaka sary." Eo anivon'izany fisafotofotoana mahafinaritra izany dia mety hisy olona hanontany hoe: "Inona daholo no dikan'izany?"

Tahaka ny ao amin'ilay tantara ao amin'ny Testamenta Vaovao, ireo izay nomena fahatakarana dia hahafantatra fa na dia eo aza ireo zavatra hafa izay atolotr'ity fihaonambe ity ho antsika dia tsy manan-danja na tsy misy dikany izany raha tsy i Jesoa no eo anivon'izany rehetra izany. Mba hahazoana ilay fahatakarana katsahintsika, ilay fahasitranana izay nampanantenainy, ilay zavatra manan-danja izay fantatsika fa eto, dia tsy maintsy miala amin'ilay fisafotofotoana isika, na dia mahafinaritra aza izany, ka mampifikitra ny fifantohantsika Aminy. Ny vavaka izay ataon'ny mpandahateny tsirairay, ny fanantenan'ireo rehetra izay mihira, ny fanajana asehon'ny vahiny tsirairay, ireo rehetra ireo dia natokana hanasana ny Fanahin'Ilay tompon'ity Fiangonana ity, dia Ilay Kristy Velona, ilay Zanak'-ondrin' Andriamanitra, ilay Andrian'ny fiadanana.

Fa tsy voatery hamonjy ivon-toeran'ny fihaonambe isika vao hahita Azy. Rehefa vao sambany ny ankizy iray no mamaky ny Bokin' i Môrmôna ka lasa tia ny herim-pon'i Abinadia na ny dian'ireo zatovolahy miaramila 2.000, dia azontsika ampiana fa i Jesoa foana no ivon'izany tantara izany, izay mijoro ho toy ny fanevan'ny pejy tsirairay ary mampifandray singa mampiroborobo ny finoana ao amin'izany.

Toy izany koa, rehefa misy namana iray mianatra momba ny fivavahantsika, dia mety ho very kely izy amin'ireo zavatra mampiavaka na fiteny tsy mahazatra misy ato amin'ny fivavahantsika,



ny famerana ny sakafo hohanina, ireo fitaovana ho an'ny fizakan-tena, ny dian'ireo mpamaky lay, ny tetiarana amin'ny endriny nomerika, miaraka amin'ireo foiben'ny tsatoka maro izay azo inoana fa amin'ny maha-hoe "stake center" azy dia eritreretin'ny sasany fa toerana fihinanana steak matsiro be. Koa rehefa mahita sy mahare ireo zavatra vaovao ireo ny namantsika dia tsy maintsy ampiantsika izy ireo tsy hisavorovoro saina ka hahatakatra ny dikan'izany rehetra izany ary hifantoka amin'ny filazantsara mandrakizay, ny fitiavan'ireo Ray aman-dReny any An-danitra, ny fanavotana natrolotr'ilay Zanak' Andriamanitra, ny fitarihana mampaherin'ny Fanahy Masina, ny famerenana amin'ny laoniny ireo fahamarinana rehetra ireo amin'ny andro farany sy zavatra maro hafa be dia be.

Rehefa vao sambany ny olona iray no mankany amin'ny tempoly masina dia mety ho gaga amin'ny zavatra iainany izy. Ny asantsika dia ny hanao izay hahatonga ireo famantarana masina sy ireo fombafomba voambara, ny fitafy entina manatanteraka ny fombafomba sy ny fanehoana an-tsary, mba tsy hampiala ny fifantohana fa hisarika ny saina kosa ho any amin'ny Mpamonjy, izay mahatonga antsika eto hitsaoka. Ny tempoly dia tranony, ary tokony ho Izy no tena manan-danja indrindra ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika, ilay fotopampianarana kanton'i Kristy manenika ny aina manontolo tahaka ny hamenoany ireo ôrdônansin'ny tempoly, manomboka amin'ilay fotoana hamakiantsika ny soratra eo amin'ny varavarana anoloana hatramin'ilay fotoana farany maha-ao amin'ilay trano antsika. Eo anivon'ireo zavatra mahatalanjona tojo antsika ao dia tokony ho ny lanjan'i Jesoa no hitantsika ambonin'ny zavatra rehetra.

Eritrereto ireo ezaka mafonja sy filazana vaovao maro tato amin'ny Fiangonana tao anatin'ireo volana lasa. Rehefa mifanompo isika, na manatsara ny fiainantsika ny Sabata, na manaraka am-pifaliana ny fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny ankizy sy ny zatovo, dia tsy ho hitantsika ny tena anton'ireo fanitsiana azo avy amin'ny fanambarana ireo raha toa ka raisintsika ho zavatra misaraka sy tsy mifandray izy ireo, fa tsy toy ny ezaka mifandray mba hanampiana antsika hiorina mafy kokoa eo ambonin'ny Vatolampin'ny



Famonjena antsika.[4] Mino, tena mino aho fa izany mihitsy no tian'ny Filoha Russell M. Nelson hahatongavana amin'ny fanasana antsika hampiasa ny anaran'ny Fiangonana voambara.[5] Rehefa i Jesoa (ny anarany, ny fotopampianarany, ny ohatra nasehony, ny maha-Andriamanitra Azy) no ivon'ny fitsaohantsika, dia manamafy ilay fahamarinana lehibe nampianarin'i Almà isika hoe: "Zavatra maro no hitranga; [saingy] indro, misy zavatra iray izay manan-danja kokoa noho ny rehetra— . . . [dia ny Mpanavotra izay hiaina sy ho tonga] eo anivon'ny vahoakany."[6]

Hevitra iray farany: Ny toerana niainan'i Joseph Smith tamin'ny taonjato faha-19 dia feno kristianina tia mifaninana.[7] Saingy teo anivon'ny horakoraka izay naterak'izany, dia vao mainka nanafina an'ilay Mpamonjy izay nokatsahin'i Joseph tovolahy fatratra ireo fifohazam-panahy mafana fo ireo. Raha niady tamin'izay nolazainy hoe "haizina sy ny fifangaroan-kevitra,"[8] izy dia nisintaka tany amin'ny mangingina tany anaty alakely izay nahitany sy naharenesany tenivavolombelona am-boninahitra momba ny maha-zavadehibe ny Mpamonjy ao amin'ny filazantsara mihoatra an'izay zavatra mety ho efa noresahintsika teto androany maraina. Fanomezam-pahasoavan'ny fahitana izay tsy takatry ny saina sy tsy nampoizina no azon'i Joseph fa nahita ny Ray any An-danitra, ilay Andriamanitra lehiben'izao rehetra izao sy i Jesoa Kristy Zanany Lahitokana tonga lafatra izy. Dia naneho ilay ohatra noresahintsika androany maraina ny Ray: nanondro an'i Jesoa Izy dia nilaza hoe: "Ity no Zanako Malalako. "Henoy Izy!"[9] Tsy misy fomba filazana ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa sy ny maha-ivon'ny drafitry ny famonjena Azy ary ny toerany eo imason' Andriamanitra lehibe mihoatra izany filazana ao anatin'ny teny enina izany.

Misy fifandonana sy fikorontanana ve? Misy vahoaka manakorontana sy fifandirana ve? Feno an'izany rehetra izany ity tontolo misy antsika ity. Eny tokoa, mbola mifanditra foana ireo tsy mino sy ny mino momba io fahitana io sy ireo zavatra hafa nolazaiko androany. Raha toa *ianao* ka miezaka mafy ny hahita mazava kokoa sy hahatakatra kokoa eo anivon'ny hevitra marobe dia mamporisika anao aho hitodika any amin'io Jesoa io ary hijoro ho vavolombelon'ny zavatra niainan'i Joseph Smith, izay nitranga teo amin'ny 1800 taona taorian'ny nahazoan'ilay namantsika jamba ny fahitana tao Jeriko fahiny. Mijoro ho vavolombelona miaraka amin'ireo roa ireo sy ny maro hafa koa aho fa ny zavatra hita sy re tena mampientam-po be indrindra amin'ny fiainana dia i Jesoa, izay tsy vitan'ny mandalo fotsiny[10] fa tonga *eto* anivontsika, mijanona *eo anilantsika*, ary mametraka ny fitoerany *miaraka* amintsika koa.[11]

Ranabavy sy rahalahy, ao anatin'ny safotofotom-piainana tsy mitsahatra amin'izao androntsika izao dia aoka isika hiezaka hahita an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika sy ny finoantsika ary ny fanompoantsika. Ao amin'izany no ahitana ny zavatra tena manandanja. Ary raha tàhiny indray andro any ka voafetra ny fahatakarantsika, na mihena ny fahatokian-tenantsika, na voazaha toetra sy voasivana ny finoantsika, izay tena hitranga, dia aoka isika hihiaka mafy hoe: "Ry Jesosy, Zanak' i Davida ô, mamindrà fo amiko!"[12] Mampanantena amin'ny hafanam-pon'ny apôstôly sy amin'ny fandresen-dahatry ny mpaminany aho fa handre anareo Izy, ary na ho ela na ho haingana dia hilaza Izy hoe: "Mahirata ny masonao; ny finoanao no efa nahavonjy anao."[13] Tonga soa eto amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mety ho io na tsy io ilay tranga voarakitra ao amin'ny Matio 20:30–34, izay ahitana lehilahy jamba anankiroa mamaly, na ilay anankiray voarakitra ao amin'ny Marka 10:46–52, izay ahitana lehilahy jamba anankiray antsoina hoe Bartimeo, zanak'i Timeo.
2. Jereo ny Lioka 18:35–43; nampiana fanamafisana.
3. Lioka 6:39.
4. Jereo ny 2 Nefia 9:45.
5. Jereo ny Russell M. Nelson, "Ny anarana marin'ny Fiangonana," *Liahona,* nôv. 2018, 87–89.
6. Almà 7:7.
7. Ny faritra avaratr'i New York eo akaikin'i Palmyra dia matetika nantsoina ho "distrika mahamay" noho ny hafanam-po ara-pivavahana nanjaka tao amin'ireo fiarahamonina tao.
8. Joseph Smith—Tatara 1:13.
9. Joseph Smith—Tantara 1:17.
10. Jereo ny Lioka 18:37.
11. Jereo ny Jaona 14:23.
12. Marka 10:47.
13. Lioka 18:42.



NATAON'NY LOHOLONA TERENCE M. VINSON
*Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy*

# Tena mpianatry ny Mpamonjy

*Afaka mahatsapa fifaliana maharitra isika rehefa lasa ny Mpamonjy sy ny filazantsarany no rafitra hanorenantsika ny fiainantsika.*

Somary miafina ao amin'ny bokin'i Hagay ao amin'ny Testamenta Taloha dia misy famariparitana vondron'olona iray izay mety ho nampiasa ny torohevitry ny Loholona Holland. Diso izy ireo fa tsy nametraka an'i Kristy ho ivon'ny fiainany sy ny fanompoany. Nanoritsoritra teny amin'ny endrika kisarisary mampieritreritra i Hagay rehefa nibedy ireo vahoaka ireo noho ny nipetrahan'izy ireo tamim-piadanana tao antranon'izy ireo fotsiny fa tsy nanangana ny tempolin'ny Tompo:

"Moa andro tokony hitoeran'ny tenanareo ao amin'ny tranonareo misy valin-drihana va izao, kanefa rava ity trano ity?

"Koa izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Hevero ny lalanareo.

"Efa namafy be hianareo, nefa kely no taomina: mihinana hianareo, nefa tsy voky; misotro hianareo, nefa tsy afa-po; mitafy hianareo, nefa tsy misy mafana; ary izay mahazo karama dia mahazo karama hatao an-kitapo loaka.

"Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Hevero ny lalanareo."[1]

Tena famariparitana tsara ny maha-tsy misy dikany ny fanaovana laharam-pahamehana ny zavatra tsy manan-danja mandrakizay mihoatra noho ny zavatr' Andriamanitra mihitsy izany.

Tamina fivoriana fanasan'ny Tompo natrehako vao tsy ela izay dia nindrana ny tenin'ny raim-pianakaviana iray



izay namintina tsara an'izany hevitra izany ny misiônera vao niverina iray, raha nilaza tamin-janany ilay raim-pianakaviana hoe: "Tsy dia mila Wi-Fi isika rehefa ety fa mila Nefia!"

Nipetraka tao Afrika Andrefana nandritra ny dimy taona aho ary tao aho no nahita ohatra betsaka an'ireo olona izay tonga dia mora nandray ny filazantsara ho laharam-pahamehana ary tsy menatra ny amin'izany. Ohatra iray ny amin'izany ny anaran'ny orinasa fandraharahana fanamboarana sy fampifandanjana kodiarana iray ao Ghana. Nantsoin'ilay tompony hoe: "Fanitsiana Kodiarana araka ny Sitraponao" ilay izy.

Afaka mahatsapa fifaliana maharitra isika[2] rehefa lasa ny Mpamonjy sy ny filazantsarany no rafitra hanorenantsika ny fiainantsika. Saingy mora foana ny mety hahalasa ireo zavatra araka izao tontolo izao ho rafitra hanorenantsika ny fiainantsika, ka ny filazantsara dia lasa zavatra fanampiny fotsiny, na koa hoe fanatrehana fotoam-bavaka any am-piangonana mandritra ny adiny roa amin'ny andro alahady fotsiny. Rehefa izay no mitranga dia lasa mitovy tanteraka amin'ilay hoe mametraka ny karamantsika "an-kitapo loaka" isika.

Milaza amintsika i Hagay ny mba hanolorantsika tena, ny mba ho "fair dinkum" na mahatoky amin'ny fiainana ny filazantsara araka ny filazanay azy any Australie. Fair dinkum ny olona rehefa manao izay lazainy fa ataony.

Nianatra kely momba ny fijanonana ho fair dinkum sy ny fahaizana manolo-tena aho tamin'ny alalan'ny lalao baolina lavalava. Nianatra aho fa rehefa milalao araka izay vitako, rehefa manolotra ny rehetra avy amiko aho, dia amin'izay fotoana izay no lehibe indrindra ny fankafizako an'ilay lalao.

Ny taona nilalaovako baolina lavalava tiako indrindra dia ny taona taorian'ny naha-afaka bacc ahy. Ny ekipa nisy ahy dia sady nanan-talenta no feno fanolorantena ihany koa. Izahay no ekipa tompon-daka tamin'io taona io. Indray andro anefa dia nifanandrina tamina ekipa iray izahay izay ambanimbany filaharana ary taorian'ilay lalao dia samy tokony hitondra ny olon-tiany avy ho amin'ny fandihizana ao an-tsekoly

fanao isan-taona izahay tsirairay avy. Nieritreritra aho hoe ho mora ilay lalao, ka noho izany dia tokony hiaro ny tenako tsy haratra aho mba hahafahako mankafy tanteraka ilay fandihizana avy eo. Nandritra io lalao io izahay dia tsy nanolo-tena tanteraka rehefa nifandona mafy tamin'ireo mpifanandrina taminay araka ny tokony ho nataonay, ka dia resy izahay. Nampananosarotra ny toe-draharaha ny nivontosan'ny molotro izaitsizy rehefa vita ilay lalao, ka izany dia tsy nanatsara ny endriko hoentina hamonjy ilay fampiarahana efa tsy andriko ery. Nisy zavatra nila nianarako angamba.

Traikefa tena samy hafa be tamin'izay no nitranga tamin'ny lalao hafa iray izay nanoloirako tena tanteraka. Nisy fotoana aho tamin'io nihazakazaka tamim-piniavana tanteraka hifandona amin'ny mpifanandrina iray; nahatsapa fanaintainana teo amin'ny tarehiko avy hatrany aho. Noho izaho efa nampianarin'ny raiko fa tsy tokony haneho amin'ny mpifanandrina mihitsy hoe marary, dia nanohy ny lalao aho. Ny alin'iny, raha nanandrana nihinan-kanina aho, dia hitako fa tsy afaka nitsako aho. Ny ampitson'iny dia nankany amin'ny hôpitaly aho, ka ny valin'ny fitarafana tamin'ny radiô dia nanamafy fa vaky ny valanoranoko. Nizaitra nandritra ny enina herinandro taorian'izay ny vavako.

Nianarana lesona ireo fanoharana momba ny molotra nivonto sy ny valanorano vaky. Na dia teo aza ny fahatsiarovako ny filàna sakafo azo tsakoina nefa tsy azoko nohanina nandritra ireo enina herinandro ka tsy nahafahako nihinana afa-tsy sakafo mandranoka, dia tsy mahatsapa nenina aho noho ny naha-vaky ny valanoranoko satria izany dia avy amin'ny nanomezako ny tsara indrindra avy amiko. Hanenenako anefa ilay molotra nivonto satria izany dia tandindon'ny famefeko ny tenako.

Ny fanomezana ny tsara indrindra avy amintsika dia tsy midika akory fa ho voahodidina fitahiana foana na hahomby foana isika. Midika kosa izany fa hanana fifaliana isika. Ny fifaliana dia tsy fahafinaretana mihelina, na hoe fahasambarana mandalo fotsiny mihitsy aza. Ny fifaliana dia maharitra, ary miorina amin'ireo ezaka ataontsika mba ho eken'ny Tompo.[3]

Ohatra iray ny amin'izany hoe eken'ny Tompo izany ny tantaran'i Oliver Granger. Hoy ny Filoha Boyd K Packer hoe: "Rehefa voaroaka hiala an'i Kirtland ireo Olomasina, . . . dia tavela tany aoriana i Oliver, hivarotra ny fananan'izy ireo mba hahazoana izay kely vitany. Tsy dia ninoana loatra ny hampahomby ny zavatra nataony. Ary tsy nahomby tokoa izy!"[4] Nampandraiketin'ny Fiadidiana Voalohany asa sarotra izy, na raha ny marina dia asa sarotra loatra. Saingy nidera azy ny Tompo noho ny ezaka izay toa tsy nahitam-pahombiazana nataony:

"Mahatsiaro an'i Oliver Granger mpanompoko Aho; indro, lazaiko aminy marina tokoa fa ny anarany dia hotanana ao amin'ny fahatsiarovana masina hatrany amin'ny taranaka fara aman-dimby, mandrakizay mandrakizay, hoy ny Tompo.

"Koa aoka izy hiezaka amin-kafanam-po tokoa ho fanavotana ny Fiadidiana Voalohan'ny Fiangonako, . . . ary raha lavo izy dia mbola hiarina indray, satria ny fahafoizan-tenany dia ho masina kokoa Amiko noho ny fitomboany, hoy ny Tompo."[5]

Marina izany ho antsika rehetra: tsy ny fahombiazantsika no manan-danja ho an'ny Tompo fa ny fahafoizana sy ireo ezaka ataontsika.

Ohatra iray hafa amin'ny maha-tena mpianatr'i Jesoa Kristy ny an'ny namana malalanay iray ao Côte d'Ivoire ao Afrika Andrefana. Ity ranabavy mahafinaritra sy mahatoky ity dia nijaly be noho ny herisetra ara-pihetsehampo ary ara-batana mihitsy aza nataon'ny vadiny taminy nandritra ny fotoana naharitra; ary taty aoriana dia nisaraka izy ireo. Tsy nihozongozona mihitsy ny finoany ary nanao ny tsara foana izy, saingy noho ny habibian-toetra nasehony taminy dia niaina ratrampo lalina nandritra ny fotoana ela izy. Toy izao no namariparitany ny zava-nitranga:

"Na dia nilaza aza aho fa namela azy, dia mbola nisy fery foana rehefa natory aho; niaraka tamiko foana izany fery izany nandritra ny tontolo androko. Toy ny hoe nodorana izany ny foko. Im-betsaka aho no nivavaka tamin'ny Tompo mba hanalany izany amiko saingy tena nankarary ahy tokoa ilay izy hany ka lasa nino tanteraka aho fa hanaraka ahy mandritra ny androm-piainako rehetra izany. Mbola narary noho ny tamin'ny nahalasana ny reniko fony aho ankizivavy izany, mbola narary kokoa noho ny tamin'ny nahalasana ny raiko ary ny nahalasana ny zanakalahiko mihitsy aza. Toa nahazo vahana sy nandrakotra ny foko ilay izy, ka lasa nahatsiaro hoe ho faty izany aho tamin'ny fotoana rehetra.

"Tamin'ny fotoana sasany aho dia nanontany tena ny amin'ny zavatra ho nataon'ny Mpamonjy raha teo amin'ny toerako Izy, ary naleoko kokoa niteny hoe: -Mafy loatra ity ry Tompo.-

"Indray maraina anefa dia nikaroka ilay fanaintainana avy amin'izany zavatra rehetra izany aho tao am-poko, ary lalindalina kokoa, nikaroka izany



*Terence M. Vinson, mijoro eo amin'ny laharana fahaefatra avy any an-kavia, fony izy tao amin'ny ekipa mpilalao rugby tao amin'ny sekoly taorian'ny sekoly ambaratonga faharoa izay nisy azy.*



tao anatiko manontolo. Tsy hita intsony ilay izy. Neritreretiko haingana ireo antony rehetra tokony hamparatra ahy, nefa tsy nahatsiaro ilay fanaintainana aho. Nandrasako ho tapitra ny tontolo andro hahitana raha toa ka hahatsapa ilay fanaintainana ao am-poko indray aho; fa tsy nahatsapa ilay izy aho. Dia nandohalika aho ary nisaotra an' Andriamanitra noho ny sorona fanavotana nataon'ny Tompo ho ahy izay niasa tao amiko."[6]

Izao io ranabavy io dia sambatra ary voafehy amina lehilahy mahafinaritra sy mahatoky izay tia azy fatratra.

Ahoana ary izany no tokony ho toetsaintsika raha te ho mpianatr'i Kristy tena izy isika? Ary tokony hanan-danja tahaka ny ahoana amintsika ny filazantsara raha manao an'ilay zavatra naroson'i Hagay isika hoe "hevero ny lalanareo?"

Tiako ny ohatry ny toe-tsaina tokony hananana nasehon'ny rain'i Lamônia Mpanjaka. Tsaroanareo ny fahatezerany tamin'ny voalohany raha nahita ny zanany niaraka tamin'i Amôna, izay Nefita—vahoaka nankahalan'ny Lamanita, izy. Navoakany ny sabany hifanandrina tamin'i Amôna ary vetivety ihany dia nambanan'i Amôna tamin'ny sabany teo amin'ny tendany izy. "Ankehitriny dia natahotra ny mpanjaka sao hahavery ny ainy izy, ka hoy izy: Raha hitsimbina ny aiko ianao, dia hotoviko aminao na inona na inona hangatahinao, na dia ny antsasaky ny fanjakana aza."[7]

Tsarovy ity tolotra ity, ny antsasaky ny fanjakany ho solon'ny ainy.

Taty aoriana anefa, rehefa nahatakatra ny filazantsara izy, dia nandroso tolotra iray hafa. "Hoy ny mpanjaka: Inona no hataoko mba hahafahako manana izany fiainana mandrakizay izay efa noresahinao izany? Eny, inona no hataoko mba ho azo aterak' Andriamanitra aho, rehefa hongotana hiala ao an-tratrako izao faharatsiam-panahy izao ka handraisako ny Fanahiny mba hahatonga ahy ho feno fifaliana mba tsy hahazoana mandroaka ahy amin'ny andro farany? Indro, hoy izy, hilaozako izay rehetra ananako, eny, hafoiko ny fanjakako mba hahazoako mandray izany fifaliana lehibe izany."[8]

Tamin'io indray mitoraka io dia vonona ny hahafoy ny fanjakany *manontolo* izy, satria taminy dia nanan-danja kokoa mihoatra noho izay rehetra nananany ny filazantsara! Fair dinkum no niainany ny filazantsara.

Ny fanontaniana ho antsika tsirairay avy izany dia ny hoe: Fair dinkum ihany koa ve no iainantsika ny filazantsara? Satria raha manolo-tena amin'ny ampahany fotsiny isika dia tsy fair dinkum! Ary Andriamanitra dia tsy mpidera ireo izay matimaty amin'ny fanolorantenany.[9]

Tsy misy harena, fialam-boly, toerana, tambazotran-tserasera, jeu vidéo, fanatanjahan-tena, fahafantarana olo-malaza, na zavatra hafa eto ambonin'ny tany ka sarobidy kokoa noho ny fiainana mandrakizay. Ny torohevitry ny Tompo ho an'ny olona tsirairay avy araka izany dia ilay hoe "hevero ny lalanareo."

Ny tenin'i Nefia no mahalaza indrindra ny zavatra tsapako hoe: "Mirehareha ny amin'ny fahatsorana aho; mirehareha ny amin'ny fahamarinana aho; mirehareha ny amin'i Jesoako aho fa Izy efa nanavotra ny fanahiko tamin'ny helo."[10]

Tena mpanara-dia Azy marina ve isika, Izy izay nanome antsika ny rehetra avy Aminy? Izy izay Mpanavotra sy Mpanalalana antsika amin'ny Ray? Izy izay nanolo-tena tanteraka tao amin'ny sorona fanavotana nataony, ary manolotena tanteraka ankehitriny amin'ny fitiavany sy ny famindrampony ary ny faniriany ny hahazoantsika fifaliana mandrakizay? Miangavy anareo rehetra izay mihaino sy mamaky ireto teny ireto aho: Miangavy aho, aza ahemotra ho amin'ny fotoana iray izay tsy mbola misy akory amin'ny fotoana ho avy ny fanoloranareo tena feno. Meteza ho fair dinkum izao ary iaino ilay fifaliana! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Hagay 1:4–7.
2. Jereo ny Jaona 15:11; Romana 14:17; 2 Korintiana 8:2; Hebreo 12:2; Mosesy 5:10, 7:53.
3. Jereo ny Enôsa 1:3–6, 27; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:15; 97:8–9.
4. Boyd K. Packer, "The Least of These," *Liahona,* nôv. 2004, 86.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:12–13.
6. Fifandraisana an-tsoratra manokana.
7. Almà 20:23.
8. Almà 22:15.
9. Jereo ny Apokalypsy 3:15–16.
10. 2 Nefia 33:6.



NATAON'I STEPHEN W. OWEN
*Filohan'ny zatovolahy maneran-tany*

# Aoka hanam-pinoana fa tsy ho kely finoana

*Tsy maintsy minia maka fotoana isika isan'andro mba hialana amin'izao tontolo izao ary hifandray amin'ny lanitra.*

Vao tsy ela izay, dia nifoha maraina sy niomana ny handalina soratra masina aho. Dia noraisiko ilay findaiko avo lenta ary nipetraka teo amin'ny seza nifanila tamin'ny fandriako aho nikasa hanokatra ny application Bibliothèque de l'Évangile. Nosokafako ilay findaiko avo lenta ary raha teo am-panombohana ny handalina iny aho dia nahita fampahatsiahivana maro fa naharay hafatra sy emails tonga nandritra ny alina. Hoy aho hoe: "Hojereko haingana ireto hafatra ireto dia hatomboko avy eo ny fandalinako soratra masina." Adiny roa ora taty aoriana dia mbola teo am-pamakiana ireo hafatra, emails, sy fampahalalam-baovao, ary lahatsoratra nalefa tao amin'ny tambazotran-tserasera ihany aho. Rehefa hitako ny ora dia nikoropaka aho niomana ho amin'ny tontolo andro. Tsy tafandalina soratra masina aho tamin'izay maraina izay, ary ny vokany dia tsy nahazo ny sakafo ara-panahy nantenaiko aho.



## Sakafo ara-panahy

Azoko antoka fa maro aminareo no efa niaina zavatra toy izany. Mitahy antsika amin'ny fomba maro ireo teknôlôjia maoderina. Izy ireny dia afaka mampifandray antsika amin'ny namana sy ny fianakaviana, ary manome antsika fampahalalana sy vaovao momba ireo zavatra mitranga amin'izao fotoana izao manerana izao tontolo izao. Saingy izy ireny koa dia mety hanelingelina ny fifantohantsika amin'ilay fifandraisana manan-danja indrindra, dia ny fifandraisana amin'ny lanitra izany.

Averiko ny zavatra nolazain'ny Filoha Russell M. Nelson, mpamanintsika: "Miaina ao anatin'ny tontolo manahirana sy feno fifandirana tsy mitsaha-mitombo isika. Ny fahafahana mampiasa tsy tapaka ny tambazotran-tserasera sy ireo vaovao mandeha ao anatin'ny 24 ora isan'andro dia manototra antsika amin'ireo hafatra tsy ankitsahatra. Raha te-hanana fanantenana ny hahay hifantina tsara izay mahasoa ao anatin'ireo hafatra tsy tambo isaina sy ireo filôzôfian'olombelona izay manafika ny fahamarinana isika, dia tsy maintsy mianatra mandray fanambarana."

Notohizan'ny Filoha Russell M. Nelson izany tamin'ny alalan'ny fampitandremana fa "ao anatin'ireo andro ho avy, dia tsy azo heverina ny ho velon'aina ara-panahy raha tsy misy ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay mitarika, sy manoro hevitra, ary mampionona tsy tapaka."[1]

Taona maro lasa izay ny Filoha Boyd K. Packer no nitantara mikasika ireo andiana serfa tsy tafiditra ny toeram-ponenany ara-boajanahary noho ny hatevin'ny rotsaka ranomandry ary efa saika matin'ny hanoanana. Nisy olona tsara fanahy nanao ezaka hamonjena ireo serfa ka nandraraka mololo nameno kamiao manodidina ilay faritra. Tsy fihinan'ny serfa izany kanefa nanantena izy ireo fa mba hamelona ireo serfa mandritra ny ririnina izany. Indrisy anefa taty aoriana dia hita fa maty ny ankabeazan'ireo serfa. Nihinana ilay mololo izy ireo saingy tsy nahavelona azy ireo izany, ka matin'ny hanoanana izy ireo niaraka tamin'ny kibon'izy ireo feno.[2]

Maro amin'ireo hafatra izay raisintsika tsy tapaka ao anatin'izao vanimpotoana hitobahan'ny fampahalalana izao no manana hevitra ara-panahy mitovy amin'ny famahanana mololo ny serfa. Azontsika hanina ao anatin'ny andro iray manontolo izany kanefa tsy hahavelona antsika.

Aiza no ahitantsika ilay tena sakafo ara-panahy? Matetika izany dia tsy malaza eny amin'ny tambazotran-tserasera. Hitantsika izany rehefa "mibosesika hatrany [isika]" eo amin'ny

lalan'ny fanekempihavanana, "[m]ihazona mafy ny anja-by," ka mihinana amin'ny voan'ny hazon'aina.[3] Midika izany fa tsy maintsy minia maka fotoana isika isan'andro mba hialana amin'izao tontolo izao ary hifandray amin'ny lanitra.

Tao amin'ny nofiny i Lehia dia nahita olona nihinana tamin'ilay voa saingy niala teo amin'izany noho ny fitarihan'ny avy ao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka, dia ny avonavon'izao tontolo izao.[4] Mety hitranga amin'ireo tanora ny hoe notezaina tao amin'ny tokantranon'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ireo, nanatrika ireo fivoriana sy kilasy tokony hatrehina ato am-piangonana, eny nandray anjara tamin'ireo ôrdônansin'ny tempoly mihitsy aza ary avy eo niala, ka nandeha "amin'ny lalana voarara ary [lasa] very."[5] Nahoana izany no mitranga? Ny anton'izany amin'ny toe-javatra maro, dia na mety nanao ireo zavatra izay toa miendrika ara-panahy ivelany aza izy ireo, dia tsy niova fo tanteraka. Voky izy ireo fa tsy velona.

Izaho koa anefa efa nihaona tamin'ny maro taminareo zatovo Olomasin'ny Andro Farany izay mahay sy matanjaka ary mahatoky. Fantatrareo fa ianareo dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ary manana asa hampanaovina anareo Izy. Tianareo amin'ny "fo, ny hery, ny saina ary ny tanjakareo" rehetra Andriamanitra.[6] Mitandrina ny fanekempihavanana nataonareo sy manompo ny hafa ianareo, manomboka any an-tokantrano. Mampihatra finoana sy mibebaka ary mivoatra isan'andro ianareo, ary izany dia mitondra fifaliana maharitra ho anareo. Miomana amin'ireo fitahian'ny tempoly sy ireo fahafahana hafa ho azonareo amin'ny maha-mpanara-dia marina ny Mpamonjy anareo ianareo. Ary manampy amin'ny fanomanana izao tontolo izao ho amin'ny Fiaviana Fanindroany, sy manasa ny olon-drehetra hanatona an'i Kristy ary handray ireo fitahian'ny Sorompanavotany ianareo. Mifandray amin'ny lanitra ianareo.

Eny, miatrika olana ianareo. Kanefa mandalo izany ny taranaka mifandimby rehetra. Fotoantsika izao ary ilaintsika



ny manam-pinoana fa tsy kely finoana. Mijoro ho vavolombelona aho fa mahafantatra ny amin'ireo olana atrehantsika ny Tompo ary amin'ny alalan'ny fitarihan'ny Filoha Nelson, Izy dia manomana antsika hiatrika azy ireny. Mino aho fa ny antso vao haingana nataon'ny mpaminany mba hisian'ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsara mifototra ao an-tokantrano sy tohanan'ny zavatra ataontsika any amin'ireo trano fiangonantsika,[7] dia natao mba hanampiana antsika mba ho velona, eny mba hiroborobo mihitsy aza, ao anatin'izao fotoan'andron'ny tsy fanjarian-tsakafo ara-panahy izao.

## Mifototra ao an-tokantrano

Inona no dikan'izany hoe fianarana sy fiainana ny filazantsara mifototra ao an-tokantrano izany? Mety ho tsy mitovy mihitsy ny tokantrano rehetra maneran-tany. Mety ho ao amina fianakaviana izay mpikamban'ny Fiangonana hatramin'ny taranaka maro ianao. Na mety hoe ianao irery no mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny fianakavianao. Mety ho manam-bady ianao na tokan-tena, manan-janaka na tsy manan-janaka ao an-trano.

Na toy inona na toy inona ny toe-javatra iainanao dia afaka manao ny tokantranonareo ho ivon-toeran'ny fianarana sy ny fiainana ny filazantsara ianareo. Midika ho fandraisana andraikitra manokana ny amin'ny fiovamponao sy ny fivoaranao ara-panahy tsotra fotsiny izany. Izany dia midika hoe manaraka ny torohevitry ny Filoha Nelson mba "hanova ny fonenana[reo] ho toerana masina isian'ny finoana."[8]

Hiezaka ny handresy lahatra anareo ilay fahavalo fa ny sakafo ara-panahy dia tsy ilaina na lazainy amin-kafetsena kokoa fa hoe afaka miandry izany. Izy no lehiben'ny fandrebirebena sy ny fanemorana. Hisarika ny sainareo amin'ny zavatra izay toa maika kanefa raha ny marina dia tsy manan-danja izy. Hataony izay hahatonga anareo ho "maro ahina sy maro herehina" ka hahatonga anareo hanao tsirambina ilay "anjara [izay] tsara."[9]

Feno fankasitrahana tokoa aho ny amin'ireo "ray aman-[dreniko] tsongoin'olombolo,"[10] izay nikolokolo ny fianakavian'izy ireo tao amina tokantrano ahitana fanomezana sakafo ara-panahy tsy tapaka, sy fifandraisana amimpitiavana, ary fialam-boly mahasoa ny tena. Ireo fampianarana nomen'izy ireo tamin'ny fahatanorako dia nahatsara ahy tokoa. Ry ray aman-dreny, aoka ianareo hanorina fifandraisana mafy orina amin'ireo zanakareo. Mila bebe kokoa, fa tsy kely monja, amin'ny fotoanareo izy ireo.

## Tohanan'ny Fiangonana

Eo am-panatanterahanareo izany dia eo ny Fiangonana manohana anareo. Afaka manamafy orina ireo fanomezana sakafo ara-panahy any an-tokantrano ireo zavatra iainantsika any am-piangonana. Hatreto tamin'ity taona ity dia hitantsika any amin'ny sekoly alahady sy any amin'ny Kilonga io karazana fanohanan'ny Fiangonana io. Mbola hahita izany misimisy koa isika any amin'ireo fivorian'ny Fisoronan'i Aharôna sy ny Zatovovavy. Manomboka amin'ny volana janoary izao dia hisy fanamboarana kely hatao amin'ny fandaharam-pampianarana ho an'ireo fivoriana ireo. Mbola hifantoka amin'ireo lohahevitra momba ny filazantsara ihany izany saingy ireo lohahevitra ireo dia hampifanarahana amin'ny ao amin'ny *Avia, hanaraka*



*Ahy—ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana.* Izany dia fanovana kely saingy afaka hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fanomezana sakafo ara-panahy ho an'ireo zatovo.

Inona avy ireo karazana fanohanana atolotry ny Fiangonana? Aty am-piangonana isika dia mandray ny fanasan'ny Tompo, izay manampy antsika hanavao ny fanolorantenantsika amin'ny Mpamonjy isan-kerinandro. Ary aty am-piangonana isika dia mivory miaraka amin'ireo mpino hafa izay nanao izany fanekempihavanana izany koa. Ny fifandraisana feno fitiavana aorintsika amin'ireo namana mpianatr'i Jesoa Kristy dia afaka ny ho fanohanana mahery vaika ho an'ny maha-mpianatra antsika izay mifototra ao an-tokantrano.

Fony aho 14 taona dia nifindra tany amina fiaraha-monina vaovao ny fianakaviako. Mety ho tsy zava-doza be ho anareo izany saingy ny tao an-tsaiko tamin'izany fotoana izany dia hoe tena sarotra izany. Nidika hoe ho voahodidina olona tsy fantatro izany. Nidika izany hoe ireo zatovolahy hafa rehetra tao amin'ny paroasiko dia hianatra any amin'ny sekoly hafa tsy ao amin'ny ahy. Ary ny tao anatin'ny sain'ilay tenako izay 14 ambin'ny folo taona dia hoe: "Fa nahoana aho no dia ataon'ny ray aman-dreniko an'izao?" Toy ireny hoe potika ireny ny fahatsapako ny fiainako.

Kanefa tamin'ny alalan'ireo fiarahamientan'ny Zatovolohinay dia afaka nanorina fifandraisina tamin'ireo mpikambana tao amin'ny kôlejy nisy ahy aho ary lasa namako izy ireo. Ankoatra izay dia nanomboka naneho firaharahiana manokana ny fiainako ireo mpikambana tao amin'ny episkôpa sy ireo mpanoro hevitra tao amin'ny fisoronana Aharôna. Nanatrika ireo hetsika arapanatanjahan-tena nandraisako anjara izy ireo. Nanoratra teny mankahery izay voatahiriko mandraka ankehitriny izy ireo. Nanohy nifandray tamiko izy ireo rehefa nianatra tany amin'ny oniversite aho sy rehefa lasa nandeha nitory ny filazantsara. Teny amin'ny seranam-piaramanidina mihitsy aza ny iray tamin'izy ireo tamin'ny fiverenako. Ho feno fankasitrahana mandrakizay aho noho ireo rahalahy tsara toetra ireo sy noho ny fitiavana nomban'ny fiandrandran'izy ireo zavatra lehibe nasehon'izy ireo. Nitarika ahy ho any amin'ny Ray any An-danitra izy ireo ka lasa namirapiratra sy feno fifaliana ary haravoana ny fiainana.


Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia amin'ny fomba ahoana no hanampiantsika ny zatovo hahafantatra fa izy ireo dia tsy irery rehefa mandeha eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana? Ankoatra ny fanorenana fifandraisana manokana dia manasa azy ireo izahay hanatrika ireo fivoriana lehibe sy kely izay miainga amin'ireo fivoriamben'ny RTM, sy ireo lasin'ny zatovo ka hatrany amin'ireo fiaraha-mientana isan-kerinandro ataon'ny kôlejy sy ny kilasy. Aza atao tsinontsinona na oviana na oviana ny hery izay azo avy amin'ny fiarahana mivory amin'ny hafa izay miezaka ny hatanjaka ihany koa. Ry eveka sy mpitarika hafa, mba ifantohy re ny fanomezana sakafo ara-panahy ireo ankizy sy zatovo ao amin'ny paroasinareo. Mila bebe kokoa, fa tsy kely monja, amin'ny fotoanareo izy ireo.

Na mpitarika ianao, na mpifanolobodirindrina, na mpikambana ao amin'ny kôlejy, na Olomasina namana tsotra, raha manana fahafahana ny hanova ny fiainan'ny zatovo iray ianao dia ampio izy hifandray amin'ny lanitra. Ny hery mitarika ananana dia mety ho ilay tena "fanohanan'ny Fiangonana" izay ilain'ny zatovo.

Ry rahalahy sy anabavy, mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no lohan'ity Fiangonana ity. Manome fitaomam-panahy an'ireo mpitarika antsika Izy ary mitarika antsika hahita ny sakafo ara-panahy izay ilaintsika mba ho velona sy hiroborobo amin'izao andro farany izao. Izany sakafo arapanahy izany dia hanampy antsika ho manam-pinoana fa tsy ho kely finoana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 96.
2. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Teaching and Learning in the Church," *Liahona,* June 2007, 64.
3. 1 Nefia 8:30.
4. Jereo ny 1 Nefia 8:24–28; 11:36.
5. 1 Nefia 8:28.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2.
7. Jereo ny Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 7.
8. Russell M. Nelson, "Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely," *Liahona,* nôv. 2018, 113.
9. Lioka 10:41–42.
10. 1 Nefia 1:1.



NATAON' NY LOHOLONA D. TODD CHRISTOFFERSON
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Ny fifalian'ny Olomasina

*Ny fifaliana dia azo avy amin'ny fitandremana ny didy, avy amin'ny fandresena ny alahelo sy ny fahalemena amin'ny alalany, ary avy amin'ny fanompoana tahaka ny nanompoany.*

I Enosa, mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, zafikelin'i Lehia, dia nanoratra zavatra niainana miavaka iray izay nitranga fony izy tanora. Raha nihaza irery tany an'ala izy dia nanomboka nandinika lalina ireo fampianaran'i Jakôba rainy. Hoy ny nosoratany: "Ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay sy ny fifalian'ny olomasina dia tafalatsaka lalina tao am-poko."[1] Raha mosarena ny fanahiny dia nandohalika i Enôsa ka nivavaka, vavaka izay niavaka naharitra andro sy alina, vavaka izay nitondra fanambarana sy toky ary fanantenana manan-danja ho azy.

Betsaka ny zavatra azo ianarana avy amin'ny zavatra niainan'i Enôsa, fa ny zavatra hitako tena manan-danja anio dia ny fahatsiarovan'i Enôsa an-drainy niresaka matetika momba "ny fifalian'ny olomasina."

Tamin'ny fihaonambe telo taona lasa izay, ny Filoha Russell M. Nelson dia niresaka momba ny fifaliana.[2] Anisan'ny zavatra nolazainy ny hoe:

"Zara raha misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika, fa tena mifandray kosa amin'izay ifantohan'ny fiainantsika izany.

"Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra, . . . sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no ifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga, na tsy mitranga, eo amin'ny fiainantsika. Tonga avy Aminy sy noho ny Aminy ny fifaliana. . . . Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia i Jesoa Kristy no fifaliana!"[3]



Ny Olomasina dia ireo izay niditra tao amin'ny fanekempihavanan'ny filazantsara tamin'ny alalan'ny batisa ka miezaka manaraka an'i Kristy amin'ny maha-mpianany azy ireo.[4] Noho izany, "ny fifalian'ny olomasina" dia milaza ny fifaliana avy amin'ny fahatongavana tahaka an'i Kristy.

Te-hiresaka momba ny fifaliana azo avy amin'ny fitandremana ny didy aho, sy ny fifaliana izay tonga rehefa mandresy ny alahelo sy ny fahalemena amin'ny alalany ary ny fifaliana miaraka amin'ny fanompoana tahaka ny nanompoany.

### Ny fifaliana avy amin'ny fitandremana ny didin'i Kristy

Miaina ao anatin'ny fotoana anjakan'ny rendrarendra isika izao izay mahatonga ny maro tsy mino na tsy miraharaha tsotra izao ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ny didy. Matetika tokoa ny olona izay manao tsinontsinona ny fitarihan' Andriamanitra toy ny lalàn'ny fahadiovampitondrantena sy ny fitsipiky ny fahamarinan-toetra ary ny fahamasinan'ny Sabata dia toa miroborobo sy migoka ireo zava-tsoan'ny fiainana, ary indraindray mihoatra noho ireo izay miezaka ny ho mpankatò mihitsy aza. Efa manomboka manontany tena ny sasany raha toa ka mahaleo ny sarany ny fiezahana sy ny fanolorantena atao. Nisy fotoana ireo vahoakan'Isiraely fahiny nitaraina hoe:

"Zava-poana ny manompo an' Andriamanitra; ary inona moa no soa efa azo tamin'ny fitandremantsika izay nasainy notandremana sy tamin'ny nandehanantsika nitafy lamba fisaonana teo anatrehan'i Jehovah, Tompon'ny maro.

"Ary ankehitriny isika dia midera ny mpirehareha hoe sambatra; eny, voaorina tsara izay nanao ratsy, sady efa naka fanahy an' Andriamanitra izy, nefa afa-nandositra ihany."[5]

Miandrasa fotsiny, hoy ny Tompo, mandrapahatonga "ny andro izay hotendreko. . . . "Amin'izany ianareo dia . . . hanavaka ny olo-marina amin'ny olon-dratsy, izay manompo an' Andriamanitra amin'izay tsy manompo Azy."[6]

Ny olon-dratsy dia mety ho "manampifaliana amin'ny asany . . . mandritra ny vanim-potoana iray," saingy mandalo foana ihany izany.[7] Ny fifalian'ny olomasina dia maharitra.

Andriamanitra dia mahita zavatra amin'ny fijery tena marina ary zarainy amintsika izany fomba fijery izany amin'ny alalan'ireo didiny, sady mitarika antsika tsara eo amin'ireo zavatsarotra tsy ampoizina amin'ny fiainana an-tany mankany amin'ny fifaliana mandrakizay. Nanazava ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Rehefa mampianatra antsika ireo didy dia amin'ny fomba fijery mandrakizay izany, satria Andriamanitra dia mijery antsika toy ireny efa any amin'ny mandrakizay ireny isika, Andriamanitra dia mitoetra any amin'ny mandrakizay, ary tsy mitovy amin'ny fijerintsika ny fijeriny."[8]

Tsy mbola nahita aho hoe olona iray izay tara teo amin'ny fiainany vao nahita ny filazantsara ka tsy naniry ny ho nahita izany aloha kokoa. "Betsaka ireo safidy ratsy sy fahadisoana izay azoko nosorohana" hoy izy ireo. Ny didin'ny Tompo no mpanoro lalana antsika hanao safidy tsara kokoa sy hahita vokatra mahasambatra kokoa. Tena tokony hifaly sy hisaotra Azy isika noho ny fanehoany antsika io fomba tena tsara io.

Fony mbola tanora Rahavavy Kalombo Rosette Kamwanya avy any R.D. Congo, izay manompo any amin'ny misiônan'i Côte d'Ivoire Abidjan Andrefana ankehitriny, dia nifady hanina sy nivavaka nandritra ny telo andro mba hahita ny fitarihana izay tian' Andriamanitra horaisiny. Tao anatin'ny fahitana mahatalanjona iray tao anatin'ny alina izy dia nampisehoana trano lehibe roa, trano fiangonana iray ary ny iray hafa izay fantany ankehitriny fa tempoly. Nanomboka nikaroka izy ary tsy ela dia nahita ilay trano fiangonana hitany tao amin'ny nofiny. Toy izao ny voasoratra eo amin'ilay famantarana: "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany." Natao batisa rahavavy Kamwanya dia avy eo ny reniny sy ireo anadahiny enina. Hoy rahavavy Kamwanya: "Rehefa nandray ny filazantsara aho dia nahatsapa ho toy ny vorona nosamborina ka navotsotra ireny. Heniky ny hafaliana ny foko. . . . Nanana fahatokiana aho fa tia ahy Andriamanitra."[9]

Ny fitandremana ny didin'ny Tompo dia manome fahafahana antsika hahatsapa mora sy feno kokoa ny fitiavany. Ny lalana ety sy terin'ny didy dia mitarika mivantana mankany amin'ny hazon'aina, ary ny hazo sy ny voany, izay mamy sy "mahatsiriritra indrindra amin'ny zava-drehetra"[10] dia fanehoana ny fitiavan' Andriamanitra ary mameno ny fanahy amin'ny "fifaliana mitafotafo tokoa."[11] Hoy ny Tompo hoe:

"Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin' ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany.

"Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo mba ho ao aminareo ny *fifaliako* ary mba ho tanteraka ny *fifalianareo*."[12]



Rahavavy Kalombo Rosette Kamwanya



Jack sy Jo Anne Rushton

## Ny fifaliana avy amin'ny fandresena amin'ny alalan'i Kristy

Na dia efa mitandrina amimpahatokiana ireo didy aza isika dia misy ireo fitsapana sy loza izay mety hampitsahatra ny fifaliantsika. Saingy rehefa miezaka mandresy ireo fanamby ireo isika miaraka amin'ny fanampian'ny Mpamonjy dia mihazona ny fifaliana izay tsapantsika sy ny fifaliana izay andrandraintsika. Nanome toky ny mpianany i Kristy hoe: "Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa nandresy izao tontolo izao."[13] Ny fitodihana any Aminy, ny fanoavana Azy, ny famatorantsika ny tenantsika Aminy, ireo no mahatonga ny fitsapana sy ny alahelo ho lasa fifaliana. Hilaza ohatra anankiray aho.

Tamin'ny 1989 i Jack Rushton dia nanompo tamin'ny naha-filohan'ny tsatòkan'i Irvine Californie azy (Etazonia). Nandritra ny fialan-tsasatra iray niarahana tamin'ny fianakaviana tany amin'ny morontsirak'i Californie dia nanao surf vatana izy ary nentin'ny onja nidona tamin'ny vato iray nilentika ka nahatapaka ny hatony sy nandratra mafy ny taolan-damosiny. Hoy i Jack taty aoriana hoe: "Vao nidona tamin'ilay vato aho dia fantatro fa ho lasa malemy."[14] Tsy afaka niresaka na niaina intsony izy.[15]

Niara-nisalahy ny fianakaviana sy ireo namana ary ireo mpikambana tao amin'ny tsatòka mba hanohana andrahalahy Rushton sy i Jo Anne vadiny ary ankoatra ny zavatra maro hafa dia nanamboatra ny faritra iray tamin'ny tranony izy ireo mba handraisana ny seza misy koadiarana an'i Jack. Lasa mpiambina sy mpikarakara an'i Jack i Jo Anne nandritra ny 23 taona nanaraka izay. Raha niresaka momba ireo tantara

ao amin'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ny namangian'ny Tompo ny vahoakany tao anatin'ny fahoriany sy ny nanamaivanany ny enta-mavesatr'izy ireo[16] i Jo Anne dia hoy izy: "Talanjona aho matetika amin'ny hamaivan'ny fo izay tsapako rehefa mikarakara ny vadiko."[17]

Namerina ny fahafahan'i Jack niteny ny fanamboarana kely natao tamin'ny taovam-pisefoany, ary rehefa nandeha ny taona dia nantsoina ho mpampianatra Fotopampianaran'ny filazantsara sy patriarika ao amin'ny tsatòka i Jack. Rehefa nanome tsodranon'ny patriarika izy dia mpihazona ny fisoronana hafa no mametraka ny tanan-drahalahy Rushton eo ambonin'ny lohan'ilay olona mandray ny tsodrano ary manohana ny tanany sy ny sandriny mandritra ilay tsodrano. Nodimandry i Jack tamin'ny andron'ny Noely 2012 rehefa nanompo tamim-panolorantena nandritra 22 taona.

Indray mandeha raha nohadihadiana i Jack dia toy izao ny zavatra tsikariny: "Hisy olana foana ho tonga amin'ny fiainantsika, izany ny miaina ety an-tany. Ary mieritreritra ny olona sasany fa ny fivavahana na ny fananana finoana an' Andriamanitra no hiaro azy ireo amin'ny zavatra ratsy. Tsy izany no fahitako azy. Mieritreritra aho fa rehefa mafy orina ny finoantsika, rehefa mitranga ny zavatra ratsy, izay hitranga tokoa, dia ho afaka ny hiatrika izany isika. . . . Tsy ho voahozongozona na oviana na oviana ny finoako, saingy tsy midika akory izany fa tsy nandalo fahakiviana aho. Angamba sambany teo amin'ny fiainako aho no voan'ny mafy indrindra nihoatra ny vitako, ary tena tsy nisy azo nitodihana, koa dia nitodika tany amin'ny Tompo aho, ary hatramin'izao andro izao aho dia mahatsapa fifaliana be."[18]

Fotoana izay indraindray itrangan'ny famelezana tsy misy indrafo any amin'ny tambazotran-tserasera sy mivantana izao izay mihatra amin'ireo izay mikatsaka ny hitandrina ny fitsipiky ny Tompo momba ny fitafiana sy ny fialamboly ary ny fahadiovana ara-pitondrantena. Matetika ireo zatovo sy tanora eo anivon'ny olomasina, sy ireo vehivavy sy reny ihany koa, no



mitondra io hazofijalian'ny fanesoana sy fanenjehana io. Tsy mora ny mandresy fanararaotana toy izany, saingy tsarovy ny tenin'i Petera manao hoe: "Sambatra hianareo, raha haratsina noho ny anaran'i Kristy, fa ny Fanahin'ny voninahitra, dia ny Fanahin' Andriamanitra, mipetraka ao aminareo: amin'izy ireo Izy dia haratsiana, saingy aminareo kosa Izy dia homena voninahitra."[19]

Tao amin'ny saha Edena i Adama sy i Eva dia tao anatin'ny "toetry ny tsy fananan-tsiny, tsy nanam-pifaliana satria tsy nahalala fahoriana."[20] Ankehitriny amin'ny maha-olona tompon'andraikitra antsika dia mahita fifaliana isika rehefa mandresy ny fahoriana amin'ny endriny rehetra, na izany fahotana, na fitsapana, na fahalemena, na zavatra hafa manakantsakana ny fahasambarana. Izany no ilay fifaliana avy amin'ny fahatsapana fivoarana eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra, ilay fifaliana azo "rehefa nandray ny famelana . . . ny fahotany sy nahazo fiadanan-tsaina";[21] ilay fifaliana avy amin'ny fahatsapana ny firoboroboana sy fitomboan'ny finoana amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy.[22]

## Ny fifaliana avy amin'ny fanompoana tahaka ny nanompoan'i Kristy

Ny Mpamonjy dia mahita fifaliana amin'ny fanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizaintsika.[23] Raha niresaka momba ny sorompanavotan'ny Mpamonjy ny Filoha Russell M. Nelson dia hoy izy:

"I Jesoa Kristy no ohatra lafatra indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra, -izay naharitra ny hazo fijaliana mba hahazoana ny fifaliana napetraka teo anoloany.- [Hebreo 12:2]. Eritrereto tsara anie izany! Mba hizakana ny zavatra sarotra indrindra niainana teto ambonin'ny tany, ny Mpamonjintsika dia nifantoka tamin'ny *fifaliana*!

"Ary inona ilay fifaliana izay napetraka teo anoloany? Azo antoka fa izany dia nahitana ny fifaliana avy amin'ny fanadiovana, fanasitranana, ary fampatanjahana antsika; ny fifaliana avy amin'ny fanefana ny fahotan'ny olona rehetra izay mibebaka; ny fifaliana avy amin'ny fanaovana izay hahafahantsika sy ianao mandeha mody—madio sy mendrika—mba hiaina miaraka amin'ireo Ray aman-dRenintsika any An-danitra sy ireo fianakaviantsika."[24]

Toy izany koa, ny fifaliana "napetraka eo anoloantsika" dia ilay fifaliana avy amin'ny fanampiana ny Mpamonjy amin'ny asa fanavotana ataony. Amin'ny maha-taranaka sy zanak'i Abrahama antsika,[25] dia mandray anjara isika amin'ny fitahiana ny fianakaviana rehetra maneran-tany amin'ny "fitahian'ny Filazantsara, izay fitahian'ny famonjena, dia ny fiainana mandrakizay."[26]

Tonga ato an-tsaiko ireo tenin'i Almà hoe:

"Izao no reharehako dia ny hahatonga ahy angamba ho fitaovana eo an-tanan' Andriamanitra ka hitondra ny fanahy sasany hankamin'ny fibebahana, ary izany no fifaliako.

"Ary indro, rehefa mahita ny maro amin'ny rahalahiko mivalo marina tokoa aho sy manatona ny Tompo Andriamaniny, amin'izany ny fanahiko dia heniky ny fifaliana. . . .

"Nefa tsy mifaly amin'ny fahombiazako irery aho, fa ny fifaliako kosa dia feno kokoa noho ny fahombiazan'ny rahalahiko izay efa niakatra tany antanin'i Nefia.

"Ankehitriny, rehefa mieritreritra ny fahombiazan'ireto rahalahiko ireto aho, dia lasalasa ny fanahiko, toy ny misaraka amin'ny vatana mihitsy, fa lehibe loatra ny fifaliako.[27]

Ny vokatry ny asa fanompoana ifanaovantsika ato am-piangonana no anisan'ny fifaliana "napetraka eo anoloantsika." Na dia amin'ny fotoampahakiviana na fitaintainana aza dia afaka manompo amim-paharetana isika rehefa mifantoka amin'ilay fifaliana amin'ny fanaovana izay mahafaly an' Andriamanitra sy ny fitondrana fahazavana, sy fanampiana ary fahasambarana ho an'ireo zanany, dia ireo rahalahy sy anabavintsika.

Raha tany Haïti ny Loholona David A. Bednar sy Rahavavy Susan vadiny tamin'ny volana lasa, ho fitokanana ny tempolin'i Port-au-Prince, dia nihaona tamin'ny tovovavy iray izay maty vady vao tsy ela noho ny lozam-pifamoivoizana izy ireo. Niaranitomany taminy izy ireo. Kanefa ny alahady dia tonga tamin'ilay fitokanana ity rahavavy mahafinaritra ity nanompo ho mpandray vahiny niaraka tamin'ny



tsiky malefaka sy nandray ireo rehetra izay niditra ilay tempoly.

Mino aho fa ny "fifalian'ny olomasina" faratampony dia tonga avy amin'ny fahafantarana fa ny Mpamonjy dia miady ho azy ireo,[28] "ary tsy misy afaka misaintsaina ny fifaliana izay [h]ameno ny fanahinay tamin'ny fotoana nandrenesanay [an'i Jesoa] nivavaka tamin'ny Ray ho anay."[29] Miaraka amin'ny Filoha Russell M. Nelson aho dia mijoro ho vavolombelona fa ny fifaliana dia fanomezana ho an'ireo Olomasina mahatoky " izay efa niaritra ny fanenjehan'izao tontolo izao"[30] sy izay miezaka "amin'ny nahim-po mba hiaina fiainana araka ny fahamarinana, araka ny nampianaran'i Jesoa Kristy."[31] Enga anie mba ho feno ny fifalianareo, izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Enôsa 1:3.
2. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahôna,* nôv. 2016, 81–84.
3. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy82.
4. Jereo ny Bible Dictionary, "Saint
5. Malakia 3:14–15
6. Malakia 3:17–18
7. Nanambara ny Mpamonjy fa raha toa ny fiangonana (na ny fiainana) ka "tsy miorina amin'ny filazantsarako izy, ary miorina kosa amin'ny asan'ny olona, na amin'ny asan'ny devoly, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa manam-pifaliana amin'ny asany izy ireo mandritra ny vanim-potoana iray, ary tsy ho ela dia tonga ny farany, ary kapaina izy ireo ary atsipy any anaty afo izay tsy misy fiverenana avy any" (3 Nefia 27:11
8. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 475.
9. Fifandraisana an-tsoratra manokana.
10. 1 Nefia 11:22; jereo koa ny 1 Nefia 8:11.
11. 1 Nefia 8:12.
12. Jaona 15:10–11; nampiana fanamafisana.
13. Jaona 16:33.
14. Jack Rushton, ao amin'ny "Faith in Adversity: Jack Rushton and the Power of Faith," SmallandSimpleTV, 2 dept. 2009, YouTube.com.
15. Jereo ny Allison M. Hawes, "It's Good to Be Alive," *Ensign,* Apr. 1994, 42.
16. Jereo ny Môzià 24:14
17. Jo Anne Rushton, ao amin'ny Hawes, "It's Good to Be Alive," 43.
18. Jack Rushton, ao amin'ny "Faith in Adversity: Jack Rushton and the Power of Faith."
19. 1 Petera 4:14. Tsarovy ihany koa ireo fampanantenana voalaza ao amin'ny 2 Nefia 9:18 sy 3 Nefia 12:12.
20. 2 Nefia 2:23,jereo koa ny Mosesy 5:10–11
21. Môzià 4:3.
22. Tsaroantsika ny tenin'i Jakoba izay nitaona an'i Joseph Smith mba "hangataka amin' Andriamanitra" (Jakoba 1:5). Fa ny vitsy mpahafantatra dia ireo andininy eo aloha:
    "Ry rahalahy, raiso ho fifaliana ny fahoriana maro mianjady aminareo;
    "Satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana.
    "Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra hianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona." (Joseph Smith Translation, James 1:2 [in James 1:2, footnote *a*]; James 1:3–4).
23. Jereo ny Mosesy 1:39.
24. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy 82–83; fanamafisana misy ao amin'ilay lahatsoratra nindramina.
25. "Fa raha an'i Kristy hianareo, dia taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana" (Galatiana 3:29; jereo ihany koa Genesisy 22:18; 26:4; 28:14; Asan'ny Apostoly 3:25; 1 Nefia 15:18; 22:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:58).
26. Abrahama 2:11.
27. Almà 29:9–10, 14, 16. Toy izany koa, dia hoy ny Tompo amintsika: "Raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin'ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin'ny fanjakan'ny Raiko, akory ny ho halehiben'ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy! (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:16). Nampanantenaina ny fahafenoan'ny fifaliana ireo Nefita Telo satria naniry ny hitondra fanahy ho any amin'i Kristy izy ireo "raha mbola mijoro izao tontolo izao" (3 Nefia 28:9; jereo ihany koa ny 3 Nefia 28:10).
28. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5
29. 3 Nefia 17:17
30. 2 Nefia 9:18
31. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," 84.



NATAON'I MICHELLE CRAIG
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany*

# Fahafahana ara-panahy

*Amin'ny maha-mpianatra mahatokin'i Jesoa Kristy anareo dia afaka mandray fanentanam-panahy sy fanambarana manokana tsy mivaona amin'ireo didiny ary natao manokana ho anareo ianareo.*

Raha nandao lasin'ny Zatovovavy iray aho tamin'ity fahavaratra ity dia nanolotra taratasy kely ho ahy ny zatovovavy maha-te-ho tia iray. Nanontany izy tamin'ny alalan'izany hoe: "Ahoana no ahafantarako hoe te-hilaza zavatra amiko Andriamanitra?" *Tiako* ilay fanontaniany. Miandrandra fifandraisana amin'ny tokantranontsika any andanitra ny fanahintsika. Te-hahatsapa ho ilaina sy mahavita zavatra isika. Indraindray anefa dia sahirana isika amin'ny fanavahana ny eritreritsika manokana amin'ny bitsika malefaky ny Fanahy. Efa nampianatra ireo mpaminany fahiny sy maoderina fa raha "manainga sy mandresy lahatra mba hanao ny tsara [ny zavatra iray], dia avy amin'i Kristy izany."[1]

Nanolotra fanasana tsotra sy mahery vaika ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ry rahalahy sy anabavy malalako, *miangavy* anareo aho mba hampitombo ny *fahafahanareo ara-panahy* mandray fanambarana. . . . Misafidiana ny hanao ireo asa ara-panahy takina mba hahazoana ny fanomezana ny Fanahy Masina sy handrenesana ny feon'ny Fanahy matetika kokoa sy mazava kokoa."[2]



Ny faniriako anio maraina dia ny hiresaka aminareo avy amin'ny foko momba ny fomba efatra izay hahafahanareo mampitombo ny fahafahanareo ara-panahy handray fanambarana.

### 1. Manàna nahim-po hanokanana fotoana sy toerana hihainoana ny feon' Andriamanitra

Rehefa mampiasa ny fahafahanao misafidy ianao hanokanana fotoana isan'andro hanakaikezana ny feon' Andriamanitra, indrindra fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia ho lasa mazava sy fantatrao kokoa ny feony rehefa mandeha ny fotoana.

Mifanohitra amin'izany indray, ireo *zavatra manelingelina* sy *tabataba* izay mameno izao tontolo izao sy ny tokantranontsika ary ny fiainantsika dia mety hampananosarotra ny fihainoana ny feony. Ireo zavatra manelingelina ireo dia mety hibahana tanteraka ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ka lasa tsy mamela toerana ho an'ilay bitsika malefaky ny Fanahy isika.

Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa matetika tokoa Andriamanitra dia maneho ny Tenany "amin'ny isambatan'olona ao amin'ny mangingina, ao amin'ny efitranony; any an-tany foana na any an-tsaha, ary amin'ny ankapobeny dia tsy ao anatin'ny tabataba na horakoraka izany."[3]

Te-hanasaraka antsika amin'ny feon' Andriamanitra i Satana amin'ny alalan'ny fanalavirana antsika amin'ireo toerana mangina ireo. Raha miresaka amin'ny feo tony sy malefaka Andriamanitra dia mila manakaiky kokoa izaho sy ianao mba hahenoana Azy. Alaivo sary an-tsaina fotsiny anie ny zavatra hitranga raha toa ka mitovy amin'ny finiavantsika hahazo Wi-Fi tsara ny finiavantsika hifandray amin'ny lanitra! Manokàna fotoana sy toerana, ary henoy ny feon' Andriamanitra isan'andro. Ary ataovy izay haha-maty paika tsara izany satria zavatra maro no iankinan'izany!

## 2. Aza mangataka andro

Rehefa mandray bitsika ianao ka mandray andraikitra amin'ny nahim-po dia afaka mampiasa anao ny Tompo. Arakaraka ny handraisanao andraikitra no hahatonga anao ho zatra ny feon'ny Fanahy. Hitombo hatrany ny famantaranao ny fitarihan' Andriamanitra ary ny "fahavononan[y] . . . hanambara ny sainy sy ny sitrapony."[4] Raha mangataka andro ianao dia mety hanadino ilay bitsika na tsy hahazo ilay fahafahana hanampy olona iray ho an' Andriamanitra.

## 3. Raiso ny asa ampanaovin'nyTompo anao

Ny vavaka izay toa mahavonona kokoa ny Ray any An-danitra ny mamaly azy dia ny fiangaviantsika mba ho voatarika amin'ny olona izay mila ny fanampiantsika. Nampianatra antsika ny Filoha Henry B. Eyring hikatsaka fanambarana amin'ny fangatahana amin' Andriamanitra hoe iza no azontsika ampiana ho Azy. "Raha mametraka fanontaniana tahaka izany ianao dia ho avy ao aminao ny Fanahy Masina ary hahatsapa tosika malefaka hanao zavatra ho an'ny hafa ianao. Rehefa lasa ary ianao ka manao izany zavatra izany, dia ao anatin'ny asan'ny Tompo ianao izay, ary rehefa ao amin'ny asan'ny Tompo ianao dia mendrika ny hanana ny fanomezana ny Fanahy Masina."[5]



Afaka mivavaka ary mangataka asa avy amin'ny Tompo ianao. Rehefa manao izany ianao dia afaka mampiasa ny fahaiza-manao tsotra anananao mba hanatanterahana ny asa mahatalanjony Izy.

I Fritz Hjalmar Lundgren raibeko dia nifindra monina avy tany Suède fony izy 19 taona. Tonga tao Amerika izy, irery, niaraka tamin'ny valiziny ary ireo enin-taona nianarany tany an-tsekoly. Tao anatin'ny tsy fahafahana miteny Anglisy no nankanesany tany Oregon ka mpikapa hazo ny asany tany; tany avy eo no nahalasa mpikamban'ny Fiangonana azy, niaraka tamin'ny renibeko sy ny reniko. Tsy mbola niahy paroasy izy, nefa mpampianatra isan-tokantrano mahatoky izy, ka namerina fianakaviana 50 samy hafa ho mavitrika indray ao amin'ny Fiangonana. Ahoana no nanaovany izany?

Taorian'ny nahafatesan'i Dadabe dia nikarokaroka ny boaty iray nirakitra ireo taratasiny aho ary nahita taratasy iray nosoratan'ny lehilahy iray izay niverina tao amin'ny fiangonana indray vokatry ny fitiavana nasehon'i Dadabe. Mivaky toy izao ilay taratasy: "Mino aho fa ny tsiambaratelon-dRahalahy Fritz dia ny hoe eo am-panaovana asa ho an'ny Ray any An-danitra foana izy."

Avy tany amin-drahalahy Wayne Simonis izany taratasy izany. Namangy azy ary lasa nahafantatra misimisy kokoa ireo olona tsirairay tao amin'ilay fianakaviana i Dadabe. Tamin'ny fotoana nampety izany dia nilaza tamin'izy ireo i Dadabe fa nilaina izy ireo, ary nanasa azy ireo ho any am-piangonana izy. Ny marainan'izay alahady izay anefa dia niatrika olana nanahirana azy Rahalahy Simonis—tsy mbola nahavita ny asa fanavaozana ny tafon'ny tranony izy kanefa ho avy ny orana tamin'izay herinandro izay. Nanapa-kevitra izy ny handeha hiangona, handray ny tanan'i Dadabe, ary avy eo hody hamita ny fametrahana tafo. Afaka hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo ny fianakaviany na dia tsy eo aza izy.

Nizotra tsara izany drafiny izany, mandra-pahenoany, raha iny izy teo ambony tafo iny, olona nihanika ny tohatra. Hoy izy: "Rehefa nijery aho, . . . dia Rahalahy Fritz no hitako, nijoro teo an-tampon'ilay tohatra. Nitsiky be tamiko fotsiny izy. Tamin'ny voalohany aho dia afa-baraka ary nahatsiaro ho toy ny ankizikely tratra tsy nankany am-pianarana. Dia . . . nahatsapa hatezerana aho avy eo. Saingy [nesorin-dRahalahy Fritz] fotsiny ny palitaony ary nahantony teo amin'ilay tohatra. Raha namoritra ny tanan'akanjon'ny lobaka fotsiny izy dia nitodika taty amiko ka niteny hoe: -Manana marotoa hafa ve ianao Rahalahy Simonis? Tena tsy maintsy manan-danja be aminao ity asa ity raha tsy izany tsy navelanao tany ny fianakavianao, ary raha manan-danja toy izany tokoa izy ity dia te hanampy anao aho.- Rehefa nijery ny masony aho dia hatsaram-panahy sy fitiavana tahaka ny an'i Kristy no hany hitako. Tsy tezitra intsony aho. . . . Napetrako ireo fitaovako tamin'io alahady io ary nanaraka ilay namako mahafinaritra nidina ny tohatra aho ka niverina tany amin'ny trano fiangonana izahay."

Naharay ny asany avy amin'ny Tompo i Dadabe ary nahafantatra izy fa tokony hitady ireo ondry very. Tahaka ny tamin'ireo lehilahy efatra nibata ny naman'izy ireo izay nararin'ny paralysisa hiakatra ao ambonin'ny tafo iray ary nampidina azy avy eo mba ho sitranin'i Jesoa Kristy[6] no nitarihana an'i Dadabe ho amin'ny tafo iray mba hanatontosana ny asany. Mandefa fanambarana ho an'ireo izay mikatsaka ny hanampy ny hafa ny Tompo.

## 4. Minoa ary matokia

Vao tsy ela aho no namaky tao amin'ny soratra masina momba ny misiônera lehibe iray izay nandray ny asany avy amin'ny Tompo. I Aharôna dia nampianatra ny mpanjakan'ny Lamanita, izay nanontany hoe nahoana i Amôna rahalahin'i Aharôna no tsy tonga nampianatra azy ihany koa. "Ary hoy i Aharôna tamin'ny mpanjaka: Indro, ny Fanahin'ny Tompo no efa niantso azy ho amin'ny *làlan-kafa*."[7]

Niresaka tamiko tao am-poko ny Fanahy: manana iraka samy hafa ho tontosaina isika tsirairay avy, ary

indraindray ny Fanahy dia mety hiantso antsika ho amin'ny "làlan-kafa." Maro ny fomba hanorenana ny fanjakan' Andriamanitra amin'ny maha-mpanao fanekempihavanana antsika, amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy mpitandrina fanekempihavanana antsika. Amin'ny maha-mpianatra mahatokiny anareo dia afaka mandray fanentanampanahy sy fanambarana manokana tsy mivaona amin'ireo didiny ary natao manokana ho anareo ianareo. Manana asa anirahana sy anjara asa miavaka hotanterahina eo amin'ny fiainana ianareo ary hahazo fitarihana miavaka mba hanatanterahana azy ireo.

I Nefia, ny rahalahin'i Jareda, ary na i Mosesy aza dia samy niampita rano be, ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia niampita tamin'ny fomba samy hafa. I Nefia dia "nandrafitra ny hazo araka ny fahaizana asa kanto."[8] Ny rahalahin'i Jareda dia nanamboatra sambofiara "tsy tantera-drano tahaka ny lovia,"[9] Ary i Mosesy dia "nandeha tamin'ny tany maina teo afovoan'ny ranomasina."[10]

Samy nandray fitarihana natao manokana ho azy ireo tsirairay avy izy ireo, ary samy natoky sy nandray andraikitra izy ireo. Ny Tompo dia mijery akaiky ireo izay mankatò Azy, ary araka ny nilazain'i Nefia azy dia "[h]anomana lalana ho [antsika Izy] mba hahazoan[tsika] manatontosa ny zavatra izay andidiany [antsika]."[11] Mariho tsara fa i Nefia dia niteny hoe "*lalana*"—fa tsy hoe "*ilay* lalana."

Moa ve isika tsy manao na tsy miraharaha ireo asa anirahana antsika manokana avy amin'ny Tompo satria nanomana "lalana" hafa Izy fa tsy ilay lalana nantenaintsika?

Notarihina ho any amin'ny lalana tsy mahazatra ny dadabeko, nanao palitao izy nihanika tafo iray tamin'ny andro alahady. Matokia an' Andriamanitra fa hitarika anao Izy, na dia tsy araka ny nieritreretanao azy na tsy mitovy amin'ny an'ny hafa aza izany.

Samy hafa endrika sy halehibe ireo Olomasin'ny Andro Farany, saingy "ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra"—"na mainty na fotsy, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy," na manambady na tsia, na mahantra na manan-karena, na antitra na tanora, na mpikambana efa ela na mpikambana vao tsy ela.[12] Na iza ianao na iza, na inona na inona olana atrehanao, dia voasa ho eo amin'ny latabatry ny Tompo ianao.[13]



Rehefa lasa ny fikatsahana sy fanatanterahana ny sitrapon'ny Ray no lasa fizotry ny fiainanao andavanandro dia mazava ho azy fa ho voatarika hiova sy hibebaka ianao.

Ilay fandaharan'asan'ny Fiangonana vaovao natokana ho an'ny ankizy sy ny zatovo dia miorina eo amin'ny fototry ny fianarana mikatsaka fanambarana, ny fikarohana izay tian'ny Tompo ataontsika, ary avy eo ny fandraisana andraikitra mifanaraka amin'izany toromarika izany. Isika tsirairay avy, na firy taona isika na inona ny toe-javatra iainantsika, dia afaka miezaka *mikatsaka, mandray, ary manao asa.* Rehefa manaraka izany lamina mandrakizay voatendry ho an'ny androntsika izany ianao, dia hanakaiky kokoa an'i Jesoa Kristy—hanakaiky kokoa ny fitiavany, ny fahazavany, ny fitarihany, ny fiadanany, ary ny heriny manasitrana sy mankahery. Ary dia hampitombo ny fahafahana ara-panahy anananao ianao mba ho lasa fitaovana eo am-pelatanany isan'andro hanatanterahana ny asany lehibe. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. David A. Bednar, ao amin'ny Tafasiry mivantana niarahana tamin'ny Loholona sy Rahavavy Bednar (fampitana maneran-tany ho an'ny zatovo, 12 mey 2015), facetoface.ChurchofJesusChrist.org; jereo ihany koa ny Môrônia 7:16.
2. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 96; nampiana fanamafisana.
3. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 121.
4. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," 94.
5. Henry B. Eyring, ao amin'ny "President Eyring 1990s," *Deseret News,* Apr. 2, 2009, deseretnews.com.
6. Jereo ny Marka 2:1–12.
7. Almà 22:4; nampiana fanamafisana.
8. 1 Nefia 18:1.
9. Jereo ny Etera 6:5–8.
10. Eksodosy 14:29.
11. 1 Nefia 3:7.
12. 2 Nefia 26:33.
13. Jereo ny Quentin L. Cook, "Ireo zavatra iainana mahazatra any amin'ny mandrakizay," *Liahona,* nôv. 2017, 51.



NATAON'NY LOHOLONA DALE G. RENLUND
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Fanolorantena tsy voahozongozona amin'i Jesoa Kristy

*Andriamanitra dia manasa antsika mba hiala tanteraka amin'ny fomba fanaontsika fahiny ary hanomboka fiainam-baovao ao amin'i Kristy.*

Nanana tombontsoa manokana aho nanokana ny Tempolin'i Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Congo ny volana aprily lasa teo.[1] Tsy hay lazaina ny fifaliana tsapako sy tsapan'ireo Congolais raha nahita tempoly iray natokana tany amin'ny tanin'izy ireo.

Ireo izay miditra ny Tempolin'i Kinshasa dia mahita sary hosodoko tena izy izay mitondra ny lohateny hoe *Riandranon'i Congo*.[2] Izany dia mampahatsiahy amin'ny fomba miavaka an'ireo olona mankao amin'ny tempoly ny fanolorantena tsy voahozongozona izay ilaina mba hifikiran'izy ireo amin'i Jesoa Kristy sy hanarahany ilay lalan'ny fanekempihavanan'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra. Ilay riandrano naseho tao amin'ilay sary hosodoko dia mampahatsiahy fomba fanao iray mahazatra efa zato taona mahery lasa izay teo anivon'ireo olona voalohany niova fo ho Kristianina tany Congo.



1. *Tempolin'i Kinshasa Repoblika Demôkratikan'i Congo*

Talohan'ny fiovam-pony izy ireo dia nanompo zavatra tsy manan'aina sy sampy izy ireo ka nino fa ireo zavatra ireo dia nanana hery miafina.[3] Taorian'ny fiovam-po dia betsaka no nanao dia nankany amin'ny iray tamin'ireo riandrano tsy hita isa manamorona ny Reniranon'i Congo, toa ny Riandranon'i Nzongo.[4] Natsipin'ireo olona niova fo ireo tao anatin'ilay riandrano ireo zavatra nataon'izy ireo sampy fahiny mba ho fanehoana famantarana amin' Andriamanitra sy ny hafa fa izy ireo dia nahafoy ireo fomba nentim-paharazana fahiny ary manaiky an'i Jesoa Kristy. Tena ninian'izy ireo ny tsy nanary ny sampin'izy ireo tao anaty rano milamina sy marivo, fa natsipin'izy ireo tao amin'ny rano maherin'ny riandrano lehibe izany, izay tsy hahafahana maka azy ireny intsony. Ireo fomba fihetsika ireo dia mariky ny fiantombohan'ny fanolorantena tsy voahozongozona amin'i Jesoa Kristy.



Riandranon'i Congo, *nataon'i David Meikle*

Vahoaka tany amin'ny toeran-kafa sy vanim-potoana hafa ihany koa no efa naneho ny fanolorantenan'izy ireo tamin'i Jesoa Kristy tamin'ny fomba nitovy tamin'izany.[5] Ireo vahoakan'ny Bokin'i Môrmôna izay nantsoina hoe Antia-Nefia-Lehia dia "nametraka ny fiadian'ny fikomiany," nandevina izany "lalina tao anaty tany" mba ho "fijoroana ho vavolombelona amin' Andriamanitra . . . fa tsy hampiasainy na oviana na oviana intsony ny fiadian'[izy] ireo."[6] Tamin'ny fanaovana izany dia nampanantena izy ireo fa hanaraka ireo fampianaran' Andriamanitra ka tsy hiala intsony amin'ny fanoloran-tenan'izy ireo. Izany fanolorantena izany no fiantombohan'ny "fiovam-po ho an'ny Tompo" ary tsy mitsoaka an-daharana intsony.[7]

Ny hoe "niova fo ho an'ny Tompo" dia midika hoe miova amin'ny fomba fanao iray, izay vokatry ny rafi-pinoana iray efa tranainy, ary mitodika amin'ny iray vaovao izay mifototra amin'ny finoana ny drafitry ny Ray any An-danitra sy amin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Izany fiovana izany dia mihoatra noho ny fanekena ara-tsaina fotsiny ny fampianaran'ny filazantsara. Izany dia manefy ny mahaizy azy antsika, manova ny fahatakarantsika ny dikan'ny fiainana, ary mitondra fahatokiana tsy miovaova amin'Andriamanitra. Ny fanirian'ny tena manokana

izay mifanohitra amin'ireo izay ilaina mba hifikirana amin'ny Mpamonjy sy hanarahana ny lalan'ny fanekempihavanana dia manjavona tsikelikely ary voasolon'ny fahatapahan-kevitra hanaraka ny sitrapon'ny Ray any An-danitra.

Ny fiovam-po ho an'ny Tompo dia miantomboka amin'ny fanolorantena tsy voahozongozona amin' Andriamanitra ary arahan'ny fanaovana izany fanolorantena izany ho isan'ny maha isika antsika. Ny fanamafisana orina ny fanolorantena toy izany ho ao anatintsika dia dingana arahina mandritra ny androm-piainana ary mitaky faharetana sy fibebahana tsy an-kiato. Amin'ny farany, izany fanolorantena izany dia lasa anisan'ny maha-izy azy antsika, raiki-tampisaka amin'ny fahatsapantsika ny tenantsika manokana, ary hitoetra mandrakariva ao amin'ny fiainantsika. Fa tsy misy hafa amin'ny tsy hanadinoantsika na oviana na oviana ny anarantsika na inona na inona zavatra eritreretintsika, no tsy hanadinoantsika na oviana na oviana ny fanolorantena izay efa voasokitra ao am-pontsika.[8]

Andriamanitra dia manasa antsika mba hanary tanteraka ny fomba fanaontsika fahiny ary hanomboka fiainam-baovao ao amin'i Kristy. Mitranga izany rehefa mampivelatra ny finoantsika ny Mpamonjy isika, izay manomboka amin'ny fihainoana ny fijoroana ho vavolombelon'ireo izay manam-pinoana.[9] Aorian'izay dia mihalalina ny finoana rehefa manao zavatra amin'ny fomba izay mampifikitra antsika mafy kokoa Aminy isika.[10]

Mety ho nahafinaritra raha azo nafindra toy ny sery na ny gripa ny finoana matanjaka. Raha izany dia ny fievonana "ara-panahy" tsotra dia hanorina finoana ao amin'ny hafa. Saingy tsy izany no fandehany. Ny hany fomba hahafahan'ny finoana hitombo dia ny fanaovan'ny olona iray asa amimpinoana. Ireo fihetsika ireo dia mitranga avy amin'ny fanasana nomen'ny hafa, saingy tsy afaka "mampitombo" ny finoan'olon-kafa isika na miantehitra amin'ny hafa irery ihany mba hampitombo ny an'ny tena manokana. Mba hahafahan'ny finoantsika hitombo, dia tsy maintsy misafidy isika ny hanao zavatra manorina ny finoana, toy ny mivavaka, mandalina soratra masina, mandray ny fanasan'ny Tompo, mitandrina ny didy ary manompo ny hafa.

Rehefa mitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, Andriamanitra dia manasa antsika hanao fampanantenana miaraka Aminy. Ireo fanekempihavanana ireo, amin'ny fahafantarana ny fampanantenana toa izany, dia fisehoan'ny fiovampontsika. Ny fanekempihavanana ihany koa dia mamorona fototra azo antoka ho an'ny fivoarantsika ara-panahy. Rehefa misafidy ny hatao batisa isika, dia manomboka mitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika[11] ary misafidy ny hampifanaraka ny mombamomba ny tenantsika amin'ny Azy. Mampanantena manokana isika fa ho lasa tahaka Azy sy hampivelatra ireo toetrany.

Ny fanekempihavanana dia mampifikitra antsika amin'ny Mpamonjy, ary manampy antsika hanaraka ilay lalana izay mitondra mankany amin'ny fonenantsika any an-danitra. Ny herin'ny fanekempihavanana dia manampy antsika hihazona fiovam-po mahery vaika, hampiorim-paka ny fiovam-pontsika amin'ny Tompo, ary handray ny endrik'i Kristy misoritra bebe kokoa eo amin'ny tarehintsika.[12] Saingy ny fanolorantena tsy natao tamin-kitsimpo tamin'ny fanekempihavanana nataontsika dia tsy hanome antsika na inona na inona.[13] Mety ho tratran'ny fakam-panahy hisalasala isika, hanipy any amin'ny riandrano tony ny fomba fanao fahiny; na handevina ny fiadiantsika ka ny tahony sasany mbola mipoitra. Ny fanolorantena natao tamimpisalasalana amin'ny fanekempihavanantsika dia tsy hanokatra ny varavarana ho amin'ny hery manamasina avy amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

Ny fanolorantenantsika hitandrina ireo fanekempihavanantsika dia tokony tsy hiankina na hiovaova arakaraka ny zava-misy izay miovaova eo amin'ny fiainantsika. Ny tsy fiovaovantsika amin'Andriamanitra dia tokony hitovy amin'ilay Reniranon'i Congo azo ianteherana izay mikoriana eo akaikin'ny Tempolin'i Kinshasa. Io renirano io, izay miavaka amin'ny ankamaroan'ny renirano hafa eto amin'izao tontolo izao, dia mitosaka amin'ny fomba tsy miova mandritra ny taona[14] ary mandraraka rano manodidina ny 11 tapitrisa bidao isan-tsegaondra ao amin'ny Ranomasimbe Atlantika.

Nanasa ireo mpianany ny Mpamonjy mba ho azo ianteherana sy tsy ho voahozongozona. Hoy Izy: "Koa ahoreno ao am-ponareo izao, fa ianareo dia hanao ny zavatra izay hampianariko anareo, sy handidiako anareo."[15] Ny fahatapahankevitra "mafy orina" ny hitandrina ireo fanekempihavanantsika dia mamela an'ireo fampanantenan' Andriamanitra ho tontosa tanteraka mba hahafahantsika mahazo fifaliana maharitra.[16]

Olomasin'ny Andro Farany maro be no efa naneho fa izy ireo dia efa "mafy orina" amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana natao tamin'Andriamanitra ary efa niova mandrakizay. Mamelà ahy hitantara aminareo ny momba ny olona telo toy izany: Rahalahy Banza Mucioko, Rahavavy Banza Régine, sy Rahalahy Mbuyi Nkitabungi.

Tamin'ny 1977 ry Banza dia nonina tao Kinshasa tany amin'ny firenena Zaïre, izay antsoina ankehitriny hoe Repoblika Demôkratikan'i Congo. Tena nanana ny naha-izy azy tokoa izy ireo tao amin'ny tontolon'ny fiangonana Protestanta nisy azy ireo. Noho ny talentan'izy ireo, dia nikarakara vatsimpianarana handrantoana fianarana ambony ho an'ny fianakaviana tanoran'izy ireo ny fiangonan'izy ireo mba handehanany hianatra any Suisse.

Rehefa tany Genève izy ireo, tao anatin'ny fiara fitaterana nitondra azy ho any am-pianarana, dia matetika ny Rahalahy Banza no nahatazana trano fiangonana kely misy soratra hoe "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany." Nanontany tena izy hoe: "Moa ve manana Olomasina i Jesoa Kristy ankehitriny, amin'izao andro farany izao?" Tamin'ny farany dia nanapa-kevitra izy fa tokony handeha ho any ka hijery.

Voaray tsara tao amin'ilay sampana Rahalahy sy Rahavavy Banza. Napetrak'izy ireo ny sasany tamin'ireo fanontaniana niverimberina izay nananan'izy ireo momba ny

toetoetran'Andriamanitra, toy ny hoe, "Raha toa ka fanahy Andriamanitra, toy ny rivotra, dia ahoana no nahafahana nahary antsika araka ny endriny? Ahoana no ahafahany mipetraka amina seza fiandrianana?" Tsy mbola nahazo valinteny nahafa-po mihitsy izy ireo mandra-panazavan'ny misiônera ny fotopampianarana naverina tamin'ny laoniny tao anatina lesona fohy. Rehefa lasa ireo misiônera, dia nifampijery ry Banza ary niteny hoe: "Tsy ny fahamarinana ve izay rentsika teo izay?" Nanohy nankany am-piangonana sy nihaona tamin'ny misiônera izy ireo. Fantatr'izy ireo fa ny batisa ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia hisy fiantraikany. Halaina amin'izy ireo ny vatsim-pianaran'izy ireo, ho foanana ny visa an'izy ireo, ary izy ireo sy ny zanak'izy ireo mbola tanora dia hasaina handao an'i Suisse. Nisafidy ny hatao batisa sy horaisina ho mpikambana izy ireo tamin'ny Ôktôbra 1979.

Roa herinandro taorian'ny batisan'izy ireo dia niverina tany Kinshasa Rahalahy sy Rahavavy Banza ka izy ireo no mpikambana voalohany sy faharoan'ny Fiangonana tany amin'ny firenen'izy ireo. Ireo mpikambana tao amin'ny Sampan'i Genève dia nanohy nifandray tamin'izy ireo foana ary nanampy azy ireo hifanerasera tamin'ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana. Namporisihina ry Banza hiandry amim-pahatokiana foana an'ilay fotoana nampanantenaina fa hanorenan' Andriamanitra ny Fiangonany ao Zaïre.

Tao anatin'izany fotoana izany dia nisy mpianatra avy tany Zaïre nanaraka



fandaharan'asa fifanakalozana mpianatra, Rahalahy Mbuyi, izay nianatra tao Belgique. Natao batisa tamin'ny 1980 tao amin'ny Sampan'i Bruxelles izy. Fotoana fohy taorian'izany dia nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tany Angleterre izy. Ary nanatanteraka ny fahagagany Andriamanitra. Niverina tany Zaïre Rahalahy Mbuyi ary izy no mpikamban'ny Fiangonana fahatelo tao amin'ny fireneny. Rehefa nahazo lalana tamin'ny ray aman-dreniny dia natao tao amin'ny tokantranon'ny fianakaviany ny fivoriam-piangonana. Tamin'ny volana Febroary 1986 dia nisy fangatahana natao tamin'ny governemanta mba hanekena ny Fiangonana amin'ny fomba ôfisialy. Nilaina ny sonian'ny olona telo mizaka ny zom-pirenen'i Zaïre. Ireo mpanao sonia anankitelo feno fifaliana tamin'io fangatahana io dia Rahalahy Banza, sy Rahavavy Banza, ary Rahalahy Mbuyi.

Ireto mpikambana mahatoky ireto dia nahafantatra ny fahamarinana rehefa naheno izany izy ireo. Nanao fanekempihavanana izy ireo tamin'ny batisa izay nampifikitra azy ireo tamin'ny Mpamonjy. Raha ampiasana sarin-teny dia efa nanary ny fomban'izy ireo fahiny tao anatina riandrano mahery sady tsy nanana faniriana ny hitady azy ireny intsony izy ireo. Tsy mora na oviana na oviana ny lalan'ny fanekempihavanana. Ny savorovoro ara-pôlitika, ny tsy fahenoana vaovao matetika avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, sy ireo fanamby izay mpitranga matetika rehefa manorina fiarahamonin'Olomasina dia mety efa nahakivy ny olona izay tsy ampy fanolorantena. Saingy nanompo tamim-pahatokiana tao amin'ny finoan'izy ireo Rahalahy sy Rahavavy Banza ary Rahalahy Mbuyi. Nanatrika ny fanokanana ny Tempolin'i Kinshasa izy ireo, 33 taona taty aorian'ny nanaovan'izy ireo sonia an'ilay fangatahana izay nitondra nankany amin'ny fanekena ny Fiangonana tamin'ny fomba ôfisialy tany Zaïre.

Ato amin'ny ivon-toeran'ny Fihaonambe izy ireo anio. Miaraka amin'izy ireo ny zanak'izy ireo roa lahy, dia i Junio sy i Phil, sy ny vinantovavin'izy ireo, dia i Annie sy i Youyou. Tamin'ny 1986 dia i Junior sy i Phil no olona roa voalohany vita batisa ka lasa mpikamban'ny Fiangonana tany Zaïre. Rahalahy Mbuyi dia mijery izao fivoriana izao any Kinshasa miaraka amin'i Maguy vadiny sy ny zanak'izy ireo dimy.

Ireo mpamaky lay ireo dia mahatakatra ny dikan'ireo fanekempihavanana



*Banza Mucioko, Banza Régine, sy ny zanakalahin'izy ireo*




*Mbuyi Nkitabungi fony izy misiônera manompo amin'ny fotoana feno*

sy ny vokatr'izany izay nahatonga azy ireo "ho amin'ny fahalalana ny Tompo Andriamaniny sy hifaly ao amin'i Jesoa Kristy Mpanavotra azy."[17]

Ahoana no hifikirantsika amin'ny Mpamonjy sy hitoerana ho mahatoky toa an'ireto sy ireo Olomasina Congolais an'aliny maro izay nanaraka azy ireo sy ny olona an-tapitrisany maro manerana izao tontolo izao? Nampianatra antsika ny fomba hanaovana izany ny Mpamonjy. Isan-kerinandro dia mandray ny fanasan'ny Tompo isika ary manao fanekempihavanana amin'ny Ray any An-danitra. Mampanantena isika ny hampifandray ny maha izy antsika amin'ny an'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fampanantenana fa vonona ny hitondra ny Anarany, ny hahatsiaro Azy mandrakariva, ary ny hitandrina ny Didiny.[18] Ny fiomanana tsara sy ny fanaovana amim-pahamendrehana an'ireo fanekempihavanana ireo isan-kerinandro dia mampifikitra antsika amin'ny fototra mafy orin'ny Mpamonjy, manampy antsika hiaina ny fanolorantena nataontsika,[19] ary manosika mafy antsika handroso manaraka ny lalan'ny fanekempihavanana.


Manasa anareo aho mba hanolotena ho amin'ny dingana iray mandritra ny androm-piainana amin'ny maha- mpanara-dia. Manao sy mitandrina fanekempihavanana. Ario any amin'ny riandrano lalina sy mahery ireo fombanareo taloha. Aleveno tanteraka ny fiadian'ny fikomianareo ka tsy hisy tahony mbola mipoitra. Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ny fanaovana fanekempihavanana aminkitsimpo hanaja azy ireny dia hitahy ny fiainanao mandrakizay. Ho lasa mitovy kokoa amin'ny Mpamonjy ianao rehefa mahatsiaro Azy mandrakariva, sy manaraka Azy ary mitia Azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa Izy no fototra mafy orina. Azo ianteherana Izy, ary ny fampanantenany dia azo antoka. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


I Banza Régine sy i Banza Mucioko


Mbuyi Nkitabungi sy  Mbuyi Maguy

**FANAMARIHANA**

1. Ny fanokanana dia notanterahina ny alahady 14 aprily, 2019, araka ny nanendren'ny Filoha Russell M. Nelson.
2. Ny mpanao asa kanto David Meikle dia nanao ny hosodoko *Riandranon'i Congo* ka niainga tamin'ireo sarin'ny Riandranon'i Kiubu. Ny Riandranon'i Kiubu dia eo amin'ny manodidina ny 400 kilômetatra avaratr'i Lubumbashi any amin'ny tapany atsimo atsinanan'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo.
3. Ireo zavatra ireo dia antsoina hoe *inkisi* amin'ny fiteny Kikongo ary *fétiches* amin'ny teny Frantsay. Ny dikan'ireo teny ireo amin'ny teny Malagasy dia ody iambozonana, na ody atao fiaro, na sampy.
4. I David Meikle ihany koa dia nanao ny hosodoko *Riandranon'i Nzongo* avy tamin'ny sarin'ireo riandrano ireo. Ny Riandranon'i Nzongo dia eo amin'ny manodidina ny 130 kilômetatra miala ny Kinshasa, Repoblika Demôkratikan'i Congo. Ilay renirano eo amin'ireo riandrano ireo lasa fantatra amin'ny hoe *Nzadi Inkisi,* na "Reniranon-tsampy." Io anarana io dia ahitana taratra ny fomba fanao notantaraina ao anatin'ny lahatsoratra.
5. Tamin'ny taona 1000 taorian'i Jesoa Kristy, ireo lehiben'ny foko tany Islande dia nivory ho amin'ny *Allting,* fanao isan-taona, mandritra ny tapa-bolana, izay toy ny antenimiera tsy ara-panjakana izay fotoana nanaovana lalàna izay hifehy ny rehetra. Nisy lehilahy iray izay nantsoina hoe Thorgeir izay nasaina hanapa-kevitra ho an'ny tsirairay mikasika ny hiovana fo ho amin'ny finoana Kristiana na hanohy hanompo ireo andriamanitra avy any amin'ny faritr'i Norvege fahiny. Rehefa avy nitokana telo andro tao amin'ny lainy i Thorgeir, dia nanambara ny fanapahan-keviny dia ny hoe ho lasa Kristiana ilay foko. Rehefa niverina tany amin'ny tanànany i Thorgeir, dia nalainy ny Andriamanitra sandoka izay nolalainy ary dia natsipiny tany amina riandrano, izay antsoina ankehitriny hoe *Godafoss,* na "Riandranon'ireo Andriamanitra." Izany fihetsika izany no nanambara ny fiovam-pon'i Thorgeir tanteraka ho amin'ny finoana Kristianina.
6. Almà 23:13; 24:17–18.
7. Jereo ny Almà 23:6; David A. Bednar, "Miova fo ho an'ny Tompo," *Liahôna,* Nôv. 2012, 106–9.
8. Jereo ny Ezekiela 11:19–20; 2 Korintiana 3:3.
9. Jereo ny Romana 10:14, 17.
10. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera,* ed. nohavaozina (2018), 203.
11. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Taking upon Us the Name of Jesus Christ," *Ensign,* May 1985, 80–83.
12. Jereo ny Almà 5:12–14.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10.
14. Ny Reniranon'i Congo no renirano lalina indrindra, sy faharoa amin'izay mahery indrindra, ary fahasivy lava indrindra maneran-tany. Noho izy manapaka in-droa ny zana-pehintany, dia tsy maintsy misy fara fahakeliny ampahany amin'ilay renirano no tratran'ny fotoam-pahavaratra, izay mahatonga ny habetsaky ny rano mikoriana tsy hiovaova. Tsy miova mihitsy ny habetsaky ny rano mikoriana mandritra ny taona, ary rano manodidina ny 41,000 metatra tora-telo isan-tsegaondra izany, fa na izany aza dia mety hiova ny habetsaky ny rano ao anatin'ny taona maro (eo anelanelan'ny 23,000–75,000 metatra tora-telo isan-tsegaondra).
15. Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 14:28 (ao amin'ny Lioka 14:27, fanamarihana ambany pejy *b*).
16. Jereo ny 2 Nefia 9:18; Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahôna,* Nôv. 2016, 81–84. Nilaza ny Filoha Nelson fa,"fanomezana ho an'izay mahatoky ny fifaliana." (pejy 84).
17. Almà 37:9.
18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77 Nandritra ny seminera momba ny fahaiza-mitarika ao amin'ny Misiôna tamin'ny jona 2019, taorian'ny nandraisana ny fanasan'ny Tompo, sy mialoha ny nanombohany ny lahateniny, dia nilaza ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Nisy hevitra tonga tao amiko fa ny fanaovako fanekempihavanana anio dia manan-danja lavitra kokoa noho ny hafatra izay nomaniko. Nanao fanekempihavanana aho rehefa nandray ny fanasan'ny Tompo fa izaho dia vonona ny hitondra eo amiko ny anaran'i Jesoa Kristy ary izaho dia vonona ny hitandrina ireo didiny. Matetika aho no maheno ny fitenenana hoe isika dia mandray ny fanasan'ny Tompo mba hanavaozana ireo fanekempihavanana izay natao tamin'ny batisa. Na dia marina aza izany, dia mbola mihoatra lavitra noho izany ilay izy. Nanao fanekempihavanana vaovao aho. Nanao fanekempihavanana vaovao ianao. . . . Ankehitriny dia ho setrin'izany no hanaovany ny fanambarana fa hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika isika. Tena fitahiana izany!"
19. Jereo ny 3 Nefia 18:12.



NATAON'NY FILOHA DALLIN H. OAKS
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Matokia ny Tompo

*Ny hany tena azontsika hianteherana dia ny fahatokiana ny Tompo sy ny fitiavany ny zanany.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, taratasy iray voaraiko efa ela izay no mampiditra ny zavatra horesahiko amin'ny lahateniko. Ny mpanoratra dia nikasa hanao fanambadiana any amin'ny tempoly miaraka amin'ny lehilahy iray izay maty ny vadiny mandrakizay. Ho vady faharoa izy. Nametraka ity fanontaniana ity izy: hanana ny tranony manokana ve izy any amin'ny fiainana ho avy, sa tsy maintsy hiara-hipetraka amin'ny vadiny sy ilay vadin'ilay lehilahy voalohany? Nasaiko natoky ny Tompo fotsiny izy.

Tohizako amin'ny zavatra niainana iray izay reko avy tamina mpiara-miasa iray sarobidy amiko, izay hozaraiko rehefa nahazo lalana avy aminy. Taorian'ny nahafatesan'ny vadiny sady renin-janany malalany, dia nanambady indray ny raim-pianakaviana iray. Nanohitra mafy ilay fanambadiana fanindroany ny zanaka lehibe sasany ka nitady torohevitra avy amin'ny havana akaiky iray izay mpitarika mendri-kaja ao amin'ny Fiangonana. Rehefa avy nandre ny anton'ny fanoheran'izy ireo izay niompana tamin'ny toe-javatra hiainana sy ny fifandraisana any amin'ny tontolon'ny fanahy na ireo fanjakamboninahitra aorian'ny Fitsarana Farany io mpitarika io dia niteny hoe: "Manahy ny amin'ny zavatra tsy tokony ahiana ianareo. Ny tokony hampanahy anareo dia hoe *ianareo* ve ho tonga any amin'ireo toerana ireo sa tsia. Izay no ifantohy. Raha tonga any ianareo dia hahafinaritra kokoa noho izay azonareo eritreretina izany rehetra izany."

Fampianarana mampahery tokoa izany! Matokia ny Tompo!

Fantatro avy amin'ireo taratasy efa voaraiko fa ny olona sasany dia sahirantsaina amin'ny fanontaniana momba ny tontolon'ny fanahy izay hipetrahantsika aorian'ny hahafatesantsika sy alohan'ny hitsanganantsika amin'ny maty. Ny sasany dia mihevitra fa hitohy any amin'ny tontolon'ny fanahy ny maro amin'ireo toe-javatra iainana sy ny olana izay iainantsika eto amin'ity fiainana an-tany ity. Inona no fantatsika marina momba ny toe-javatra iainana ao amin'ny tontolon'ny fanahy? Mino aho fa marina ny voalazan'ny lahatsoratra nosoratan'ny mpampianatra fivavahana iray ao amin'ny BYU mikasika io lohahevitra io hoe: "Rehefa manontany tena momba ny zavatra fantatsika mikasika ny tontolon'ny fanahy avy amin'ireo soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana isika dia -tsy araka izay eritreretintsika matetika- ny valiny"[1]

Marina fa fantatsika avy amin'ny soratra masina fa manohy miaina amin'ny maha-fanahy antsika isika any amin'ny tontolon'ny fanahy aorian'ny hahafatesan'ny vatantsika. Mampianatra koa ny soratra masina fa io tontolon'ny fanahy io dia mizara roa eo amin'ireo izay "marina" nandritra ny fiainana sy ireo izay ratsy fanahy. Ny soratra masina koa dia mitantara ny fomba nampianaran'ireo fanahy mahatoky ny filazantsara tamin'ireo izay ratsy fanahy na mpikomy (jereo ny 1 Petera 3:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:19–20, 29, 32, 37). Fa ny manan-danja indrindra dia manambara ny fanambarana maoderina fa mitohy any amin'ny tontolon'ny fanahy ny asa famonjena (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:30–34, 58), ary na dia entanina aza isika mba tsy




hanemotra ny fibebahantsika mandritra ny fiainana an-tany (jereo ny Almà 13:27), dia ampianarina isika fa mbola misy fibebahana azo atao any (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:58).

Ny asa famonjena ao amin'ny tontolon'ny fanahy dia ny fanafahana ireo fanahy amin'ny zavatra izay faritan'ny soratra masina matetika hoe "fatorana." Eo ambany karazana fatorana ny olona rehetra ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Ny fanambarana lehibe azon'ny Filoha Joseph F. Smith, izay lasa soratra masina ôfisialy ao amin'ny fizarana 138 amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia milaza fa ireo marina nodimandry izay tao anatin'ny toetry ny "fiadanana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:22) teo am-piandrasan'izy ireo ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:16), dia "nihevitra ny fisarahana maharitra eo amin'ny fanahiny sy ny vatany ho toy ny fatorana" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:50).

Ampahoriana amin'ny fatorana iray fanampiny koa ny ratsy fanahy. Noho ireo fahotana tsy nibebahana, izy ireo dia ao anatin'ilay nantsoin'ny Apôstôly Petera hoe "tranomaizina" (1 Petera 3:19; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:42). Ireo fanahy ireo dia faritana hoe "voafatotra" na "babo" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:31, 42) na hoe "hatsipy any amin'ny haizina ivelany" izay ahitana "fitomaniana, sy fidradradradrana ary fikitroha-nify" eo am-piandrasan'izy ireo ny fitsanganana amin'ny maty sy ny fitsarana (Almà 40:13–14).

Ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ny rehetra ao amin'ny tontolon'ny fanahy dia azo antoka amin'ny alalan'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty (jereo ny 1 Korintiana 15:22), na dia mitranga amin'ny fotoana samy hafa aza izany ho an'ny vondrona samy hafa. Mandra-pahatonga izany fotoana voatendry izany dia mahakasika ny asa famonjena voalohany indrindra ny zavatra resahan'ny soratra masina amintsika momba ny zavatra atao any amin'ny tontolon'ny fanahy. Kely ny



zavatra hafa nambara ankoatra izany. Ny filazantsara dia torina amin'ny olona tsy manam-pahalalana, tsy nibebaka, ary mpikomy mba hanafahana azy ireo amin'ny famatorana ary handroso mankany amin'ireo fitahiana nomanin'ny Ray any An-danitra be fitiavana ho azy ireo.

Ny fatorana any amin'ny tontolon'ny fanahy izay mihatra amin'ireo fanahy marina niova fo dia ny tsy maintsy hiandrasan'izy ireo ny fanatanterahana ny ôrdônansy hisoloana tena azy ireo ety an-tany, ary angamba mety omena lalana mihitsy izy ireo mba hanentana ny hafa hanao izany, mba hahafahana manao batisa azy ireo sy hahazoany ireo fitahian'ny Fanahy Masina (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:30–37, 57–58).[2] Ireo ôrdônansy isoloana tena eto an-tany ireo koa dia manome fahefana azy ireo mba handroso eo ambany fahefan'ny fisoronana hanatevina ny vondron'ireo olo-marina izay afaka mitory ny filazantsara ao amin'ny tranomaizin'ny fanahy.

Ankoatra ireo hevitra fototra ireo, dia kely monja ny zavatra raketin'ny soratra masintsika mikasika ny tontolon'ny fanahy aorian'ny fahafatesana ary mialoha ny Fitsarana Farany.[3] Dia inona koa ary ny zavatra hafa fantatsika momba ny tontolon'ny fanahy? Maro ny mpikamban'ny Fiangonana izay efa nahita fahitana na nahazo fitaomampanahy hafa mba hampahafantarana azy ireo momba ny fandehan'ny zavatra na ny fandaminan-javatra any amin'ny tontolon'ny fanahy, saingy tsy natao mba ho takatra na ampianarina ho



toy ny fotopampianarana ôfisialin'ny Fiangonana ireny zavatra niainana arapanahy an'ny tena manokana ireny. Ary marina tokoa fa maro be ireo vinavina ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana sy ny olona hafa ao anatin'ireo loharanonkevitra navoaka toy ireo boky mikasika ny zavatra iainana eo ambavahoan'ny fahafatesana.[4]

Mahakasika ireny rehetra ireny, dia tena manan-danja ny hitadidiana ny fampitandremana hendry nomen'ny Loholona isany D. Todd Christofferson sy Neil L. Andersen ao anatin'ireo hafatra avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana teo aloha. Nampianatra ny Loholona Christofferson hoe: "Tokony hotsaroana fa tsy izay zavatra rehetra nolazain'ny mpitarika iray ao amin'ny Fiangonana, na mpitarika taloha izany na ankehitriny akory dia voatery ho fotopampianarana. Iarahan'ny rehetra mahalala ato amin'ny Fiangonana fa ny zavatra nolazain'ny mpitarika iray tao anatin'ny fotoana iray manokana dia matetika no raisina ho hevitry ny tenany manokana izay na dia avy tamin'ny fisainana tsara aza, dia tsy natao ho lasa zavatra ôfisialy na hoe tsy maintsy arahin'ny Fiangonana iray manontolo."[5]

Tamin'ny fihaonambe taorian'izay dia nampianatra ity fitsipika ity ny Loholona Andersen: "Ampianarin'ireo mpikambana 15 ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izany fotopampianarana izany. Tsy miafina ao anatin'ny andalan-tsoratra iray saro-takarina ao anaty lahateny iray izany."[6] Ilay fanambarana momba ny fianakaviana, izay nosoniavin'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara rehetra miisa 15, dia fanehoana mahafinaritra an'izany fitsipika izany.

Ankoatra ny zavatra tena ôfisialy tahaka ny fanambarana momba ny fianakaviana dia ohatra amin'izay koa ny fampianarana avy amin'ny faminaniana izay ataon'ireo Filohan'ny Fiangonana, izay hamarinin'ireo mpaminany sy apôstôly hafa. Mikasika ny toe-javatra iainana ao amin'ny tontolon'ny fanahy dia nanome fampianarana roa izay nampianarin'ireo mpandimby azy matetika ny Mpaminany Joseph Smith rehefa akaiky hifarana ny asa fanompoany. Iray amin'ireny ny fampianarana ao amin'ny lahateny King Follett izay nilaza fa ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay marina dia ho tafaraka any amin'ny tontolon'ny fanahy.[7] Iray hafa ity teny voalaza tamin'ny fotoam-pandevenana tao anatin'ny taona farany teo amin'ny fiainany ity: "Ny fanahin'ny marina dia hasandratra mba hanao asa lehibe kokoa sy be voninahitra kokoa . . . [any amin'] ny tontolon'ny fanahy. . . . Tsy lavitra antsika Izy ireo, ary mahafantatra sy mahatakatra ny eritreritsika, ny fahatsapantsika, ny asantsika, ary matetika izy ireo no malahelo noho izany rehetra izany."[8]

Koa ahoana ary ny amin'ny fanontaniana iray tahaka ilay nolazaiko teo aloha mikasika ny toerana hipetrahan'ireo fanahy? Raha toy ny hoe hafahafa na kivalavala aminao izany fanontaniana izany, dia eritrereto ny maro amin'ireo fanontanianao manokana, na ireo fanontaniana izay nahatonga anao ho nalaim-panahy hamaly izany avy amin'ny zavatra renao tamin'olon-kafa tany aloha tany. Ho an'ny fanontaniana rehetra momba ny tontolon'ny fanahy dia valiny roa no arosoko. *Voalohany,* tadidio fa tia ny zanany Andriamanitra ary tsy maintsy hanao izay tsara indrindra ho antsika tsirairay avy Izy. *Faharoa,* tadidio ity fampianaran'ny Baiboly efa tsy zovina ity, izay tena nanampy ahy indrindra tamin'ny fanontaniana maro tsy nahazoam-baliny:

"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao.

"Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao" (Ohabolana 3:5–6).

Mitovy amin'izany ihany, i Nefia dia namarana ny salamony lehibe tamin'ireto teny ireto: "Tompo ô, efa natoky Anao aho ary mbola hatoky Anao mandrakizay. Tsy hapetrako amin'ny sandry nofo ny fitokiako" (2 Nefia 4:34).

Afaka manontany tena mangingina mikasika ny toe-javatra hiainana any amin'ny tontolon'ny fanahy isika, na miresadresaka an'ireo na fanontaniana hafa tsy voavaly rehefa miaraka amin'ny fianakaviana na miaraka amin'ny olona tena akaikin'ny fo. Kanefa isika dia tsy tokony hampianatra na hampiasa toy ny fotopampianarana ôfisialy ny zavatra tsy mahafeno ny fenitry ny fotopampianarana ôfisialy. Ny fanaovana izany dia tsy mampandroso ny asan'ny Tompo ary mety hahakivy mihitsy aza ireo olona izay mikatsaka ny fampiononana na ny fankaherezana azy manokana amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana izay omanin'ny Tompo mba homena ny tsirairay avy amintsika. Ny fianteherana diso tafahoatra amin'ny fampianarana na ny vinavina ataon'ny tena manokana dia mety hampivaona antsika mihitsy aza mba tsy hifantoka amin'ny fianarana sy ny asa tokony hatao izay hampitombo ny fahatakarantsika ary hanampy antsika handroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Ny fahatokiana ny Tompo dia fampianarana efa mahazatra sy marina ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Izany no fampianarana nataon'i Joseph Smith rehefa niaina fanenjehana mavaivay sy sakana izay toa tsy hay noresena ireo Olomasina tany am-piandohana.[9] Mbola izany ihany no fitsipika tsara indrindra azontsika ampiasaina rehefa tojo sakana ny ezaka ataontsika mba

hianatra na hahazo fankaherezana noho ireo zavatra izay tsy mbola nambara na tsy noraisina ho fotopampianarana ôfisialin'ny Fiangonana.

Io fitsipika io dia mihatra amin'ireo fanontaniana tsy voavaly momba ny famehezana any amin'ny fiainana ho avy na ireo fanovana irintsika hatao noho ireo fandikan-dalàna izay nitranga teto amin'ny fiainana an-tany. Marobe ny zavatra tsy fantatsika, ka ny hany tena azontsika hianteherana dia ny fahatokiana ny Tompo sy ny fitiavany ny zanany.

Ny hamaranako azy, dia ny zavatra fantatsika momba ny tontolon'ny fanahy dia hoe mitohy any ny asa famonjen'ny Ray sy ny Zanaka. Ny Mpamonjy antsika no nisantatra ny asa fanambarana ny fanafahana ireo babo (jereo ny 1 Petera 3:18–19; 4:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:6–11, 18–21, 28–37), ary mitohy ny asa satria ireo iraka mendrika sy mahafeno tsara ny fepetra dia manohy mitory ny filazantsara, anisan'izany ny fibebahana, ho an'ireo izay mbola mila ny hery manadio avy amin'izany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:57). Ny tanjon'izany rehetra izany dia voafaritra ao amin'ny fotopampianarana ôfisialin'ny Fiangonana, izay nomena tao anatin'ny fanambarana maoderina.

"Ny maty izay mibebaka dia ho voavotra amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo ôrdônansin'ny tranon' Andriamanitra,


"Ary rehefa voaloany ny sazin'ny fandikan-dalàny ary voasasa madio izy ireo dia handray valisoa araka ny asany, fa izy ireo dia mpandova ny famonjena" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:58–59).


Ny adidintsika tsirairay avy dia ny mampianatra ny fotopampianaran'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, mitandrina ny didy, mifankatia sy mifanampy, ary manao ny asa famonjena ao amin'ireo tempoly masina.

Ijoroako ho vavolombelona ny fahamarinan'ny zavatra nolazaiko teto sy ireo fahamarinana nampianarina ary ho ampianarina amin'ity fihaonambe ity. Azo tanterahina avokoa izany rehetra izany noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Araka ny fantatsika avy amin'ny fanambarana maoderina, Izy dia "mankalaza ny Ray sy *mamonjy ny asan'ny tanany rehetra*" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:43; nampiana fanamafisana). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. "What's on the Other Side? A Conversation with Brent L. Top on the Spirit World," *Religious Educator,* vol. 14, no. 2 (2013), 48.
2. Jereo ny *Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith (1976), 309–10; Joseph Smith, "Journal, December 1842–June 1844; Book 2," p. 246, The Joseph Smith Papers, josephsmithpapers.org.
3. Ny fanambarana iray nomena an'i Joseph Smith izay indramina matetika mikasika ny tontolon'ny fanahy dia milaza hoe: "Ary ny fiaraha-miaina izay misy etoana eo anivontsika ihany no hisy eo amintsika any" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:2). Mety manoritsoritra fanjakamboninahitra iray izany fa tsy ny tontolon'ny fanahy, satria izao no tohiny hoe: "Saingy izany dia homban'ny voninahitra mandrakizay, dia voninahitra izay tsy ananantsika ankehitriny" (andininy 2).
4. Ohatra, George G. Ritchie, *Return from Tomorrow* (1978) and Raymond Moody, *Life after Life* (1975).
5. D. Todd Christofferson, "Ny fotopampianaran'i Kristy," *Liahona,* mey 2012, 89; jereo koa ny Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine,* 5th ed. (1939), 42. Jereo ohatra ny fanoritsoritana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 74:5 momba ny olona iray izay nampianarin'ny Apôstôly Paoly.
6. Neil L. Andersen, "Fitsapana ny finoanao," *Liahona,* nôv. 2012, 41.
7. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 187.
8. *History of the Church,* 6:52; nampidirina ao amin'ny *Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 326; izay indramina matetika, toy ny ao amin'ny Henry B. Eyring, *To Draw Closer to God* (1997), 122; jereo koa ny *Enseigements des présidents de l'Eglise: Brigham Young* (1997), chapitre 38, "Le monde des esprits."
9. Jereo ny *Teachings: Joseph Smith*, 231–33.



**Fivoriana sabotsy tolakandro** | 5 Ôktôbra 2019

NATOLOTRY NY FILOHA HENRY B. EYRING
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Fanohanana ireo Manampahefana Ambony sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Mpiandraikitra Ambony ao amin'ny Fiangonana

Ry rahalahy sy ranabavy, aroso amintsika ny hanohanana an'i Russell Marion Nelson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Dallin Harris Oaks amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Dallin H. Oaks ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary i M. Russell Ballard ho Filoha mpisolo toerana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit Walter Gong, ary Ulisses Soares.



Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany koa.

Aroso amintsika ny hisaorana amim-pankasitrahana noho ny asa fanompoana feno fanolorantena nataony, ny Loholona isany Wilford W. Andersen, Kim B. Clark, Lawrence E. Corbridge, Claudio R. M. Costa, Bradley D. Foster, O. Vincent Haleck, Donald L. Hallstrom, Steven E. Snow, ary Larry Y. Wilson tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary omena ny anarana maha-Manampahefana Ambony nahavita asa tamim-boninahitra izy ireo.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo Rahalahy ireo sy ny fianakavian'izy ireo noho ny asa fanompoana miavaka izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana an'ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo: Julio C. Acosta, Blake R. Alder, Alain L. Allard, Omar A. Alvarez, Taiichi Aoba, Carlos F. Arredondo, Aley K. Auna Jr., Grant C. Bennett, Michael H. Bourne, Rómulo V. Cabrera,

Wilson B. Calderón, Hernando Camargo, José C. F. Campos, Nicolás Castañeda, Walter Chatora, Zeno Chow, Robert J. Dudfield, J. Kevin Ence, Meliula M. Fata, K. Mark Frost, Claude R. Gamiette, Maurício G. Gonzaga, Leonard D. Greer, Jose L. Isaguirre, Tae Gul Jung, Sergio L. Krasnoselsky, Milan F. Kunz, Bryan R. Larsen, G. Kenneth Lee, Geraldo Lima, W. Jean-Pierre Lono, Khumbulani Mdletshe, Dale H. Munk, Norman R. Nemrow, Yutaka Onda, Wolfgang Pilz, Raimundo Pacheco De Pinho, Gennady N. Podvodov, Abraham E. Quero, Marco A. Rais, Steven K. Randall, Francisco J. Ruiz de Mendoza, Edwin A. Sexton, Raúl H. Spitale, C. Walter Treviño, 'Aisake K. Tukuafu, Juan A. Urra, Raul S. Villanueva, ary Leonard Woo.

Ireo izay maniry hiara-haneho aminay ny fankasitrahana azy ireo noho ny asa fanompoana tena tsara natolotr'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'ireto manaraka ireto ho Fitopololahy vaovaon'ny Vondrom-paritra: Michel J. Carter, Alfred Kyungu, R. Pepper Murray, Ryan K. Olsen, ary Iotua Tune.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo Manampahefana Ambony, sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, ary ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana araka izay misy ankehitriny.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ireo izay nanohitra na iza na iza tamin'ireo anarana naroso teo dia tokony hifandray amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Ry rahalahy sy anabavy, misaotra anareo izahay noho ny finoana tsy miato anananareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho an'ireo mpitariky ny Fiangonana. ■



NATAON'NY LOHOLONA DAVID A. BEDNAR
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*


# Hiambina amim-bavaka lalandava
## (Almà 34:39; Môrônia 6:4; Lioka 21:36)

*Ilaina ny fahamalinana tsy tapaka mba hanoherana ny fahatokian-tena loatra sy ny tsy firaharahiana.*

Mivavaka amin-kitsimpo aho ny mba hahazoanareo sy ny tenako ny fanampian'ny Fanahy Masina eto ampiarahantsika mifaly sy mitsaoka.

Tamin'ny aprily 1976 ny Loholona Boyd K. Packer dia niresaka manokana tamin'ireo zatovon'ny Fiangonana nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Tao anatin'ilay hafany izay mbola malaza mitondra ny lohateny hoe "Voay ara-panahy" izy dia nanoritsoritra ny fandinihany, nandritra ny iraka iray nataony tany Afrika, ireo voay tsara fiafenana niandry kendry tohana hihazana ireo remby tsy nanampo na inona na inona. Avy eo ireo voay dia nampitahainy tamin'i Satana, izay manararaotra ireo zatovo tsy mba mailo amin'ny alalan'ny fanafenana ny mahaloza mahafaty ny fahotana.

23 taona aho fony ny Loholona Packer nanao io lahateny io, ary niandry ny fahaterahan'ny zanakay voalohany andro vitsivitsy taorian'izay izaho sy i Susan. Nampiaiky volana anay ny votoatin'ny hafatra nomeny momba



ny fisorohana ny ota sy ny fahaizany nampiasa ny fihetsika mahazatra ananan'ny biby mba hampianarana lesona ara-panahy manan-danja.

Efa nandeha tany Afrika ihany koa izaho sy i Susan nanatanteraka iraka be dia be. Ary efa nanana fahafahana nahita ireo biby mahafinaritra miaina



ao amin'izany kaontinanta izany izahay. Raha nahatsiaro ny fiantraikan'ilay lahateny nataon'ny Loholona Packer teo amin'ny fiainanay izahay dia niezaka nandinika sy nianatra lesona avy tamin'ny fihetsiky ny biby afrikanina.

Te-hanazava ny toetoetra sy ny paikadin'ny guépard anankiroa izay nojerenay sy i Susan niremby aho ary hampitaha izany amin'ny sasany amin'ireo zavatra hitantsika amin'ny fiainantsika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy andavanandro.

### Guépards sy Topis

Ny guépards no biby mandady haingana indrindra eto an-tany ary afaka mahatratra hafainganam-pandeha 120 km/h izy. Ireo biby mahafinaritra ireo dia mahavita mandeha haingana avy eo amin'ny toeram-pijanonany ka mihazakazaka amin'ny hafainganam-pandeha 109 km/h ao anatin'ny telo segaondra latsaka. Ny guépards dia mpiremby miafina eo anivon'ny biby rembesiny ary mihazakazaka elanelana fohy rehefa mihaza sy manafika.

Nandany efa ho adiny roa izaho sy i Susan nijery guépards anankiroa nanenjika andiana topis, antilopes fahita sy betsaka indrindra any Afrika. Miloko volontany manopy volamena ny ahitra ao amin'ny hivoka afrikanina izay avo sady maina ka saika manafina tanteraka ireto mpiremby ireto rehefa manenjika andiana topis izy ireo. Mielanelana eo amin'ny 91 metatra eo ireo guépards saingy miaraka miasa.

Raha nijaridina tsy nihetsika tao amin'ilay ahitra ny guépard iray ka tsy nihetsika teo dia niankohoka ambany tamin'ny tany ilay guépard anankiray hafa ary nanatona tsimoramora an'ireo topis izay tsy nahalala na inona na inona. Dia avy eo nanjavona tampoka ao anatin'ilay ahitra ilay guépard nijaridina rehefa nijaridina koa ilay guépard anankiray tamin'iny fotoana iny mihitsy. Nitohy nandritra ny fotoana naharitra ilay fomba hoe ny guépard iray miafina sy misosa ambany raha toa ka ilay guépard anankiray hafa mijaridina ao amin'ilay ahitra. Io paikady henjana feno hafetsena io dia natao handrebirebena sy hamitahana ireo topis ka hanala ny fifantohan'izy ireo amin'ny loza izay mitatao. Tamim-paharetana sady tsy niovaova ireo guépards ireo no niara-niasa toy ny ekipa iray mba hahazoana ny sakafon'izy ireo.

Teo anelanelan'ilay andiana topis sy ireo guépards izay nanatona dia nisy topis lehibe sy matanjaka kokoa maromaro nijoro ho mpitily teo ambony votry. Ny fomba fijery ireo ahitra avy eo amin'ilay havoana dia manome fahafahana ireo mpiambina ireo hijery ireo famantarana ny loza.

Tampoka teo, raha mbola somary lavidavitra ireo guépards, dia nitodika daholo ilay andiana topis iray manontolo ary nandositra. Tsy fantatro raha niresaka tamin'ilay andiany lehibe kokoa ireo mpitily na ahoana fa nisy aloha ny fampitandremana nomena, dia nifindra tamin'ny toerana azo antoka ireo topis.

Dia inona avy eo no nataon'ireo guépards? Tsy nisy hatak'andro fa dia niverina nanohy ilay fomba teo ireo guépards, izany hoe ny guépard iray miafina sy misosa ambany raha toa ka ilay guépard anankiray hafa mijaridina ao amin'ilay ahitra. Dia nitohy hatrany izany fomba fanenjehana izany. Tsy nijanona izy ireo. Tsy niala sasatra na naka aina izy ireo. Tsy nilavo lefona mihitsy izy ireo tamin'ny fanarahana ny paikady nentiny nandrebirebena sy namitahana. Nijery ireo guépards dify teny lavitra teny izay sady nihanakaiky ilay andiana topis hatrany izaho sy i Susan.

Ny alin'io izaho sy i Susan dia nanana fifanakalozan-kevitra miavaka momba ny zavatra nodinihinay sy nianaranay. Niresaka momba io zavatra niainanay io tamin'ireo zanakay sy zafikelinay ihany koa izahay ary nahita lesona manandanja maro. Handeha hanazava ny telo amin'ireo lesona ireo aho izao.

### Lesona 1: Mitandrema amin'ny fitaka feno hafetsen'ilay ratsy

Amiko ny guépards dia zava-boary tsara tarehy sy manaitra ary manintona. Ny volon'ny guépard mavo mavana misy teboka mainty izay ataony fierena tsara no mahatonga ireo biby ireo ho tsy hita rehefa mihaza ny rembiny any amin'ny tanibozak'i Afrika izy ireo.

Toy izany ihany koa ireo hevitra sy asa mampidi-doza ara-panahy dia matetika toa manintona sy mampitsiriritra ary mahafinaritra. Noho izany dia mila fantatsika tsirairay avy ny zavatra ratsy izay mamitaka antsika ka miseho ho zavatra tsara. Araka ny fampitandreman'i Isaia hoe: "Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy!

Izay manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina! Izay manao ny mangidy ho mamy ary ny mamy ho mangidy!"[1]

Amin'izao vanim-potoana feno fifanoheran-kevitra izao izay aneken'ny olona ny fanitsakitsahana ny mahamasina ny aina sy ilazany ny korontana ho fahalalahana, dia tena voatahy isika fa miaina amin'izao andro farany izao izay ahafahan'ny fahazavan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny mamiratra eo amin'ny fiainantsika sy manampy antsika hamantatra ny fitaka sy ny fandrebireben'ny fahavalo.

"Fa ireo izay hendry ary efa nandray ny fahamarinana, *sy nandray ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana azy ka tsy voafitaka*—lazaiko aminareo marina tokoa, fa tsy hokapaina ireo ka hatsipy any anaty afo fa hahatanty ny andro."[2]

### Lesona 2: Aza matoritory ary aoka ho mailo

Ho an'ny topi iray ny fotoana kely tsy iraharahiana na tsy ifantohana dia mety hahatonga ny fanafihana tampoka avy amin'ny guépard. Toy izany koa ny fahatokian-tena loatra sy ny tsy firaharahiana ara-panahy dia mahatonga antsika ho marefo amin'ny fanafihan'ny fahavalo. Ny tsy fahampian'ny fieritreretana ny ara-panahy dia mitondra loza lehibe amin'ny fiainantsika.

I Nefia dia nanazava ny fomba hoentin'i Satana miezaka mampitony sy mandrotsirotsy ireo zanak'Andriamanitra amin'ny andro farany amin'ny fahatsapana tsy tena izy "fiadanana ara-nofo izay hitenenan'ireo hoe: Mandry fehizay ny rehetra ao Ziona; eny, miroborobo i Ziona, mandry fehizay ny rehetra—*ary dia toy izany no anambakan'ny devoly ny fanahiny,* ka hitarihiny azy amim-pahamalinana hidina any amin'ny helo."[3]

Ilaina ny fahamalinana tsy tapaka mba hanoherana ny fahatokian-tena loatra sy ny tsy firaharahiana. Ny hoe malina dia ny *miambina tsy tapaka amim-pitandremana* ny loza na ny fahasarotana mety hitranga. Ary ny hoe miambina tsy tapaka dia *tsy matoritory mihitsy* mba hiambina sy hiaro. Raha amin'ny resaka ara-panahy dia tsy mila matoritory mihitsy isika ary mila mailo amin'ireo bitsiky ny Fanahy Masina sy ireo famantarana avy amin'ireo mpitilin'ny Tompo eo amin'ny tilikambo.[4]

"Eny, ary mamporisika anareo koa aho . . . ny hiambenanareo amim-bavaka lalandava, mba tsy hahazoana mitarika anareo haniasia amin'ny fakam-panahy avy amin'ny devoly,. . . fa indro, tsy mamaly zava-tsoa anareo izy."[5]

Ny fampifantohana ny fiainantsika amin'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany dia mahatonga antsika handresy ny fironan'ny olona araka ny nofo izay donto sy kamo ara-panahy. Koa satria sambatra isika fa manana maso mba hahita sy sofina mba handre,[6] dia afaka mampitombo ny fahafahantsika mijery sy mihaino ny Fanahy Masina rehefa tsy mieritreritra isika amin'ny ankapobeny hoe mila mijery na mihaino na rehefa tsy eritreretintsika hoe misy zavatra azo jerena sy henoina.

"Koa miambena mba ho vonona ianareo."[7]

### Lesona 3: Fantaro ny drafitry ny fahavalo

Ny guépard dia mpiremby mihaza biby hafa. Mandritra ny andro manontolo sy isan'andro ny guépard dia mpiremby foana.

I Satana "dia fahavalon'ny fahamarinana sy fahavalon'ireo izay mikatsaka ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra."[8] Mandritra ny andro manontolo sy isan'andro, ny hany fikasany sy ny tanjony tokana dia ny hahatonga ireo zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra ho ory tahaka azy.[9]

Ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray dia natao mba hanome torolalana ho an'ireo zanany, mba hanampiana azy ireo hahatsapa fifaliana maharitra, ary hitondrana azy ireo hiverina soa aman-tsara any Aminy miaraka amin'ny vatana nitsangana tamin'ny maty sy nasandratra. Ny devoly dia miasa mafy mba hampisafotofoto sy hampahory ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ary hanakantsakana ny fivoaran'izy ireo mandrakizay. Miasa tsy misy fitsaharana ny fahavalo mba hamely ireo singa amin'ny drafitry ny Ray izay tsy tiany indrindra.

Tsy manana vatana i Satana, ary ny fivoarany mandrakizay dia nosakanana. Toy ny renirano mikoriana sakanan'ny toho-drano, ny fivoarana mandrakizain'ny fahavalo dia voasakana satria tsy manana vatana izy. Noho ny fikomiany, i Losifera dia nanda ho an'ny tenany ireo fitahiana sy traikefa rehetra amin'ny fiainana an-tany izay afaka ny hotanterahina amin'ny alalan'ny tabernakely nofo sy taolana. Ny iray amin'ireo hevitry ny teny hoe *voaozona* azo heverina ao amin'ny soratra masina



*Ho an'ny topi iray, ny fotoana kely tsy iraharahiana na tsy ifantohana dia mety hahatonga ny fanafihana tampoka avy amin'ny guépard. Toy izany koa ny fahatokian-tena loatra sy ny tsy firaharahiana ara-panahy dia mahatonga antsika ho marefo amin'ny fanafihan'ny fahavalo.*

AN-KAVANANA: SARY AVY AMIN'NY ISTOCK.COM/ANGELIKA



dia hita taratra amin'ny tsy fahafahany manohy mivoatra sy tonga tahaka ny Raintsika any An-danitra.

Satria tena manan-danja amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray sy ny fivoarantsika ara-panahy ny vatana, dia mikatsaka ny hanembantsembana ny fivoarantsika i Losifera amin'ny alalan'ny fakana fanahy antsika mba hampiasa ny vatantsika tsy araka ny tokony ho izy. Nampianatra ny filoha Russell M. Nelson fa amin'ny farany ny fiarovana ara-panahy dia mianki-na amin'ny "-tsy firosoana voalohany amin'ny fandehanana any amin'izay tsy tokony halehanao sy fanaovana izay tsy tokony hataonao.- . . . Amin'ny maha-olombelona antsika dia manana filana [ara-batana] ilaina amin'ny fahavelomantsika isika. -Ireo filana ireo dia tena manan-danja ho an'ny firoboroboan'ny fiainana. Koa inona ary no ataon'ny fahavalo? . . . Manafika antsika amin'ny alalan'ny filantsika izy. Maka fanahy antsika mba hihina-na zavatra tsy tokony hohanintsika izy, sy hisotro zavatra tsy tokony hosotrointsika, ary hitia tsy araka ny tokony hitiavantsika!-"[10]

Iray amin'ireo zavatra maneso sy mampihomehy indrindra momba ny mandrakizay ny hoe, ny fahavalo, izay fadiranovana tokoa satria tsy manana vatana, dia mitaona sy maka fanahy antsika hifampizara aminy ny fijaliany amin'ny alalan'ny fampiasana amin'ny fomba tsy mety ny vatantsika. Noho izany, ny fitaovana tsy hananany sy tsy azony ampiasaina no tarigetrany voa-lohany amin'ny fikasany mba hitarika antsika any amin'ny fahasimbana ara-batana sy ara-panahy.

Tena ilaina ny fahatakarana ny fikasan'ny fahavalo iray mba hioma-nana tsara amin'ny fanafihana mety hitranga.[11] Satria fantatry ny Kapiteny Môrônia tsara ny fikasan'ireo Lamanita dia vonona izy ny hihaona tamin'izy ireo tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo ary dia nandresy.[12] Dia mihatra amintsika tsirairay ihany koa izany fitsipika sy fampanantenana izany.


"Raha efa miomana ianareo dia tsy hatahotra.

"Ary izany dia mba hahazoanareo miala ny herin'ny fahavalo."[13]

## Fanasana, fampanantenana, ary fijoroana ho vavolombelona

Tahaka ny fahafahana mianatra lesona manan-danja avy amin'ny fandinihana ny toetran'ny guépards sy ny topis dia tokony hitady ireo lesona sy fampitandremana hita ao amin'ireo tranga tsotra miseho amin'ny fiainana andavanandro toy izany koa isika. Koa satria mikatsaka saina sy fo misokatra handray fitarihana avy any an-danitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika, dia ho ireo zavatra mahazatra iainan-tsika manokana no ipoiran'ny sasany amin'ireo torolalana lehibe indrindra izay mety ho azontsika sy ny maro ami-n'ireo fampitandremana mahery vaika izay afaka miaro antsika. Ao amin'ny soratra masina sy amin'ny fiainantsika andavanandro no misy ireo fanoharana mahery vaika.

Telo amin'ireo lesona maro izay hita tamin'ny dianay sy i Susan tany Afrika ihany no nasongadiko teto. Manasa anareo sy mamporisika anareo aho mba handinika io tantaran'ny guépar-ds sy topis io ary hamantatra lesona fanampiny ho anareo sy ny fianaka-vianareo. Aoka ianareo hahatsiaro mandrakariva fa ny tokantranonareo no tena ivon'ny fianarana sy fiainana ny filazantsara.



Raha mamaly amim-pinoana ity fanasana ity ianareo dia hisy eritreritra nentanim-panahy ho tonga ao an-tsainareo, hisy fahatsapana ara-panahy handrombona ao am-ponareo, ary dia ho fantatrareo ny zavatra izay tokony hatao na hotohizana mba hahafahanareo "mitafy ny fiarovantenan' Andriamanitra mba hahatantesanareo ny andro mahory, mba hahatohitra ianareo rehefa avy nanao ny zava-drehetra."[14]

Mampanantena aho fa hirotsaka eo amin'ny fiainanareo ireo fitahian'ny fiomanana mahomby sy ny fiarovana ara-panahy rehefa miambina ombambavaka amim-pahavitrihana sy tsy tapaka ianareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fibosesehana mandroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana dia manome fiarovana ara-panahy ary mahatonga fifaliana maharitra eo amin'ny fiainantsika. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa hanohana sy hankahery antsika ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty sy velona mandritra ireo fotoana tsara sy ratsy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny anarana masin' i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Isaia 5:20.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57; nampiana fanamafisana.
3. 2 Nefia 28:21; nampiana fanamafisana.
4. Jereo ny Ezekiela 33:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:44–58; Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Miambina, Mpiambina," scriptures .ChurchofJesusChrist.org.
5. Almà 34:39.
6. Jereo ny Matio 13:16.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:46.
8. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Devoly," scriptures.ChurchofJesusChrist.org.
9. Jereo ny 2 Nefia 2:27.
10. Russell M. Nelson, ao amin'ny Advice from the Prophet of the Church to Millennials Living in a Hectic World," Newsroom, Feb. 18, 2018, newsroom .ChurchofJesusChrist.org.
11. Jereo ny Almà 2:7–13.
12. Jereo ny Almà 43:29–33, 48–50.
13. Fotopampianarana sy Fanekemihavanana 38:30–31.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:15.



NATAON'NY LOHOLONA RUBÉN V. ALLIAUD
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Hita tamin'ny alalan'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna

*Tsy maintsy miaina sy hita amin'ny alalan'ny herin'ny fahamarinana voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna ny rehetra.*

Rehefa mitsidika ireo mpikambana niova fo any an-tokantranon'izy ireo aho dia anisan'ireo fanontaniana tiako hapetraka matetika amin'izy ireo ny hoe tamin'ny fomba ahoana no nahafantaran'izy ireo sy ny fianakaviany ny Fiangonana ary inona no nahatonga azy ireo hatao batisa. Tsy manan-danja ny hoe mpikambana mazoto na tsy nivavaka nandritra ny taona maro ilay olona amin'io fotoana io. Mitovy hatrany ny valinteny: miaraka amin'ny tsiky sy ny endrik'izy ireo mamiratra, dia manomboka milaza ny tantara nahitana azy izy ireo. Raha ny marina, ny tantaran'ny fiovam-po dia toa ny tantaran'ny fomba nahitana antsika hatrany.

I Jesoa Kristy mihitsy no Tompon'ireo zavatra very. Manan-danja Aminy ireo zavatra very. Izany mihitsy angamba no antony nampianarany momba ireo fanoharana telo hitantsika ao amin'ny



toko faha-15 ao amin'ny bokin'i Lioka: ny fanoharana momba ilay ondry very, sy ilay farantsa kely very, ary ilay zanaka adala. Misy zavatra itovizan'ireo tantara rehetra ireo: Tsy manan-danja ny antony naha-very azy ireo. Tsy manan-danja na dia nahafantatra aza izy ireo hoe very. Fahatsapana fifaliana nanambara hoe: "Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very"[1] no nanjaka be tao. Amin'ny farany dia tsy misy na inona na inona tena very Aminy.[2]

Mamelà ahy amin'izao tolakandro izao hizara aminareo ny iray amin'ireo zavatra sarobidy indrindra amiko: ny tantara momba ny nahitana ny tenako.

Talohan'ny naha-15 taona ahy mihitsy dia nasain'i Manuel Bustos dadatoako aho mba hiaraka aminy sy ny fianakaviany ho aty Etazonia. Ho fahafahana lehibe ho ahy hianarako teny anglisy izany. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana taona maro talohan'izany ny dadatoako, ary tena nanana ny fanahin'ny asa fitoriana izy. Izany angamba no antony niresahan'ny reniko taminy mangingina ka nilazany taminy fa hanaiky ilay fanasana izy miaraka amin'ny fepetra iray: fa tsy hiezaka ny handresy lahatra ahy ny hiditra ho mpikamban'ity Fiangonana ity izy. Katôlika izahay ary efa nandritra ny taranaka mifandimby maro no naha-katôlika anay, ary tsy nisy antony tokony hiovana. Nanaiky tanteraka ny dadatoako ary nitandrina ny teniny ka tsy te-hamaly na ny fanontaniana tsotra indrindra momba ny tempoly azy izy.

Mazava ho azy fa ny zavatra tsy azon'ny dadatoako sy i Marjorie nenitoako nialana dia ny fanehoana ny maha-izy azy ireo.[3]

Nomena efitra iray izay nisy karazam-boky maro aho. Hitako fa nisy tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna saika ho 200 isa tamin'ny fiteny samihafa tao anatin'io tranomboky io, ary tamin'ny teny espaniôla ny 20 tamin'izany.

Indray andro, noho ny faniriana te-hamantatra fotsiny, dia naka tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny teny espaniôla aho.

Isan'ireny tahadika nisy fonony manga toy ny lanitra, nisy ny sarin'ny anjely Môrônia teo anoloana ireny izany. Rehefa nanokatra izany aho, dia voasoratra tao amin'ny pejy voalohany izao fampanantenana manaraka izao: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta-hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina."

Dia niampy an'izao izany hoe: "Ary amin'ny herin' ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra."[4]

Sarotra ny manazava ny fiantraikan'ireo soratra masina ireo tao an-tsaiko sy tao am-poko. Raha ny marina dia tsy nitady "ny fahamarinana" aho. Mbola vao zatovo, izay faly tamin'ny fiainany, sy nankafy ity kolontsaina vaovao ity aho.

Kanefa, niaraka tamin'izany fampanantenana izany tao an-tsaiko, dia nanomboka namaky an-tsokosoko ilay boky aho. Rehefa namaky bebe kokoa aho dia takatro fa raha toa ka tena tehahazo zavatra avy amin'izany aho dia tokony hanomboka hivavaka. Ary isika rehetra dia mahafantatra ny zavatra mitranga rehefa manapa-kevitra ny tsy hamaky fotsiny ihany fa ny hivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna ihany koa. Tena izany mihitsy no nitranga tamiko. Zavatra tena niavaka sy tsy nanam-paharoa tamiko izany—eny, mitovy amin'ny zava-nitranga tamin'ireo an-tapitrisany maro manerana izao tontolo izao. Nanjary fantatro tamin'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina ny Bokin'i Môrmôna.

Dia nanatona ny dadatoako aho mba hanazava aminy izay nitranga ary koa fa vonona ny hatao batisa aho. Tsy tanan'ny dadatoako ny fahagagany. Niditra tao anatin'ny fiarany izy, namily nankany amin'ny seranampiaramanidina, dia niverina niaraka tamin'ny tapakila hisidinako mody, niaraka tamin'ny taratasy kely ho an'ny reniko izay nilaza tsotra hoe: "Tsy misy hidirako ny amin'ity!"

Amin'ny lafiny iray dia marina ny voalazany. Hita mivantana tamin'ny alalan'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna aho.

Mety maro ireo izay hita tamin'ny alalan'ireo misiônera mahafinaritra manerana izao tontolo izao, ary tamin'ny fomba mahagaga ny tranga tsirairay. Na mety hita tamin'ny alalan'ny namana izay ninian' Andriamanitra napetraka teny amin'ny lalan'izy ireo izy ireo. Ary angamba koa aza mety ho hitan'ny olona iray avy amin'ity taranaka ity izy ireo na tamin'ny alalan'ny iray amin'ireo razambeny.[5] Na inona na inona tranga misy, mba handrosoana mankany amin'ny tena fiovam-po marina, na ho haingana na ho ela, dia





tsy maintsy miaina sy hita amin'ny alalan'ny herin'ny fahamarinana voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna ny rehetra. Amin'izay fotoana izay koa dia tsy maintsy manapa-kevitra manokana ny hanao fanolorantena matotra amin' Andriamanitra izy ireo fa hiezaka ny hitandrina ireo didiny.

Rehefa niverina tany Buenos Aires aho dia fantatry ny reniko fa tena naniry ny hatao batisa aho. Satria aho somary nanana toetra mikomy izay, dia niaro ahy tamim-pahendrena izy fa tsy nanohitra ahy. Ary tsy fantany akory fa nanao ny dinidinika ho amin'ny batisako izy. Eny tokoa, mino aho fa ny dinidinika nataony dia mbola lalina kokoa noho ireo izay ataon'ireo misiônerantsika. Hoy izy tamiko: "Raha maniry ny hatao batisa ianao dia hanohana anao aho. Kanefa mialoha izany dia hametraka fanontaniana vitsivitsy aminao aho ary tiako hieritreritra mafy ianao ary hamaly ahy amim-pahamarinan-toetra. Moa ve ianao manolo-tena tanteraka ny hiangona isaky ny alahady?

Hoy aho taminy hoe: "Eny, mazava ho azy, hanao izany aho."

"Moa ve mba fantatrao hoe hatramin'ny oviana no nisy io fiangonana io?"

"Eny, fantatro," hoy aho.

Namaly izy hoe: "Raha atao batisa ianao dia ataoko izay hiangonanao." Dia nanontany ahy izy raha toa ka tena vonona ny tsy hisotro alikaola na hifoka sigara aho.

Namaly aho hoe: "Eny, mazava ho azy, hanaiky izany koa aho."

Izay nampiany hoe: "Raha atao batisa ianao dia ataoko izay hanaovanao izany." Dia nanohy toy izany izy saika ho tamin'ny didy rehetra.

Niantso ny reniko ny dadatoako mba hiteny azy tsy hanahy, fa tsy ho ela dia hilamina avokoa izany rehetra izany. Efa-taona taty aoriana, rehefa nahazo ny antsoko mba hanompo tao amin'ny misiônan'i Uruguay Montevideo aho, dia niantso ny dadatoako indray ny reniko nanontany azy hoe rahoviana marina no hilamina avokoa izany rehetra izany. Ny marina dia hatramin'ny fotoana nanaovana batisa ahy dia lasa sambatra kokoa ny reniko.

Nanjary fantatro fa ny Bokin'i Môrmôna dia manan-danja eo amin'ny dingan'ny fiovam-po amin'ny alalan'ny fiainana voalohany ilay fampanantenana fa "hanatona bebe kokoa an' Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fitsipika ao anatiny."[6]

Nanazava ny tanjona fototry ny Bokin'i Môrmôna tamin'izao fomba izao i Nefia:

"Fa miasa araka ny zotom-po isika hanoratra mba handresy lahatra ny zanatsika ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an'i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra. . . .

"[Koa] miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, [ary] maminany ny amin'i Kristy, . . . mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany."[7]

Ny Bokin'i Môrmôna manontolo dia henik'izany tanjona masina izany.

Noho izany antony izany, izay mpamaky manolo-tena ny handalina izany amin-kitsimpo, miaraka amin'ny fanahin'ny vavaka, dia tsy hianatra fotsiny momba an'i Kristy, fa hianatra koa *avy amin'i* Kristy, indrindra raha toa ka manapa-kevitra izy ireo ny "hanandrana ny herin'ny teny"[8] ary tsy mandroaka izany hivoaka noho ny tsy finoana[9] noho izay nolazain'ny hafa momba ireo zavatra izay tsy mbola novakin'izy ireo.

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Rehefa mieritreritra momba ny Bokin'i Môrmôna aho dia mieritreritra momba ny teny hoe *hery.* Ireo fahamarinana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manana ny *hery* manasitrana, mankahery, mamerina amin'ny laoniny, manavotra, mampatanjaka, mampionona, ary mamelombelona ny fanahintsika."[10]


Ny fanasana ataoko amintsika tsirairay amin'ity tolakandro ity, na hafiriana na hafiriana no nahampikamban'ny Fiangonana antsika, dia ny hamela ny herin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna mba hahita

antsika sy hamihina antsika indray, ary isan'andro isan'andro rehefa mikatsaka amim-pahazotoana fanambarana ho an'ny tena manokana isika. Hahita antsika izany raha avelantsika hanao izany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina dia hanamarina ny fahamarinan'izany foana foana amin'izay mikatsaka, amin'ny fo mahitsy, ny fahalalana mba ho famonjena ny fanahin'izy ireo.[11] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 15:6; jereo ihany koa ny Lioka 15:9, 32.
2. Amin'ny heviny mivelatra kokoa, ny soratra masina dia mitantara ireo faminaniana izay miresaka momba ny fanangonana ny foko verin'i Isiraely (jereo ny Russell M. Nelson, "The Gathering of Scattered Israel," *Liahona,* Nov. 2006, 79–82). Na dia very aza izy ireo, dia tsy very izy ireo Aminy (jereo ny 3 Nefia 17:4). Misarika ny saina koa ny manamarika fa izy ireo dia tsy mahafantatra hoe very izy ireo mandra-pahatongan'ny fotoana ahitana azy ireo, indrindra fa rehefa mandray ny tsodranony avy amin'ny patriarika izy ireo.
3. Nindrana ny tenin'i Masindahy François d' Assise ny Loholona Dieter F. Uchtdorf rehefa nilaza hoe: "Torio amin'ny fotoana rehetra ny filazantsara, ary raha ilaina dia mampiasà teny" ("Miandry eo amin'ilay lalana mankany Damaskosy," *Liahona,* mey 2011, 77; jereo koa ny William Fay and Linda Evans Shepherd, *Share Jesus without Fear* [1999], 22).
4. Môrônia 10:4–5.
5. Tantarantsika ihany koa ny tantaran'ny fiovam-pon'ireo razambentsika. Nampianatra ny Loholona William R. Walker hoe: "Ho mahafinaritra tokoa raha toa ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay avy ka nahafantatra ny tantaran'ny fiovam-pon'ireo razambeny" ("Aoka ianao hiaina ao anatin'ny fifikirana amin'ny finoana," *Liahona,* mey 2014, 97). Vokatr'izany, isika rehetra dia azo lazaina fa hita mivantana na tamin'ny alalan'ireo razambentsika, noho ny Raintsika any An-danitra izay mahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany (jereo ny Abrahama 2:8).
6. Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna; jereo ihany koa ny Almà 31:5.
7. 2 Nefia 25:23, 26.
8. Almà 31:5.
9. Jereo ny Almà 32:28.
10. Russell M. Nelson, "Ny Bokin'i Môrmôna: Hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?" *Liahona,* nôv. 2017, 62.
11. Jereo ny 3 Nefia 5:20.



NATAON'NY FILOHA RUSSELL M. NELSON

# Vavolombelona sy kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ary kilasin'ny Zatovovavy

*Ireo fanovana izay hambaranay izao dia entina hanampiana ireo zatovolahy sy zatovovavy hampivoatra ny hery masina ananan'izy ireo.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, tena mahafinaritra ny miaraka aminareo indray ato amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Tamin'ity herinandro ity dia nisy filazana natao ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana momba ireo fanovana mahakasika ny fitsipika momba ny olona azo atao vavolombelona amin'ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny famehezana. Te-hanamafy ireo zavatra telo ireo aho.



1. Ny vavolombelona amin'ny batisa isoloana tena ho an'ny olona maty dia azon'ny rehetra izay mihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery atao, tafiditra amin'izany ny fahazoan-dalana voafetra.
2. Azo atao vavolombelona amin'ny ôrdônansin'ny famehezana, na ho an'ny velona na isoloana tena, izay olona mpikambana efa nandray fanafiana masina ka manana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery.
3. Azo atao vavolombelona ho an'ny fanaovana batisa olona velona ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana efa vita batisa. Io fanovana io dia mihatra amin'ny batisa rehetra atao ivelan'ny tempoly.



Ireo fanovana ny fitsipika ireo dia eo amin'ny fomba fanatanterahana azy ihany. Ny fotopampianarana sy fanekempihavanana ifotorany dia tsy miova. Mbola manan-kery amin'ny ôrdônansy rehetra ireo. Ireo fanovana ireo dia tokony hampivoatra tokoa ny fandraisana anjaran'ny fianakaviana amin'ireo ôrdônansy ireo.

Te-hiresaka aminareo ihany koa aho amin'izao fotoana izao mba hampahafantatra fanovana mahakasika ireo tanorantsika sy ny mpitarika azy ireo.

Tsaroanareo fa efa nanasa ireo tanoran'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho mba hirotsaka ao amin'ny tafiky ny tanoran'ny Tompo mba handray anjara amin'ny zavatra tena manan-danja indrindra eto an-tany ankehitriny, dia ny fanangonana an'i Isiraely.[1] Nandefa io fanasana io tamin'ireo tanorantsika aho satria manana talenta miavaka amin'ny fifandraisana amin'ny hafa izy ireo sy amin'ny fizarana ny zavatra inoan'izy ireo amin'ny fomba mandresy lahatra. Ny fanangonana an'i Isiraely dia singa manan-danja amin'ny fanomanana izao tontolo izao sy ny olona eo amboniny ho amin'ny Fiavian'ny Tompo fanindroany.

Ao amin'ny paroasy tsirairay ny tafiky ny tanoran'ny Tompo dia tarihin'ny eveka, mpanompon' Andriamanitra be fanolorantena. Ny andraikiny voalohany indrindra dia ny mikarakara ireo zatovolahy sy zatovovavy ao amin'ny paroasiny. Ny eveka sy ireo mpanolotsainy no mitarika ny asan'ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ireo kilasin'ny Zatovovavy ao amin'ny paroasy.

Ireo fanovana izay hambaranay izao dia entina hanampiana ireo zatovolahy sy zatovovavy hampivoatra ny hery masina ananan'izy ireo. Te hampatanjaka ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny kilasin'ny Zatovovavy ihany koa izahay ary hanolotra fanampiana an'ireo eveka sy ireo mpitarika olondehibe hafa eo am-panompoan'izy ireo ity taranaka vao misondrotra ity.

Izao ny Loholona Quentin L. Cook dia hiresaka momba ireo fanovana izay mahakasika ny zatovolahy. Ary anio hariva, mandritra ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany, ny Rahavavy Bonnie H. Cordon, Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany dia hiresaka momba ireo fanovana mahakasika ny zatovovavy.

Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifoloahy dia miray hina amin'ny fametrahana ireo ezaka ireo mba hampatanjahana ny zatovontsika. Tena tianay tokoa izy ireo ary mivavaka ho azy ireo izahay. Izy ireo no "fanantenan'i Isiraely, tafik'i Ziona, zanaky ny fampanantenana."[2] Maneho ny fahatokianay tanteraka an'ireo zatovontsika sy ny fankahasitrahanay azy ireo izahay. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org.
2. "Ô vaillants guerriers d'Israël," *Cantiques,* n° 169.



NATAON'NY LOHOLONA QUENTIN L. COOK
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Fanovana mba hanamafisana orina ny zatovo

*Zatovolahy sy zatovovavy maro no ho vonona hiatrika izany fanamby izany ary hijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana noho ity fifantohana mahery vaika amin'ny zatovontsika ity.*

Misaotra anao ry Filoha Nelson malalanay noho izany torolalana mifono fanambarana mahafinaritra izany mikasika ireo vavolombelona mandritra ny batisa sy ny toromarika nangatahinao mba hozarainay mba hanamafisana orina ny zatovo sy hampivelarana ny hery anaty masina ananan'izy ireo.

Mialoha ny hizarako ireo fanovana ireo, dia maneho ny fankasitrahako amin-kitsimpo aho noho ny fihetsika tena miavaka nasehon'ireo mpikambana teo anatrehan'ireo fampivoarana natao tao anatin'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara izay eo an-dalampahatanterahana. Raha jerena araka ny hevitra natsipin'ny Filoha Nelson tamin'ny taon-dasa, dia nihinana vitamines tokoa ianareo![1]

Mandalina amim-pifaliana ny *Avia, hanaraka Ahy* ianareo any an-trano.[2] Nandray andraikitra koa ianareo teo anatrehan'ireo fanovana natao tany am-piangonana. Miara-miasa amim-piraisan-kina ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana manao ny asa famonjena.[3]

Fankasitrahana mitafotafo no atolotray.[4] Feno fankasitrahana manokana isika fa mitoetra ho mafy orina sy mahatoky hatrany ny zatovontsika.

Miaina ao anatin'ny fotoan-tsarotra kanefa mahafinaritra koa ny zatovontsika. Tsy mbola nihoa-pampana kokoa noho izao velively ireo safidy azo atao. Ohatra iray: ny smartphone amin'izao fotoana izao dia manolotra amin'ny fomba mahavariana fahafahana mahazo fampahalalana manan-danja sy mampivelatra ny saina, ka tafiditra ao anatin'izany ny tantaram-pianakaviana sy ny soratra masina. Etsy ankilany, dia ahitana hadalana, fahavetavetana ary zava-dratsy tsy tonga dia mora hita taloha izany.

Mba hanampiana ny zatovontsika hamakivaky ireo safidy mifamahofaho ireo, dia nanomana drafitra manan-danja sy feno miisa telo ny Fiangonana. Voalohany, nohamafisina ary nampivelarina hatrany an-tokantrano ny fandaharam-pampianarana. Faharoa, nisy fandaharan'asa ho an'ny ankizy sy ny zatovo izay ahitana atrikasa mahafinaritra sy fampivelarana ho an'ny tena manokana vao natolotry ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Filoha M. Russell Ballard ary ireo Mpiandraikitra Ambony tamin'ny alahady lasa teo. Ny drafitra fahatelo dia ny fanovana rafitra mba hahatonga ny zatovo ho tena ifantohan'ireo evekantsika sy ireo mpitarika kokoa. Izany fifantohana atao izany dia tsy maintsy mahery vaika arapanahy ary manampy ny zatovontsika ho lasa ilay tafiky ny tanora izay nangatahan'ny Filoha Nelson mba hahatongavan'izy ireo.

**Lamina mifandray**

Ireo ezaka ireo miaraka amin'ireo izay nambara tao anatin'ny taona vitsivitsy lasa izay, dia tsy fanovana misaratsaraka. Ny fanovana tsirairay dia ampahany tena manan-danja ao anatin'ny lamina mifandray iray mba hitahiana ireo Olomasina sy hanomanana azy ireo hihaona amin' Andriamanitra.

Misy ifandraisany amin'ny tanora vao misondrotra ny ampahany iray ao anatin'izany lamina izany. Angatahina ny zatovontsika mba handray andraikitra manokana bebe kokoa dieny vao herotrerony, ka tsy iantsorohan'ireo ray



aman-dreny na ireo mpitarika ny zavatra izay azon'ny zatovo atao irery.[5]


### Fanambarana

Androany dia hanambara fanovana rafitra ho an'ny zatovo eo anivon'ny paroasy sy tsatòka izahay. Araka ny fanazavan'ny Filoha Nelson, dia hiresaka mikasika ireo fanovana ho an'ny zatovovavy Rahavavy Bonnie H. Cordon anio hariva. Ny tanjona irain'ireo fanovana horesahiko izao dia ny mba hanamafy orina ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy ireo kôlejy ary ireo fiadidian'ny kôlejy. Ireo fanovana ireo dia mampifanaraka ny fomba fiasantsika amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:15, izay mivaky toy izao: "Ny episkôpà no miadidy io fisoronana [Aharôna] io sy mihazona ny fanalahidiny na ny fahefany."

Iray amin'ireo adidin'ny eveka hita ao amin'ny soratra masina ny miahy ireo mpisorona sy ny miara-mivory aminy amina filankevitra, [ary] mampianatra azy ireo ny adidiny amin'ny anjara fanompoany.[6] Ankoatra izany, ny mpanolotsaina voalohany ao amin'ny episkôpà dia hanana andraikitra manokana hisahana ireo mpampianatra ary ny mpanolotsaina faharoa hisahana ireo diakona.

Noho izany mba hanarahana tsara io fanambarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana io, dia hofoanana ireo fiadidian'ny Zatovolahy any anivon'ny paroasy. Nahatontosa zavatra tsara maro ireo rahalahy mahatoky ireo ary maneho fankasitrahana azy ireo izahay.

Manantena izahay fa hanome lanja lehibe an'ireo andraikitry ny fisoronana ho an'ny zatovolahy sy hifantoka bebe kokoa amin'izany ireo episkôpà ary hanampy ny zatovolahy ao anatin'ireo andraikiny ao amin'ny kôlejy. Hisy olon-dehibe mpanoro hevitra ny zatovolahy izay manana fahaiza-manao ho antsoina mba hanampy ireo fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny episkôpà ao anatin'ny andraikitra sahanin'izy ireo.[7] Matoky izahay fa zatovolahy sy zatovovavy maro no ho vonona hiatrika izany fanamby izany ary hijanona eo amin'ny lalan'ny




fanekempihavanana noho ity fifantohana mahery vaika amin'ny zatovontsika ity.

Ao amin'ilay lamina tena tsaran'ny Tompo, dia manana andraikitra amin'ny olona rehetra ao amin'ny paroasy ny eveka. Mitahy ny ray aman-drenin'ny zatovo ary koa ny zatovo izy. Nahita ny eveka iray fa rehefa nifampidinika tamin'ny zatovolahy iray nanana olana tamin'ny pôrnôgrafia izy, dia tsy afaka nanampy ilay zatovolahy mba hibebaka, raha tsy nanampy koa ny ray aman-dreniny mba haneho fitiavana sy fahatakarana an-tsaina. Ny fahasitranan'ilay zatovolahy dia fahasitranana ho an'ny fianakaviany ary tanteraka tamin'ny alalan'ilay eveka izay niasa ho an'ny fianakaviana iray manontolo izany. Lasa mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka mendrika ilay tovolahy amin'izao fotoana izao ary misiônera manompo amin'ny fotoana feno.

Araka ny zavatra hita tao amin'io tantara iray io, ireo fanovana dia:

- Hanampy ireo eveka sy ireo mpanolotsainy mba hifantoka amin'ireo andraikitra tena manan-danja sahanin'izy ireo mikasika ny zatovo sy ny ankizy ao amin'ny Kilonga.
- Hametraka ny hery sy ireo andraikitra an'ny Fisoronana Aharôna ho ivon'ny fiainan'ny zatovolahy rehetra sy ho ivon'ny tanjon'izy ireo.

Ireo fanovana ireo koa dia:

- Hanome lanja ny andraikitr'ireo fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny fanavaon'izy ireo tatitra mivantana any amin'ny episkôpà.
- Hamporisika ireo olon-dehibe mpitarika mba hanampy sy hanoro lalana ireo fiadidian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna eo amin'ny fanandrianan'izy ireo ilay hery sy fahefana ao amin'ny anjara fanompoan'izy ireo.

Araka ny efa voalaza dia tsy mampihena ny andraikitr'ireo episkôpà amin'ny *zatovovavy* ireo fanovana ireo. Araka ny vao nampianarin'ny Filoha Nelson teo hoe: "Ny andraikitra voalohany sy faran'izay manan-danja sahanin'ny [eveka] dia ny mikarakara ny zatovolahy sy ny *zatovovavy* ao amin'ny paroasiny."[8]

Ahoana no fomba hanatanterahan'ireo eveka malalantsika miasa mafy ireo an'izany andraikitra izany? Tsaroanareo fa tamin'ny 2018 dia nisy fanovana nentina teo anivon'ireo kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka mba hiarahana miasa akaiky kokoa amin'ireo Fikambanana Ifanampiana, mba hahafahan'ireo kôlejin'ny loholona sy ireo Fikambanana Ifanampiana, eo ambany fitarihan'ny eveka, hiantsoroka andraikitra manandanja izay nandany ny ankamaroan'ny fotoany teo aloha. Ireo andraikitra ireo dia ahitana ny asa fitoriana sy ny asa atao any amin'ny tempoly ary ny asa

atao momba ny tantaram-pianakaviana ao amin'ny paroasy[9] ary koa ny ankamaroan'ny fanompoana an'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy.

Ny eveka dia tsy *afaka* mamindra andraikitra sasantsasany, toy ny fanamafisana orina ny zatovo, ny maha-mpitsara tsotra, ny fikarakarana ireo izay sahirana, ny fitantanana ireo raharaha ara-bola sy ara-nofo. Vitsy ihany anefa ireo raha ny mety ho fahalalantsika azy hatramin'izay. Nanazava ny Loholona Jeffrey R. Holland tamin'ny taona lasa, rehefa nambara ireo fanovana mikasika ireo kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka hoe: "Mazava ho azy fa mijanona ho mpisorona avo mpiahy ao amin'ny paroasy ny eveka. Io fanitsiana vaovao [an'ireo kôlejin'ny loholona sy ireo Fikambanana Ifanampiana] io dia tokony hamela azy hiahy ny asan'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana *kanefa tsy mitaky azy hanao ny asan'ireo fikambanana roa ireo.*[10]

Ohatra, ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana iray sy ny filohan'ny kôlejin'ny loholona iray, rehefa voatendry, dia afaka mihazona andraikitra lehibe kokoa mba hifandinika amin'ireo olon-dehibe, *toy ny ahafahan'ny filohan'ny Zatovovavy iray mifandinika amin'ireo zatovovavy.* Na dia ny eveka ihany aza no hany afaka ny ho mpitsara tsotra, ireo mpitarika hafa ireo dia manana fahafahana hahazo fanambarana avy an-danitra mba hamahana ireo olana izay tsy ilana mpitsara tsotra iray na tsy ahitana karazana fampiharana herisetra.[11]

Tsy midika akory izany fa tsy afaka na tsy tokony hiresaka amin'ny eveka na ny ray aman-dreniny ny zatovovavy iray. Ny zatovo no ifantohan'izy ireo! Saingy midika izany fa ny mpitarika iray ao amin'ny Zatovovavy dia mety tena afaka manolotra izay zavatra ilain'ny zatovovavy manokana iray. Samy vaindohan-draharahan'ny episkôpà na ny zatovovavy na ny zatovolahy, saingy fantatsika ilay hery avy amin'ny fananana mpitarika ao amin'ny Zatovovavy izay matanjaka sy mazoto ary mifantoka, izay tia sy manoro lalana, ary tsy misavika ny anjara asan'ireo



fiadidian'ny kilasy fa manampy ny zatovo mba hahomby amin'ny anjara asan'izy ireo.

Hizara fanovana mahafaly fanampiny ho an'ny zatovovavy ny Rahavavy Cordon anio hariva. Ambarako anefa fa amin'izao dia hanao tatitra sy hifampidinika mivantana amin'ny evekan'ny paroasy ireo filohan'ny Zatovovavy any amin'ny paroasy. Afaka nampiandraiketina mpanolotsaina iray izany asa izany teo aloha, saingy manomboka izao dia ho andraikitra mivantan'ilay olona iray izay mihazona ireo fanalahidy entina miahy ao amin'ny paroasy ny zatovovavy. Hanohy hanao tatitra mivantana any amin'ny eveka ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana.[12]

Eo amin'ireo ambaratongam-pitantanana maneran-tany sy eo anivon'ny tsatòka, dia hitohy hanana fiadidian'ny Zatovolahy isika. Eo anivon'ny tsatòka, dia mpikambana iray ao amin'ny filankevitra avo no ho filohan'ny Zatovolahy[13] ary ho tafiditra ao anatin'ny kômity misahana ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy eo anivon'ny tsatòka, miaraka amin'ireo mpanolotsaina avo nampiandraiketina ny Zatovovavy sy ny Kilonga, izy. Ireo rahalahy ireo dia hiara-hiasa amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy eo anivon'ny tsatòka ao anatin'io kômity io. Miaraka amin'ny mpanolotsaina irain'ny filohan'ny tsatòka izay mpitarika ilay kômity, dia hanana lanjany kokoa io kômity io satria ny ankamaroan'ireo fandaharan'asa sy atrikasa ao amin'ilay drafitra vaovao ho an'ny ankizy sy ny zatovo dia ho eo anivon'ny tsatòka.

Ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra avo ireo, eo ambany fitarihan'ny fiadidian'ny tsatòka, dia afaka ny ho loharanom-panampiana ho an'ny eveka sy ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna mitovy amin'ny fomba fanampiana atolotr'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra avo an'ireo kôlejin'ny loholona any amin'ny paroasy.

Mifandray amin'izany ihany, hisy mpikambana iray hafa ao amin'ny filankevitra avo ho filohan'ny Sekoly Alahady eo anivon'ny tsatòka, ary rehefa ilaina, dia afaka manompo ao anatin'ny kômity misahana ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy eo anivon'ny tsatòka izy.[14]

Hohazavaina bebe kokoa ao amin'ny fampahalalana alefa any amin'ny mpitarika ireo fanovana fanampiny momba ny rafitra. Tafiditra ao anatin'ireo fanovana ireo ny hoe:

- Ny fivorian'ny kômity sahanin'ny episkôpà momba ny zatovo dia hosoloina amin'ny filankevitry ny zatovo eo anivon'ny paroasy.
- Tsy hampiasaina intsony ny teny hoe "Fiaraha-mientana Ifanakalozana" fa ho lasa "Fiaraha-mientan'ny Zatovovavy," "Fiaraha-mientan'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna," na "fiaraha-mientan'ny zatovo" izay hatao isan-kerinandro raha azo atao.
- Ny tetibolan'ny paroasy ho an'ny fiaraha-mientan'ny zatovo dia hotsinjaraina ara-drariny ho an'ny rafitry ny zatovolahy sy ny an'ny zatovovavy arakaraka ny isan'ny zatovo ao amin'ny rafitra tsirairay. Hisy ampaham-bola ampy hatokana ho an'ny fiaraha-mientan'ny Kilonga.
- Ao anatin'ireo ambaratonga rehetra, paroasy, tsatòka, ary ny fitantanana maneran-tany, ny teny hoe "rafitra" no hampiasaintsika fa tsy ny hoe "vondrona fanampiny." Ireo izay mitarika ny rafitry ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, ny


Zatovovavy maneran-tany, ny Zatovolahy maneran-tany, ny Kilonga maneran-tany, ary ny Sekoly Alahady maneran-tany dia hantsoina hoe "Mpiandraikitra ambony." Ireo izay mitarika ireo rafitra eo anivon'ny paroasy sy eo anivon'ny tsatòka dia hantsoina hoe "mpiandraikitra eo anivon'ny paroasy" sy "mpiandraikitra eo anivon'ny tsatòka."[15]

Ireo fanovana nambara androany ireo dia azo atomboka raha vao vonona ireo sampana, paroasy, distrika ary tsatòka, saingy tokony ho tafapetraka amin'ny 1 janoary 2020. Ireo fanovana ireo rehefa atambatra sy ampidirina tantareka ao anatin'ireo fanovana teo aloha, dia maneho ezaka ara-panahy sy ara-drafitra izay mifanaraka amin'ny fotopampianarana mba hitahiana sy hanamafisana orina ny lehilahy, ny vehivavy sy ny zatovo ary ny ankizy, ary hanampiana ny tsirairay amin'izy ireo mba hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, eo ampandrosoantsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Ry rahalahy sy anabavy mampanantena sy mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fanovana mahafaoka zavatra maro ireo, eo ambany fitarihan'i Russell M. Nelson izay filoha sy mpaminany mahazo fanentanam-panahy, dia hanome hery sy hanamafy orina ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra. Hanana finoana lehibe kokoa ny Mpamonjy ny zatovontsika, sy ho voaro amin'ireo fakam-panahin'ilay fahavalo ary ho vonona hiatrika ireo fanambin'ny fiainana. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Russell M. Nelson, ao amin'ny "Latter-day Saint Prophet, Wife and Apostle Share Insights of Global Ministry," Newsroom, 30 Okt. 2018, newsroom.ChurchofJesusChrist.org.
2. Ankoatra izany, dia nanao ezaka manokana ianareo mba hampiasa ny anarana marin'ny Fiangonana araka ny nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson sy hahatsiaro ny Mpamonjintsika amim-pitiavana sy amim-panajana rehefa manao izany.
3. "Ireo mpikamban'ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nirahina -mba hiasa ao amin'ny tanimboalobony ho famonjena ny fanahin'ny olona- (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:56). Ity asa famonjena ity dia ahitana ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ireo niova fo, ny fampahavitrihana ireo mpikambana malaindaina, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa atao momba ny tantaram-pianakaviana, ary ny fampianarana ny filazantsara. Ny episkôpà no mitarika io asa io eo anivon'ny paroasy, ampian'ireo mpikambana hafa ao amin'ny filankevitry ny paroasy" (*Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana,* 5.0, Churchof JesusChrist.org).
4. Amin'ny maha-mpitarika, dia tianay ianareo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany noho ny hatsaran-toetranareo sy ny noho ny maha-mpianatra anareo. Feno fankasitrahana ny olona tsirairay, ireo reny sy ray, ny zatovo sy ny ankizy izay mandeha eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izahay, izay manao izany amim-pahavitrihana sy amim-pifaliana.
5. Tamin'ny 2019, ireo diakona 11 taona dia nanomboka nizara ny fanasan'ny Tompo ary ny zatovovavy sy ny zatovolahy 11 taona dia nahazo fahazoan-dalana voafetra hidirana ny tempoly. Tamin'ny taona lasa, dia nampanao fanamby an'ireo zatovolahy sy zatovovavy ny Filoha Nelson mba hirotsaka ao anatin'ny tafiky ny tanora iray hanangona an'i Isiraely niely patrana eo amin'ny lafy roan'ny voaly (jereo ny "Fanantenana ho an'i Isiraely" [fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018], HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org). Nahavariana ny famaliana izany antso izany.
   Manompo amin'ny fomba tena miavaka ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno izay mbola tena vao herotrerony. Nanomboka tamin'ny 06 ôktôbra 2012, dia afaka nanompo ny tovolahy 18 taona sy ny tovovavy 19 taona.
6. "Ary koa ny adidin'ny filohan'ny Fisoronan'i Aharôna dia ny miahy [ireo] mpisorona, sy ny miara-mivory aminy amina filankevitra, [ary] mampianatra azy ireo ny adidy amin'ny anjara fanompoany.. . . Izany filoha izany dia tsy maintsy eveka; satria izany dia anankiray amin'ny adidin'ity fisoronana ity" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:87–88).
7. Hisy olon-dehibe mpitarika koa izay hantsoina ho tompon'andraikitra misahana ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna mba hanampy amin'ireo fandaharan'asa sy fiaraha-mientana ary mba hanatrika ireo fivorian'ny kôlejy mba hahafahan'ny episkôpà manatrika tsy tapaka ireo kilasin'ny Zatovovavy sy ireo fiaraha-mientana ary manatrika any amin'ny Kilonga indraindray. Azo atao ny miantso tompon'andraikitra manokana vitsivitsy hanampy amin'ny hetsika iray manokana toy ny lasy; ary ny hafa dia azo antsoina mba hanampy mandritra ny fotoana maharitra ireo mpanorohevitra ny kôlejy. Hisy olon-dehibe lehilahy anankiroa foana farafahakeliny mandritra ny fivorian'ny kôlejy tsirairay na ny fandaharan'asan'ny kôlejy tsirairay na ny fiaraha-mientan'ny kôlejy tsirairay. Na hiova aza ireo anjara asa sy ireo anaran'ny andraikitra, dia tsy maminavina ny hampihena ny isan'ny olon-dehibe lehilahy izay manompo sy manohana ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna izahay.
8. Russell M. Nelson, "Witnesses, Aaronic Priesthood Quorums, and Young Women Classes," *Liahona,* Nov. 2019, nampiana fanamafisana; jereo koa ny Ezra Taft Benson, "To the Young Women of the Church," *Ensign,* Nov. 1986, 85.
9. Manoro hevitra ireo eveka koa izahay mba hanokana fotoana bebe kokoa iarahana amin'ireo tanora tokan-tena sy ny fianakavian'izy ireo.
10. Jeffrey R. Holland, general conference leadership meeting, Apr. 2018; jereo koa ny "Effective Ministering," ministering.ChurchofJesusChrist.org. Nampianatra ny Loholona Holland fa ireo andraikitra izay tsy azon'ny eveka afindra dia ny fiahiana ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny zatovovavy, ny maha-mpitsara tsotra, ny fanaraha-maso ireo raharaha ara-bola sy ara-nofo an'ny Fiangonana, ary ny fikarakarana ny mahantra sy ny sahirana. Ireo fiadidian'ny kôlejin'ny loholona sy ireo fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana ary ireo hafa dia afaka mandray ireto ho andraikitr'izy ireo voalohany: ny asa fitoriana, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny asa momba ny tantaram-pianakaviana, ny fahatsaran'ny fampianarana ao amin'ny paroasy ary ny fiambenana sy ny fanompoana ireo mpikamban'ny Fiangonana.
11. Ankoatra ireo toe-javatra izay mitaky ny fanalahidin'ny mpitsara tsotra, ireo olana mifandray amina herisetra dia tokony horaisin'ny eveka an-tanana araka ny fitsipika arahin'ny Fiangonana.
12. Ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana eo anivon'ny tsatòka dia hanohy koa hanao tatitra mivantana any amin'ny filohan'ny tsatòka.
13. Ireo mpanolotsain'ny filohan'ny Zatovolahy eo anivon'ny tsatòka dia azo fidina eo anivon'ireo mpikambana ao amin'ny tsatòka, na raha ilaina dia azo atao an'ilay mpikambana ao amin'ny filankevitra avo nampiandraiketina ny Zatovovavy sy ilay mpikambana ao amin'ny filankevitra avo nampiandraiketina ny Kilonga.
14. Ilay rahalahy filohan'ny Sekoly Alahady dia manana andraikitra lehibe ao anatin'ny fandaharam-pampianaran'ny zatovo ao anatin'ny alahady roa isam-bolana.
15. Ireo fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, ny Zatovovavy maneran-tany, ny Zatovolahy maneran-tany, ny Sekoly Alahady maneran-tany, ary ny Kilonga maneran-tany any amin'ny ambaratongam-pitantanana maneran-tany sy eo anivon'ny tsatòka dia ho antsoina hoe Mpiandraikitra ambony na mpiandraikitra eo anivon'ny tsatòka. Eo anivon'ny paroasy dia ny episkôpà no mitarika ny zatovolahy, noho izany dia tsy mpiandraikitra eo anivon'ny paroasy ireo mpanoro hevitra ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna.



NATAON'I MARK L. PACE
*Filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany*

# *Avia, hanaraka Ahy—* tetikadin'ny Tompo hamaliana ny fahavalo ary drafitra handraisana andraikitra mialoha

*Ny Tompo dia manomana ny olony amin'ny fanafihan'ilay fahavalo. Ny* Avia, hanaraka Ahy *dia tetikadin'ny Tompo hamaliana ny fahavalo ary drafitra handraisana andraikitra mialoha.*

Fifaliana ho antsika ny miara-mivory amin'izao Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany manetriketrika an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izao. Fitahiana ny mandray ny fisainana sy ny sitrapon'ny Tompo amin'ny alalan'ny fampianaran'ireo mpaminaniny sy apôstôliny. Ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminany velon'ny Tompo. Feno fankasitrahana tokoa isika noho ireo torohevitra sy fitarihana tena tsara izay azo avy aminy androany.

Ampiako ny tenivavolombeloko ny an'ireo izay efa nizara teo aloha. Mijoro ho vavolombelona an' Andriamanitra, ilay Raintsika Mandrakizay aho. Velona Izy ary tia antsika sy miambina antsika. Ny drafitry ny fahasambarany dia mitondra fitahiana amin'izao fiainana an-tany izao ary ny fiverenantsika ho eo anatrehany amin'ny farany.

Mijoro ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy ihany koa aho. Izy no Zanaka Lahitokan' Andriamanitra. *Namonjy antsika* tamin'ny fahafatesana Izy, ary Izy dia manavotra antsika amin'ny fahotana rehefa mampihatra finoana Aminy sy mibebaka isika. Ny sorona fanavotana tsy misy fetra nataony ho antsika dia mitondra ny fitahian'ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay. "Isaorana [tokoa] anie Andriamanitra noho ny fanomezany tsy manam-paharoa ny Zanany masina" ("Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Liahona,* mey 2017, ao anatin'ny fonony ao aloha).

Voatahy amin'ny fanompoana an'i Jesoa Kristy ao amin'ireo tempoliny ny Olomasin'ny Andro Farany manerana izao tontolo izao. Ny iray amin'ireo tempoly ireo dia eo andalam-panamboarana any Winnipeg Kanadà amin'izao fotoana izao. Izaho sy i Anne Marie vadiko dia nanana fahafahana nitsidika ilay toerana hananganana an'izany tamin'ny tamin'ny volana aogôsitra tamin'ity taona ity. Tsara tarehy ny tefibikan'ilay tempoly ary azo antoka fa ho mahatalanjona izany rehefa vita. Na dia izany aza dia tsy afaka hanana tempoly mahatalanjona ianao any Winnipeg, na amin'ny toerana hafa rehetra, raha tsy manana fototra matanjaka sy mafy orina.

Ny fiantraikan'ny fifandimbiasan'ny fivainganana sy ny fitsonian'ny ranomandry eo amin'ny tany any Winnipeg dia niteraka olana tamin'ny



fanomanana ny fototry ny tempoly. Noho izany dia notapahina fa ny fototra ho an'io tempoly io dia ho fitambarana vy lavalava miisa 70 norakofana orimbato. 18 metatra ny halavan'ireo vy ary 30 ka hatramin'ny 50 santimetatra eo ho eo ny hateviny. Alentika any ambany tany hatrany izy ireo mandrapidonan'izy ireo amin'ny vatolampy, ka tokotokony ho eo amin'ny 15 metatra any ambany tany izany. Amin'ny alalan'izany fomba izany, ireo vy miisa 70 dia manome fototra matanjaka sy mafy orina ho an'ilay tempoly tsara tarehin'i Winnipeg.

Amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika, isika dia mikatsaka fototra matanjaka sy mafy orina toy izany koa eo amin'ny fiainantsika, fototra ara-panahy izay ilaina ho an'ny diantsika mandritra ny fiainana an-tany sy ny diantsika miverina any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Izany fototra izany dia miorina amin'ny vatolampin'ny fiovam-pontsika ho an'i Jesoa Kristy Tompo.

Tsaroantsika ny fampianaran'i Helamàna ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, . . . dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy" (Helamàna 5:12).

Feno fankasitrahana isika fa miaina ao anatin'ny vanim-potoana iray izay misy mpaminany sy apôstôly mampianatra antsika momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy. Ny fanarahana ny torohevitr'izy ireo dia hanampy antsika hanorina fototra mafy orina ao amin'i Kristy.

Tamin'ny taona lasa, tao anatin'ny lahateny nanokafany ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2018, dia nanao izao fanambarana sy fampitandremana izao ny Filoha Russell M. Nelson: "Ny tanjon'ny Fiangonana hatrizay dia ny hanampy ireo mpikambana rehetra mba hampitombo ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy Tompontsika sy ny Sorompanavotany, sy mba hanampy azy ireo hanao ireo fanekempihavanana amin' Andriamanitra sy hitandrina izany, ary mba hanamafy orina sy hamehy ny fianakavian'izy ireo. Tsy mora izany ao anatin'ity tontolo feno fahasarotana amin'izao fotoana izao ity. *Mampitombo haingana dia haingana ny fanafihany ny finoana sy ny fianakaviana ny fahavalo.* Mba hahatafavoaka velona antsika ara-panahy dia mila *tetikady hamaliana ny fahavalo sy drafitra handraisana andraikitra mialoha isika*" ("Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 7; nampiana fanamafisana).

Taorian'ny hafatra izay nataon'ny Filoha Nelson, ny Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampahafantatra ny: *Avia, hanaraka Ahy* loharano ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana. Ahitana izao fanambarana manaraka izao ny teniny:

- "Ilay fitaovana vaovao *Avia, hanaraka Ahy* . . . dia natao mba hanampy ireo mpikambana hianatra ny filazantsara any an-tokantrano."
- "-Ity fitaovana ity dia ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana ato amin'ny Fiangonana- [*Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny isam-batan'olona sy ny fianakaviana* (2019), vi]."
- "Ny tanjonay dia ny hampitovy lanja ny zavatra iainana any am-piangonana sy any an-tokantrano amin'ny fomba izay hampivelatra be tokoa ny finoana sy ny fiainam-panahy ary hampahalalina ny fiovam-po ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo." ("Fiovam-po lalina sy maharitra ao amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo," *Liahona,* nôv. 2018, 9–10.)

Nanomboka ny janoary tamin'ity taona ity, ny Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany dia nanomboka nandalina ny Testamenta Vaovao, ka ny *Avia, hanaraka Ahy* no loharanom-pitaovana mpanome torolalana antsika. Miaraka amin'ny fandaharam-pianarana isankerinandro ao aminy, ny *Avia, hanaraka Ahy* dia manampy antsika handalina ireo soratra masina, ny fotopampianaran'ny filazantsara, ary ny fampianaran'ireo mpaminany sy apôstôly. Loharanompitaovana mahatalanjona ho antsika rehetra ilay izy.

Sivy volana taorian'ity ezaka maneran-tany mba handalinana soratra masina ity dia inona no vokatra hitantsika? Mahita Olomasin'ny Andro Farany mitombo finoana sy fanolorantena ho an'ny Tompo Jesoa Kristy any amin'ny toerana rehetra isika. Mahita olona tsirairay sy fianakaviana manokana fotoana mandritra ny herinandro mba handalinana ny tenin'ny Mpamonjy antsika isika. Mahita fivoarana eo amin'ny fampianarana ny filazantsara ao amin'ireo kilasy amin'ny andro alahady isika rehefa mandalina ny soratra masina any an-tokantrano sy mizara ny hevi-baovao ananantsika any am-piangonana. Mahita firavoravoana sy firaisan-kina bebe kokoa ao amin'ny fianakaviana isika rehefa niala tamin'ny famakiana tsotra ny soratra masina ka lasa nandalina ny soratra masina amin'ny fomba lalina kokoa.

Nanana tombontsoa manokana nihaona tamina Olomasin'ny Andro Farany maro sy nihaino mivantana ny zavatra niainan'izy ireo tamin'ny *Avia, hanaraka Ahy* aho. Ny fanehoan'izy ireo finoana dia mitondra fifaliana ato am-poko. Ireto misy fanamarihana vitsivitsy izay henoko avy tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana avy amin'ny faritra samihafa eto amin'izao tontolo izao:

- Nizara toy izao ny raim-pianakaviana iray hoe: "Ankafiziko ny *Avia, hanaraka Ahy,* satria izany dia manome fahafahana hijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy amin'ireo zanako."
- Tao amin'ny tokantrano iray hafa dia nisy zaza niteny hoe: "Ity dia fahafahana iray hihainoana ny ray aman-dreniko mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo."
- Nisy renim-pianakaviana iray nizara hoe: "Tena nahazo fitaomam-panahy

ny amin'ny fomba hanaovana an' Andriamanitra ho lohalaharana izahay. Ny fotoana [noheverinay] fa -tsy nanananay- dia lasa [nofenoina] fanantenana, fifaliana, fiadanana, ary fahombiazana tamin'ny fomba izay tsy noheverinay fa mety ho tanteraka."

- Nisy mpivady niteny hoe: "Tena amin'ny fomba hafa tanteraka ny famakianay ny soratra masina raha ampitahaina amin'ny fomba famakianay izany hatrizay. Tena mianatra bebe kokoa izahay raha ampitahaina amin'ny taloha. Tian'ny Tompo hanana fomba fijery vaovao isika. Manomana antsika ny Tompo."
- Ny reny iray dia nilaza hoe: "Tiako ny hoe miara-mianatra zavatra mitovy isika. Taloha dia namaky isika. Ankehitriny dia mianatra isika."
- Nisy anabavy iray nizara an'izao fomba fijery vaovao izao: "Taloha dia teo ny lesona ary ny soratra masina no nanohana izany. Ankehitriny kosa dia eo ny soratra masina ary ny lesona no manohana azy."
- Nisy anabavy iray hafa naneho izao hevitra izao hoe: "Mahatsapa zavabaovao aho rehefa manao an'ilay izy [raha ampitahaina amin'ny] rehefa tsy manao an'ilay izy. Moramora kokoa amiko ny miresaka momba an'i Jesoa Kristy sy ny zavatra inoantsika amin'ny hafa."
- Nanamarika ny renibe iray hoe: "Miantso ireo zanako sy zafikeliko aho rehefa alahady, ary mifampizara hevi-baovao avy amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* izahay."
- Ny anabavy iray dia nilaza hoe: ny "*Avia, hanaraka Ahy* dia toy ny hoe ny Mpamonjy mihitsy no manompo ahy. Avy any an-danitra ilay izy."
- Nisy raim-pianakaviana iray nanamarika hoe: "Rehefa mampiasa ny Avia, hanaraka Ahy, izahay dia toy ny zanak'i Israely manisy marika ny tolanam-baravaranay, miaro ny fianakavianay amin'ny asan'ny mpamotika."

Ry rahalahy sy ranabavy, tena tsara ny miaraka aminareo ary ny maheno ny fomba itahian'ny ezaka ataonareo



amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* ny fiainanareo. Misaotra noho ny fahazotoanareo.

Ny fandalinana ny soratra masina miaraka amin'ny fitarihan'ny *Avia, hanaraka Ahy* dia mampatanjaka ny fiovam-pontsika ho an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Tsy hoe manakalo adiny iray any am-piangonana amin'ny alahady amina adiny iray fanampiny handalinana soratra masina any an-tokantrano fotsiny isika. Ny fianarana ny filazantsara dia ezaka mitohy mandritra ny herinandro manontolo. Hoy ny anabavy iray hoe: "Ny tanjona dia tsy ny hanafohezana ny fivoriampiangonana hihena adiny iray; ny tanjona dia ny hampitombo enina andro ny fivoriam-piangonana!"

Eritrereto indray mandeha indray izao ilay fampitandreman'ny mpaminanintsika, ny Filoha Nelson, izay nomeny raha nanokatra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izy ny ôktôbra 2018:

"Mampitombo haingana dia haingana ny fanafihany ny finoana sy ny fianakaviana ny fahavalo. Mba hahatafavoaka velona antsika ara-panahy dia mila tetikady hamaliana ny fahavalo sy drafitra handraisana andraikitra mialoha isika" (Lahateny fanokafana," 7).

Avy eo (tokony ho 29 ora taty aoriana teo ho eo) ny alahady tolakandro, dia nofaranany ny fihaonambe tamin'ny alalan'izao fampanantenana izao: "Rehefa miasa amim-pahazotoana ianareo hanamboatra ny tokantranonareo ho lasa ivon-toerana fianarana ny filazantsara, . . . [dia] hihena ny fitaoman'ilay fahavalo eo amin'ny fiainanareo sy any an-tokantranonareo" ("Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely," *Liahona,* nôv. 2018, 113).

Ahoana izany hoe mitombo hatrany ny fanafihan'ny fahavalo nefa sady mihena ihany koa ny fitaoman'ny fahavalo? Mety hitranga izany, ary mitranga izany manerana ny Fiangonana, satria ny Tompo dia manomana ny olony amin'ny fanafihan'ilay fahavalo. Ny *Avia, hanaraka Ahy* dia paikady sy drafitra fisorohana avy amin'ny Tompo. Araka ny fampianaran'ny Filoha Nelson hoe: "Ilay fandaharam-pampianarana manome sehatra ny fiainana sy ny fianarana ny zavatra ara-panahy ao an-tokantrano, izay hamafisin'ny zavatra atao any am-piangonana dia manana ny fahafahana hamoaka ny herin'ny fianakaviana." Kanefa izany dia mila sy hila ny ezaka tsara indrindra avy amintsika; mila "miezaka manao zavatra amim-pahamalinana sy amimpitandremana [tsy tapaka] mba hanova ny fonena[ntsika] ho toerana masina isian'ny finoana" isika ("Lasa Olomasin'ny Andro Farany maodely," 113).

Isika rahateo koa, araka ny voalazan'ny Filoha Nelson, no "tompon'andraikitra amin'ny fivoarana ara-panahin'ny tenantsika manokana" ("Lahateny fanokafana," 8).

Amin'ny alalan'ilay loharanompitaovana *Avia, hanaraka Ahy* dia manomana antsika "amin'izao andro mahory atrehantsika izao" ny Tompo (Quentin L. Cook, "Fiovam-po lalina sy maharitra," 10). Manampy antsika hanorina ilay "fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy" (Helamàna 5:12)—ilay fototry ny fijoroana ho vavolombelona miorim-paka eo amin'ny vatolampin'ny fiovam-pontsika ho an'i Jesoa Kristy Tompo.

Manantena aho fa hampatanjaka antsika ny ezaka ataontsika amin'ny fandalinana ny soratra masina isan'andro ary hanaporofo izany fa mendrika ireo fitahiana nampanantenaina ireo isika. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



NATAON'NY LOHOLONA L. TODD BUDGE
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Fitokiana tsy tapaka sy tsy mety lefy

*Tafiditra ao anatin'ny fahatokiana ny Tompo ny fahatokiana ny fandaharany ny fotoana ary mitaky faharetana izay ahafahana mamakivaky hatramin'ny farany ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana izany.*

Narary mafy tany amin'ny asa fitoriana nataony tany Afrika i Dan zanakay lahy ka dia nentina tany amin'ny toeram-pitsaboana iray izay tsy dia ampy fitaovana loatra. Rehefa namaky ny taratasiny voalohany taorian'ny aretiny izahay dia niandry hoe ho kivy izy, saingy izao kosa no nosoratany: "Na dia ilay natory tao amin'ny efitranon'ny sampana vonjy taitra iny aza aho dia nahatsapa fiadanana. Tsy mbola nahatsapa fifaliana tsy tapaka sy tsy mety lefy toy izany aho teo amin'ny fiainako."

Rehefa namaky ireo teny ireo izahay mivady dia niontam-po tokoa. *Faly lalandava sady tsy nety lefy mihitsy.* Tsy mbola nahare famaritana ny hafaliana tahaka izany mihitsy izahay, fa toa marina anefa ny teniny. Fantatray fa ny fifaliana nofariparitany dia tsy fahafinaretana fotsiny, na hafaliam-po mitroatra, fa fiadanana sy fifaliana izay tonga rehefa manaiky ny fitarihan' Andriamanitra isika ary mametraka ny fitokiantsika Aminy amin'ny *zava-drehetra*.[1] Efa nandalo fotoana toy izany koa isika teo amin'ny fiainantsika rehefa nanambara fiadanana tao amin'ny fanahintsika Andriamanitra ary nahatonga antsika hanana fanantenana ao amin'i Kristy na dia tamin'ny fotoana naha-sarotra ny fiainana sy tsy nahalalana izay hitranga tao anatin'izany aza.[2]



Mampianatra i Lehia fa raha tsy lavo i Adama sy i Eva "dia ho tafajanona tamin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny [izy ireo], tsy nanam-pifaliana satria tsy nahalala fahoriana. . . .

"Nefa indro fa ny *zava-drehetra* dia efa natao araka ny fahendren'Ilay mahafantatra ny *zava-drehetra*.

"Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana."[3]

Ohatra ny hoe mifanohitra, fa ny fahoriana sy ny alahelo dia manomana antsika hahatsapa fifaliana raha matoky ny Tompo sy ny drafiny ho antsika isika. Voalazan'ny mpahaitononkalo iray tamin'ny taonjato faha-13 tamin'ny fomba kanto io fahamarinana io: "Manomana anao amin'ny fifaliana ny alahelo. Fafany mafy dia mafy ny zavatra rehetra ao an-tranonao, mba hanome toerana ny fifaliana vaovao hiditra ao. Ahintsany ireo ravi-maina hiala amin'ny sampana ao am-ponao, mba hisoloan'ireo ravi-maintso vaovao toerana azy ireo. Ongotany ireo faka lo, mba hanome toerana ka hampitsiry ireo faka vaovao izay miafina. Na inona na inona esorin'ny alahelo ao am-ponao, dia tsara lavitra noho izany no hisolo toerana azy ao."[4]

Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Mitohy hatrany ny fifaliana atolotry ny Mpamonjy [antsika], manao izay hahatonga ny -fijalianao tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy- [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7] ary hanokana ny fahorianao

ho tombontsoanao."[5] Ireo fitsapana sy fahoriana lalovantsika dia afaka manamboatra toerana ho an'ny fifaliana lehibe kokoa.[6]

Ny vaovao mahafalin'ny filazantsara dia tsy fampanantenana fiainana tsy misy alahelo sy fahoriana fa fiainana feno tanjona sy manan-danja: fiainana izay ahafahan'ny alahelo sy ny fahoriantsika ho "voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy."[7] Nambaran'ny Mpamonjy fa: "Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao."[8] Hafatra mitory fanantenana ny filazantsarany. Ny alahelo omban'ny fanantenana ao amin'i Jesoa Kristy dia mitana ilay fampanantenana fifaliana maharitra.

Ny tantaran'ny dian'ny Jaredita nankany amin'ny tany nampanantenaina dia azo ampiasaina toy ny sarin-teny hilazana ny diantsika mandritra ny fiainana an-tany. Nampanantena ny rahalahin'i Jareda sy ny vahoakany ny Tompo fa "handeha eo alohan['izy ireo Izy] hankamin'ny tany izay finidy ambonin'ny tany rehetra amin'ny tany."[9] Nodidiny izy ireo hanamboatra sambofiara, ary dia nandeha niasa tamim-pankatoavana nanamboatra izany araka ny torolalana nomen'ny Tompo izy ireo. Kanefa rehefa nandroso ny asa dia nanana ahiahy ny rahalahin'i Jareda satria nisy zavatra tsy ampy tao anatin'ilay rafitra nasain'ny Tompo nanamboarana ireo sambofiara. Niantso mafy izy hoe:

"Tompo ô, efa notontosaiko ny asa izay efa nandidianao ahy, ary efa nataoko ny sambofiara araka izay efa natoronao ahy.

"Ary indro, Tompo ô, ao anatiny dia tsy misy hazavana."[10]

"Tompo ô, avelanao va ny hitanay ity rano lehibe ity ao amin'ny haizina?"[11]

Efa namboraka ny fanahinao toy izany tamin' Andriamanitra ve ianao? Rehefa miezaka miaina araka izay andidian'ny Tompo kanefa tsy tanteraka ireo zavatra tsara andrandraina, dia moa ve ianao efa nanontany tena raha tokony hamakivaky ny fiainana ao anatin'ny haizina?[12]

Taorian'izay ny rahalahin'i Jareda dia nilaza olana iray lehibe kokoa noho izany aza mikasika ny fahafahan'izy ireo ho velona ao anatin'ireo sambo. Niantso izy hoe: "Ary ho faty koa izahay, fa ao anatiny dia tsy afaka mifoka afa-tsy ny rivotra izay ao anatiny izahay."[13] Efa nahatonga anao ho sempotra ve ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana ary nahatonga anao nanontany tena hoe ahoana no hahavitanao miaina ilay tontolo andro, ary mbola sarotra kokoa noho izany, ny fomba hiverenanao any amin'ny fonenanao any an-danitra?

Rehefa avy niara-niasa tamin'ny rahalahin'i Jareda ny Tompo mba hamahana ny olany tsirairay, dia nanazava Izy avy eo hoe: "Tsy afaka mita ity hantsana lehibe ity ianareo raha tsy *omaniko* [ny fomba iray hiatrehanareo] ny onjan-dranomasina, sy ny rivotra izay efa nivoaka ary ny alon-drano izay ho avy."[14]

Nohazavain'ny Tompo tsara fa tsy ho tody tany amin'ny tany nampanantenainy ireo Jaredita tamin'ny farany raha tsy niaraka Taminy. Tsy afaka nifehy izany izy ireo, ary ny hany fomba nahafahan'izy ireo niampita soa aman-tsara ilay hantsana lehibe dia ny nametraka ny fitokian'izy ireo Taminy. Ireo zavatra niainana ireo sy ny fampianarana avy amin'ny Tompo no toa nampitombo ny finoan'ny rahalahin'i Jareda sy nampatanjaka ny fitokiany ny Tompo.

Jereo ny fomba niovan'ny vavaka nataony niainga tamin'ny fanontaniana sy olana nankamin'ny fanambarana finoana sy fahatokiana:

"Fantatro, Tompo ô, fa manana ny hery rehetra Ianao, ary afaka manao izay rehetra sitrakao ho tombontsoan'ny olona. . . .

"Indro, Tompo ô, afaka manao izany Ianao. Fantatray fa hainao ny maneho ny herinao lehibe izay heverina ho madinika ho an'ny fahatakaran'ny olona."[15]

Voasoratra fa taorian'izay ny Jaredita dia "niondrana . . . [tamin'ny] sambofiara . . ., ary nisononoka teny an-dranomasina, rehefa *nankininy* tamin'ny Tompo Andriamaniny ny tenany."[16] Ny hoe *manankina* dia midika hoe mametraka fitokiana. Tsy noho ny fahafantaran'ny Jaredita tsara izay ho fitrangan'ny zavatra rehetra mandritra ny diany akory no nahatonga azy ireo niditra tao amin'ireo sambofiara. Fa niakatra tao amin'ny sambofiara izy ireo satria efa nianatra natoky ny herin'ny Tompo sy ny hatsarany ary ny famindram-pony, ary noho izany izy ireo dia vonona ny hanankina ny tenany sy izay mety ho ahiahy na tahotra nananany tamin'ny Tompo.

Vao haingana izay i Abe zafikelinay dia natahotra ny hitaingina soavaly hazo izay niakatra sy nidina. Ilay tsy nihetsika no tiany. Nandresy lahatra azy ny renibeny fa tsy haninona izy, ka rehefa natoky azy izy dia niakatra. Dia niteny tamin'ny tsiky lehibe izy avy eo nanao hoe: "Tsy mahatsapa ho voaro aho, fa fantatro fa voaro aho." Toy izany angamba no tsapan'ireo Jaredita. Mety ho tsapa ho toy ny tsy voaro amin'ny voalohany izany hoe matoky an'Andriamanitra, kanefa mandimby izany ny fifaliana.

Tsy mora tamin'ny Jaredita ilay dia. "Imbetsaka izy ireo no nalevina tao amin'ny halalin'ny ranomasina, noho ny tendrombohitr'onja izay nitosaka taminy."[17] Kanefa dia voarakitra an-tsoratra fa "tsy nitsahatra nitsoka [azy ireo] na oviana na oviana *nankamin'*ny tany nampanantenaina ny rivotra."[18] Na dia sarotra takarina tokoa aza, indrindra fa amin'ireo fotoana eo amin'ny fiainantsika rehefa mamely mafy ny tafio-drivotra ary misamboaravoara ny ranomasina, dia afaka mahazo hery isika noho ny fahafantarana fa Andriamanitra dia mitsoka antsika mandrakariva mankany amin'ny fonenantsika any an-danitra ao amin'ny hatsaram-pony tsy manam-petra.

Dia mitohy ny fitantarana hoe: "Ary dia toy izany no nanosehana azy ireo; ary tsy nisy bibiben-dranomasina afaka nandrava azy ireo, tsy afaka nanimba azy ireo koa ny trozona; ary nanana hazavana lalandava izy ireo, na teo ambonin'ny rano na tao anaty rano."[19] Isika dia miaina ao anatin'ny tontolo izay hanotoran'ny onjaben'ny fahafatesana, ny aretina ara-batana sy aratsaina, ary ireo fitsapana sy fahoriana isan-karazany antsika. Kanefa amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy

ny fisafidianana ny hatoky Azy, *isika koa* dia afaka ny hahazo ny fitarihany mandrakariva na ao anatin'ny mora na ao anatin'ny sarotra. Afaka mahazo toky *isika* fa tsy mitsahatra ny mitsoka antsika mankany amin'ny tokantranontsika any an-danitra Andriamanitra.

Raha mbola natopan'ny onja tao anatin'ireo sambo ny Jaredita dia "nihira fiderana ho an'ny Tompo izy ireo; . . . ary nisaorany sy noderainy ny Tompo nandritra ny manontolo andro; ary nony tonga ny alina dia tsy nitsahatra nidera ny Tompo izy ireo."[20] Nahatsapa fifaliana sy fankasitrahana izy ireo na dia tao anatin'ny fahoriany aza. Tsy mbola tonga tany amin'ny tany nampanantenaina akory izy ireo, kanefa efa nifaly tamin'ireo fitahiana nampanantenaina noho ny fahatokian'izy ireo Azy *tsy tapaka* sy *tsy nety lefy*.[21]

344 andro no nanosehana ny Jaredita teny ambony rano.[22] Azonao antsaina ve izany? Tafiditra ao anatin'ny fahatokiana ny Tompo ny fahatokiana ny fandaharany ny fotoana ary mitaky faharetana izay ahafahana mamakivaky hatramin'ny farany ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana izany.[23]

Tamin'ny farany ny Jaredita dia "niantsona teo amin'ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina. Ary rehefa avy nametraka ny tongony teo amin'ny moron-tsiraky ny tany nampanantenaina izy ireo, dia niankohoka tambonin'ny tany ny tenany sy nanetry tena teo anoloan'ny Tompo, ary nandrotsa-dranomasompifaliana teo anoloan'ny Tompo, noho ny habetsahan'ny famindram-pony taminy sy ny fiantrany."[24]

Raha mahatoky isika amin'ny fitandremana ny fanekempihavanantsika, dia ho tody soa any amin'ny fonenantsika any an-danitra koa isika indray andro any ary hiondrika eo anatrehan'ny Tompo sy ho latsadranomasom-pifaliana noho ny halehiben'ny famindram-pony maro tokoa teo amin'ny fiainantsika, anisan'izany ireo alahelo izay nanome toerana ho an'ny fifaliana bebe kokoa.[25]

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa misafidy ny hatoky tsy tapaka mafyan'i Jesoa Kristy sy ny tanjony masina eo amin'ny fiainantsika isika,




dia hamangy antsika Izy amin'ny fanomezan-toky, sy ny fanambarana fiadanana ao amin'ny fanahintsika, ary hahatonga antsika "hanantena ny fanafahana antsika ao Aminy."[26]

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy. Izy no loharanon'ny fifaliana rehetra.[27] Ampy ny fahasoavany ary mahery ka mahavonjy Izy.[28] Izy no fahazavana, fiainana ary fanantenan'izao tontolo izao.[29] Tsy hamela antsika ho faty Izy.[30] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Almà 36:3; 57:27.
2. Jereo ny Almà 58:11.
3. 2 Nefia 2:23–25; nampiana fanamafisana.
4. Jereo ny *The Mathnawi of Jalalu'ddin Rumi* (1925–40), trans. Reynold A. Nicholson, vol. 5, 132.
5. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2016, 82.
6. Jereo ny Neal A. Maxwell, "Plow in Hope," *Liahona,* July 2001, 73: "I Jesoa Mpanavotra ihany koa dia -namboraka ny fanahiny ho amin'ny fahafatesana.- . . . Rehefa -mamboraka- ny fanahintsika amin'ny fitalahoana izay ataontsika manokana ihany koa isika indraindray, dia miala avokoa ny zavatra ao anatintsika ao, ary manome toerana ho an'ny fifaliana kokoa!"
7. Almà 31:38; jereo koa ny Neal A. Maxwell, "Brim with Joy" (lahateny tamin'ny fampaherezam-panahy tao amin'ny Brigham Young University, 23 Jan. 1996), speeches.byu.edu: "Rehefa tonga eo amin'ny fotoana hanamasinana antsika isika dia ho voatelin'ny fifalian'i Kristy ny fahoriantsika. Tsy midika akory izany hoe tsy hanana fahoriana isika, fa ho lasa ao anatin'ny fomba fijery izay hamela antsika handresy azy ireny izany. Noho ny fikatsahantsika tsy tapaka ny fifaliana sy ny fitomboana tsirairay amin'ny fatran'ny fahamarinana izay azontsika, dia hahatsapa fifaliana indray mitete fanampiny isika, izay mitete tsikelikely, mandra-pahatonga ny fontsika ho -safononoky ny fifaliana- (Almà 26:11) araka ny tenin'ny mpaminany iray. Ary amin'ny farany dia feno fifaliana ka tsy antonona intsony ny kaopin'ny fanahintsika!"
8. Jaona 16:33.
9. Etera 1:42.
10. Etera 2:18–19.
11. Etera 2:22.
12. Jereo ny Jaona 8:12.
13. Etera 2:19; ampitahao amin'ny Marka 4:38; jereo ihany koa ny Marka 4:35–41.
14. Etera 2:25; nampiana fanamafisana.
15. Etera 3:4–5.
16. Etera 6:4; nampiana fanamafisana.
17. Etera 6:6.
18. Etera 6:8; nampiana fanamafisana; jereo koa ny 1 Nefia 18:8.
19. Etera 6:10.
20. Etera 6:9; jereo koa ny 1 Nefia 18:16.
21. Ampitahao amin'ny 1 Nefia 5:5. Na dia mbola tany an-tany foana aza i Lehia dia nifaly tamin'ny fitahiana nampanantenaina azy izy.
22. Jereo ny Etera 6:11.
23. Jereo ny Hebreo 10:36; Almà 34:41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:8; 64:32.
24. Etera 6:12.
25. Jereo ny 1 Nefia 1:20; 8:8; Almà 33:16.
26. Almà 58:11.
27. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," 82.
28. Jereo ny 2 Nefia 31:19; Almà 34:18; Môrônia 10:32.
29. Jereo ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Liahona,* mey 2017, ao anatin'ny fonony eo aloha.
30. Jereo ny 1 Nefia 1:14.



NATAON'NY LOHOLONA JORGE M. ALVARADO
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Aorian'ny fizahan-toetra ny finoantsika

*Rehefa manaraka ny feon' Andriamanitra sy ny lalan'ny fanekempihavanany isika dia hampatanjaka antsika amin'ireo fisedrana lalovantsika Izy.*

Fony aho mbola zaza dia nanolo-tena ny hanampy ny fianakavianay handeha fiaramanidina avy any Porto Rico hankao Salt Lake City mba hofehezina ao amin'ny tempoly i Frank Talley, izay mpikamban'ny Fiangonana, saingy vetivety foana anefa dia nanomboka nisy sakantsakana niseho. Lasa narary mafy i Marivid, iray amin'ireo anabaviko. Tsy



nahatombina ny ray aman-dreniko ka dia nivavaka momba izay hatao kanefa mbola nahatsapa fa tokony hanao ilay dia. Natoky izy ireo fa raha manaraka amim-pahatokiana ny fitarihan'ny Tompo mba handeha any amin'ny tempoly izy ireo dia ho voambina sy hotahina ny fianakavianay, dia izany tokoa no nitranga.

Na inona na inona sakana atrehantsika eo amin'ny fiainana dia afaka matoky isika fa hanomana lalana iray ho antsika i Jesoa Kristy rehefa mandeha amim-pinoana amin'ny fanaovana ny sitrapony isika. Nampanantena Andriamanitra fa ireo rehetra izay miaina amim-pahatokiana araka ireo fanekempihavanana nataony Taminy dia handray, amin'ny fotoany, ireo fitahiana rehetra nampanantenaina. Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Ny fitahiana sasany dia vetivety dia mirotsaka, ny sasany somary taraiky, ary ny sasany kosa dia tsy mirotsaka mihitsy raha tsy any an-danitra; fa ho an'ireo izay manaiky ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, dia *mirotsaka ihany izy ireo*."[1]

Nampianatra i Môrônia fa "ny finoana dia ny zavatra izay antenaina nefa tsy hita; koa aza mitohika, satria tsy mahita ianareo, fa tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian'ny fizahan-toetra ny finoanareo."[2]

Ny tokony ho fanontaniantsika dia izao: "Inona no tokony hataontsika mba hiatrehana tsara kokoa ireo fitsapana manatona antsika?"

Tamin'ny 16 janoary 2018, nandritra ny lahateniny ampahibemaso voalohany amin'ny maha-Filohan'ny Fiangonana azy, dia nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Amin'ny maha-Fiadidiana vaovao anay, dia te-hanomboka izahay miaraka amin'ilay tanjona farany voabanjina ato an-tsainay. Noho izany antony izany no iresahanay aminareo miainga avy eto amin'ny tempoly androany. Ny tanjona ifoforantsika tsirairay dia ny mba handray hery ao amin'ny tranon'ny Tompo, mba hofehezina amin'ny mahafianakaviana, ary mba ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana natao tany amin'ny tempoly izay ahafahantsika mahazo ilay fanomezana faran'izay lehibe avy amin' Andriamanitra, dia ny fiainana mandrakizay. Ireo ôrdônansin'ny tempoly sy ireo fanekempihavanana ataonao any dia zava-dehibe eo amin'ny fanamafisana orina ny fiainanao, ny fanambadianao sy ny fianakavianao, ary ny fahafahanao manohitra ny fanafihan'ny fahavalo. Ny fitsaohana ataonao any amin'ny tempoly sy ny asa fanompoana ataonao any dia hanome fanambarana ho an'ny tena manokana sy fiadanana bebe kokoa ho anao ary hanamafy orina ny fanolorantenanao hijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana."[3]

Rehefa manaraka ny feon' Andriamanitra sy ny lalan'ny fanekempihavanany isika dia hampatanjaka antsika amin'ireo fisedrana lalovantsika Izy.

Sarotra ny dia nataon'ny fianakaviako nankany amin'ny tempoly, saingy rehefa nihananakaiky ny tempolin'i Salt Lake City Utah izahay dia niteny toy izao tamim-pifaliana sy finoana ny reniko hoe: "Hilamina ny zava-drehetra momba antsika. Hiaro antsika ny

Tompo." Nofehezina amin'ny mahafianakaviana izahay ary sitrana tamin'ny aretiny ny anabaviko. Tsy nitranga izany raha tsy taorian'ny fitsapana ny finoan'ny ray aman-dreniko sy rehefa nanaraka ny fitaoman'ny Tompo izy ireo.

Mbola mitaona ny fiainanay mandraka ankehitriny izany ohatra avy amin'ny ray aman-dreniko izany. Nanjary nihananan-danja sy nisy heviny kokoa ny ohatra nasehon'izy ireo rehefa nampianariny anay ny *antony* hisian'ny fotopampianaran'ny filazantsara ary nampiany izahay hahatakatra ny hevitra, sy ny tanjona, ary ireo fitahiana izay entin'ny filazantsara ho anay. Ny fahatakarana ny *anton'*ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia afaka manampy antsika ihany koa hiatrika amim-pinoana ireo fitsapana lalovantsika.

Ny zavatra rehetra hanasan' Andriamanitra sy handidiany antsika raha ny marina dia fanehoana ny fitiavany antsika sy ny faniriany hanome antsika ireo fitahiana rehetra voatokana ho an'ireo zanany mahatoky. Tsy afaka hilaza fotsiny isika fa hianatra hitia ny filazantsara amin'ny tenany samirery ireo zanatsika. Andraikitsika ray amandreny ny mampianatra azy ireo. Rehefa manampy ireo zanatsika hianatra ny fomba hampiasana amim-pahendrena ny fahafahan'izy ireo misafidy isika, ny ohatra marina asehontsika dia afaka mitaona azy ireo hanao ny safidy tsarany manokana. Ny fiainan'izy ireo amim-pahatokiana dia hanampy indray ny zanak'izy ireo hahafantatra manokana ny faharamarinan'ny filazantsara.

Ry zatovolahy sy zatovovavy isany, henoy ny mpaminany hiresaka aminareo anio. Katsaho amim-pinoana ny hianatra ireo fahamarinana avy amin' Andriamanitra ary katsaho ny hahatakatra manokana ny filazantsara. Nanoro hevitra vao haingana ny Filoha Nelson hoe: "Inona no fahendrena tsy anananareo?. . . Araho ny ohatry ny Mpaminany Joseph. Mitadiava toerana mangina. . . . Manetre tena eo anoloan' Andriamanitra. Aborahy amin'ny Rainareo any An-danitra izay ao am-ponareo. Mitodiha any Aminy mba hahazoana valim-panontaniana."[4] Rehefa mikatsaka fitarihana avy amin'ny Rainareo any An-danitra izay be fitiavana, mihaino ny torohevitr'ireo mpaminany velona, ary mijery ny ohatra asehon'ireo ray aman-dreny mahatoky, ianareo koa dia afaka ny ho tonga rohin'ny finoana matanjaka ao anatin'ny fianakavianareo.


Ho an'ireo ray aman-dreny izay manan-janaka niala tamin'ny lalan'ny fanekempihavanana, ampio aminkatsaram-panahy izy ireo hiverina. Ampio izy ireo hahatakatra ireo fahamarinan'ny filazantsara. Atombohy amin'izao fotoana izao; tsy misy tara loatra izany mihitsy.

Ny ohatra asehontsika amin'ny fiainana araka ny fahamarinana dia afaka mitondra fiovana goavana. Nilaza ny Filoha Nelson hoe: "Amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika dia efa zatra isika mieritreritra ny -fiangonana- ho toy ny zavatra izay miseho ao anatin'ireo trano fivoriantsika ary hamafisin'ireo zavatra miseho any an-tokantrano. Ilaina ny hanaovantsika fanovana an'izany lamina izany. Fotoana izao mba hahatonga ny *Fiangonana ho mpanome sehatra ny fiainana sy fianarana ireo zavatra ara-panahy any an-tokantrano,* izay hamafisin'ireo zavatra mitranga any amin'ireo trano fiangonan'ny sampana sy ny paroasy ary tsatòka misy antsika."[5]

Ny soratra masina dia mampianatra hoe: "Zaro amin'izay làlana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany."[6]

Milaza ihany koa izany hoe: "Ary ankehitriny, satria nanana fironana lehibe hitarika ny olona hanao izay marina ny fitorian-teny—eny, izany dia efa nanana fiantraikany mahery kokoa tamin'ny sain'ny olona noho ny sabatra, na ny zavatra hafa, izay efa nihatra taminy—noho izany dia noheverin'i Almà fa tsara ny hanandraman'izy ireo ny herin'ny tenin' Andriamanitra."[7]

Misy tantara momba ny vehivavy iray izay tezitra fa nihinana zava-mamy be loatra ny zanany lahy. Na toy ny ahoana na toy ny ahoana nibedesany azy dia nanohy nihinana zava-mamy ihany izy. Sorena tanteraka ny reniny ka nanapa-kevitra ny hitondra ilay



zanany lahy hankany amin'ny lehilahy hendry iray izay najainy tokoa.

Nanatona azy tamim-panetrentena izy ka niteny hoe: "Andriamatoa ô, mihinana zava-mamy be loatra ny zanako. Mba afaka manoro hevitra azy hitsahatra tsy hihinana izany ve ianao?"

Nihaino tsara ilay vehivavy ilay lehilahy hendry, dia nihodina ka niteny tamin'ilay zanany hoe: "Mandehana mody dia miverena afaka roa herinandro."

Toa sahiran-tsaina ilay vehivavy ary nanontany tena momba ny antony tsy nangatahan'ilay lehilahy hendry an'ilay zazalahy mba hitsahatra amin'ny fihinanana zava-mamy be loatra.

Niverina izy ireo afaka roa herinandro. Nijery mivantana ilay zazalahy izy dia niteny hoe: "Razazalahy, tokony hitsahatra amin'ny fihinanana zava-mamy be loatra ianao. Tsy tsara ho an'ny fahasalamanao izany."

Nanaiky ilay zazalahy kely ary nampanantena fa hanao izany.

Nitodika tamin'ilay lehilahy hendry ny renin'ilay zazalahy dia nanontany hoe: "Nahoana no tsy nolazainao azy tamin'ny roa herinandro lasa izany?"

Nitsiky ilay lehilahy hendry. "Roa herinandro lasa izay dia mbola nihinana zava-mamy be loatra ny tenako."



Niaina tamim-pahitsiana tokoa ity lehilahy hendry ity ka fantany fa tsy hanana hery ny toroheviny raha tsy izy tenany mihitsy no nanaraka ny toroheviny.

Ny fitaomana ananantsika eo amin'ny zanatsika dia mahery vaika kokoa rehefa hitan'izy ireo mandeha amim-pahatokiana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika. Ohatra amin'izany fahamarinana izany i Jakôba mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nanoratra momba ny fitaomana nananan'ny fampianaran'ny rainy i Enôsa zanany lahy:

"Izaho Enôsa, noho ny fahalalako ny raiko fa izy dia lehilahy marina—fa izy dia nampianatra ahy tamin'ny fiteniny ary koa tamin'ny fanabeazana sy ny fananarana araka ny Tompo—ary hotahiana anie ny anaran'ny Andriamanitro noho izany. . . .

". . . Ary ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fiainana mandrakizay sy ny fifalian'ny olomasina dia tafalatsaka lalina tao am-poko."[8]

Ny renin'ireo zatovolahy miaramila Lamanita dia niaina ny filazantsara ka heniky ny faharesen-dahatra ny zanak'izy ireo. Nilaza ny mpitarika azy ireo hoe:

"Efa nampianarin'ny reniny izy ireo fa raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra no hanafaka azy ireo.

"Ary naveriny tamiko ny tenin'ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay."[9]

I Enôsa sy ireo zatovolahy miaramila Lamanita dia natanjaka noho ny finoan'ny ray aman-dreniny, izay nanampy azy ireo hiatrika ny fitsapana ny finoan'izy ireo manokana.

Voatahy isika manana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny amin'izao androntsika izao, izay mampitraka antsika rehefa mahatsapa ho kivy na sahiran-tsaina isika. Rehefa mijery ireo ohatra avy amin'ireo olona mahatoky ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia afaka mahazo toky fa ireo ezaka ataontsika dia hivadika ho fitahiana amin'ny fotoan'ny Tompo raha toa ka mibosesika mandroso ao amin'ny fizahan-toetra ny finoantsika isika.

Niaraka tamin'ny Loholona David A. Bednar sy ny Fiadidian'ny Vondromparitra izahay mivady tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Port-au-Prince Haïti. I Jorge zanakay lahy, izay niaraka taminay dia nilaza toy izao momba ny zavatra niainany: "Mahagaga ry Dada! Raha vantany vao nanomboka ny vavaka fanokanana ny Loholona Bednar dia tena tsapako fa feno hafanana sy hazavana ilay efitrano. Nanampy betsaka ny fahatakarako momba ny tanjon'ny tempoly ilay vavaka. Tena tranon'ny Tompo izany."

Mampianatra i Nefia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa rehefa maniry ny hahafantatra ny sitrapon' Andriamanitra isika, dia hampatanjaka antsika Izy. Nanoratra izy hoe: "Ary . . . izaho Nefia izay mbola tena tanora tokoa dia . . . nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny mistery momba an' Andriamanitra, noho izany aho dia nitalaho tamin'ny Tompo; ary indro Izy tonga namangy ahy sy nampahalefaka ny foko hany ka nino ny teny rehetra izay efa nolazain-draiko aho; koa tsy nikomy taminy tahaka ny rahalahiko aho."[10]


Rahalahy sy ranabavy, handeha isika hanampy ireo zanatsika sy ireo manodidina antsika rehetra mba hanaraka ny lalan'ny fanekempihavanan' Andriamanitra ka ho afaka hampianatra azy ireo sy hampalefaka ny fony mba haniry hanaraka Azy mandritra ny androm-piainan'izy ireo ny Fanahy.

Rehefa mandinika ny ohatra nasehon'ireo ray aman-dreniko aho, dia fantatro fa ny finoantsika ny Tompo Jesoa Kristy dia hanoro antsika ilay lalana izay hitondra antsika hiverina soa aman-tsara any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Fantatro fa tonga aorian'ny fisedrana ny finoana ny fahagagana.

Mijoro ho vavolombelona aho momba an'i Jesoa Kristy sy ny sorompanavotany. Fantatro fa Izy no Mpamonjy sy Mpanafaka antsika. Izy sy ny Raintsika any An-danitra dia niseho tamin'i Joseph Smith zazalahy, ilay Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny tamin'ilay marainan'ny lohataona 1820. Ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminany amin'izao androntsika izao. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jeffrey R. Holland, "An High Priest of Good Things to Come," *Liahona,* Jan. 2000, 45.
2. Etera 12:6.
3. Russell M. Nelson, "Eo am-pandrosoantsika miaraka," *Liahona,* apr. 2018, 7.
4. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95.
5. Russell M. Nelson, "Lahateny fanokafana," *Liahona,* nôv. 2018, 7.
6. Ohabolana 22:6.
7. Almà 31:5.
8. Enôsa 1:1–3.
9. Almà 56:47–48.
10. 1 Nefia 2:16.



NATAON'NY LOHOLONA RONALD A. RASBAND
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Manaja ireo fampanantenantsika sy fanekempihavanantsika

*Manasa anareo aho hisaintsaina ireo fampanantenana sy fanekempihavanana nataonareo tamin'ny Tompo sy tamin'ny hafa, miaraka amin'ny fahitsian-toetra lehibe, sady mahafantatra fa azo antoka ny teninareo.*

Ry rahalahy sy anabavy malala, eto am-pamaranantsika ity fivoriana ity, dia enga anie isika tsirairay hihazona ao am-pontsika ny tenivavolombelona nozaraina teto androany momba ireo fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Voatahy isika manana ity fotoana masina iarahana ity mba hanamafisana ny fampanantenana nataontsika tamin'i Jesoa Kristy Tompo fa isika dia mpanompony ary Izy dia Mpamonjy antsika.

Ny lanjan'ny fanaovana sy fitandremana fampanantenana sy fanekempihavanana dia mitambesatra ato an-tsaiko. Manan-danja toy ny ahoana aminao ny mitandrina ny teny nataonao? ny hatokisana? ny hanao izay nolazainao fa hataonao? ny miezaka ny hanaja ireo fanekempihavanana masina nataonao? ny hanana fahitsian-toetra? Rehefa miaina ao anatin'ny fanajana ireo fampanantenana nataontsika tamin'ny Tompo sy tamin'ny hafa isika dia mandeha eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana miverina mankany amin'ny Raintsika any An-danitra ary mahatsapa ny fitiavany eo amin'ny fiainantsika.

I Jesoa Kristy Mpamonjintsika no ohatra lehibe ho antsika raha resaka fanaovana sy fitandremana fampanantenana sy fanekempihavanana. Tonga teto an-tany izy nampanantena hanao ny sitrapon'ny Ray. Nampianatra fitsipiky ny filazantsara tamin'ny fiteny sy fihetsika Izy. Nanonitra ny fahotantsika Izy mba hahafahantsika miaina indray. Nanaja ny tsirairay tamin'ireo fampanantenany Izy.

Azo lazaina fa manao izany koa ve isika tsirairay? Inona avy ireo loza raha toa ka mangalatra kely isika, na mirotsaka kely ao anaty fakampanahy, na tsy manatontosa tsara ireo fanolorantena nataontsika? Ahoana raha toa ka miala amin'ireo fanekempihavanana nataontsika isika? Moa ve ny hafa hanatona an'i Kristy noho ny ohatra asehontsika? Moa ve atokisana ny teninao? Tsy fahazarana ny fitandremana fampanantenana; toetra iray maha-mpianatr'i Jesoa Kristy izany.

Tamin'ny fahalalana hatrany ireo fahalementsika eto amin'ny fiainana an-tany no nampanantenan'ny Tompo hoe: "Koa mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo."[1] Nahatsapa ny fanatrehany aho rehefa nila fanomezantoky indray, na fankaherezana, na hevibaovao ara-panahy na tanjaka lehibe kokoa. Ary nampanetry tena sy mahafeno fankasitrahana ahy ny finamanany masina.

Nilaza ny Tompo hoe: "Ny olona tsirairay, izay mahafoy ny fahotany ka manatona Ahy ary miantso ny anarako sy mankatò ny feoko ary mitandrina ny didiko, dia hahita ny tavako ary hahafantatra fa Izy Aho."[2] Izany angamba no fampanantenana lehibe indrindra avy Aminy.

Nianatra ny maha-zava-dehibe ny mitandrina ny teniko aho nandritra ny fahatanorako. Ohatra iray amin'izany rehefa nijoro nifantoka tsara aho mba hitanisa ny Voadin'ny Skoto. Ny fiarahantsika tamin'ny Skoton-jazalahin'i Etazonia, izay mifarana ankehitriny, dia ho lova manan-danja mandrakariva ho ahy sy ho an'ny Fiangonana. Ho an'ny fikambanan'ny Skoto, ho an'ireo lehilahy amam-behivavy maro izay nanompo tamim-pahazotoana tamin'ny nahampitarika ny Skoto azy ireo, ho an'ireo reny, tena deraina manokana izy ireo, ary ho an'ireo zatovolahy izay nandray anjara tamin'ny Skoto, dia hoy izahay hoe: "Misaotra anareo."

Tamin'ity fivoriana ity mihitsy, ny Filoha Nelson sy ny Loholona Cook dia nanambara fanovana izay hampifantoka antsika indray amin'ireo zatovo ary hampifanandrify ireo rafitra ao amintsika amin'ny fahamarinana nambara. Ankoatra izany, vao tamin'ny alahady lasa teo no nanazava tamintsika ilay fandaharana'asa vaovao ho an'ny Ankizy sy ny Zatovon' Ny Fiangonan'i



Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tamin'ny Fiangonana iray manontolo ny Filoha Nelson sy ny Filoha Ballard. Ezaka iray atao maneran-tany izany izay mifantoka amin'i Jesoa Kristy Tompontsika sy Mpamonjitsika. Miray hina ao anatin'ity lalana vaovao horaisina ity ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary mijoro ho vavolombelona manokana aho fa nitarika anay ny Tompo tamin'ny dingana tsirairay teo am-panatanterahana izany. Feno fifaliana aho ho an'ny ankizy sy ny zatovon'ny Fiangonana izay hiaina ity fifantohana manokana amin'izy ireo ity, na any an-tokantrano izany na any am-piangonana, amin'ny alalan'ny fianarana ny filazantsara, fanompoana sy atrikasa, ary fampivoarana ny tena manokana.

Ny lohahevitra ho an'ny zatovo amin'io taona ho avy, 2020 io dia miresaka momba ny fampanantenana tsotra nataon'i Nefia mba "handeha ary hanao." Nanoratra izy hoe: "Ary ny zava-nitranga dia hoy izaho Nefia tamin-draiko: Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo, satria fantatro fa tsy manome didy ho an'ny zanak'olombelona ny Tompo raha tsy efa nanomana lalana ho azy mba hahazoany manatontosa ny zavatra izay andidiany azy."[3] Na dia taloha efa lasa ela be aza no nambarana izany, isika ato amin'ny Fiangonana dia mbola mihazona izany fampanantenana izany ankehitriny.

Ny hoe "handeha ary hanao" dia midika hoe mandresy ireo fomban'izao tontolo izao, mandray fanambarana ho an'ny tena manokana sy mandray andraikitra eo anatrehan'izany, miaina amim-pahamarinana omban'ny fanantenana sy finoana ny amin'ny hoavy, manao sy mitandrina ireo fanekempihavanana mba hanaraka an'i Jesoa Kristy, ka hampitombo ny fitiavantsika Azy, izay Mpamonjy izao tontolo izao.

Ny fanekempihavanana dia fampanantenana ifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany, dia eo amintsika sy ny Tompo. Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia nanao fanekempihavanana tamin'ny batisa isika fa hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy, ny hiaina tahaka ny niainany. Toa an'ireo izay natao batisa tao amin'ny ranon'i Môrmôna, dia manao fanekempihavanana ny ho tonga olony isika, "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany; . . . hiara-malahelo amin'izay malahelo, . . . hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra."[4] Ny fifanompoantsika ato amin'ny Fiangonana dia maneho ny fanolorantenantsika mba hanaja ireo fampanantenana ireo mihitsy.

Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia manavao ny fanekempihavanana hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika ary manao fampanantenana fanampiny mba hivoatra. Ireo eritreritsika sy zavatra ataontsika isan'andro, na lehibe na kely, dia maneho ny fanolorantenantsika Aminy. Ny fampanantenany masina ho valin'izany dia hoe: "Ary raha mahatsiaro Ahy mandrakariva ianareo dia hanana ny Fanahiko miaraka aminareo."[5]

Ny fanontaniako anio dia hoe: moa ve isika manaja ireo fampanantenantsika sy fanekempihavanantsika sa izy ireny fanolorantena tsy atao amin'ny fo indraindray, zara raha atao ka dia mora tsy tanterahina? Rehefa milaza amin'ny olona iray isika hoe: "Hivavaka ho anao aho," moa ve ataontsika izany? Rehefa manolo-tena isika hoe: "Ho tonga any aho hanampy," hataontsika ve izany? Rehefa mampanantena isika fa handoa trosa, moa ve ataontsika izany? Rehefa manangana ny tanantsika isika mba hanohana mpiara-miangona iray amin'ny antsony vaovao, izay midika hoe manolotra fanohanana, moa ve ataontsika izany?

Indray alina fony aho mbola zatovo dia niara-nipetraka tamiko teo antongom-pandriany ny reniko ka niresaka tamin'ny fomba matotra momba ny lanjan'ny fanajana ny Tenin'ny Fahendrena. "Fantatro avy tamin'ny zavatra niainan'ny hafa, taona maro lasa izay," hoy izy, "ny fanjavonan'ny fiainampanahy sy ny toetra mora mahatsapa ny fihetseham-pon'ny hafa izay avy amin'ny tsy fanarahana ny Tenin'ny Fahendrena." Nibanjina tsara ny masoko izy ary tsapako niditra tao am-poko ireo teniny manao hoe: "Mampanantenà ahy ianao ry Ronnie anio [Ronnie no fiantsony ahy], fa hiaina mandrakariva ny Tenin'ny Fahendrena ianao." Nanao izany fampanantenana izany taminy aho ary nitandrina izany nandritra ireo taona maro rehetra ireo.

Nanampy be ahy izany fanolorantena izany tamin'ny fotoana naha-zatovo ahy sy taona maro taty aoriana rehefa tao anatin'ny tontolon'ny fandraharahana aho izay nitobahan'ny zava-mahadomelina. Nandray fanapahan-kevitra mialoha mba hanaraka ireo lalàn' Andriamanitra aho, ary tsy nila niova hevitra ny amin'izany velively. Nilaza ny Tompo hoe: "Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampanantenana ianareo."[6] Inona no lazainy amin'ireo izay manaja ny Tenin'ny Fahendrena? Fa hahazo fampanantenana ny ho salama, hatanjaka, ho hendry, hanam-pahalalana, ary ho arovan'ny anjely isika.[7]

Taona maromaro lasa izay dia tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izaho sy ny Rahavavy Rasband nanatrika ny famehezana ny iray amin'ireo zanakay vavy. Raha nijoro teo ivelan'ny tempoly niaraka tamin'ilay zanakay vavy mbola kely iray izahay, izay mbola kely taona ka tsy afaka hanatrika ilay fanambadiana, dia niresaka momba ny maha-manan-danja ny hoe fehezina ao amin'ny tempoly masin' Andriamanitra taminy izahay. Toy ny nampianaran'ny reniko ahy taona maro lasa tany taloha tany, dia nolazainay tamin'ny zanakay vavy hoe: "Irinay ianao mba ho voafehy soa aman-tsara ao amin'ny tempoly, ary tianay ianao hampanantena aminay fa rehefa hahita ilay ho namanao mandrakizay ianao, dia hiaraka hametraka daty iray aminy ianao mba hamehezana anareo ao amin'ny tempoly." Nanome toky anay izy.

Hatramin'izay dia nilaza izy fa ny resaka nataonay sy ny fampanantenana nataony dia niaro azy sy nampahatsiahy azy "ny zavatra manan-danja indrindra." Nanao fanekempihavanana masina izy taty aoriana rehefa nofehezina tamin'ny vadiny tao amin'ny tempoly.

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Isika dia . . . mampitombo ny herin'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika rehefa manao fanekempihavanana masina sy mitandrina ireny fanekempihavanana ireny amin'ny antsipiriany. Mamatotra antsika Aminy ireo fanekempihavanantsika ary manome antsika ny herin' Andriamanitra."[8]

Rehefa mitandrina ireo fampanantenana ifanaovantsika isika dia azo antoka kokoa fa hitandrina ireo fampanantenana natao tamin'ny Tompo. Tsarovy ireo tenin'ny Tompo hoe: "Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."[9]

Saintsaino miaraka amiko ireo ohatra mikasika ireo fampanantenana ao anatin'ny soratra masina. Nanolo-tena i Amôna sy ireo zanakalahin'i Môzià "ny hitory ny tenin' Andriamanitra."[10] Rehefa babon'ny tafika Lamanita i Amôna dia nentina teo anoloan'i Lamônia Mpanjaka Lamanita izy. Nanolo-tena tamin'ny mpanjaka izy hoe: "Ho mpanomponao aho."[11] Rehefa tonga hangalatra ireo ondrin'ny mpanjaka ireo mpandroba dia notapahan'i Amôna ny tanan'izy ireo. Gaga tokoa ny mpanjaka, ka nihaino ny hafatr'i Amôna momba ny filazantsara izy ary niova fo.

I Rota, tao amin'ny Testamenta Taloha, dia nampanantena ny rafozambaviny hoe: "Izay alehanao no halehako."[12] Nanaja ny teniny izy. Ilay Samaritana tsara fanahy, ao amin'ilay fanoharana ao amin'ny Testamenta







Vaovao, dia nampanantena ilay tompon'ny tranom-bahiny fa raha toa ka hikarakara ilay mpanao dia izay naratra izy, "Na ohatrinona na ohatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako."[13] I Zôrama, ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia nampanantena ny handeha any an-tany foana niaraka tamin'i Nefia sy ireo rahalahiny. Nitantara i Nefia hoe: "Nony efa nianiana taminay i Zôrama, dia nitsahatra ny ahiahinay momba azy."[14]

Ahoana ny amin'ilay fampanantenana "natao tamin'ny ray" araka ny voafaripartitra ao amin'ny soratra masina fa "hitodika amin'ny rainy ny fon'ny zanaka?[15] Tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana rehefa nisafidy ny drafitr' Andriamanitra isika, dia nanao fampanantenana ny hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely eo amin'ny lafy roan'ny voaly. "Niditra ho mpiaramiasa amin'ny Tompo isika," hoy ny Loholona John A. Widtsoe nanazava taona maro lasa izay. "Ny fanatanterahana izany drafitra izany avy eo dia tsy lasa asan'ny Ray irery fotsiny intsony, na koa asan'ny Mpamonjy irery intsony, fa asantsika ihany koa."[16]


"[Ilay] fanangonana no zava-manandanja indrindra izay mitranga eto antany ankehitriny," hoy ny Filoha Nelson rehefa nitety izao tontolo izao izy. "Rehefa miresaka *fanangonana* isika, dia milaza tsotra izao an'ity fahamarinana fototra ity: ny zanaky ny Raintsika any An-danitra tsirairay avy, eo amin'ny lafy roan'ny voaly, dia mendrika ny handre ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny."[17]

Amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo ahy no hamaranako amin'ny fanasana sy fampanantenana iray. Voalohany, ilay fanasana: Manasa anareo aho hisaintsaina ireo fampanantenana sy fanekempihavanana nataonareo tamin'ny Tompo sy tamin'ny hafa, miaraka amin'ny fahitsian-toetra lehibe, sady mahafantatra fa azo antoka ny teninareo. Faharoa, mampanantena anareo aho, fa raha manao izany ianareo, dia hampiorina ny teninareo ny Tompo ary hamaly soa ny asanareo rehefa miezaka amim-pahavitrihana lalandava ny hanamafy orina ny fiainanareo, ny fianakavianareo, ary Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ianareo. Hiaraka aminareo Izy, ry rahalahy sy anabaviko malala, ary ianareo dia afaka hiandrandra amim-pahatokiana fa "horaisina any an-danitra, fa amin'izany no hahazoa[nareo] miara-monina amin' Andriamanitra ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana . . . fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany."[18]

Izany no ijoroako ho vavolombelona sy ampanantenaiko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:6.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:1.
3. 1 Nefia 3:7.
4. Môzià 18:8–9.
5. 3 Nefia 18:7.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 89:18–21.
8. Russell M. Nelson, "Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2017, 41.
9. Matio 25:40.
10. Almà 17:14.
11. Almà 17:25.
12. Rota 1:16.
13. Lioka 10:35.
14. 1 Nefia 4:37.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 2:2; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:9; 128:17; Joseph Smith—Tantara 1:39.
16. John A. Widtsoe, "The Worth of Souls," *Utah Genealogical and Historical Magazine,* Oct. 1934, 189.
17. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org, 8.
18. Mozià 2:41.



**Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany** | 5 Ôktôbra 2019

NATAON'I REYNA I. ABURTO
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany*

# Na inona re miseho, mitoera eto!

*Mijoro ho vavolombelona aho fa "na inona re miseho," dia hitoetra hiaraka amintsika ny Tompo ary "[ireo fahoriana dia afaka ny] ho voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy."*

Ny iray amin'ireo hira tena tiantsika ao amin'ny fihirana dia maneho fiangaviana hoe "Na inona re miseho, mitoera eto!"[1] Indray mandeha aho nandeha fiaramanidina ary nanakaiky oram-baratra lehibe iray izany. Rehefa nijery teo am-baravarankely aho dia afaka nahita rahona matevina teo ambaninay. Ireo taratry ny masoandro madiva hilentika dia nitaratra ireo rahona, ka nampamirapiratra fatratra izany. Vetivety anefa dia nidina tao anatin'ireo rahona matevina ilay fiaramanidina ka voahodidin'ny haizina mikitroka tampoka izahay izay nampanjavona tao an-tsainay ilay hazavana lehibe vao hitanay teo.[2]

Mety hipoitra eo amin'ny fiainantsika koa ny rahona mainty, izay afaka hanakana antsika tsy hahita ny hazavan' Andriamanitra ary mety hahatonga antsika hanontany tena aza raha mbola misy ho antsika izany hazavana izany. Ny sasany amin'ireo rahona ireo dia mety ho harerahan-tsaina, tebiteby, ary ireo endrika hafan'ny aretina ara-tsaina sy ara-pihetsehampo. Mety hampisafotofoto ny fahitanao ny tenanao sy ny hafa ary an' Andriamanitra mihitsy aza izany. Ianjadian'izany ireo lehilahy sy vehivavy maro amin'ny sokajin-taona rehetra manerana an'izao tontolo izao.

Manimba koa ny fitsaratsarana sy ny fiahiahiana izay rahona mampihena herin-dretsika, ka mety hisy fiantraikany eo amin'ireo hafa izay tsy mbola niaina ireo olana ireo. Toy ny faritry ny vatana rehetra, ny atidoha dia mety ianjadian'ny aretina, fihotakotahana ary fikorontanana ara-tsimika. Rehefa marary ny saintsika, dia afaka mikatsaka fanampiana avy amin' Andriamanitra isika, sy avy amin'ireo manodidina antsika ary avy amin'ireo matihanina eo amin'ny fitsaboana ny saina.

"Ny olombelona rehetra—lahy sy vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra."[3] Tahaka ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra sy ny Mpamonjy antsika, dia manana vatana isika[4] ary mandalo toe-javatra mampihetsi-po.[5]

Ry rahavavy malalako, tsy maninona mihitsy ny mahatsapa hoe malahelo na mikorontan-tsaina indraindray. Ny alahelo sy ny tebiteby dia fihetsehampo ara-boajanahary ao amin'ny olombelona.[6] Saingy raha toa isika ka malahelo foana ary raha toa ny alahelontsika misakana ny fahafahantsika hahatsapa ny fitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany ary ny fitarihan'ny Fanahy Masina, dia mety ianjadian'ny harerahan-tsaina na tebiteby na karazana korontana ara-pihetsehampo iray hafa isika.

Nanoratra indray mandeha ny zanako vavy hoe: "Nisy fotoana aho nahatsapa alahelo lalina foana. Nihevitra aho hatrizay fa zavatra mahamenatra ny



hoe malahelo ary mariky ny faharefoana izany. Noho izany dia notazomiko ho ahy ny alaheloko. . . . Nahatsapa ho tsy nanan-danja aho."[7]

Toy izao no namaritan'ny namana iray an'izany: "Efa hatrany amin'ny fahazazako aho no nitolona tsy tapaka tamin'ny fananana fahatsapana ho very fanantenana, ho latsaka anaty haizina, ho manirery sy fahatsapana tahotra ary fieritreretana ho trotraka na be fahalemena. Nataoko izay azo natao rehetra mba hanafenako ny fahoriako sy mba tsy hampisehoana velively fa izaho dia olona mifanohitra amin'ny hoe mahomby sy matanjaka."[8]

Ry namako malala, mety mitranga amintsika rehetra izany, indrindra rehefa mametraka vesatra tsy ilaina eo amintsika isika, amin'ny maha-mpino ny drafitry ny fahasambarana antsika, ka mieritreritra fa mila lavorary izao dia izao isika. Mety hampaosa ny eritreritra toy izany. Mifono dingana arahina ny fanatratrarana ny fahalavorariana izay hiseho mandritra ny fiainantsika eto an-tany sy any ankoatra ary amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy irery ihany.[9]

Kanefa rehefa miresaka mikasika ireo olana ara-pihetsehampo atrehantsika isika, ary miaiky fa tsy lavorary, dia manome fahafahana ny hafa hizara ny olana atrehan'izy ireo isika. Miaramahafantatra isika fa misy ny fanantenana ary tsy tokony hizaka fijaliana irery isika.[10]

Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia nanao fanekempihavanana isika fa "hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay" ary "hiara-malahelo amin'izay malahelo."[11] Izany dia mety ahitana ny fahazoana fampahalalana momba ireo aretina ara-pihetsehampo, ny fitadiavana loharano izay afaka manampy amin'ny fiatrehana ireo olana ireo ary amin'ny farany ny fitondrana ny tenantsika sy ny hafa eo amin'i Kristy ilay Mpanasitrana Lehibe.[12] Na dia tsy fantatsika aza ny fomba hahatakarana ireo zavatra zakain'ny hafa, ny fanekena fa tena miaina fanaintainana izy ireo dia efa dingana voalohany iray manan-danja eo amin'ny fitadiavana fanohanana sy fahasitranana.[13]



Ao anatin'ireo tranga sasantsasany, dia fantatra ny antony mahatonga ilay harerahan-tsaina na tebiteby, ary indraindray mety sarotra ny mamantatra izany.[14] Mety marary ny atidohantsika noho ny rarin-tsaina[15] na ny harerahana mafy,[16] izay indraindray azo sitranina amin'ny alalan'ny fandaminana eo amin'ny sakafo hohanina sy ny torimaso ary ny fanaovana fanatanjahan-tena. Indraindray dia mety ilaina koa ny fitsaboana eo ambany fitarihan'ireo mpitsabo matihanina.

Ny aretina ara-tsaina sy ara-pihetsehampo tsy voatsabo dia mety hitondra any amin'ny fitokana-monina bebe kokoa, tsy fifankahazoan-kevitra, faharavan'ny fifandraisana amin'ny hafa, fanimban-tena ary famonoantena mihitsy aza. Fantatro tsara izany satria maty namono tena ny raiko taona maro lasa izay. Nandona mafy ny foko sy ny an'ny fianakaviako ary nahavaky fo anay ny fahafatesany. Nila taona maro aho namafana ny alaheloko, ary vao haingana aho no nahafantatra fa ny firesahana araka ny tokony ho izy momba ny famonoan-tena dia tena manampy amin'ny fanakanana izany fa tsy hoe manampy amin'ny famporisihana izany.[17] Efa niresaka malalaka tsara mikasika ny nahafatesan'ny raiko tamin'ny zanako aho ary nahita ny fahasitranana izay azon'ny Mpamonjy atolotra eo amin'ny lafy roan'ny voaly.[18]

Indrisy anefa fa maro amin'ireo izay ianjadian'ny harerahan-tsaina mafy no manalavitra an'ireo Olomasina namany satria mahatsapa ho tsy manana ilay karazana toetra izay foronon'ny saina aman'eritreritra izy ireo. Afaka manampy azy ireo isika hahafantatra sy hahatsapa fa tena anisan'ny miaraka amintsika izy ireo. Zava-dehibe ny mahafantatra fa ny harerahan-tsaina dia tsy vokatry ny fahalemena, na hoe mazàna dia vokatry ny fahotana.[19] "Mihombo izany rehefa hafenina fa mihena kosa rehefa mahazo fampaherezana avy amin'ny hafa."[20] Rehefa miaraka isika dia afaka mandrava ireo rahon'ny fitokana-monina sy ny fanilihan'ny mpiara-monina ka hiala ny vesatry ny fahamenarana ary afaka ny hitranga ireo fahagagan'ny fahasitranana.

Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia nanasitrana ny marary sy ny malahelo i Jesoa Kristy, saingy nila nampihatra finoana Azy ny olona tsirairay ary nandray andraikitra mba hahazoana ny fanasitranany. Nandeha an-tongotra lavitra ny sasany, naninjitra ny tanany ny hafa mba hikasihana ny akanjony ary tsy maintsy nolanjaina nankeo Aminy ny hafa mba hositranina.[21] Raha resaka fanasitranana, moa ve isika rehetra tsy mila mafy Azy daholo? "Moa tsy mpangataka avokoa va isika?"[22]

Ndeha isika hanaraka ny lalan'ny Mpamonjy sy hampitombo ny fangorahantsika, hanena ny fironana any amin'ny fitsaratsarana, ary hitsahatra tsy ho mpidikiditra amin'ny fiainampanahin'ny hafa. Ny fihainoana amimpitiavana dia iray amin'ireo fanomezana izay azontsika atolotra, ary isika dia mety ho afaka hanampy amin'ny fitondrana na fanesorana ireo rahona mavesatra izay manempotra ireo olontiantsika sy namantsika[23] ka amin'ny alalan'ny fitiavana asehontsika dia afaka

indray hahatsapa ny Fanahy Masina sy hahita ilay hazavana avy amin'i Jesoa Kristy izy ireo.

Raha toa ianao ka voahodidin'ny "zavon'ny haizina"[24] foana dia mitodiha any amin'ny Ray any An-danitra. Tsy misy zavatra hafa efa niainanao izay afaka manova ilay fahamarinana mandrakizay hoe, zanany ianao ary tiany ianao.[25] Tsarovy fa i Kristy dia Mpamonjy sy Mpanavotra anao ary Andriamanitra dia Rainao. Manana fahatakarana an-tsaina izy ireo. Alaivo sary an-tsaina izy ireo hoe akaiky anao, mihaino sy manolotra fanohanana.[26] "Hampionon'[izy ireo] amin'ny fahorianareo ianareo."[27] Ataovy izay vitanao ary matokia an'ilay fahasoavana manavotry ny Tompo.

Tsy mamaritra ny momba anao ireo olana atrehanao fa afaka *manadio* anao kosa.[28] Noho "ilay tsilo [natsatoka teo amin'ny nofo],"[29] dia afaka manana fahafahana haneho fangorahana bebe kokoa ny hafa ianao. Rehefa tarihin'ny Fanahy Masina, dia zarao ny tantaranao mba "[hamonjena] ny osa, [hampiakarana] ny tanana izay miraviravy ary [hampatanjahana] ny lohalika malemy."[30]

Ho an'ny sasany amintsika izay mandalo olana amin'izao fotoana izao na manohana olona izay mandalo olana, dia aoka isika ho vonona hanaraka ireo didin' Andriamanitra mba hanana-ntsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika.[31] Aoka isika hanao "ireo zava-madinika sy tsotra"[32] izay hanome antsika tanjaka ara-panahy. Hoy ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Tsy misy na inona na inona manokatra ny lanitra tahaka ny fitambaran'ny fahadiovana lehibe, ny fankatoavana marina, ny fikatsahana amin-kitsimpo, ny fivokisana isan'andro amin'ny tenin'i Kristy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ary ny fanokanana fotoana matetika hanaovana asa any amin'ny tempoly sy tantaram-pianakaviana."[33]

Aoka isika hahatsiaro fa i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika dia "[naka] ny rofintsika teo Aminy mba hahatonga ny ao anatiny ho feno famindrampo araka ny nofo, mba hahafantarany . . . ny fomba hanampiana [antsika] arakaraka ny rofin[tsika]."[34] Tonga mba "hanasitrana ny torotoro fo Izy, . . . hampionona ny malahelo rehetra; . . . hanome azy hamama ho solon'ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon'ny fahalelovana, ary fitafiana fiderana ho solon'ny fanahy reradreraka."[35]

Mijoro ho vavolombelona aho fa "na inona re miseho," dia hitoetra hiaraka amintsika ny Tompo ary "[ireo fahoriana dia afaka ny] ho voatelina ao amin'i Kristy,"[36] ary "noho ny fahasoavana no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao."[37] Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy dia hiverina eto an-tany "miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany."[38] Farany, Izy dia "hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny masontsika; ary tsy hisy . . . alahelo [intsony]."[39] Ho an'izay rehetra "[manatona] an'i Kristy [sy] hatao tanteraka ao Aminy,"[40] dia "tsy hilentika intsony ny [masoandro] . . . fa ny Tompo no ho fanazavana [antsika] mandrakizay, ary ho tapitra ny andro fahalahelovan[tsika]."[41] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Reste avec nous, Seigneur" *Cantiques,* no. 92.
2. Rehefa teny ambonin'ireo rahona izahay dia tsy afaka nahita ilay haizina nitoetra tsy lavitra tao ambaninay, ary rehefa rakotr'ilay haizina tao ambany izahay dia sarotra ny nahita ny famirapiratry ny masoandro izay namiratra tsy lavitra teo amboninay.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
4. "Ny fanahy sy ny vatana no atao hoe olona velona" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:15). "Tempolin'ny fanahinao ny vatanao. Ary ny fomba ampiasanao ny vatanao dia hiantraika any amin'ny fanahinao" (Russell M. Nelson, "Fanapahan-kevitra ho an'ny mandrakizay," *Liahona,* nôv. 2013, 107).
5. Jereo mba hahitana ohatra ny Isaia 65:19; Lioka 7:13; 3 Nefia 17:6–7; Mosesy 7:28. Ny fahaizana mamantatra sy manome lanja ireo fihetsehampontsika dia afaka manampy antsika hampiasa azy ireo amin'ny fomba tsara mba hitoviantsika bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika.
6. Jereo ny "Sadness and Depression," kidshealth.org/en/kids/depression.html.
7. Blog an'i Hermana Elena Aburto, hermanaelenaaburto.blogspot.com/2015/08. Nanoratra koa izy hoe:
   "Izany fitsapana izany dia nanome ahy fahafahana tena hampihatra ny finoako ny drafitry ny famonjena. Satria fantatro fa tia ahy ny Raiko any An-danitra, ary nanana drafitra ho ahy manokana izy, ary i Kristy dia nahatakatra tsara ny zavatra niainako".
   "Tsy manao izay hahamenatra anao Andriamanitra rehefa misy fahaiza-manao tsy anananao. Fifaliana ho azy ny manampy anao hivoatra sy hibebaka. Tsy manantena antsika hanamboatra ny zavatra rehetra ao anatin'ny indray mandeha Izy. Tsy voatery manao izany irery ianao" (iwillhealthee .blogspot.com/2018/09).
8. Taratasy avy amin'ny olona iray manokana. Nanoratra koa izy hoe: "Ilay balsama manasitran'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjiko dia loharanom-piadanana sy fialofana lehibe ho ahy foana nandritra ny diako. Rehefa nahatsapa ho irery aho tao anatin'ny fijaliako dia nahatsiaro fa efa niaina teo amin'ny toerako an'izao zavatra lalovako izao Izy. . . . Mampisy fanantenana lehibe ny fahafantarana fa ilay vatako any aoriana izay tonga lafatra sy nitsangana tamin'ny maty dia tsy hianjadian'izao [fijaliana] azo eto an-tany izao."
9. Jereo ny Russell M. Nelson, "Perfection Pending,," *Ensign,* Nov. 1995, 86–88; Jeffrey R. Holland, "Aoka ho tanteraka ianareo, amin'ny farany," *Liahona,* nôv. 2017, 40–42; J. Devn Cornish, "Manana fahatsarana ampy ve aho? Ho tonga any ve aho?" *Liahona,* nôv. 2016, 32–34; Cecil O. Samuelson, "What Does It Mean to Be Perfect?" *New Era,* Jan. 2006, 10–13.
10. Zava-dehibe ny firesahana mikasika ireo zavatra ireo amin'ny zanatsika sy ny fianakaviantsika ary ireo namantsika any an-tokantranontsika sy any amin'ny paroasintsika ary eo amin'ny fiarahamonina misy antsika.
11. Môzià 18:8–9.
12. Jereo ny Russell M. Nelson, "Jesus Christ—the Master Healer,," *Liahona,* Nov. 2005, 85–88; Carole M. Stephens, "Ilay Mpanasitrana Lehibe," *Liahona,* nôv. 2016, 9–12.
13. Manampy ny famantarana marika sy fambara eny amintsika sy eny amin'ny hafa. Isika koa dia afaka mianatra mamantatra fieritreretana diso na tsy mahasalama sy mianatra ny fomba hanoloana izany amin'ny fieritreretana araka ny tokony ho izy sy mahasalama.
14. Ny harerahan-tsaina koa dia mety vokatr'ireo fiovana mahasoa eo amin'ny fiainana, toy ny fahaterahan'ny zaza iray na fahazoana asa vaovao iray ary mety hitranga rehefa mandeha tsara ny fiainan'ny olona iray.
15. Jereo ny "Understanding Stress," *Adjusting to Missionary Life* (2013), 5–10.
16. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Tahaka ny vilany ariana,," *Liahona,* nôv. 2013, 40.
17. Jereo Dale G. Renlund, "Understanding Suicide" (video), ChurchofJesusChrist.org; "Talking about Suicide" (video), ChurchofJesusChrist.org; Kenishi Shimokawa, "Mahatakatra ny anton'ny famonoan-tena: ireo famantarana mampitandrina sy ny fisorohana," *Liahona,* Ôkt. 2016, 35–39.
18. "Ny fiantombohan'ny fahasitranana dia mitaky finoana tahaka ny an'ny ankizy an'ilay toe-javatra tsy miovaova hoe, ny Ray any

An-danitra dia tia anao ary manome anao fomba mba hahasitranana. I Jesoa Kristy, Zanany Malalany, dia nanolotra ny ainy mba hanomezana izany fanasitranana izany. Kanefa tsy misy ny vahaolana mahagaga, na zavatra tsotra ahosotra mba hahasitrana, na lalana tsotra hitondra any amin'ny fahasitranana tanteraka. Ny fahasitranana dia mitaky finoana lalina an'i Jesoa Kristy sy ny fahafahany manasitrana tsy misy fiafarana" (Richard G. Scott, "Hanasitrana ny vokatry ny fanararaotana ara-nofo izay manimba,," *Liahona,* mey 2008, 42). Rehefa mahita olana isika dia ny hamaha izany no ao an-tsaintsika. Tsy voatery ho lasa mpamaha ireo olan'ny tenantsika na ny an'ny hafa anefa isika. Tsy voatery ataontsika irery ny zava-drehetra. Mihoatra ny indray mandeha aho teo amin'ny fiainako no nanatona mpitsabo mba hanampy ahy tamin'ny fiatrehana fotoan-tsarotra.

19. Jereo ny Jaona 9:1–7.
20. Jane Clayson Johnson *Silent Souls Weeping* (2018), 197.
21. Jereo ny Matio 9:2–7, 20–22; 14:35–36; Marka 1:40–42; 2:3–5; 3 Nefia 17:6–7.
22. Môzià 4:19; jereo koa ny Loholona Jeffrey R. Holland "Moa tsy mpangataka avokoa va isika?" *Liahona,* nôv. 2014, 40–42.
23. Jereo ny Romana 2:19; 13:12; jereo koa ny Jeffrey R. Holland, "Come unto Me" (Brigham Young University devotional, Mar. 2, 1997), speeches.byu.edu.
24. 1 Nefia 8:23–24; jereo koa ny 1 Nefia 12:4, 17; 3 Nefia 8:22.
25. Jereo ny Salamo 82:6; Romana 8:16–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 24:1; 76:24; Mosesy 1:1–39.
26. Jereo ny *Adjusting to Missionary Life,* 20; jereo koa ny Mika 7:8; Matio 4:16; Lioka 1:78–79; Jaona 8:12.
27. Jakôba 3:1; jereo koa ny Efesiana 5:8; Kolosiana 1:10–14; Môzià 24:13–14; Almà 38:5. Vakio ny tsodranon'ny patriarika nomena anao na mangataha tsodranon'ny fisoronana mba hahafahanao mandre sy mahatsiaro ny halehiben'ny fitiavan'ny Ray any An-danitra anao sy ny faniriany lehibe hitahy anao.
28. Jereo ny 2 Korintiana 4:16–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8, 33; 122:5–9.
29. 2 Korintiana 12:7.
30. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5; jereo koa ny Isaia 35:3.
31. Jereo ny Môrônia 4:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
32. Almà 37:6.
33. Russell M. Nelson, "Fanambarana ho an'ny Fiangonana, fanambarana ho an'ny fiainantsika," *Liahona,* mey 2018, 95.
34. Almà 7:12; jereo koa ny Isaia 53:4; 2 Nefia 9:21; Môzià 14:4.
35. Isaia 61:1–3; jereo koa ny Lioka 4:18.
36. Almà 31:38; jereo koa ny Almà 32:43; 33:23.
37. 2 Nefia 25:23.
38. Malakia 4:2; 3 Nefia 25:2.
39. Apokalypsy 21:4.
40. Môrônia 10:32.
41. Isaia 60:20.



NATAON'I LISA L. HARKNESS
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany*

# Manaja ny anarany

*Omban'ny fanekempihavanana izay mamaritra ny maha-izy azy antsika sy manome toerana antsika, dia antsoina amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika.*

Rehefa tsindrian-daona ireo ray amandreny eo am-piandrasana ny fahaterahan'ny zaza iray dia manana andraikitra izy ireo ny hisafidy anarana ho an'ny zanak'izy ireo vaovao. Angamba tamin'ny nahaterahanao dia nomena anarana izay nifandovan'ny taranaka maro nifandimby tao amin'ny fianakavianao ianao. Na koa hoe mety anaran'olona malaza tamin'ny taona na vanim-potoana nahaterahanao ilay anarana nomena anao.

Ny mpaminany Helamàna sy ny vadiny dia nanome anarana manandanja an'i Nefia sy i Lehia zanakalahin'izy ireo. Taty aoriana dia hoy i Helamàna tamin'ireo zanakalahiny:

"Nomeko anareo ny anaran'ny ray aman-drenintsika voalohany . . . izany no efa nataoko dia ny hahazoanareo mahatsiaro azy rehefa mahatsiaro ny anaranareo ianareo; ary rehefa mahatsiaro azy ianareo, dia ny hahazoanareo mahatsiaro ny asany; . . . fa voalaza ary koa voasoratra fa tsara ireny.

"Noho izany, ry zanako, dia mba tiako ny hanaovanareo izay tsara."[1]

Nanampy an'i Nefia sy i Lehia hahatsiaro ireo asa tsaran'ireo razambeny sy namporisika azy ireo hanao ny tsara ihany koa ny anaran'izy ireo.

Ry rahavavy, na aiza na aiza misy antsika, na inona na inona fitenintsika, na 8 taona isika na 108 taona dia manana anarana itoviana izay manana tanjona iray isika rehetra.

"Fa na iza na iza ianareo natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy . . . fa iray ihany [isika] rehetra ao amin'i Kristy Jesosy."[2]

Amin'ny maha-mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia, "amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny batisa no anehoantsika voalohany ny fahavononantsika hitondra eo



amintsika ny anaran'i Kristy."[3] Amin'ny alalan'io fanekempihavanana io isika no mampanantena ny hahatsiaro Azy mandrakariva, sy hitandrina ny didiny, ary hanompo ny hafa. Ny fahavononantsika hitandrina io fanekempihavanana io dia havaozina isaky ny andro Sabata rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika ary mifaly indray ao anatin' *ny fitahiana* entin'ny "[f]andehanantsika [. . .] amin'ny fiainam-baovao."[4]

Ny anarana nomena antsika tamin'-ny nahaterahantsika dia maneho ny maha-izy azy antsika tsirairay ary manome toerana antsika eo anivon'ny fianakaviantsika eto an-tany. Kanefa rehefa "ateraka indray" isika rehefa atao batisa dia mitombo ny fahatakarantsika ny maha-izy azy antsika. "Noho ny fanekempihavanana izay efa nataonareo, dia hantsoina hoe zanak'i Kristy ianareo, . . . fa indro, efa niteraka anareo ara-panahy Izy androany; satria lazainareo fa ny fonareo dia efa miova amin'ny alalan'ny finoana ny anarany; noho izany, dia aterany ianareo."[5]

Noho izany, omban'ny fanekempihavanana izay mamaritra ny maha-izy azy antsika sy manome toerana antsika, dia antsoina amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika. Ary "tsy [m]isy anarana hafa omena na làlan-kafa na fomba izay mety hahatongavan' ny famonjena amin' ny zanak' olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin' ny alalan' ny anaran' i Kristy ihany, Ilay Tompo Tsitoha."[6]

Ny anaran'i Jesoa dia efa fantatra ela be mialoha ny nahaterahany. Nisy anjely iray naminany tamin'i Benjamîna Mpanjaka hoe: "Ary hantsoina hoe Jesoa Kristy Izy, Ilay Zanak' Andriamanitra, . . . ary ny reniny dia hantsoina hoe Maria."[7] Ny asany izay mitondra "fitiavana manavotra"[8] ihany koa dia nampahafantarina an'ireo zanak' Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra naha-teto an-tany ny filazantsarany hatramin'ny andron'i Adama sy i Eva ka mandraka ankehitriny mba hahafahan'izy ireo mahafantatra "ny loharano azony andraindraina ho famelana ny fahotany."[9]

Tamin'ny taon-dasa ny Filoha Russell M. Nelson dia nanao "fiangaviana avy amin'ny mpaminany" ho an'ireo rahavavy mba "hamolavola ny



hoavy amin'ny fanampiana eo amin'ny fanangonana an'i Isiraely miely patrana." Nanasa antsika izy mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna sy "hanisy marika ireo andininy izay miresaka momba ny Mpamonjy." Niangavy antsika izy mba "[hanana] finiavana hiresaka momba an'i Kristy, hifaly ao amin'i Kristy ary hitory an'i Kristy amin'ny [fianakaviantsika] sy ny naman[tsika]." Mety ho efa nanomboka nahatsikaritra ny vokatry ny fampanantenana nomeny ianareo hoe: "Ho lasa akaiky kokoa ny Mpamonjy ianareo miaraka amin'izy ireo. . . . Ary hisy fiovana, fahagagana mihitsy aza, hanomboka hitranga."[10]

Ny fampanantenana ataontsika mba hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy dia hanome tanjaka antsika hahafahantsika hiaro ny fahamarinana na eo anivon'ny vahoaka maro be na ao amin'ny toera-manginantsika izay tsy misy mahalala izay ataontsika afa-tsy Andriamanitra. Rehefa mahatsiaro Azy isika sy mitondra ny anarany eo amintsika dia tsy misy toerana ho an'ny fampitahana manambany tena ao amintsika na ho an'ny fitsaratsarana feno fianjonanjonana. Rehefa mifantoka amin'ny Mpamonjy ny masontsika dia mahita ny tenantsika araka ny tena maha-izy azy antsika isika, dia zanaka malalan' Andriamanitra.

Ny fitandremantsika ilay fanakempihavana hoe hahatsiaro dia mampangina ireo fanahian'izao tontolo izao ka manova ny tsy fahatokian-tena ho herim-po ary manome fanantenana ao anatin'ny fotoam-pisedrana.

Ary rehefa solafaka sy mianjera isika eo amin'ny fanekempihavanana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanan dia ny fahatsiarovana monja ny anarany sy ny lemim-panahiny amintsika no ilaintsika. "Fa ananany ny hery rehetra, ny fahendrena rehetra ary ny fahazavantsaina rehetra; azony ny zava-drehetra ary Izy no Ilay feno famindram-po . . . [amin'] ireo izay te hibebaka sy hino ny anarany."[11] Azo antoka fa tsy misy feo mahafinaritra kokoa noho ny anaran'i Jesoa ho an'ireo rehetra manana fo torotoro sy fanahy manenina, ka mikatsaka ny "[hanao] tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa."[12]

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Efa lasana ny fotoana izay nahafahanao nijanona ho Kristianina mangina



sy manara-drenirano. Tsy vitan'ny fandehananao any am-piangonana isaky ny Alahady ny fivavahanao. Fa izany dia fijoroana ho mpianatra marina manomboka ny Alahady maraina ka hatramin'ny Sabotsy alina. . . . Tsy misy an'izany hoe mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo amin'ny -ampaham-potoana- izany."[13]

Ny fahavononantsika hitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy dia mihoatra noho ny fifandraisana amim-pahalalam-pomba amin'ny alalan'ny teny fotsiny. Tsy fampanantenana fahatany na zavatra sandoka noforonin'ny kolotsaina izany. Tsy fombafomba fanao rehefa mandalo dingana eo amin'ny fiainana na mari-pamantarana anaovana eo amin'ny tratra izany. Tsy teny notsongaina izay apetraka fotsiny eo amin'ny talantalana na ahantona amin'ny rindrina izany. Ny anarany dia anarana izay "tafiana,"[14] misoratra ao am-pontsika, ary "voasokitra eo amin'ny tarehin[tsika]."[15]

Ny sorona manavotra nataon'ny Mpamonjy dia tokony hotsaroana, mandrakariva, amin'ny alalan'ny eritreritsika, sy ny zavatra ataontsika, ary ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Tsy vitan'ny hoe mahatsiaro *ny anarantsika* fotsiny Izy fa mahatsiaro *antsika* mandrakariva ihany koa. Nanambara ny Mpamonjy hoe:

"Fa moa mety manadino ny zanany minono va ny vehivavy ka tsy hanana fangorahana ny zanakalahy naloaky ny kibony? Eny, mety manadino izy kanefa Izaho tsy hanadino anao Ry mpianakavin'i Isiraely.

"Indro efa vitako tombokavatsa eo amin'ny felatanako ianao."[16]

Nampianatra ny Filoha George Albert Smith hoe: "Hajao ireo anarana izay entinareo, satria indray andro any ianareo dia hanana fahafahana sy adidy ny hanao tatitra . . . amin'ny Rainareo any An-danitra . . . ny amin'ny nampiasanareo [ireny anarana ireny]."[17]

Tahaka ny anarana hoe Nefia sy Lehia izay nosafidina tamim-pitandremana, dia azo lazaina sy soratana momba antsika ve ny hoe mpianatra mahatokin'i Jesoa Kristy Tompo isika? Manaja ny anaran'i Jesoa Kristy izay nentintsika tamim-pahavononana teo amintsika ve isika? Moa ve isika sady "mpanompo [no] vavolombelo[n'ny]"[18] halemempanahiny sy ny heriny manavotra?

Vao tsy ela izay dia nihaino ny Bokin'i Môrmôna aho. Tao amin'ny toko faran'ny 2 Nefia aho dia *nahare* an'i Nefia niteny zavatra izay tsy mbola *novakiko* tahaka izay namakiako izany teo aloha mihitsy. Manerana ny rakitsorany izy dia mampianatra sy mijoro ho vavolombelona ny amin'ny "Mpanavotra," ny "Iray Masin'ny Isiraely," sy ny "Zanak'ondrin' Andriamanitra," ary ny "Mesia." Saingy rehefa namarana ny fitantarany izy dia nahare azy aho niteny ireto teny ireto: "Mirehareha ny amin'ny fahatsorana aho; mirehareha ny amin'ny fahamarinana aho; mirehareha ny amin'i *Jesoako,* aho fa Izy efa nanavotra ny fanahiko."[19] Rehefa nahare ireo teny ireo aho dia nifaly ny foko ary nohainoako im-betsaka izany. Nahafantatra sy namaly aho raha nandre an'io andininy io, tahaka ny hahafantarako sy hamaliako rehefa mandre ny anarako.

Nilaza ny Tompo hoe, "Eny, hotahina ity vahoaka ity izay te hitondra ny anarako; fa amin'ny anarako no hiantsoana azy ary Ahy izy."[20]

Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia enga anie isika ka "[hitondra] amim-pifaliana tokoa [eo amintsika] ny anaran'i Kristy"[21] amin'ny alalan'ny fanajana amim-pitiavana, sy amim-pahavitrihana, ary amin'ny alalan'ny asa tsara. Mijoro ho vavolombelona aho fa Izy no ilay "Zanakondrin' Andriamanitra, eny, dia ny Zanaky ny Ray!"[22] Amin'ny anaran'ilay Zanany masina, dia i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**


1. Helamàna 5:6–7.
2. Galatiana 3:27–28.
3. D. Todd Christofferson, "Ny Herin'ny Fanekempihavanana," *Liahona,* mey 2009, 20.
4. Romana 6:4.
5. Môzià 5:7.
6. Môzià 3:17.
7. Môzià 3:8.
8. Almà 26:13.
9. 2 Nefia 25:26.
10. Russell M. Nelson, "Ny fandraisan'ireo rahavavy anjara amin'ny fanangonana an'i Isiraely," *Liahona,* nôv. 2018, 69–70.
11. Almà 26:35.
12. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* mey 2019, 68.
13. Russell M. Nelson, "Disciples of Jesus Christ—Defenders of Marriage" (Brigham Young University commencement, Aug. 14, 2014), 3, speeches.byu.edu.
14. Galatiana 3:27.
15. Almà 5:19.
16. 1 Nefia 21:15–16.
17. George Albert Smith, "Your Good Name," *Improvement Era,* Mar. 1947, 139.
18. Asan'ny Apostoly 26:16.
19. 2 Nefia 33:6; nampiana fanamafisana.
20. Môzià 26:18.
21. Almà 46:15.
22. 1 Nefia 11:21.




# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

## NY FIADIDIANA VOALOHANY



Dallin H. Oaks
Mpanolotsaina Voalohany


Russell M. Nelson
Filoha



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



M. Russell Ballard



Jeffrey R. Holland


Dieter F. Uchtdorf



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen


Ronald A. Rasband



Gary E. Stevenson



Dale G. Renlund



Gerrit W. Gong



Ulisses Soares

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



L. Whitney Clayton



Patrick Kearon


Carl B. Cook


Robert C. Gay



Terence M. Vinson


José A. Teixeira



Carlos A. Godoy

## FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY


**(manaraka ny abidia)**




Marcos A. Aidukaitis · Rubén V. Alliaud · Jose L. Alonso · Jorge M. Alvarado · Ian S. Ardern · Steven R. Bangerter · W. Mark Bassett · David S. Baxter · Randall K. Bennett · Hans T. Boom · Shayne M. Bowen · Mark A. Bragg · L. Todd Budge · Matthew L. Carpenter · Yoon Hwan Choi · Craig C. Christensen · Weatherford T. Clayton




Valeri V. Cordon · J. Devn Cornish · Joaquin E. Costa · LeGrand R. Curtis Jr. · Massimo De Feo · Benjamín De Hoyos · Edward Dube · Kevin R. Duncan · Timothy J. Dyches · David F. Evans · Enrique R. Falabella · Randy D. Funk · Eduardo Gavarret · Jack N. Gerard · Ricardo P. Giménez · Taylor G. Godoy · Christoffel Golden



Walter F. González · Brook P. Hales · Kevin S. Hamilton · Allen D. Haynie · Mathias Held · David P. Homer · Paul V. Johnson · Peter M. Johnson · Larry S. Kacher · Jörg Klebingat · Joni L. Koch · Erich W. Kopischke · Hugo E. Martinez · James B. Martino · Richard J. Maynes · John A. McCune · Kyle S. McKay




Peter F. Meurs · Hugo Montoya · Marcus B. Nash · K. Brett Nattress · S. Gifford Nielsen · Brent H. Nielson · Adrián Ochoa · S. Mark Palmer · Adilson de Paula Parrella · Kevin W. Pearson · Anthony D. Perkins · Paul B. Pieper · John C. Pingree Jr. · Rafael E. Pino · James R. Rasband · Michael T. Ringwood · Lynn G. Robbins



Gary B. Sabin · Evan A. Schmultz · Joseph W. Sitati · Vern P. Stanfill · Benjamin M. Z. Tai · Brian K. Taylor · Michael John U. Teh · Juan A. Uceda · Arnulfo Valenzuela · Juan Pablo Villar · Takashi Wada · Taniela B. Wakolo · Alan R. Walker · Scott D. Whiting · Chi Hong (Sam) Wong · Kazuhiko Yamashita · Jorge F. Zeballos

## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany · Gérald Caussé, Eveka Mpiahy · W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa

## MPIANDRAIKITRA AMBONY

### SEKOLY ALAHADY



Milton Camargo, Mpanolotsaina Voalohany · Mark L. Pace, Filoha · Jan E. Newman, Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOVAVY



Michelle Craig, Mpanolotsaina Voalohany · Bonnie H. Cardon, Filoha · Becky Craven, Mpanolotsaina Faharoa

### FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany · Jean B. Bingham, Filoha · Reyna I. Aburto, Mpanolotsaina Faharoa

### KILONGA



Lisa L. Harkness, Mpanolotsaina Voalohany · Joy D. Jones, Filoha · Cristina B. Franco, Mpanolotsaina Faharoa


### ZATOVOLAHY



Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany · Stephen W. Owen, Filoha · M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa

Ôktôbra 2019





NATAON'NY RAHAVAVY BONNIE H. CORDON
*Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany*

# Zanakavavy malala

*Ivon'ny zavatra rehetra ataontsika ao amin'ny Zatovovavy ny fanirianay hanampy anareo hahazo finoana tsy voahozongozona an'ny Tompo Jesoa Kritsy.*

Ry rahavaviko malala isany, fifaliana ho ahy ny miaraka aminareo! Vavolombelon'ny fitobahan'ny fanambarana isika izay sady mampiasa hery ara-panahy be no mampientanentana be ihany koa.

Eto am-panombohana dia tehampahafantatra aminareo namana vitsivitsy aho; izy ireo dia zatovovavy miavaka amin'ny talenta, fombafomba, ary toe-javatra manokana eo amin'ny fiainany sy ny an'ny fianakaviany. Izy ireo, tahaka ny tsirairay avy aminareo, dia nikasika ny foko.

Voalohany, indro i Bella. Izy dia mijoro matanjaka amin'ny maha-hany tovovavy azy ao amin'ny sampana misy azy any Island.

Indro i Josephine be fanolorantena avy ao Afrika, izay nanolo tena indray handalina ny Bokin'i Môrmôna isan'andro. Eo am-pahitana ny hery sy ireo fitahiana izay tonga avy amin'ny fanaovana izany zavatra tsotra sy mifono fahatokiana izany izy.

Ary farany dia indro i Ashtyn namana lalaiko, zatovovavy mahatalanjona izay nodimandry rehefa nitolona mafy tamin'ny homamiadana nandritra ny enin-taona. Mbola manakoako ato ampoko ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka nananany momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Ianareo *rehetra* dia zatovovavy miavaka daholo. Miavaka ianareo, samy manana fanomezam-pahasoavana sy traikefa anareo avy ianareo nefa manana zavatra itoviana amin'ny lafiny iray tena manan-danja sy mandrakizay.

Tena zanakavavy ara-panahin'ny Ray aman-dReny any An-danitra arabakinteny ianareo ary tsy misy afaka manasaraka anareo amin'ny fitiavan' Izy Ireo sy ny fitiavan'ny Mpamonjy.[1] Rehefa manakaiky Azy kokoa ianareo, na dia ny dingana voalohany bitika indrindra aza no raisinareo mba handrosoana, dia hahita ny fiadanana maharitra izay mitoetra ao amin'ny fanahinareo ianareo amin'ny maha-mpianatra mahatokin'ny Mpamonjy Jesoa Kristy anareo.

Nangataka ahy ny Filoha Russell M. Nelson, mpaminany malalantsika, hizara momba ireo fanovana nentanimpanahy sasany izay hanampy anareo "hampitombo ny fahafahanareo manokana sy masina hahavita zavatra sy ho lasa lavitra"[2] ary hampitombo ny hery mitarika amin'ny tsara anananareo. Hiresaka zavatra efatra aho anio alina.

### Lohahevitry ny Zatovovavy

Voalohany, ivon'ny zavatra rehetra ataontsika ao amin'ny Zatovovavy ny faniriantsika hanampy anareo hahazo finoana tsy voahozongozona an'ny Tompo Jesoa Kritsy[3] ary ny fahalalana azo antoka ny amin'ny mahazanakavavin' Andriamanitra anareo.


Anio hariva aho dia te-hanambara ny fanovana hatao amin'ilay Lohahevitry ny Zatovovavy. Mivavaka aho ny mba hahatsapanareo ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ireto teny ireto eo ampanononako ilay lohahevitra vaovao:

*Zanakavavy malalan'ny ray amandreny any an-danitra aho,[4] manana toetra araka an' Andriamanitra sy anjara mandrakizay.[5]*


*Amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy ahy[6] dia miezaka ny ho tonga tahaka Azy aho.[7] Mikatsaka fanambarana ho an'ny tena manokana ary mandray andraikitra eo anoloan'izany aho,[8] ary manompo ny hafa amin'ny Anarany masina.[9]*

*Hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny toerana rehetra aho.[10]*

*Eo am-piezahako ho mendrika ny fisandratana,[11] dia mankamamy ny fanomezana, dia ny fahafahana mibebaka aho[12]*


Bella, avy any Island


Josephine, avy any Afrika


Ashtyn, izay nitolona tamin'ny aretina homamiadana



*ary mikatsaka ny hivoatra isan'andro.*[13] *Miaraka amin'ny finoana,*[14] *hankahery ny tokantranoko sy ny fianakaviako aho,*[15] *hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina,*[16] *ary handray ireo ôrdônansy*[17] *sy fitahian'ny tempoly masina.*[18]

Mariho ny fanovana misy eo amin'ny "izahay" lasa "aho." Miantefa aminao manokana ireo fahamarinana ireo. Ianao *dia* zanakavavy malalan'ny Ray amandReny any An-danitra. Ianao *dia* mpianatra nanao fanekempihavanana an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Manasa anareo aho handalina sy hisaintsaina ireo teny ireo. Fantatro fa rehefa manao izany ianareo dia hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'izy ireo. Ny fahatakarana ireo fahamarinana ireo dia hanova ny fomba hiatrehanareo fanamby sy olana. Ny fahafantaranareo ny maha-izy anareo sy ny tanjonareo dia hanampy anareo hampifanaraka ny sitraponareo amin'ny an'ny Mpamonjy.

Hahazo fiadanana sy fitarihana ianareo eo am-panarahanareo an'i Jesoa Kristy.

## Ireo kilasin'ny Zatovovavy

Ny lafiny faharoa tamin'ny fanovana natao dia miantefa amin'ireo kilasin'ny Zatovovavy. Nilaza i Neal A. Maxwell hoe: "Matetika tokoa ny zavatra tena ilain'ny olona dia fialofana amin'ireo tafiotry ny fiainana ao amina toerana masina mahatamana."[19] Ny kilasintsika dia tsy maintsy toerana masina hialofana amin'ireo tafiotra, toerana azo antoka mahatamana anjakan'ny fitiavana. Ao anatin'ny ezaka hanorenana firaisankina lehibe kokoa, hampatanjahana finamanana, ary hampitomboana ilay fahatsapana hoe tiavina ao anatin'ny Zatovovavy, dia hanisy fanovana vitsivitsy ao amin'ny firafitry ny kilasy izahay.

Nandritra ny 100 taona mahery izay dia nozaraina ho kilasy telo ireo zatovovavy. Manomboka izao avy hatrany, dia manasa ireo mpitarika ny Zatovovavy sy eveka izahay handinika ombambavaka ny zavatra ilain'ny zatovovavy tsirairay avy ary hampivondrona azy ireo araka ny toe-javatra manokana misy ao amin'ny paroasy. Ireto misy ohatra vitsivitsy amin'ny mety ho endrik' izany:

- Raha vitsy ny zatovovavy ao aminareo dia azo asiana kilasin'ny Zatovovavy tokana hiarahan'ny rehetra mihaona.
- Mety hoe betsaka ohatra ny zatovovavy 12 taona ao aminareo ary vitsy ny zatovovavy lehibe taona kokoa. Mety hanapa-kevitra ianareo ny hisian'ny kilasy anankiroa: Zatovovavy 12 taona ary Zatovovavy 13 taona–18 taona.
- Na raha toa ka paroasy lehibe no misy anareo izay ahitana zatovovavy 60 mpanatrika, dia afaka manana kilasy miisa enina ianareo, iray ho an'ny taona tsirairay avy, arafitra araka ny taona.

Na manao ahoana na manao ahoana kilasy narafitra, ianareo zatovovavy dia tena iankinan'ny fanorenana firaisankina. Aoka ianareo ho hazavana ho an'ireo manodidina anareo. Aoka ianareo no loharanon'ny fitiavana sy fiahiana izay antenainareo avy amin'ny hafa. Miaraka amin'ny vavaka ao am-po, tohizo hatrany ny manolo-tanana ary ny maha-hery ho an'ny tsara anareo. Rehefa manao izany ianareo dia ho feno hatsaram-panahy ny fiainanareo. Hanana fahatsapana tsaratsara kokoa ho an'ny hafa ianareo ary hanomboka hahita ny hatsaran'izy ireo ho valin'izany.

## Anaran'ny kilasin'ny Zatovovavy

Fahatelo, miaraka amin'izao firafitry ny kilasy vaovao izao, dia ho antsoina amin'ny anarana mampiray hoe "Zatovovavy" ireo kilasy rehetra.[20] Tsy hampiasa intsony ireo fiantsoana hoe "Toho-tantely", "Farimbona", ary "Ravintsara" isika.

## Mampatanjaka ireo fiadidian'ny kilasy

Ny lafiny farany tiako resahina dia ny lanjan'ireo fiadidiana ao amin'ireo kilasy. Na manao ahoana na manao ahoana firafitra natao tamin'ny kilasy iray, *dia tokony hahitana fiadidiana ny kilasy tsirairay avy*![21] Lamina masina ny hiantsoana ny zatovovavy mba hitarika ao amin'ny fahatanorany.

Nampatanjahana kokoa sy nofaritana mazava kokoa ny anjara asa sy tanjon'ireo fiadidian'ny kilasy. Anisan'ireny andraikitra goavana ireny ny asa famonjena, indrindra indrindra ao amin'ny fanompoana, asa fitoriana, fampavitrihana, ary asan'ny tempoly



*Chloe*

sy tantaram-pianakaviana.[22] Eny, toy izany no fomba hanangonantsika an'i Isiraely[23]—asa izay be voninahitra ho an'ireo zatovovavy rehetra amin'ny maha-mpikamban'ny tafiky ny zatovon'ny Tompo azy ireo izany.

Araka ny efa fantatreo, isaky ny antanan-tohatra ato am-piangonana dia miantso fiadidiana ny Tompo hitarika ny olony. Ry zatovovavy, ny maha-mpikamban'ny fiadidiana ao amina kilasy anareo no mety ho fahafahana voalohany ho anareo mba handray anjara amin'ity lamina amin'ny fitarihana ity. Ry olon-dehibe mpitarika, ataovy laharam-pahamehana ny fiantsoana fiadidiana ao amin'ireo kilasy ary mitariha miaraka amin'izy ireo, tariho sy ampio izy ireo mba hahafahany mahomby.[24] Na manao ahoana na manao ahoana traikefa eo amin'ny fitarihana ananan'ny fiadidiana ao amin'ny kilasy dia atombohy amin'izay efa misy eo ary ampio izy ireo hampitombo ny fahaiza-manao sy fahatokian-tena izay hitahy azy ireo amin'ny maha-mpitarika azy ireo. Mijanòna eo akaikin'izy ireo, nefa aza raisina an-tanana ny raharaha. Hitarika anareo ny Fanahy eo am-pitarihanareo azy ireo.

Mba hanehoana ny anjara asa tena manan-danjan'ireo ray aman-dreny sy mpitarika sy mpanabe dia hizara tantara iray aminareo aho. Nantsoina ho filohan'ny kilasy i Chloe. Namporisika azy mba hikatsaka ny fanampian'ny Tompo amin'ny fandrosoana anarana ho an'ny fiadidiany ny mpitarika ao amin'ny fisoronana hendry iray. Nivavaka sy nandray fanentanam-panahy tena haingana ny amin'izay olona tokony ho aroso ho mpanolotsaina izy. Raha nanohy nisaintsaina sy nivavaka momba ny ho mpitantsoratra izy dia nampifantoka azy tsy tapaka tamina zatovovavy iray izay nanaitra azy ny Fanahy, zatovovavy izay tsy dia miangona na manatrika fiaraha-mientana.

Somary tsy azony antoka ilay bitsika ka niresaka tamin-dreniny izy, izay nanazava fa ny iray amin'ireo fomba ahafahana mandray fanambarana dia amin'ny alalan'ny eritreritra miverimberina. Nanavao ny fahatokian-tenany izany, ka dia nahatsapa i Chloe fa afaka handroso an'io zatovovavy io. Nanolotra



ilay antso ny eveka ary nanaiky izany ilay zatovovavy. Taorian'ny nanokanana azy dia hoy io zatovovavy maha-te-ho tia io hoe: "Hitanao, tsy mbola nahatsiaro loatra aho hoe nanana anjara na nilaina tamina zavatra iray. Tsy nahatsapa aho hoe manan-toerana. Saingy rehefa nahazo ity antso ity aho dia nahatsapa fa nanana tanjona sy toerana ho ahy ny Ray any An-danitra." Rehefa nandao ilay fivoriana i Chloe sy ny reniny dia nitodika tany amin'ny reniny i Chloe ary nilaza tamin-dranomaso hoe: "Tena misy ny fanambarana! Tena mahomby ny fanambarana!"

Ry fiadidian'ny kilasy isany, nantsoin' Andriamanitra ianareo ary atokisany hitarika vondron-janakavaviny. "Mahafantatra anareo ny Tompo. . . . Nisafidy anareo Izy."[25] Ianareo dia *natokan'* ny olona izay manana fahefampisoronana; midika izany fa rehefa manatanteraka ny adidy ao amin'ny antsonareo ianareo dia mampiasa ny fahefan'ny fisoronana. Manana asa lehibe ho tontosaina ianareo. Henoy tsara ny bitsiky ny Fanahy Masina ary mandraisa andraikitra. Rehefa manao izany ianareo dia afaka hanompo amim-pahatokian-tena, satria tsy manompo irery ianareo!

Ry filohan'ny kilasy isany, mila ny fahendrenareo sy ny feonareo ary ny fahazotoanareo ao amin'ilay filankevitry ny zatovo vaovao izay vao nambaran'ny Loholona Quentin L. Cook androany izahay. Ianareo dia ampahany tena ilaina amin'ireo vahaolana mba hitondrana ny zavatra ilain'ireo anadahy sy rahavavinareo.[26]

Ireo fiovana eo amin'ny rafitry ny kilasy sy fitarihana ireo dia hatomboka vantany vao vonona ireo paroasy sy sampana ary tokony ho efa tafapetraka tsara alohan'ny 1 janoary 2020.


Ry rahavavy, mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fanovana noresahiko androany ireo dia fitarihana tena tsara avy amin'ny Tompo. Rehefa mampihatra ireo fanovana ireo amim-pahazotoana isika dia enga anie tsy hanadino ny tanjontsika: dia ny hampatanjaka ny fanolorantenantsika hanaraka an'i Jesoa Kristy sy hanampy ny hafa hanatona Azy izany. Mijoro ho vavolombelona aho fa Fiangonany ity. Tena feno fankasitrahana aho amin'ny famelany antsika ho ampahany manan-danja amin'ny asany masina.

Mivavaka aho ny mba hitarihan'ilay Fanahy izay nitarika ireto fanovana ireto anareo eo am-pandrosoanareo eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Romana 8:35–39.
2. Russell M. Nelson, "Vavolombelona sy kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ary kilasin'ny Zatovovavy," *Liahona,* nôv. 2019, 39.
3. Jereo ny Ohabolana 3:5–7; Jakôba 7:5.
4. Jereo ny Romana 8:16–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24; "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
5. Jereo ny 2 Petera 1:3–4; Almà 37:44; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:18; "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."
6. Jereo ny Jaona 13:14–15, 35.
7. Jereo ny Matio 22:37–39; 25:40; 3 Nefia 12:48.
8. Jereo ny Jaona 16:13; 3 Nefia 14:7–8; Môrônia 7:13; 10:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2; 9:8; 11:13.
9. Jereo ny Matio 20:26–28; 22:37–39; 25:34–40; 3 Nefia 26:19.
10. Jereo ny Isaia 43:10; Môzià 18:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:8.
11. Jereo ny Romana 8:17; 2 Nefia 9:18; 31:20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38; 132:49; Mosesy 1:39.
12. Jereo ny Helamàna 12:23; Môrônia 10:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42.

13. Jereo ny Almà 34:33; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:18.
14. Jereo ny Hebreo 11; 2 Nefia 31:19–20; Almà 32:21.
15. Jereo ny Josoa 24:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:8; 132:19.
16. Jereo ny Eksodosy 19:5; 1 Nefia 14:14; 2 Nefia 11:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 54:6; 66:2; 90:24.
17. Jereo ny Môzià 13:30; Almà 30:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20–22; Fanekem-pinoana 1:3.
18. Jereo ny Salamo 24:3; Isaia 2:3; Ezekiela 37:26.
19. Neal A. Maxwell, *All These Things Shall Give Thee Experience* (1979), 55.
20. Tokony hantsoina amin'ny anarana mampiray hoe "Zatovovavy" ireo kilasy. Mba hamantarana kilasy iray manokana dia ampio taona—ohatra hoe "Zatovovavy 12–14 taona"; "Zatovovavy 15–18 taona" (jereo ny *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana,* 10.1.5, ChurchofJesusChrist.org).
21. Tokony hanana fiadidian'ny kilasy voantso ny kilasin'ny Zatovovavy tsirairay avy. Rehefa azo atao dia tokony hisy fiadidian'ny kilasy feno voantso, ahitana filoha iray, mpanolotsaina roa, ary mpitantsoratra iray. Raha ilaina dia azo atao ny miantso fiadidiana tsy feno (jereo ny *Boky torolalana 2,* 10.3.5).
22. Jereo ny *Boky torolalana 2,* 10.3.5.
23. Jereo ny Russell M. Nelson "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org.
24. Misy ny toromarika fanampiny ho an'ireo mpitariky ny Zatovovavy olon-dehibe ao amin'ny *Boky torolalana 2,* toko 10.
25. Henry B. Eyring, "Rise to Your Call," *Liahona,* Nov. 2002, 76.
26. Raha toa ka kilasy iray ihany ary fiadidian'ny kilasy iray ihany no misy ao aminareo, dia afaka mandray anjara amin'ny filankevitry ny zatovo miaraka amin'ireo filohan'ny kôlejy ao amin'ny Fisoronana Aharôna ny fiadidiana feno, mba hampifandanja ny zatovovavy sy ny zatovolahy (jereo ny *Boky torolalana 2,* 18.2.9).



NATAON'NY FILOHA HENRY B. EYRING
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Vehivavin'ny fanekempihavanana miara-miasa amin' Andriamanitra

*Ny fahatongavana ho vehivavin'ny fanekempihavanana miara-miasa amin' Andriamanitra no fomba nikarakaran'ireo zanakavavin' Andriamanitra izay lehibe sy tsara mandrakariva ny olona amin'ny mahareny azy ireo, sy ny nitarihany, ary nanompoany.*

Feno fankasitrahana aho noho ny fahafahako miresaka aminareo ry zanakavavin' Andriamanitra ao amin'ny fanekempihavanana. Ny tanjoko anio hariva dia ny hankahery anareo amin'ny asa fanompoana lehibe izay niantsoana anareo. Eny, ny zanakavavin' Andriamanitra rehetra izay mihaino ny feoko dia efa nahazo antso avy amin'ny Tompo Jesoa Kristy.



Nanomboka ny antsonareo rehefa napetraka teto amin'ny fiainana an-tany ianareo, amin'ny toerana sy fotoana izay nofidin' Andriamanitra ho anareo, Izy izay mahafantatra tsara sy tia anareo amin'ny maha-zanany vavy anareo. Tany amin'ny tontolon'ny fanahy dia nahafantatra sy nampianatra anareo Izy ary nametraka anareo amin'ny toerana izay hananareo fahafahana, tsy dia fahita firy teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao, ny ho voasa ho ao amin'ny ranon'ny batisa. Tamin'izay ianareo no nahare ireto teny nolazain'ny mpanompon'i Jesoa Kristy izay voantso ireto hoe: "Rehefa nomen'i Jesoa Kristy fahefana aho, izaho dia manao batisa anao amin'ny anaran'ny Ray sy ny an'ny Zanaka ary ny an'ny Fanahy Masina. Amena."[1]

Rehefa vita batisa ianareo dia nanaiky antso iray hafa hanompo. Amin'ny maha-zanakavavy vaovao an' Andriamanitra anareo ao amin'ny fanekempihavanana dia nanome fampanantenana ianareo ary nahazo asa nampandraiketina tato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, izay nandraisana anareo ho mpikambana tamin'izany. Nanao fanekempihavanana tamin' Andriamanitra ianareo ny hitondra eo aminareo ny anaran'i Jesoa Kristy, ny hitandrina ny didiny, ary ny hanompo Azy.

Ho an'ny tsirairay izay manao ireo fanekempihavanana ireo dia ho ilay mety indrindra ho an'izany olona izany ny asa fanompoana izay iantsoan'ny Tompo azy ho ataony. Ireo zanakavavy sy zanakalahin' Andriamanitra ao amin'ny fanekempihavanana rehetra anefa dia manana antso iray iombonana izay manan-danja sy mitondra fifaliana. Dia ny hanompo ny hafa eo amin'ny toerany.

Rehefa niresaka tamin'ireo rahavavy ny Filoha Russell M. Nelson dia nanome famintinana mahafinaritra momba ny antso nomen'ny Tompo anareo ny hiaraka Aminy hanao ny Asany. Namaritra ny antsonareo tamin'ny fomba toy izao ny Filoha Nelson: "Hoy ny Tompo: -Ny asako sy ny voninahitra [dia] ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona.-' (Mosesy 1:39.) Ka noho izany ireo



mpianatra zanany vavy mahafatra-po dia mety hilaza marina tokoa hoe -Ny asako sy ny voninahitro dia ny hanampy ireo olona tiako hahatratra izany tanjona masina izany.-

"Ny fanampiana olona iray hahatratra ny fahafahany ho tonga any amin'ny tontolo selestialy dia ampahany amin'ny iraka masina ampanaovina ny vehivavy. Amin'ny maha-reny, na mpampianatra, na olomasina mpikolokolo azy dia mamolavola ny fiainan'ny hafa izy hahatratra ny tanjona izay antenainy. Ny asa masina anirahana azy, ao anaty fiaraha-miasa amin' Andriamanitra, dia ny hanampy ireo fanahy hiaina sy ireo olona hisandratra. Izay no tanjona nahariana azy. Mahalasa olom-banona sy mankahery ary mampisandratra izany."[2]

Tsy afaka ny hahafantatra ianareo hoe rahoviana na maharitra hafiriana no hifantohan'ny iraka nampanaovina anareo manokana amin'ny asa fanompoana ao anatin'ny antso toy ny maha-reny, na mpitarika na rahavavy manompo. Noho ny fitiavan'ny Tompo dia tsy ankininy amintsika ny fisafidianana ny fotoana, na ny faharetany na ny filaharan'ireo andraikitra izay omena antsika. Kanefa fantatrareo avy amin'ny soratra masina sy ireo mpaminany velona fa ho avy eo amin'ny zanakavavin' Andriamanitra rehetra ireo asa ampandraiketina ireo, na eto amin'ity fiainana ity na any amin'ny fiainan-ko avy. Ary izany rehetra izany dia fiomanana ho amin'ny fiainana mandrakizay ao anatin'ny fianakaviana be fitiavana, "dia ilay lehibe indrindra amin' ny fanomezan' Andriamanitra rehetra."[3]



Tsara tokoa raha manao ny ezaka rehetra azonareo atao ianareo mba hiomanana amin'izao fotoana izao sady mieritreritra ilay tanjona farany. Lasa tsotra kokoa izany asa izany satria saika ho fiomanana iray ihany no takin'ny tsirairay amin'ireo asa asaina atao ireo.

Ndeha hatombotsika amin'ny andraikitra ny ho rahavavy manompo. Na zanakavavy 10 taona ao anatin'ny fianakaviana iray namoy raimpianakaviana ianao rehefa nomena izany andraikitra izany, na filohan'ny Fikambanana Ifanampiana izay vao main'ny afo ny tanànany, na any amin'ny hôpitaly ianao ary miandry fahasitranana taorian'ny fandidiana natao, dia manana fahafahana hanatontosa ny antsonao avy amin'ny Tompo ny ho zanakavaviny manompo.

Toy ny hoe fanomezana andraikitra hanao fanompoana tena hafa tokoa ireo. Kanefa izy rehetra ireo dia mitaky ny fanomanana fo feno hery sy feno fitiavana, finoana tsy misy tahotra fa ny Tompo dia tsy manome didy raha tsy efa nanomana lalana, ary faniriana handeha ary hanao zavatra ho Azy.[4]

Koa satria efa niomana ilay zanakavavy 10 taona, dia mamihina ny reniny mananotena izy ary nivavaka mba hahafantarana ny fomba hanampiana ny fianakaviany. Ary manohy mivavaka foana izy.

Efa niomana ny hanompo ilay Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana talohan'ilay hai-trano tsy nampoizina teo amin'ny faritra nisy azy. Lasa nahafantatra sy nitia ny olona tao izy. Nitombo tao anatin'ny taona maro ny finoany an'i Jesoa Kristy noho ny fahazoany ny valin'ny vavaka nataony ny mba hanampian'ny Tompo azy amin'ireo fanompoana kely ataony ho Azy. Noho ny fiomanana maharitra nataony dia vonona izy ary maika ery ny handrindra ireo rahavaviny mba hanompo ireo olona sy fianakaviana mila fanampiana.

Ny rahavavy iray niandry fahasitranana taorian'ny fandidiana natao taminy dia vonona ny hanompo ireo marary niaraka taminy. Efa nandany ny androm-piainany izy nanompoana tamin'ny anaran'ny Tompo ireo olona tsirairay izay tsy fantany akory, izay noraisiny toy ireny hoe mpiarabelona taminy sy namany ireny. Rehefa tsapany tao am-pony ilay antso hoe hanompo tao amin'ilay hôpitaly dia nanompo ny hafa tamin-kerim-po sy tamim-pitiavana lehibe tokoa izy, ka nahatonga ireo marary hafa nanomboka nanantena ny tsy hahasitranany haingana loatra sao lasa eo izy.

Mitovy amin'ny fomba hiomananareo hanompo ihany, no ahafahanareo miomana ary tsy maintsy hiomananareo amin'ny antsonareo ny ho mpitarika ho an'ny Tompo rehefa tonga izany. Hitaky finoana an'i Jesoa Kristy izay mifaka ao anatin'ny fitiavana lalina anananareo ho an'ny soratra masina izany hoe mitarika ny olona sy mampianatra ny teniny tsy amin-tahotra izany. Dia ho vonona ianareo amin'izay ny hanana ny Fanahy Masina ho namanareo lalandava. Ho dodona ianareo ny hiteny hoe "aleo hataoko" rehefa milaza amin'ny feo feno tahotra ny mpanolotsainareo ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy hoe "Marary Rahavavy Alvarez androany. Iza no hampianatra ny kilasiny?"

Mitaky fiomanana tena manakaiky an'izany koa ilay andro iray mahafinaritra izay iantsoan'ny Tompo anareo hanao asa iray amin'ny maha-reny. Saingy hitaky ihany koa fo be fitiavana lavitra kokoa noho izay nilainareo teo aloha izany. Hitaky finoana an'i Jesoa Kristy mihoatra noho izay efa tao am-ponareo hatrizay izany. Ary hitaky fahaizana mivavaka mba hahazoana ny fitaoman'ny Fanahy Masina izany sy ny fitarihany ary ny fankaherezany mihoatra lavitra noho izay mety ho efa tsapanareo fa azo atao.

Mety manontany tena amim-piheverana tsara ianareo hoe ahoana no ahafahan'ny lehilahy iray na firy taona na firy taona mahafantatra ny zavatra ilain'ireo reny. Fanontaniana azo ekena tsara izany. Tsy afaka mahalala ny zavatra rehetra ny lehilahy, saingy afaka mianatra lesona maromaro avy amin'ny fanambarana avy amin' Andriamanitra isika. Ary afaka mianatra zavatra betsaka amin'ny alalan'ny fandinihana ihany koa isika rehefa maka fotoana hikatsahana ny Fanahy mba hanampy antsika hahatakatra ny zavatra dinihintsika.

Nandinika an'i Kathleen Johnson Eyring aho nandritra ireo 57 taona naha-mpivady anay. Renin'ny zazalahy efatra sy zazavavy roa izy. Hatramin'izao izy dia nanaiky ilay antso ny ho reny mpitarika amin'ny tsara ho an'ny olona maherin'ny zato ao amin'ny fianakaviana mivantana sy ho an'ny olona an-jatony hafa izay noraisiny ho toy ny fianakaviana tamin'ny fitiavana toy izay ananan'ny reny.

Tadidinareo ilay famaritana tonga lafatra nataon'ny Filoha Nelson momba ny iraka masina nampanaovina ny vehivavy, ka anisan'izany ny asa nanirahana azy ny mba ho reny: "Amin'ny maha-reny, na mpampianatra, na olomasina mpikolokolo azy dia mamolavola ny fiainan'ny hafa izy hahatratra ny tanjona izay antenainy. Ny asa masina anirahana azy, ao anaty fiaraha-miasa amin' Andriamanitra, dia ny hanampy ireo fanahy hiaina sy ireo olona hisandratra. Izay no tanjona nahariana azy."[5]

Raha ny fahafantarako azy dia nanaraka izany andraikitra izay nomena ireo zanakavavin'ny Raintsika izany i Kathleen vadiko. Ny ampahany manandanja indrindra amiko dia toa ireo teny hoe "mamolavola ny fiainan'ny hafa izy hahatratra ny tanjona araka izay antenainy . . . ao anaty fiaraha-miasa amin' Andriamanitra." Tsy nanery izy,


fa namolavola. Ary efa nanana lamina fototra narahina izy tamin'ireo zavatra nantenainy ary ho amin'izany no niezahany namolavolana ireo olona tiany sy noraisiny toy ny zanaka. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no lamina fototra narahiny, araka izay hitako tamin'ny alalan'ny fandinihina tamimbavaka nandritra ny taona maro.

Ny fahatongavana ho vehivavin'ny fanekempihavanana miara-miasa amin' Andriamanitra no fomba nikarakaran'ireo zanakavavin' Andriamanitra izay lehibe sy tsara mandrakariva ny olona amin'ny maha-reny azy ireo, sy tany amin'ny nitarihany, ary nanompoany, ary izy ireo dia nanompo tamin'ny fomba sy ny toerana rehetra izay efa nomaniny ho azy ireo. Mampanantena aho fa hahita fifaliana ianareo amin'ny dianareo mankany amin'ny fonenanareo any an-danitra rehefa miverina any Aminy amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra mpitandrina fanekempihavanana anareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona sy tia anareo Andriamanitra Ray. Hamaly ny vavakareo Izy. Ny Zanany Malalany no mitarika amin'ny antsipirian-javatra rehetra Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ny Filoha Russell M. Nelson no mpaminaniny velona. Ary nahita sy niresaka tamin' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy tao amin' ny ala kely iray tao Palmyra, New York i Joseph Smith. Fantatro fa marina izany. Mijoro ho vavolombelona ihany koa aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy anareo, tia anareo Izy. Ary amin'ny alalan'ny Sorompanavotany dia afaka ny ho voadio ianareo ho amin'ny antso avo sy masina kokoa izay ho tonga aminareo. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:73.
2. Russell M. Nelson, "Woman—Of Infinite Worth," *Ensign,* Nôv. 1989, 22.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7
4. Jereo ny 1 Nefia 3:7
5. Russell M. Nelson, "Woman—Of Infinite Worth," 22.



NATAON'NY FILOHA DALLIN H. OAKS
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Ireo didy *roa* lehibe

*Tsy maintsy ezahintsika tandremana avokoa ireo didy roa lehibe indrindra. Mba hahafahana manao izany dia mitandrina be isika rehefa mampifandanja lalàna sy fitiavana.*

Ry anabaviko ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, miarahaba anareo aho amin'ny maha-mpiaro voatendrin' Andriamanitra ny fianakaviana mandrakizay anareo. Nampianatra antsika ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Naverina tamin'ny laoniny ity Fiangonana ity mba hampivondronana sy hamehezana ary hampisandratana mandrakizay ny fianakaviana."[1] Izany fampianarana izany dia mifono zavatra maro ho an'ireo olona izay mamaritra ny tenany ho lesbienne (vehivavy tia vehivavy), gay (lehilahy tia lehilahy), bisexuel(le) (olona sady tia lehilahy no tia vehivavy), na transgenre (olona izay tsy mitovy amin'ny namaritana azy ny fahatsapany ny maha-lahy na maha-vavy azy na ny fanehoany izany), izay fantatry ny maro amin'ny hoe LGBT.[2] Nampahatsiahy antsika ihany koa ny Filoha Nelson fa tsy "voatery mitovy hevitra amin'ny hafa foana isika vao afaka mifankatia."[3] Ireo fampianaran'ny mpaminany ireo dia manan-danja ho an'ireo fifanakalozankevitra ao anatin'ny fianakaviana mba hamaliana ireo fanontanian'ny ankizy sy ny zatovo. Nikatsaka fanentanampanahy tamin'ny alalan'ny vavaka aho raha hiresaka aminareo satria samy voakasik'ireto fanontaniana ireto amin'ny fomba manokana ianareo, ka izany dia hiantefa mivantana na ankolaka amin'ireo fianakaviana rehetra ao amin'ny Fiangonana.

## I.

Atomboko amin'ny zavatra nampianarin'i Jesoa ho ireo didy roa lehibe indrindra izany.



"Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra.

"Izany no didy lehibe sady voalohany.

"Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao."[4]

Izany dia midika fa nodidina isika hitia ny olona tsirairay avy, satria ny fanoharan'i Jesoa momba ilay Samaritana tsara fanahy dia mampianatra fa ny olona tsirairay no namantsika.[5] Saingy ny fahazotoantsika be hitandrina izany didy faharoa izany dia tsy tokony hahatonga antsika hanadino ilay didy voalohany, dia ny mitia an' Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra sy ny fanahintsika rehetra ary ny saintsika rehetra. Mampiseho izany fitiavana izany isika amin'ny alalan'ny "[fitandremana] ny didi[ny]."[6] Mitaky antsika hankatò ireo didiny Andriamanitra satria amin'ny alalan'izany fankatoavana izany ihany, ka tafiditra ao anatin'izany ny fibebahana, no ahafahantsika miverina miaina eo anatrehany indray ary ho lasa tonga lafatra tahaka Azy.

Tao amin'ny lahateny vao tsy ela nataony ho an'ireo tanora tokan-tenan'ny Fiangonana, ny Filoha Russell M. Nelson dia niresaka momba ilay nantsoiny hoe "fifandraisana matanjaka eo amin'ny fitiavan' Andriamanitra sy ireo lalàny."[7] Ireo lalàna izay tena miantefa amin'ireo olana mahakasika an'ireo izay mamaritra ny tenany ho LGBT dia ny lalàn' Andriamanitra mikasika ny fanambadiana sy ny lalàna mifandray amin'izany, dia ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izany. Izy ireo dia samy manan-danja ao amin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ho an'ireo zanany. Araka ny nampianarin'ny Filoha Nelson hoe: "Ny fitiavana mandrakizain' Andriamanitra ho antsika sy ny faniriany ny hahatongavantsika amin'izay rehetra tokony hahatongavantsika no antony tanteraka nanomezany ireo lalàny."[8]

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Firenena maro . . . no nanao ho ara-dalàna ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy. Amin'ny mahampikamban'ny Fiangonana antsika dia manaja ireo lalàna ao amin'ny tany sy ny firenena isika . . . , tafiditra ao anatin'izany ny fanambadiana arapanjakana. Ny marina anefa dia ny hoe . . . efa tendrin' Andriamanitra hatrany am-boalohany ny fanambadiana! Ary hatramin'izao dia nofaritany ho fiarahan'ny lehilahy iray sy vehivavy iray izany. Tsy nanova ny famarita*ny* ny fanambadiana Andriamanitra."

Notohizan'ny Filoha Nelson hoe: "Tsy nanova ny lalàn'ny fahadiovampitondrantenany Andriamanitra. Tsy niova ireo zavatra takina mba hahafahana miditra ao amin'ny tempoly."[9]

Nampahatsiahy anay rehetra ny Filoha Nelson fa "ny asa nanirahana anay amin'ny maha-Apôstôly anay dia ny tsy hampianatra afa-tsy fahamarinana ihany. Izany asa nanirahana izany dia *tsy* manome fahefana ireo [Apôstôly] hanova ny lalàn' Andriamanitra."[10] Noho izany, ry anabaviko, ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia tsy maintsy mampianatra foana ny lanja manokan'ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ary ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izay mifandray amin'izany.

## II.

Ny asan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tena miompana amin'ny fanomanana ireo zanak' Andriamanitra ho amin'ny fanjakana selestialy, ary indrindra indrindra ilay voninahitra avo indrindra ao amin'izany, dia ny fisandratana na fiainana mandrakizay. Izany anjara ambony indrindra izany dia tsy afaka ny ho tratra raha tsy amin'ny alalan'ny fanambadiana mandrakizay.[11] Tafiditra ao anatin'ny fiainana mandrakizay ny hery famoronana tsy hita raha tsy ao amin'ny fikambanan'ny lahy sy ny vavy[12] izay fariparitan'ny fanambarana maôderina hoe "fitohizan'ny taranaka mandrakizay mandrakizay."[13]

Nandritra ilay lahateny nataony ho an'ireo tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony dia nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny fanajana ireo lalàn' Andriamanitra dia hiaro anareo eo am-pandrosoanareo mankany any fisandratana any amin'ny farany,"[14] izany hoe lasa tahaka an' Andriamanitra, miaraka amin'ny fiainana misandratra sy fananana ny hery anaty ananan'ny Ray aman-drenintsika any An-danitra. Izany no anjara irintsika ho an'ireo rehetra izay tiantsika. Na dia eo aza izany fitiavana izany dia tsy azontsika atao ny mamela ny fitiavantsika ho lasa manan-danja kokoa noho ireo didy sy ny drafitra ary ny asan' Andriamanitra, izay fantatsika fa hitondra fifaliana faran'izay lehibe ho an'ireo izay tiantsika.

Maro anefa ireo olona tiantsika, tafiditra ao anatin'izany ireo izay manana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, izay tsy mino na misafidy ny tsy hanaraka ireo didin' Andriamanitra mikasika ny fanambadiana sy ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Ahoana izany ny momba azy ireo?

Ny fotopampianaran' Andriamanitra dia mampiseho fa zanany avokoa isika rehetra ary nohariany isika mba hahazo fifaliana.[15] Ny fanambarana maoderina dia mampianatra fa nanomana drafitra Andriamanitra mba hiainantsika ety an-tany ka ny rehetra ao anatin'izany dia afaka misafidy ny fankatoavana mba hikatsahana ireo fitahiany ambony indrindra, na manao safidy izay hitondra any amin'ny iray amin'ireo fanjakana kely voninahitra kokoa.[16] Noho ny fitiavana lehiben' Andriamanitra ho an'ireo zanany rehetra, ireo fanjakana kely voninahitra kokoa dia mbola hahatalanjona kokoa mihoatra noho izay takatry ny olombelona.[17] Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ahafahan'izany rehetra izany ho tanteraka, "Izy izay mankalaza ny Ray sy *mamonjy ny asan'ny tanany rehetra*."[18]

## III.

Niresaka momba ilay didy voalohany aho, ahoana indray ny amin'ilay didy faharoa? Ahoana no hitandremana ilay didy hoe tiavo ny namanao? Mikatsaka ny handresy lahatra ireo mpikambana ao amintsika isika fa ireo izay manaraka ny fampianarana sy ireo zavatra ataon'ny lesbienne, gay, bisexuel(le), na transgenre dia tokony horaisina amin'ilay fitiavana izay nodidin'ny Mpamonjy antsika fa tokony hasehontsika amin'ireo namantsika rehetra. Noho izany rehefa nambara fa

ara-dalàna tany Etazonia ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy dia nanambara ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy hoe: "Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mampianatra antsika hitia sy hitondra ny olona rehetra amin-katsaram-panahy sy amim-pahalalam-pomba—na dia tsy mitovy hevitra amin'izy ireo aza isika. Manamafy izahay fa ireo izay mampiasa ireo lalàna navoakan'ny mpitsara izay manome lalana ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy tokony hanehoana tsy fanajana."[19]

Ho fanampin'izany, tsy tokony hanenjika na oviana na oviana ireo izay tsy mitovy finoana sy fitsipika amintsika isika.[20] Indrisy anefa fa mbola mahatsiaro ho voailikilika sy nolavin'ireo mpikambana sy mpitarika sasany ao amin'ny fianakaviana sy paroasy ary tsatòka misy antsika ny sasany amin'ireo olona izay miaina ireo zavatra ireo. Tsy maintsy miezaka ny ho tsara fanahy sy mahalala fomba kokoa isika rehetra.



### IV.

Noho ny antony izay tsy takatsika dia samy manana olana isan-karazany isika mandritra ny fiainana an-tany. Fantatsika anefa fa hanampy ny tsirairay avy amintsika Andriamanitra handresy ireo olana ireo raha toa ka mikatsaka ny fanampiany amin-kitsimpo isika. Aorian'ny fijaliana sy fibebahana amin'ny fandikana lalàna izay efa nampianarina antsika dia hiafara ao amina fanjakam-boninahitra iray isika rehetra. Ny fitsarana tanteraka sy farany dia hataon'ny Tompo, izay hany manana ny fahalalana, fahendrena, ary fahasoavana ilaina mba hitsarana antsika tsirairay.

Mandra-pahatonga izany fotoana izany anefa dia tsy maintsy miezaka mitandrina ireo didy roa lehibe isika. Mba hahafahana manao izany dia mitandrina be isika rehefa mampifandanja lalàna sy fitiavana, izany hoe sady mitandrina ireo didy sy mandeha eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana no mitia ireo namantsika eo amin'izany lalana izany. Ity dia atao ity dia mitaky antsika hikatsaka fanentanam-panahy avy amin' Andriamanitra mikasika an'izay tokony hotohanana sy izay tokony holavina ary ny fomba hitiavana sy hihainoana amim-panajana ary hampianarana ao anatin'izany rehetra izany. Takina ao anatin'ny diantsika ny tsy hanaovantsika marimaritra iraisana amin'ireo didy, fa ny hampisehoana fangorahana sy fitiavana feno kosa. Ao anatin'ny diantsika isika dia tsy maintsy mijery akaiky ireo ankizy izay misalasala ny amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy azy, saingy tsy tokony hanome famaritana ny tenan'ny olona aloha loatra, satria raha ho an'ny ankamaroan'ny ankizy, dia mihena be ny fisalasalana toy izany rehefa mandeha ny fotoana.[21] Ny diantsika dia manohitra ny famporisihana hanalavitra ny lalan'ny fanekempihavanana, ary mandà ny fanohanana an'izay hitarika ny olona hiala amin'ny Tompo. Ao anatin'izany rehetra izany dia mahatsiaro isika fa mampanantena fanantenana sy fifaliana faratampony ary fitahiana ho an'ireo rehetra izay mitandrina ny didiny Andriamanitra.

### V.


Ireo reny sy ray ary isika rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny fampianarana ireo didy roa lehibe indrindra. Nofaritan'ny Filoha Spencer W. Kimball tamin'ireo vehivavin'ny Fiangonana izany andraikitra izany tao anatin'ity faminaniana lehibe ity: "Maro amin'ireo fivoarana lehibe izay ho tonga amin'ny Fiangonana amin'ny andro farany no ho tonga satria maro amin'ireo vehivavy marin'izao tontolo izao . . . no ho voataona ho ao amin'ny Fiangonana ary maro an'isa izy ireo. Izany dia hitranga raha toa ny vehivavin'ny Fiangonana ka mampiseho fahamarinana sy fahaizana maneho ny maha-izy azy ary raha toa ireo vehivavin'ny Fiangonana ka hita miavaka sy tsy mitovy . . . amin'ireo vehivavin'izao tontolo izao.. . . Noho izany dia ireo vehivavy fakan-tahaka ato amin'ny Fiangonana no ho hery lehibe ao anatin'ny fitomboan'ny Fiangonana arak'isa sy ny fivoarana ara-panahin'ny Fiangonana amin'ny andro farany."[22]

Raha niresaka momba an'io faminaniana io ny Filoha Russell M. Nelson dia nilaza izy fa "anio ny andro izay hitan'ny Filoha Kimball mialoha. Ianareo no ireo vehivavy izay hitany mialoha!"[23] Tsy dia nanam-po loatra isika izay naheno an'io faminaniana io 40 taona lasa izay fa ho anisan'ireo olona izay mety hovonjen'ireo vehivavin'ity Fiangonana ity ireo namana sy fianakaviana

malalan'izy ireo manokana, izay voasarik'ireo laharam-pahamehana arak'izao tontolo izao sy ireo famitahana feno faharatsiana. Ny vavaka ataoko sy ny tsodrano omeko dia ny hampianaranareo sy hiasanareo mba hanatanterahana io faminaniana io, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**


1. Russell M. Nelson, "Celestial Marriage," *Liahona,* Nov. 2008, 93.
2. Ireo litera hafa dia be loatra raha tononina avokoa, fa ireo tena fantatra ireo ihany dia ampy ho an'ity lahateny ity.
3. Russell M. Nelson, lahateny nandritra ny fivoriambe fanao isan-taona an'ny Fikambanana Nasiônaly ho an'ny Fampandrosoana ny Olona hafa volon-koditra (NAACP), Detroit Michigan, 21 jolay 2019.
4. Matio 22:37–39.
5. Jereo ny Lioka 10:29–37.
6. Jaona 14:15.
7. Russell M. Nelson, "The Love and Laws of God" (Fampaherezam-panahy an'ny Brigham Young University, 17 sept. 2019), speeches.byu.edu.
8. Russell M. Nelson, "The Love and Laws of God."
9. Russell M. Nelson, "The Love and Laws of God."
10. Russell M. Nelson, "The Love and Laws of God."
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7–13.
12. Jereo ny 1 Korintiana 11:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19.
14. Russell M. Nelson, "The Love and Laws of God."
15. Jereo ny 2 Nefia 2:25.
16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:71–113.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:89.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:43; nampiana fanamafisana.
19. "Setrin'ny fanapahan-kevitry ny Fitsarana Avo izay nanao ho ara-dalàna ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy ao Etazonia," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 29 jona 2015.
20. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Fitiavana ny hafa sy fiainana ao anatin'ny fahasamihafana," *Liahona,* nôv. 2014, 25–28; "Love and Law," *Liahona,* Nov. 2009, 26–29.
21. Jereo mba hahitana ohatra, Michelle Forcier, "Adolescent Sexuality," UpToDate, June 3, 2019, uptodate.com/contents/adolescent-sexuality.
22. *Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* (2006), 222–23.
23. Russell M. Nelson, "Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 96.

NATAON'NY FILOHA RUSSELL M. NELSON

# Ireo harena ara-panahy

*Rehefa mampihatra finoana ny Tompo sy finoana ny herin'ny fisoronany ianao, dia hitombo ny fahafahanao manovo amin'io harena ara-panahy natolotry ny Tompo io.*

Misaotra anareo noho izany mozika mahafinaritra izany. Raha nitsangana isika nihira ny hira fanelanelanana "Misaotra anao noho ny mpaminany" dia nisy eritreritra mahery vaika anankiroa tonga tamiko. Ny iray dia momba ny mpaminany Joseph Smith, ilay mpaminan'ity fotoampitantanana ity. Mitombo isan'andro isan'andro ny fitiavako sy ny fankafizako azy. Ny eritreritra faharoa dia niseho rehefa nijery ny vadiko aho, sy ireo zanako, sy ireo zafikeliko ary ireo zafiafiko. Ohatra ny te-hataoko ho anisan'ny fianakaviako ianareo tsirairay.

Volana maro lasa izay dia niteny tamin'i Wendy vadiko aho tamin'ny fiafaran'ny fivoriana fanafiana masina tao amin'ny tempoly iray hoe: "Manantena aho fa ho takatr'ireo rahavavy ireo harena ara-panahin'izy ireo ao amin'ny tempoly." Ry anabavy isany, matetika aho no tafieritreritra anareo anisan'izany ny tamin'ny roa volana lasa rehefa nandeha tany Harmony Pennsylvanie izaho sy i Wendy.



Io no dia faharoa nataonay tany. Nihetsi-po lalina izahay tao anatin'ireo fotoana roa ireo rehefa nanitsaka izany tany masina izany. Tao akaikin'i Harmony no nisehoan'i Jaona Mpanao Batisa tamin'i Joseph Smith ka namerenana indray ny Fisoronana Aharôna tamin'ny laoniny.

Tany ihany koa no nisehoan'ny Apôstôly Petera sy Jakoba ary Jaona mba hamerina ny Fisoronana Melkizedeka amin'ny laoniny.

Tao Harmony no nanompoan'i Emma Hale Smith tamin'ny nahampitantsoratra voalohany ny vadiny azy rehefa nandika ny Bokin'i Môrmôna ny mpaminany.

Ary tany Harmony ihany koa no nahazoan'i Joseph fanambarana maneho ny sitrapon'ny Tompo ho an'i Emma. Nanome torolalana an'i Emma ny Tompo mba hamelabelatra ny soratra masina, hanentana ny fiangonana sy handray ny Fanahy Masina ary handany ny fotoany amin'ny "fianarana betsaka." Notoroina hevitra ihany koa i Emma mba "hahafoy ny zavatr'izao tontolo izao" sy "hikatsaka ny zavatry ny tontolo tsara kokoa" ary hifikitra amin'ny fanekempihavanana nataony tamin' Andriamanitra. Nofaranan'ny Tompo tamin'ireto teny mandresy lahatra ireto ny torolalany hoe: "Izao no feoko ho an'ny rehetra."[1]

Ny *zavatra rehetra* izay nitranga tao amin'io faritra io dia misy fiantraikany lalina eo amin'ny *fiainanao.* Ny famerenana ny fisoronana amin'ny laoniny miaraka amin'ny torohevitry ny Tompo ho an'i Emma dia afaka mitarika sy mitahy anareo tsiriray. Iriko fatratra mba ho takatrareo fa ny famerenana ny fisoronana amin'ny laoniny dia manandanja ho anareo amin'ny maha-vehivavy anareo tsy misy hafa amin'ny mahamanan-danja izany ho an'ny lehilahy. Koa satria naverina tamin'ny laoniny ny Fisoronana Melkizedeka dia samy afaka mahazo ireo "fitahiana ara-panahy *rehetra* ao amin'ny fiangonana"[2] na ireo vehivavy na ireo lehilahy mpitandrina fanekempihavanana, azontsika lazaina hoe, afaka mahazo ireo harena ara-panahy rehetra natokan'ny Tompo ho an'ireo zanany.

Ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay izay manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra ka mitandrina izany fanekempihavanana izany sy mandray anjara amim-pahamendrehana amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana dia afaka mahazo mivantana ny herin' Andriamanitra. Ireo izay nandray fanafiana masina tao amin'ny tranon'ny Tompo dia mandray fanomezana ny herin'ny fisoronan' Andriamanitra, noho ny fanekempihavanana izay nataony, niaraka tamin'ny fanomezana fahalalana ny hahafantatra ny fomba hanovozana amin'io hery io.

Misokatra ny lanitra ho an' ireo *vehivavy* izay efa notafina ny herin' Andriamanitra mitobaka avy amin'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo, tsy misy hafa amin'ny hisokafan'izany ho an'ireo lehilahy mpihazona fisoronana. Mivavaka aho mba ho takatry ny fonareo tsirairay ny fahamarinana satria mino aho fa hanova ny fiainanareo izany. Ry anabavy isany, manan-jo hanovo amin-kalalahana ny herin'ny Mpamonjy ianareo hanampiana ny fianakavianareo sy ireo hafa izay tianareo.

Mety hiteny anakampo ianareo hoe: "Toa mahafinaritra izany, saingy ahoana no hanaovako izany? Ahoana no hanovozako ny herin'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainako?"

Tsy ho hitanareo voazava amin'ny antsipiriany ao anatina boky torolalana io dingana io. Ny Fanahy Masina no ho mpampianatra anareo rehefa mikatsaka ny hahatakatra ny zavatra izay tian'ny Tompo ho fantatrareo sy ho ataonareo ianareo. Sady tsy ho vetivety no tsy ho mora io dingana io kanefa dia *tena* mitondra hery ara-panahy izany. Inona no mety ho afaka mampientanentana kokoa noho ny miasa miaraka amin'ny Fanahy mba hahatakarana ny herin'ny fisoronan' Andriamanitra?

Ny *azoko* lazaina anareo dia hoe ny fahazoana ny herin' Andriamanitra eo amin'ny fiainanareo dia mitaky zavatra mitovy tamin'ireo nasain'ny Tompo hataon'i Emma sy ny tsirairay aminareo.

Noho izany dia manasa anareo aho handalina amim-bavaka ny fizarana faha-25 amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary hitady ny zavatra izay ho ampianarin'ny Fanahy Masina *anareo.* Ny ezaka ara-panahy ataonareo manokana dia hitondra fifaliana ho anareo rehefa mahazo sy mahatakatra ary mampiasa ilay hery izay nampitafiana anareo ianareo.

Ao anatin'izany ezaka izany no hitakiana anareo hahafoy ny zavatra maro amin'izao tontolo izao. Indraindray isika dia saika miresaka tsy ampiheverana mikasika ny fanalavirana an'izao tontolo izao sy ny fifandirany, sy ny fakam-panahiny mihanaka ary ireo filôzôfiany diso. Saingy ny fanaovana izany *marina* dia mitaky anao hanadihady ny fiainanao amin'ny antsipiriany sy matetika. Raha manao izany ianareo dia ny Fanahy Masina no hibitsika aminareo mikasika ny zavatra izay tsy ilaina sy tsy mendrika intsony ny handanianareo fotoana sy hery.

Rehefa esorinareo hiala amin'ny zava-misarik'izao tontolo izao ny fifantohanareo dia lasa tsy ho laharampahamehana intsony ireo zavatra sasany izay heverina ho manan-danja. Ilainareo ny miteny tsia amin'ireo zavatra sasantsasany, na dia heverina ho tsy mampaninona aza. Rehefa mirotsaka ianareo ary manaraka io dingana mandritra ny androm-piainana manontolo amin'ny fanokanana ny fiainanareo ho an'ny Tompo io, dia ho lasa hahatalanjona anareo ny fiovana eo amin'ny fomba fijerinareo sy ny fahatsapanareo ary ny hery ara-panahinareo.

Izao no teny kely fampitandremana. Misy ireo izay te hanimba ny fahafahanareo manovo amin'ny herin' Andriamanitra. Misy ireo izay te hanao izay hahatonga anareo tsy hahatoky tena sy hanao ho tsinontsinona ny fahaizamanao ara-panahy miavaka anananareo amin'ny maha-vehivavy marina anareo.

Tena azo antoka fa ny fahavalo dia tsy tia ny hahatakaranareo ny fanekempihavanana nataonareo tamin'ny batisa na ny fanafiana fahalalana sy hery lalina izay noraisinareo na horaisinareo any amin'ny tempoly dia ny tranon' Andriamanitra. Ary azo antoka fa i Satana dia tsy tia ny hahatakaranareo fa isaky ny manompo sy mitsaoka amimpahamendrehana ao amin'ny tempoly ianareo dia mivoaka avy ao mitondra

ny herin' Andriamanitra ho fiadiana sy miaraka amin'ireo anjeliny "mikarakara" anareo.[3]

I Satana sy ny forongony dia tsy hitsahatra ny hamolavola sakana tsy hahafahanareo mahatakatra ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy izay nomena anareo sy mbola azo omena anareo. Indrisy fa ny sasantsasany amin'ireo sakana ireo dia mety ho vokatry ny fitondrantena tsy mety ataon'ny hafa. Mampalahelo ahy ny mieritreritra fa nisy taminareo no efa nahatsiaro ho notsinontsinoavin'ny mpitarika iray tao amin'ny fisoronana na tsy ninoany, na nampijaliana na nofitahin'ny vadiny, na ny rainy na ny olona iray izay milaza ho namana. Mahaory ahy tokoa hoe nisy taminareo no nahatsiaro ho tsy noraharahina, na tsy nohajaina, na notsaratsaraina. Tsy misy toerana ho an'ny fanafintohinana toy izany ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra.

Etsy ankilany kosa anefa dia mampientanentana ahy ny maheno mpitarika ao amin'ny fisoronana izay mikatsaka fatratra ny fandraisan'ny vehivavy anjara ao amin'ireo filankevitry ny paroasy sy ny an'ny tsatòka. Manentana ny fanahiko ny fanahiko ireo lehilahy tsirairay izay maneho fa ny andraikiny manan-danja indrindra ao amin'ny fisoronana dia ny mikarakara ny vadiny.[4] Deraiko izay lehilahy manaja fatratra ny fahaizan'ny vadiny mandray fanambarana ary mankamamy azy amin'ny maha-vady mitovy lenta aminy azy ao amin'ny fanambadian'izy ireo.

Rehefa takatry ny lehilahy iray ny fiandrianana sy ny herin'ny vehivavy iray Olomasin'ny Andro Farany marintoetra sy tia mikatsaka ary nahazo fanafiana masina, dia tsy mahagaga raha te hitsangana izy rehefa miditra ny trano ravehivavy.

Hatrany am-piandohana no nomena kompà ara-môraly tsy manam-paharoa ireo vehivavy, dia ny fahaizana manavaka ny tsara sy ny ratsy. Mitombo io fanomezam-pahasoavana io eo amin'ireo izay manao fanekempihavana ary mitandrina izany. Ary mihena izany ao amin'ireo izay minia tsy miraharaha ireo didin' Andriamanitra.

Ampiako faingana hoe tsy manafaka ireo lehilahy aho na dia kely aza amin'ny itakian' Andriamanitra *azy ireo ihany koa* ny tokony hahaizany manavaka ny tsara sy ny ratsy. Saingy ry anabaviko malala isany, ny fahaizanareo manavaka ny marina sy ny diso, mba ho mpitahiry ny fahadiovam-pitondrantenan'ny fiarahamonina, dia tena manan-danja amin'izao andro farany izao. Ary miantehitra aminareo izahay mba hampianatra ny hafa hanao torak'izany koa. Aoka ataoko mazava tsara izany: raha very ny fahitsian'ny vehivavy eo amin'izao tontolo izao, dia tsy hihatsara *mihitsy* izao tontolo izao.

Isika Olomasin'ny Andro farany dia tsy avy amin'izao tontolo izao. Fa avy amin'i Isiraely vita fanekempihavanana. Nantsoina isika hanomana vahoaka ho amin'ny fiavian'ny Tompo fanindroany.

Izao aho dia hanazava zavatra maromaro fanampiny mahakasika ny vehivavy sy ny fisoronana. Rehefa atokana ianao hanompo amin'ny antso iray eo ambany fitarihan'ny olona iray izay mihazona fanalahidin'ny fisoronana, toy ny evekanao na ny filohan'ny tsatòkanao, dia omena fahefan'ny fisoronana hanao an'io antso io.

Tahaka izany ihany, ao amin'ny tempoly masina ianao dia mahazo lalana hanatanteraka sy hiandraikitra ôrdônansin'ny tempoly *isaky* ny manatrika ao. Manomana anao hanao izany ny fanafiana masina raisinao ao amin'ny tempoly.

Raha efa nandray fanafiana masina ianao kanefa tsy manambady lehilahy mihazona fisoronana amin'izao fotoana izao, ka misy miteny aminao hoe "mampalahelo fa tsy manana ny fisoronana ianareo ao an-trano," dia fantaro fa tsy marina izany filazana izany. Mety hoe tsy misy *mpihazona* fisoronana ao an-tokantranonao, saingy efa nahazo sy nahavita fanekempihavanana masina tamin' Andriamanitra ianao, tao amin'ny tempoliny. Avy amin'ireo fanekempihavanana ireo no misy fanafiana amin'ny herin'ny fisoronany mirotsaka eo aminao. Ary tsarovy, fa raha sanatria maty ny vadinao, dia *ianao* no ho mpiahy ao an-tokantranonao.

Amin'ny maha-vehivavy Olomasin'ny Andro Farany nahazo fanafiana masina anao, dia miteny sy mampianatra



omban'ny hery sy fahefana avy amin' Andriamanitra ianao. Na amin'ny alalan'ny famporisihana izany na amin'ny resaka atao, dia ilainay ianao hampianatra ny fotopampianaran'i Kristy. Mila ny hevitrao izahay amin'ireo filankevitry ny mpianakavy sy ny an'ny paroasy ary ny an'ny tsatòka. Tena manan-danja ny fandraisanao anjara, fa tsy hoe mba ho hita ety ivelany fotsiny.

Ry anabaviko malala isany, hitombo ny herinareo rehefa manompo ny hafa ianareo. Hanokatra ny lanitra ho anareo ny vavaka sy fifadian-kanina ataonareo, ny fotoana hamakianareo ny soratra masina, ny fanompoana ataonareo any amin'ny tempoly sy ny fanaovanareo ny tantaram-pianakaviana.

Miangavy lahatra anareo aho handalina amim-bavaka ireo fahamarinana *rehetra* mety ho hitanareo mikasika ny herin'ny fisoronana. Azonareo atao ny manomboka izany amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 84 sy 107. Ireo fizarana ireo dia hitondra anareo ho amin'ny andalantsoratra masina hafa. Henik'ireo fahamarinana ireo ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara maoderina. Rehefa mitombo ny fahatakaranao ary mampihatra finoana ny Tompo sy finoana ny herin'ny fisoronany ianao, dia hitombo ny fahafahanao manovo amin'io harena ara-panahy izay natolotry ny Tompo io. Raha manao izany ianao dia ho hitanao fa ho afaka kokoa hanampy amin'ny fanorenana fianakaviana mandrakizay izay miray hina sy voafehy tao amin'ny tempolin'ny Tompo ianao, ary ho feno fitiavana ho an'ny Raintsika any Andanita sy ho an'i Jesoa Kristy.

Ny ezaka rehetra ataontsika eo amin'ny fifanompoana, ny fitoriana ny filazantsara, ny fanatanterahana ny Olomasina, ary ny fanavotana ny maty dia samy mifandray ao amin'ny tempoly masina. Manana tempoly 166 izao isika maneran-tany, ary mbola maro no ho avy.

Araka ny efa fantatrareo, dia havaozina ny Tempolin'i Salt Lake, sy ny Temple Square, ary ny kianja eo anilan'ny Tranoben'ny Biraon'ny Fiangonana, araka ny tetikasa izay hanomboka any amin'ny fiafaran'ity taona ity. *Io* tempoly masina io dia tsy maintsy hokajina sy homanina mba hanentanana ny fanahin'ireo taranaka ho avy, tsy misy hafa amin'ny fiantraikan'izany teo amintsika amin'ity taranaka ity.

Rehefa mitombo ny Fiangonana, dia hisy tempoly fanampiny haorina mba hahafahan'ny fianakaviana maro kokoa mahazo ireo fitahiana lehibe indrindra amin'ny fitahiana rehetra, dia ny fiainana mandrakizay.[5] Ny tempoly dia raisintsika ho *ilay* rafitra masina indrindra ato amin'ny Fiangonana. Isaky ny misy drafitra ambara mikasika ny hanorenana tempoly iray vaovao, dia lasa ampahany manan-danja amin'ny tantarantsika izany. Araka izay voaresantsika teto androany, dia manan-danja indrindra eo amin'ny asa ao amin'ny tempoly ianareo vehivavy, ary ao amin'ny tempoly no handraisanareo ireo harena ara-panahy manan-danja indrindra ho azonareo.

Miangavy anareo aho mba hihaino tsara sy amim-panajana rehefa hanambara drafitra hanorenana tempoly valo vaovao aho. Raha toa ka misy anankiray ambara any amin'ny toerana iray izay manan-danja aminao dia manoro hevitra anao aho mba hanondrika tsotra ombam-bavaka ny lohanao miaraka amin'ny fankasitrahana ao am-ponao. Mahafaly anay ny manambara drafitra hanamboarana tempoly amin'ireto toerana manaraka ireto: Freetown, Sierra Leone; Orem, Utah; Port Moresby, Papua Nouvelle Guinée; Bentonville, Arkansas; Bacolod, Philippines; McAllen, Texas; Cobán, Guatemala; ary Taylorsville, Utah. Misaotra anareo ry rahavavy malala. Ankasitrahanay lalina ny fandraisanareo ireo drafitra ireo sy ny fihetsika feno fanajana nasetrinareo.

Ankehitriny eto am-pamaranana, dia te hamela tsodrano aminareo aho, mba ho takatrareo ilay herin'ny fisoronana izay nampitafiana anareo, ary mba ho ampitomboinareo io hery io amin'ny fampiharanareo ny finoanareo ny Tompo sy ny heriny.

Ry anabavy isany, amim-panajana sy fankasitrahana lalina no hanambarako ny fitiavako anareo. Amimpanetrentena no hanambarako fa velona Andriamanitra! I Jesoa no Kristy. Fiangonany ity. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:7–16.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:18; nampiana fanamafisana.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:2–4.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.



NATAON'NY LOHOLONA GERRIT W. GONG
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana

*Ny hoe an' Andriamanitra sy ny miaraka mandeha eo amin'ny lalan'ny Fanekempihavanany dia midika hoe voatahy noho ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana.*

Ry rahalahy sy ranabavy malala, misy tantara iray mahakasika ny ankizy iray ao amin'ny Kilonga mianatra mivavaka. "Misaotra anao noho ny litera A, ny litera B, . . . ary ny litera G." Mitohy ny vavak'ilay ankizy manao hoe: "Misaotra anao noho ny litera V, Y, Z. Ray malala any An-danitra ô! Misaotra anao noho ny isa 1, sy ny isa 2." Niahotra ilay mpampianatra ao amin'ny Kilonga saingy niandry tamim-pahendrena. Niteny ilay zaza hoe: "Misaotra anao noho ny isa 5 sy ny isa 6 ary misaotra noho ny mpampianatra ahy ato amin'ny Kilonga. Izy no hany olona namela ahy hamita ny vavaka ataoko hatramin'izay."

Maheno ny vavaka ataon'ny zaza tsirairay ny Ray any An-danitra. Manasa antsika amin'ny alalan'ny fitiavana tsy misy fetra Izy mba ho lasa mpino sy mpiombona ao amin'ny fanekempihavanana.

Feno fitaka sy hosoka ary hakingantanana ity izao tontolo izao ity. Tena betsaka ny zavatra toa mandalo sy an-kosoka. Rehefa tsy miraharaha ireo saron-tava, sy endrika ivelany ary ireo j'aime na je n'aime pas avy amin'izao olona rehetra izao isika, dia mikatsaka zavatra mihoatra noho ny zavamanintona ety ivelany misavoamboana, na ny fifandraisana mandalo vetivety, na ny fikatsahana poaka aty ny tombontsoan'ny tena manokana araka izao tontolo izao. Soa ihany fa misy fomba ialana amin'izany.

Rehefa mitandrina ireo didy lehibe an' Andriamanitra isika hoe mitia Azy sy ireo manodidina antsika amin'ny alalan'ny fanekempihavanana, dia manao izany tsy toy ny vahiny na olona voasa, fa amin'ny maha-zanaka an-trano antsika.[1] Mbola marina hatrany ilay zava-mifanohitra hatrizay. Ny famoizantsika ilay araka ny nofo ao amintsika amin'ny alalan'ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana no hahitantsika ilay tsara indrindra mandrakizay ao amintsika sy hahatongavantsika amin'izany,[2] afaka, velona, tena izy, ary hamaritantsika ireo fifandraisana manan-danja indrindra ho antsika. Ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana dia fanaovana sy fitandremana ireo fampanantenana manan-kasina amin' Andriamanitra sy eo amintsika samy isika, izay manasa ilay herin'ny fahamasinana eo amin'ny fiainantsika.[3] Rehefa ny tenantsika manontolo no manao fanekempihavanana, dia afaka ho tonga mihoatra noho izay misy antsika amin'izao isika. Ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana dia manome toerana sy tantara ary fahafahana ho tonga amin'izany. Izany dia miteraka finoana ho amin'ny fiainana sy famonjena.[4]

Ireo fanekempihavanana masina dia lasa loharanom-pitiavana an' Andriamanitra sy avy Aminy, ka noho izany dia ho antsika samy isika sy eo amintsika samy isika. Andriamanitra ilay Raintsika any An-danitra dia tia antsika sy mahafantatra antsika mihoatra noho ny itiavantsika sy ahafantarantsika ny tenantsika. Ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fiovan'ny tena manokana (izany hoe ny fibebahana) dia mitondra famindrampo sy fahasoavana ary famelan-keloka. Ireo no manafaka ny ratra sy fanirery ary tsy rariny izay iainantsika eo amin'ny fiainana an-tany. Noho Izy Andriamanitra, dia tian'ny Raintsika any An-danitra isika hahazo ireo fanomezana lehibe indrindra avy Aminy, dia ny fahasambarany sy ny fiainany mandrakizay.[5]

Ny Andriamanintsika dia Andriamanitry ny fanekempihavanana. Araka ny toetrany, dia "mitandrina ny fanekempihavanana [Izy] ary maneho famindrampo."[6] Maharitra ireo fanekempihavanany, "raha mbola haharitra koa ny fotoana, na hijoro koa ny tany, na hisy koa olona iray hovonjena eto amboniny."[7] Isika dia tsy natao hirenireny ao anatin'ny tsy fahazoana antoka sy ny ahiahin'ny fiainana an-tany, fa ny hifaly ao amin'ny fifandraisana ankamamiana ao amin'ny fanekempihavanana izay "mahery kokoa noho ny famatoran'ny fahafatesana."[8]

Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan' Andriamanitra dia mihatra amin'ny rehetra raha ny fitakiany, fa tanterahina ho an'ny tsirairay. Noho ny fahamarinan' Andriamanitra, dia afaka mandray ireo ôrdônansin'ny famonjena ny olona tsirairay na aiza na aiza misy azy, na oviana na oviana izy no niaina. Mihatra ny fahafahana misafidy. Ny olona tsirairay no misafidy ny hanaiky

na tsia ireo ôrdônansy atolotra. Ireo ôrdônansin' Andriamanitra dia manome takela-by manoro lalana eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanany. Ilay drafitr' Andriamanitra izay mitondra ireo zanany hody dia antsointsika hoe ilay drafitry ny fanavotana, drafitry ny famonjena, drafitry ny fahasambarana. Azo tanterahina ny fanavotana sy ny famonjena ary ny fahasambarana selestialy noho i Jesoa Kristy "nanatontosa ity sorompanavotana tonga lafatra ity."[9]

Ny hoe an' Andriamanitra sy ny miaraka mandeha eo amin'ny lalan'ny Fanekempihavanany dia midika hoe voatahy noho ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana.

Voalohany, ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana dia mifantoka amin'i Jesoa Kristy amin'ny maha-"mpanalalana [Azy] ao amin'ny fanekempihavanana vaovao."[10] Ny zavatra rehetra afaka miara-miasa ho tombontsoantsika rehefa "hamasinina ao amin'i Kristy [isika] . . . ao amin'ny fanekempihavanan'ny Ray."[11] Ny fitahiana tsara sy nampanantenaina rehetra dia tonga amin'ireo izay mijanona ho mahatoky hatramin'ny farany. Ny "toetry ny . . . fahasambaran'ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra" dia ny hoe "tahiana amin'ny zavadrehetra, na ara-nofo na ara-panahy," ary ny "miara-monina amin' Andriamanitra ao amin'ny . . . fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[12]

Rehefa manao izay vitantsika isika mba hanaja ireo fanekempihavanana nataontsika, dia indraindray mety hahatsapa hoe misy anjely miaraka amintsika. Ary dia izany tokoa no izy, dia ireo izay tiantsika sy manampy antsika avy aty amin'ny lafy ilan'ny voaly aty, ary ireo izay tia sy manampy antsika avy any amin'ilay lafy iray hafa amin'ny voaly.

Vao tsy ela aho sy Rahavavy Gong no nahita ohatra tena tsara amin'ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana tao amin'ny hôpitaly iray. Nisy raim-pianakaviana iray tena nila mafy ny hamindrana voa. Efa nitomany ny fianakaviany, sy nifady hanina ary nivavaka mba hahazoany voa ho afindra aminy. Rehefa tonga ny vaovao fa nisy voa vao hita fa azo afindra aminy, dia niteny moramora ny vadiny hoe "Enga anie ka hanaiky ilay fianakaviana iray." Ny hoe miombona ao amin'ny fanekempihavana, araka ny tenin'ny Apôstôly Paoly, dia "ny mba hiarahako hamporisihana aminareo amin'ny finoantsika, dia ny anareo sy ny ahy."[13]

Mandritra ity fiainana ity dia mety ho very ny finoantsika an' Andriamanitra, saingy tsy very finoana amintsika mihitsy Izy. Amin'ny lafiny iray, dia mirehitra foana ny fanilony miandry antsika ho tantanana. Manasa antsika Izy handray na hiverina amin'ireo fanekempihavanana izay mamaritra ny lalany. Miandry Izy, vonona hamihina antsika, eny fa na dia "mbola lavitra aza"[14] isika. Raha tadiavintsika amin'ny masom-pinoana ireo kisary, na tsipika, na teboka mifandray eo amin'ny zavatra niainantsika, dia ho tonga saina isika amin'ny famindrampony sy fankaherezany, indrindra ao amin'ny fitsapana sy fahoriana ary olana mahazo antsika, fa koa ao amin'ireo fifaliana mahazo antsika. Na impiry na impiry isika no tafintohina na solafaka, raha manohy mandroso manatona Azy isika, dia hanampy antsika tsikelikely Izy.

Faharoa, ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mivaingana azontsika tsapain-tanana izay maneho fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana. Ny Bokin'i Môrmôna no ilay fitaovana nampanantenaina ho amin'ny fanangonana an'ireo zanak' Andriamanitra, izay naminaniana fa hoe fanekempihavanana vaovao.[15] Rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna isika, na samirery na miaraka amin'ny hafa, na mangina na amin'ny feo avo, dia afaka manontany an' Andriamanitra "amin-kitsim-po . . ., omban'ny tena finiavana, sady manampinoana an'i Kristy," ary amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, mahazo toky avy amin' Andriamanitra fa marina ny Bokin'i Môrmôna.[16] Tafiditra ao anatin'izany ny fahatokiana fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika, fa i Joseph Smith no mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny, ary ny Fiangonan'ny Tompo dia antsoina amin'ny anarany, dia Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.[17]

Ny Bokin'i Môrmôna dia miteny amin'ny alalan'ny fanekempihavanana fahiny sy maoderina, aminao izay zanak'i Lehia, "zanaky ny mpaminany."[18] Ireo razambenareo dia nahazo fampanantenana iray tamin'ny fanekempihavanana fa ianareo taranak'izy ireo dia hahafantatra feo iray toy ny avy amin'ny vokoka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.[19] Io feo tsapanareo eo am-pamakiana io dia manamarina fa ianareo dia "zanaky ny fanekempihavanana"[20] ary i Jesoa no Mpiandry Tsara anareo.

Ny Bokin'i Môrmôna dia manasa antsika tsirairay, araka ny tenin'i Almà, "[h]anao fanekempihavanana [amin'ny Tompo], fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny [isika] mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny amin[tsika]."[21] Rehefa te hiova ho tsara kokoa isika, araka ny fomba nilazan' olona iray azy hoe "hitsahatra ny alahelo ka ho faly fa hoe faly", dia afaka ny ho lasa mora mandray torolalana sy fanampiana ary tanjaka. Afaka tonga amin'ny alalan'ny fanekempihavanana isika mba hiombona amin' Andriamanitra sy amin'ny fiarahamonin'ny mpino mahatoky, ary dia handray ireo fitahiana nampanantenaina tao amin'ny fotopampianaran'i Kristy,[22] izao ankehitriny izao.

Ny fahefana sy ny herin'ny fisoronana naverina tamin'ny laoniny hitahiana ireo Zanany rehetra dia lafiny fahatelo amin'ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana. Tamin'ity fotoampitantanana ity dia efa tonga i Jaona Mpanao Batisa sy ireo Apôstôly Petera sy Jakoba ary Jaona, amin'ny maha-iraka feno voninahitra azy avy any amin' Andriamanitra, namerina ny fahefan'ny Fisoronany tamin'ny laoniny.[23] Ny fisoronan' Andriamanitra sy ireo ôrdônansiny dia mitondra hamamiana amin'ireo fifandraisana eto an-tany, ary afaka ny hamatotra ny fifandraisana ao amin'ny fanekempihavanana any an-danitra.[24]

Ny fisoronana dia afaka mitsodrano manomboka eo am-pahaterahana ka hatrany am-pasana, manomboka amin'ny fitsofan-drano sy fanomezana anarana ny zaza iray ka hatrany amin'ny fanokanana fasana. Ireo tsodranon'ny fisoronana dia manasitrana, mankahery, ary manoro hevitra. Tezitra tamin'ny

zanany lahy ny raim-pianakaviana iray, ambara-pahatongan'ny fitiavana izay mamela heloka rehefa nanome tsodranon'ny fisoronana sarobidy an'ilay zanany ilay rainy. Noho izy hany mpikamban'ny Fiangonana ao amin'ny fianakaviany, dia niahiahy ny zatovovavy iray mikasika ny fitiavan' Andriamanitra azy raha tsy efa nahazo tsodranon'ny fisoronana iray izay nanentam-panahy. Maneran-tany, patriarika manan-kaja maro no miomana ara-panahy mba hanomezana tsodranon'ny patriarika. Raha vao mametraka ny tanany eo ambony lohanao ilay patriarika, dia tsapany ary ambarany ny fitiavan' Andriamanitra anao. Tononony ny rohim-pirazananao ao amin'ny mpianakavin'i Israely. Lazainy ireo fitahiana avy amin'ny Tompo. Nolazain'ny vadina patriarika iray tamiko tao anaty fandinihana lalina ny fomba fanasan'izy sy ny fianakaviany ny Fanahy indrindra amin'ireo andro izay hanomezan'ny dadan'izy ireo tsodranon'ny patriarika.

Farany, ireo fitahiana noho ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana dia tonga rehefa manaraka ny mpaminanin' ny Tompo isika ary mifaly amin' ny fiainana ireo fanekempihavanan'ny tempoly, ao anatin' izany ny fanambadiana. Lasa masina sy mandrakizay ny fanambadiana araka ny fanekempihavanana rehefa misafidy isan'andro ny fahasambaran'ny vadintsika sy ny fianakaviantsika ho alohan'ny an'ny tenantsika isika. Rehefa ny "izaho" no lasa "isika" dia miara-mivoatra isika. Miara-miha-antitra, dia miara-miha-tanora. Rehefa mifampitahy isika mandritra ny androm-piainana handavana ny tenantsika, dia mahita ireo fanantenantsika sy ny firavoravoantsika voamasina amin'izao fiainana izao sy mandrakizay.

Na dia tsy mitovy aza aza ny toejavatra iainana, rehefa manao izay rehetra azontsika atao isika, sy izay tsara indrindra azontsika atao, ary mangataka amin-kitsimpo ny fanampiany eny an-dalana eny, dia hitarika antsika ny Tompo, amin'ny fotoany sy ny fombany, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.[25] Ireo fanekempihavanan'ny fanambadiana dia mamatotra amin'ny alalan'ny safidy ifanaovan'ireo izay manao izany, ho fampahatsiahivana ny fanajan' Andriamanitra sy ny fanajantsika ny fahafahana misafidy sy ny fitahiana entin'ny fanampiana rehefa samy mikatsaka izany isika.

Ireo fitahiana entin'ny fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana ho an'ireo taranaka mifandimby ao amin'ny fianakaviana dia tsapa any an-tokantranontsika sy ao am-pontsika. Mamelà ahy haneho izany amin'ny ohatra teo aminay manokana.

Fony izaho sy Rahavavy Gong raiki-pitia izay nihanitondra nankany amin'ny fanambadiana dia nianatra mahakasika ny fahafahana misafidy sy ny fanapahan-kevitra aho. Nisy fotoana nianatra tao amin'ny firenena roa samy hafa izahay. Tsoriko fa izany no antony nahazoako ny mari-pahaizana doctorat amin'ny fifandraisana iraisam-pirenana.

Rehefa nanontany aho hoe: "Ray any An-danitra ô, tokony hanambady an'i Susan ve aho?" Dia nahatsapa fiadanana aho. Saingy rehefa nianatra nivavaka omban'ny tena finiavana aho hoe: "Ray any An-danitra ô, tiako i Susan ary tiako hovadina izy. Mampanantena aho fa ho ilay vady sy ray tsara indrindra araka izay vitako," izany hoe rehefa nanao zavatra sy nandray ireo fanapahan-kevitra tsara indrindra, izay vao tena tonga ireo fanamafisana ara-panahy mahery vaika indrindra.

Ankehitriny ireo tetiarana sy tantara ary sary ao amin'ny FamilySearch momba ny fianakaviana Gong sy Lindsay misy anay dia manampy anay hamantatra sy hifandray ary hiombona amin'ny alalan'ireo traikefa efa niainan'ny taranaka nifandimby izay niombona tao anatin'ny fanekempihavanana.[26] Ho anay ireo razambe hajaina dia ahitana an'i:

Bebe Alice Blauer Bangerter (reniben'ny renin-dRahavavy Gong), izay nisy nangata-bady in-telo tao anatin'ny iray andro, ary taty aoriana nangataka ny vadiny hanisy fivoy ny fikapohandiberany mba hahafahany sady mikapoka dibera no manenona sy mamaky teny indray miaraka.

I Dadabe Loy Kuei Char (raiben'ny rain'ny Loholona Gong) izay nibaby ireo zanany ka ny enta-kelin'izy ireo nampitondraina ampondra, tamin'izy ireo niampita ireo saha rakotra rihitr'afotroa tany amin'ny Nosy Lehiben'i Hawaii. Ny fanolorantena sy ny fahafoizan-tenan'ireo taranaka nifandimby tao amin'ny fianakaviana Char dia mitondra fitahiana ho an'ny fianakavianay ankehitriny.

I Bebe Mary Alice Powell Lindsay dia tavela niaraka tamin'ny zaza miisa dimy rehefa maty tampoka tao anatin'ny andro vitsivitsy ny vadiny sy ny zanany lahy voalohany. Mananotena nandritra ny 47 taona i Bebe, ary nikolokolo ny fianakaviany niaraka tamin'ny fitiavana feno fanohanana avy tamin'ireo mpitarika sy mpikambana teo an-toerana. Nandritra izany taona maro izany dia nampanantena ny Tompo i Bebe fa raha manampy azy ny Tompo dia tsy mba hitaraina izy na oviana na oviana. Nanampy azy ny Tompo. Tsy mba nitaraina mihitsy izy.


Ry rahalahy sy anabavy malala, araka ny ijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona, izay rehetra tsara sy mandrakizay dia mifototra amin'ny tena maha-misy marina an' Andriamanitra ilay Raintsika mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanany ary ny Sorompanavotany. Ny Tompontsika Jesoa Kristy no mpanalalana amin'ny fanekempihavanana vaovao. Ny fijoroana ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy no tanjona ara-panekempihavanan'ny Bokin'i Môrmôna.[27] Amin'ny alalan'ny fiainana sy fanekempihavanana, ny fahefan'ny fisoronan' Andriamanitra naverina tamin'ny laoniny dia natao hitahiana ireo zanak' Andriamanitra rehetra, anisan'izany amin'ny alalan'ireo fitahiana entin'ny fanambadiana ao amin'ny fanekempihavanana sy ny fianakaviana ahitana taranaka maro ary fitahiana ho an'ny isam-batan'olona.

Nanambara ny Mpanavotra antsika hoe "Izaho no Alfa sy Omega, Kristy Tompo; eny, Izaho no Izy, ny fiandohana sy ny fiafarana, ny Mpanavotra izao tontolo izao."[28]

Niaraka tamintsika Izy tany ampiandohana, ary miaraka amintsika Izy, ao amin'ireo fiombonana ao amin'ny fanekempihavanana rehetra ataontsika, hatramin'ny farany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Isaac Watts, "My Shepherd Will Supply My Need," *Ensign,* Sept. 2015, 73.
2. Jereo ny Matio 10:39.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20.
4. Jereo ny *Lectures on Faith* (1985), 69.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:1.
7. Môrônia 7:36; jereo ihany koa ny Môrônia 7:32.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:44.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:69.
10. Hebreo 12:24; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:69; 107:19; jereo ihany koa ny Dikantenin'i Joseph Smith, Galatiana 3:20 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny soratra masina).
11. Môrônia 10:33; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:24; 98:3.
12. Môzià 2:41.
13. Romana 1:12; jereo koa ny Môzià 18:8–9.
14. Lioka 15:20.
15. Jereo ny Pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:57.
16. Môrônia 10:4.
17. Jereo ny 3 Nefia 27:7–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:3.
18. 3 Nefia 20:25.
19. Jereo ny 2 Nefia 26:16; 33:13.
20. 3 Nefia 20:26.
21. Môzià 18:10.
22. Jereo ny 2 Nefia 31:2, 12–13.
23. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13; 27:12; jereo ihany koa ny teny fanolorana ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.
24. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:8; jereo koa ny Eksodosy 19:5–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:40. Ireo izay mitandrina fanekempihavanana amim-pahamendrehana dia lasa harena sarobidy, fanjakam-pisorona, firenena masina. Mahamasina ireo fanekempihavanana. Ireo izay mitandrina fanekempihavanana dia lasa voamasina ho an'ny Tompo.
25. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 8:2.
26. Afaka mianatra amin'izy samy izy ireo taranaka, toa ny fianaran'ireo taranaka amin'ny tenan'izy ireo manokana. Ilay Kristiana mpanoratra Søren Kierkegaard dia nandroso hevitra mahaliana toy izao: "Na inona na inona mety ho ianaran'ny taranaka iray amin'ilay iray hafa, dia tsy misy taranaka mianatra ilay tena maha-olombelona avy amin'ireo razambeny" (*Fear and Trembling,* trans. Vigilius Haufniensi [2018], 117).
27. Jereo ny pejin-dohantenin'ny Bokin'i Môrmôna.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:1.



NATAON'I CRISTINA B. FRANCO
*Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

# Mahita fifaliana amin'ny fizarana ny Filazantsara

*Manana Ray any An-danitra be fitia izay miandry ny hiverenantsika any Aminy mba hitahiany ny fiainantsika sy ny fiainan'ireo izay manodidina antsika isika.*

Miantomboka amin'ireto teny ireto ny iray amin'ireo hiran'ny Kilonga tiako indrindra:

*Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny*
*Olomasin'ny Andro Farany*
*mampianatra ahy*
*hoe iza aho*
*sy ny drafitry ny Ray.*
*Ary inoako fa i Jesoa no Kristy.*[1]

Fanambarana tena tsotra sy kanto ny amin'ireo fahamarinana inoantsika izany!

Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia fantatsika hoe iza isika. Fantatsika fa "Andriamanitra dia Rain'ny fanahintsika. Zanany ara-bakiteny isika ary tia antsika Izy. [Niara-]niaina [tamin'ny] Raintsika any An-danitra isika talohan'ny nahaterahantsika teto amin'ity tany ity."

Fantatsika ny drafitr' Andriamanitra. Niaraka Taminy tany isika rehefa nanolotra izany Izy. "Ny tena tanjon'[ny Raintsika any An-danitra],—ny asany sy ny voninahiny, dia ny hanome fahafahana antsika hahazo ny fahasoavany rehetra. Nanome drafitra tonga lafatra Izy mba hanatanterahana ny tanjony. Nahatakatra ary nanaiky io drafitra



io isika talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany.

"I Jesoa Kristy no ivon'ny drafitr' Andriamanitra. I Jesoa Kristy dia nahatanteraka ny tanjon'ny Rainy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, ary nanao izay ahafahantsika tsirairay avy miaina ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay. I Satana na ny devoly dia fahavalon'ny drafitr' Andriamanitra" ary dia efa toy izany hatrany am-piandohana.

"Ny fahafahana na fahazoana misafidy dia anisan'ny fanomezana lehibe indrindra nomen' Andriamanitra ho an'ireo zanany. Tsy maintsy misafidy isika, na hanaraka an'i Jesoa Kristy na hanaraka an'i Satana."[2]

Fahamarinana tsotra azontsika zaraina amin'ny hafa ireo.

Mamelà ahy hilaza aminareo ny fotoana iray nizaran'ny reniko fahamarinana tsotra toy izany noho ny finiavany hiresadresaka tsotra izao sy ny famantarany ny fisian'ny fahafahana hitory.

Taona maro lasa izay dia niverina tany Argentine ny reniko mba hitsidika ny anadahiko. Tsy mba tia mandeha fiaramanidina mihitsy ny reniko, ka noho izany dia niangavy ny iray tamin'ireo zanako lahy izy mba hanome tsodrano fankaherezana sy fiarovana ho azy. Nahatsapa notaomim-panahy ihany koa ilay zanako hitsodrano ny renibeny mba hahazo fitarihana manokana avy amin'ny Fanahy Masina mba hampatanjaka sy hahakasika ny fon'olona maro izay maniry ny hianatra ny filazantsara.

Tao amin'ny seranam-piaramanidin'i Salt Lake, ny reniko sy ny anadahiko dia nifanena tamina zazavavy kely fito taona iray izay nody avy nanao ski niaraka tamin'ny fianakaviany. Tsikaritr'ireo ray aman-dreniny ny firesahany ela tamin-dreniko sy ny anadahiko ka nanapa-kevitra ny hiditra amin'ilay fifampiresahana izy ireo. Nampahafantatra ny tenan'izy ireo ho i Eduardo sy i Maria Susana izy ireo ary i Giada Pol kosa no anaran'ilay zanakavavin'izy ireo. Tonga dia nifandray sy nifankahazo tsara tamin'io fianakaviana maha-teho tia io izy ireo.

Faly ny fianakaviana roa tonta fa hiara-dia hisidina ho any Buenos Aires, Argentine. Rehefa nitohy ny resadresak'izy ireo dia tsikaritry ny reniko fa tsy mbola nahare momba ny Fiangonan'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny izy ireo raha tsy tamin'io fotoana io.

Isan'ny fanontaniana voalohany napetrak'i Susana ny hoe: "Afaka mba lazainao ahy ve ny momba ilay tranombakoka tsara tarehy misy sarivongana volamena eo an-tampony?"

Nohazavain'ny reniko fa ilay trano tsara tarehy dia tsy tranom-bakoka fa tempolin'ny Tompo izay toerana hanaovana fanekempihavanana amin' Andriamanitra mba hahafahantsika miverina miara-miaina Aminy indray andro any. Naborak'i Susana tamindreniko fa mialoha ny dian'izy ireo ho any Salt Lake dia nivavaka izy mba hisy zavatra hampatanjaka ny fanahiny.

Nandritra ilay dia ny reniko dia nizara ny fijoroana ho vavolombelona izay tsotra kanefa matanjaka nananany momba ny filazantsara ary nanasa an'i Susana mba hitady ireo misiônera any amin'ny toeram-ponenany. "Amin'ny fomba ahoana no hahitako azy ireo?" hoy i Susana nanontany an-dreniko.

"Mora fantarina be izy ireo; na izy ireo tovolahy roa manao akanjo fotsy ambony sy karavato na tovovavy roa manao akanjo mihaja, ary mitondra maripamantarana ahitana ny anaran'izy ireo sy ny hoe -Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany- eo amin'ny tratrany foana izy ireo."

Nifanome nomeraon'ny telefaonina ireo fianakaviana ary nifanao veloma teo amin'ny seranam-piaramanidin'i Buenos Aires. I Susana, izay lasa namako akaiky hatramin'izay, dia nilaza tamiko im-betsaka fa tena nalahelo izy rehefa nandao ny reniko teo amin'ny seranam-piaramanidina. Hoy izy hoe: "Namirapiratra hazavana ny reninao. Tsy haiko ny manazava azy fa nisy hazavana izay tsy tiako nafoy teo aminy."

Vantany vao tafaverina tany amin'ny toeram-ponenany i Susana dia lasa izy sy i Giada zanany vavy nizara ny zavatra niainan'izy ireo tamin'ny renin'i Susana izay nipetraka tsy lavitra niala tamin'ny tranon'izy ireo. Raha izy ireo tanaty fiara iny dia sendra nahita tovolahy roa nandeha teny amin'ny arabe i Susana. Nanao fitafiana araka ilay nofariparitan-dreniko izy ireo. Najanony teo am-povoan'ny arabe ny fiarany, nivoaka ny fiara izy, ary nanontany ireo tovolahy roa ireo hoe: "Sao dia mba avy amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ianareo?"

"Eny," hoy izy ireo.

"Misiônera ve?" hoy izy nanontany.

Niara-namaly izy ireo hoe "Eny, misiônera izahay!"

Dia hoy izy hoe: "Miakara anaty fiarako; mankany an-tranoko ianareo hampianatra ahy."





Roa volana taty aoriana dia natao batisa i Maria Susana. Natao batisa ihany koa i Giada zanany vavy rehefa feno sivy taona. Mbola eo am-pampianarana an'i Eduardo izay tena tianay tokoa izahay izao.

Nanomboka tamin'izay i Susana dia lasa anisan'ireo mpitory filazantsara mahafatra-po indrindra fantatro hatrizay. Mitovy amin'ireo zanakalahin'i Môzia izay nitondra fanahy maro ho amin'i Kristy izy.

Tao amin'ny resadresaka iray nataonay dia nanontaniako izy hoe: "Inona no tsiambaratelonao? Ahoana no hizaranao ny filazantsara amin'ny hafa?"

Hoy izy tamiko: "Tsotra be. Isan'andro aho, mialoha ny hialako ny trano, dia mivavaka, mangataka ny Ray any An-danitra mba hitarika ahy amin'olona izay mila ny filazantsara eo amin'ny fiainany. Indraindray aho mitondra Bokin'i Môrmôna hozaraina amin'izy ireo na karatra fizara avy amin'ny misiônera, ka rehefa manomboka miresaka amin'olona aho dia anontaniako fotsiny izy ireo raha efa nahare momba ny Fiangonana."

Nilaza ihany koa i Susana hoe "Indraindray aho dia mitsiky fotsiny eo am-piandrasana ny fiaran-dalamby. Indray andro izay dia nisy lehilahy iray nijery ahy ary niteny hoe -Inona no mampitsiky anao?- Somary nanampoka ahy izy.

"Novaliako hoe -Mitsiky aho satria faly!-

"Dia niteny izy avy eo hoe -Dia inona no mahafaly be anao?-

"Hoy aho hoe -Mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho ary mahafaly ahy izany. Efa nahare momba ny Fiangonana ve ianao?

Rehefa namaly izy hoe tsia dia nomeny karatra fizara izy ary nasainy hanatrika ny fivoriam-bavaka ny alahady manaraka. Ny alahadin'iny dia niarahaba ilay lehilahy teny ambaravarana izy.

Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe:

"Misy zavatra telo azon'ny mpikambana rehetra atao mba hizarana ny filazantsara. . . .

"*Voalohany,* afaka mivavaka isika rehetra mba hanana faniriana hitondra fanampiana ao anatin'ity ampahany manan-danja ao amin'ny asa famonjena ity. . . .

"*Faharoa,* afaka mitandrina ny didy ny tenantsika. . . . Hanana mandrakariva ny Fanahin'ny Mpamonjy miaraka amin'izy ireo ny mpikambana mahatoky mba hitarika azy ireo rehefa mikatsaka ny handray anjara ao amin'ilay asa lehiben'ny fizarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny.

"*Fahatelo,* afaka mivavaka mba hahazo fitaomam-panahy mikasika ny zavatra *azontsika* atao isika . . . hizarana ny filazantsara amin'ny hafa . . . [ary mivavaka] miaraka amin'ny fanolorantena handray andraikitra eo anatrehan'ny fitaomam-panahy voarain[tsika]."[3]

Ry anadahy sy rahavavy, ry ankizy sy tanora isany, afaka ny ho toa an'i Susana namako ve isika ka hizara ny filazantsara amin'ny hafa? Afaka ny hanasa namana iray izay tsy iray finoana amintsika mba hiaraka hiangona amintsika ve isika amin'ny alahady? Na afaka mizara tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna iray amin'ny havana na namana iray ve isika? Afaka ny hanampy ny hafa ve isika hikaroka ny razambeny ao amin'ny tranonkalan'ny FamilySearch na hizara amin'ny hafa ny zavatra nianarantsika nandritra ny herinandro nandritra ny fianarantsika ny *Avia, hanaraka Ahy*? Afaka ny ho tahaka an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika kokoa ve isika ka hizara amin'ny hafa ireo zavatra izay mitondra fifaliana eo amin'ny fiainantsika? Eny no valiny ho an'ny tsirairay amin'ireo fanontaniana ireo! Vitantsika izany!

Ao amin'ny soratra masina dia mamaky isika fa "ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia nirahina -hiasa ao amin'ny tanim-boalobony ho famonjena ny fanahin'ny olona- (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:56). Tafiditra ao anatin'io asa famonjena io ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fihazonana ireo niova fo, ny asa fampahavitrihana ireo mpikambana malaindaina, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana, ary ny fampianarana ny filazantsara."[4]

Ry namana malalako, mila antsika hanangona an'i Isiraely ny Tompo. Nilaza Izy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana hoe: "Aza manahy mialoha koa ny amin' izay holazainareo; fa raketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin'ny fiainana, dia

homena anareo amin'izany ora izany ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay."[5]

Ankoatra izany dia efa nampanantena antsika Izy hoe:

"Ary raha toa aza ka miasa amin'ny andronareo rehetra ianareo hitory fibebahana amin'ity vahoaka ity ary mitondra olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben'ny fifalianareo miaraka aminy ao amin'ny fanjakan'ny Raiko!

"Ary ankehitriny, raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin'ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin'ny fanjakan'ny Raiko, akory ny ho halehiben'ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy!"[6]

Mifarana amin'ny fanambarana lalim-paka toy izao ilay hiran'ny Kilonga nanombohako ny lahateniko:

*'Zaho hanao*
*ny tsara,*
*hitory,*
*hanambara*
*ny fahamarinany.*[7]

Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ireo teny ireo, ary manana Ray any An-danitra be fitia izay miandry ny hiverenantsika any Aminy mba hitahiany ny fiainantsika sy ny fiainan'ireo izay manodidina antsika isika. Enga anie isika hanam-paniriana hitondra ireo anadahy sy rahavavintsika ho ao amin'i Kristy. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy," *Bokin-kiran'ny ankizy,* 48.
2. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera,* ed. nohavaozina (2018), 48.
3. Dallin H. Oaks, "Mizara ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny," *Liahona,* nôv. 2016, 58.
4. *Boky Torolalana 2: Fitananana ny Fiangonana,* 5.0, ChurchofJesusChrist.org; jereo ihany koa ny L. Whitney Clayton, "The Work of Salvation: Then and Now," *Liahona,* sept. 2014, 23.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:85.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16.
7. "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy," 48.



NATAON'NY LOHOLONA DIETER F. UCHTDORF
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Ilay dianao lehibe mampientanentana

*Ny Mpamonjy dia manasa antsika isan'andro mba handao ireo zava-mampiadana sy mampilamina anao, ka hiaraka Aminy hanao ny dian'ny maha-mpianatra.*

### Mikasika ireo olona botry kely

Ny tantara noforonina iray ho an'ny ankizy izay nosoratana taona maro lasa izay, dia manomboka amin'ny fehezanteny hoe: "Nisy olona botry kely iray nipetraka tao anaty lavaka tany ambanin'ny tany."[1]

Ny tantaran'i Bilbo Baggins dia mikasika an'ilay olona botry kely tena faran'izay tsotra sy tsy niavaka izay notolorana tombontsoa tena miavaka: fahafahana tena tsara hanao dia iray mampientanentana sy fampanantenana valisoa lehibe.

Ny olana dia tsy maniry mba hanao dia mampientanentana izany ny ankamaroan'ireo olona botry kely mijoro amin'ny maha-izy azy. Ny fiainan'izy ireo dia tena milamindamina. Izy ireo dia tia misakafo inenina ao anatin'ny iray andro rehefa afaka mahavita izany izy ireo ary tia mandany ny andron'izy ireo eny an-jaridainan'izy ireo, sy mitantara angano an'ireo mpitsidika, ary mihira sy milalao zava-maneno ary mankafy ireo zavatra tsotra mampifalifaly eo amin'ny fiainana.

Rehefa naseho tamin'i Bilbo anefa ny fahafahany hanao dia lehibe mampientanentana, dia nisy zavatra nanentana lalina ny fony. Takany dieny mialoha fa ho sarotra ilay dia. Hampididoza mihitsy aza. Mety tsy ho tafaverina mihitsy aza.

Kanefa tafakatsaka lalina tao ampony ilay antso mba hanao dia mampientanentana. Noho izany dia nilazaon'ity olona botry kely tsy miavaka ity ilay fiainana milamina ary nanao ilay dia lehibe mampientanentana izy izay hitondra azy "any ary hiverina avy eo."[2]

### Ilay dianao mampientanentana

Angamba ny iray amin'ireo antony mahatonga an'ity tantara ity hampientam-po olona maro tokoa dia satria tantara niainantsika koa izany.

Taloha ela be tany, izay nialoha ny nahaterahantsika mihitsy aza, tamin'ny fotoana iray efa tsy tsaroana intsony sy navalon'ny fitadidiana, dia nahazo fanasana koa isika mba hanao dia mampientanentana iray. Andriamanitra, Raintsika any An-danitra no nanolotra izany. Ny



fanekena hanao izany dia mampientanentana izany dia hidika hoe handao ilay fiadanana sy filaminana amin'ny fiarahana niaina mivantana taminy. Hidika izany hoe ho ety an-tany mba hanao dia feno loza sy fitsapana tsy fantatra.

Fantatsika fa tsy ho mora izany.

Saingy fantatsika koa fa hahazo fanomezana sarobidy isika izay ahitana vatana iray sy ny fiainana ireo fifaliana sy alahelo goavana eto an-tany. Hianatra hiezaka sy hikatsaka ary hitolona isika. Hahita ireo fahamarinana momba an' Andriamanitra sy ny tenantsika isika.

Fantatsika, mazava ho azy, fa hanao fahadisoana isika eny an-dalana eny. Saingy nomena fampanantenana anankiray koa isika fa noho ny sorompanavotana lehiben'i Jesoa Kristy dia afaka ny ho voadio amin'ireo fandikana lalàna nataontsika isika, ho voadio ao amin'ny fanahintsika ary hitsangana amin'ny maty sy hiaraka indray amin'ireo olontiantsika indray andro any.

Fantatsika ny halehiben'ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Nomeny aina isika ary tiany hahomby. Noho izany dia nanomana Mpamonjy ho antsika Izy. "Kanefa," hoy ny Raintsika any An-danitra, "dia mahazo mifidy ho an'ny tenanao ianao satria omena anao izany."[3]

Tsy maintsy nisy ampahany mikasika ilay dia mampientanentana eto an-tany izay nampiahiahy sy nampatahotra mihitsy ireo zanak' Andriamanitra, satria nisy rahalahintsika sy anabavintsika ary anadahintsika sy rahavavintsika ara-panahy maro dia maro izay nanohitra izany.[4]

Tamin'ny alalan'ny fanomezana ny fahafahana misafidy sy ny hery fonosin'izany, dia hitantsika fa tsy nanenenana ny miatrika fanamby eo anatrehan'ny halehiben'ny zavatra azontsika ianarana sy ny fahafahantsika ho tonga amin'izay tokony hahatongavantsika mandrakizay.[5]

Ary noho ny fahatokiana ireo fampanantenana sy ny herin' Andriamanitra ary ny Zanany Malalany, dia nanaiky ilay fanamby isika.

Nanaiky izany aho.

Ary nanaiky izany koa ianareo.

Nanaiky ny handao ilay filaminana tao anatin'ny toetrantsika voalohany isika ary hanao ilay diantsika lehibe mampientanentana izay hitondra antsika "ety ary hiverina avy eo."

### Ilay antso mba hanao dia mampientanentana

Saingy manana fomba handrebirebena antsika ny fiainana an-tany, sa tsy izany? Mitady hanadino ilay zavatra lehibe katsahintsika isika ary misafidy ny hitady zava-mampiadana ka mampihena ny fandrosoana sy ny fivoarana.

Mbola misy zavatra tsy azo lavina mitoetra lalina ao am-pontsika anefa, izay mikatsaka mafy tanjona ambony sy mendrika kokoa. Io fikatsahan-javatra mafy io no antony iray mahatonga ny olona ho voasarika any amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin'ny lafiny iray dia fanavaozana ilay antso mba hanao dia mampientanentana izay nekentsika taloha ela be tany. Ny Mpamonjy dia manasa antsika isan'andro mba handao ireo zava-mampiadana sy mampilamina anao, ka hiaraka Aminy hanao ny dian'ny maha-mpianatra.

Misy fiolahana maro eo amin'izany lalana izany. Misy havoana, lohasaha ary fisafelehan-dalana. Mety misy, arapanoharana, hala sy olona goavam-be mampitahotra mihitsy aza izany ary dragona iray na roa mihitsy. Raha mijanona eo amin'ilay lalana anefa ianao ary matoky an' Andriamanitra dia hahita ilay lalana mitondra any amin'ilay tanjonao lehibe ianao amin'ny farany ary ho tafaverina any amin'ilay fonenanao any an-danitra.

Noho izany, ahoana no fomba hanombohanao izany?

Tsotra ihany ilay izy.

### Ampanatony an' Andriamanitra ny fonao.

Voalohany, mila misafidy ny hampanatona ny fonao amin' Andriamanitra ianao. Miezaha isan'andro mba hitady Azy. Mianara mitia Azy. Ary avelao avy eo izany fitiavana izany hanosika anao mba hianatra sy hahatakatra sy hanaraka ireo fampianarany ary hianatra ny hitandrina ireo didin' Andriamanitra. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia nomena antsika amin'ny fomba mazava sy tsotra izay takatry ny ankizy iray. Saingy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy koa dia manana ny valin'ireo fanontaniana faran'izay sarotra eo amin'ny fiainana ary ahitana hevitra tena lalina sy sarotra ka na dia mandalina sy misaintsaina izany mandritra ny fiainana aza isika dia ny ampahany faran'izay kely amin'izany no mety hany takatsika.

Raha toa ianao ka misalasala ao anatin'izany dia mampientanentana izany, satria miahiahy ny amin'ny fahaiza-manaonao, dia tsarovy fa ny maha-mpianatra dia tsy hoe manao zavatra tonga lafatra fa manao zavatra amin'ny nahim-po. Ireo safidy ataonao



no mampiseho hoe iza marina ianao fa tsy ireo fahaiza-manaonao mihitsy.[6]

Na dia tsy mahomby aza ianao dia afaka misafidy ny tsy hilavo lefona, fa kosa hanovo ny herim-ponao sy hibosesika handroso ary hitraka. Izany no sedra lehibe ao anatin'ilay dia.

Fantatr' Andriamanitra fa tsy lavorary ianao ary tsy hahomby ianao indraindray. Mitovy foana ny fitiavan' Andriamanitra anao na sahirana ianao na mahomby.

Tahaka ny ray na reny be fitiavana iray dia tiany fotsiny ianao mba hanohy hiezaka an-tsitrapo. Toy ny mianatra mitendry pianô ny maha-mpianatra. Ny hany azonao atao angamba amin'ny voalohany dia ny mitendry ny "Chopsticks" amin'ny fomba zara raha fantatra hoe feon-kira. Saingy rehefa manohy manao fanazarantena ianao, ireo feon-kira tsotra dia hosoloin'ireo feon-kira sonate, rhapsodie ary concerto indray andro any.

Mety tsy ho avy mandritra izao fiainana izao izany andro izany fa ho avy izany. Ny hany hangatahin' Andriamanitra dia ny hanohizana amin'ny nahimpo ny fiezahana.

## Manolora tanana amim-pitiavana ny hafa

Misy zavatra iray mahaliana mikasika an'ity lalana nosafidinao ity, ary saika mifanohitra amin'ny hevitry ny olona aza izany, dia ny hoe: ny hany fomba ahafahanao mivoatra ao anatin'ilay dian'ny filazantsara ataonao dia ny manampy ny hafa hivoatra koa.

Ny manampy ny hafa *no* lalankizorana amin'ny maha-mpianatra. Manadio antsika amin'ny mahampianatra antsika ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana sy ny fangorahana ary ny asa fanompoana.

Amin'ny alalan'ireo ezaka ataonao mba hanampy ny mahantra sy ny sahirana sy hanolo-tanana an'ireo izay trapahoriana, dia voadio sy voavolavola ny toetranao, ary mivelatra ny fanahinao, ary manana fahatokiana kokoa ianao.

Saingy izany fitiavana izany dia tsy afaka ny hiaraka amin'ny fanantenana fanonerana. Tsy afaka ny ho ilay karazana asa fanompoana izay manantena fankasitrahana, fandokafana na fiangarana izany.

Ireo tena mpianatr'i Jesoa Kristy dia maneho fitiavana tsy misy tambiny an' Andriamanitra sy ireo zanany. Tiantsika ireo izay nandiso fanantenana antsika sy ireo izay tsy tia antsika. Tiantsika na dia ireo mandrabiraby sy manararaotra ary mikatsaka ny handratra antsika aza.

Rehefa fenoinao an'ilay fitiavana madion'i Kristy ny fonao dia tsy mamela toerana ho an'ny lolompo sy ny fitsaratsarana ary ny fanalam-baraka ny hafa ianao. Mitandrina ny didin' Andriamanitra ianao satria tianao Izy. Ao anatin'ny fizotran'izany dia lasa mitovy tsikelikely amin'i Kristy ianao eo amin'ny eritreritra sy eo amin'ny asa atao.[7] Koa inona moa no mety ho dia mampientanentana lehibe kokoa noho izany?

## Zarao ny tantaranao

Ny zavatra fahatelo ezahintsika fehezina ao anatin'ity dia ity dia ny fitondrana eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy sy ny tsy fahamenarana amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.

Tsy afenintsika ny finoantsika.

Tsy alevintsika izany.

Fa resahintsika amin'ny hafa amin'ny fomba mazava sy tsotra mihitsy aza ny mikasika ilay diantsika. Izany no ataon'ny namana. Miresaka zavatra izay manan-danja amin'izy ireo izy ireo. Zavatra izay akaikin'ny fon'izy ireo ary mitondra fiovana ho azy ireo.

Izany no ataonao. Tantarainao ireo tantaranao sy ireo zavatra niainanao amin'ny maha-mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany anao.

Indraindray mampihomehy ny olona ny tantaranao. Indraindray mampitomany azy ireo izany. Indraindray hanampy olona izany mba hanana faharetana sy tanjaka hatrany ary herim-po hiatrehana ora iray hafa, andro iray hafa mba hanakaikezana kely kokoa an' Andriamanitra.

Zarao mivantana amin'olona, ao amin'ny tambazotran-tserasera, ao anatin'ireo vondron'olona ary na aiza na aiza ireo zavatra niainanao.

Ny iray amin'ireo zavatra farany nasain'i Jesoa nataon'ireo mpianany dia ny handehanan'izy ireo manerana izao tontolo izao ka hizara ny tantaran'ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty.[8] Ekentsika amim-pifaliana amin'izao fotoana izao koa izany Asa lehibe anirahana izany.

Tena lehibe ny hafatra asaina zaraintsika: noho i Jesoa Kristy dia afaka ny hiverina soa aman-tsara any amin'ny fonenan'izy ireo any an-danitra ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy

rehetra, ary hitoetra ao anatin'ny voninahitra sy ny fahamarinana izy ireo!

Misy vaovao mahafaly bebe kokoa ilaina zaraina aza.

Niseho tamin'ny olona iray Andriamanitra amin'izao androntsika izao! Manana mpaminany velona isika.

Mamelà ahy hampahatsiahy anareo fa tsy mila anareo mba "hivarotra" ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny na ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Andriamanitra.

Manantena tsotra fotsiny Izy fa tsy hanafina izany ao ambanin'ny vata famarana ianareo.

Ary raha manapa-kevitra ny olona fa tsy natao ho azy ireo ny Fiangonana, dia fanapahan-keviny izany.

Tsy midika akory izany fa tsy nahomby ianao. Tohizo ny fanehoanao hatsaram-panahy amin'izy ireo. Ary tsy manaisotra ny famerenana manasa azy ireo izany.

Ny fahasamihafana misy eo amin'ny fifandraisana tsotsotra amin'olona sy ny fifandraisana mifono fangorahana sy herim-po aseho amin'ny mahampianatra dia ny fanasana!

Tiantsika ary hajaintsika ny zanak' Andriamanitra rehetra, na inona na inona toerana hazonin'izy ireo eo amin'ny fiainana, na inona na inona firazanan'izy ireo na finoan'izy ireo, ary na inona na inona fanapahan-kevitra raisin'izy ireo eo amin'ny fiainana.

Ho anay dia izao no hambaranay, "Avia dia zahao! Fantaro mivantana ny fomba hitondran'ny fandehanana eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra soa sy fahamasinana."

Manasa ny olona izahay mba "ho avy sy hanampy, eo am-piezahanay hanao an'izao tontolo izao ho toerana tsara kokoa."

Ary dia milaza izahay hoe, "Avia dia mijanòna! Mpiray tampo isika rehetra. Tsy lavorary izahay. Matoky an' Andriamanitra izahay ary mikatsaka ny hitandrina ny didiny.

"Miaraha aminay dia hahatonga anay ho olona tsara kokoa ianareo. Ary ho lasa olona tsara kokoa koa ianareo ao anatin'ny fizotran'izany. Ndeha isika hiaraka hanao ilay dia mampientanentana."

### Rahoviana aho no tokony hanomboka?

Rehefa tsapan'i Bilbo Baggins namantsika fa nampientanentana ny tao anatiny ilay antso hanao dia mampientanentana, dia nanapa-kevitra izy fa hatory tsara mandritra ny alina, ary hihinana sakafo maraina feno tsara ary hanomboka ny zavatra voalohany tokony hatao ny ampitso marainan'izany.

Rehefa nifoha i Bilbo dia nahatsikaritra fa nikorontana ny tranony ary saika tsy tsaroany ilay drafiny tena tsara.

Saingy tonga avy eo i Gandalf namany ary nanontany hoe: "Rahoviana ihany ianao no *hanapa-kevitra* ny handeha?"[9] Mba hanenjehana ireo namany dia nanapa-kevitra manokana ny zavatra tokony hatao i Bilbo.

Noho izany dia nihazakazaka haingana nivoaka ny varavarany ilay olona botry kely izay tena tsotra sy tsy niavaka hanao ilay dia mampientanentana. Tena haingana tokoa izany ka hadinony ny satrony, ny tehiny ary ny mosarany fanao am-paosy. Tsy notaperiny akory aza ny sakafo marainany faharoa.

Mety misy lesona ho antsika koa angamba eto.

Raha toa izaho sy ianao mahatsapa faniriana hirotsaka amin'ilay dia mampientanentana izay hiainana sy hizarana ny zavatra efa nomanin'ny Raintsika any An-danitra ho antsika taloha ela be, dia manome toky anao aho fa izao no andro hanarahana ny Zanakalahin' Andriamanitra sy Mpamonjy antsika eo amin'ilay lalan'ny asa fanompoana sy maha-mpianatra nosoritany.

Afaka hiandry mandritra ny fiainantsika iray manontolo ilay fotoana izay hampirindra tsara ny zava-drehetra isika. Saingy izao no fotoana hanoloran-tena tanteraka mba hikatsaka an' Andriamanitra, hanompo ny hafa ary hizara ireo zavatra niainantsika amin'ny hafa.

Avelao ny satroka, ny tehinao sy ny mosaranao ary ny tranonao mikorontana.[10]

Ho antsika izay efa mandeha eo amin'izany lalana izany dia mahereza, manàna fangorahana, manàna fahatokiana ary tohizo ny dia!

Ho an'ireo izay niala teo amin'ilay lalana dia miangavy aho hoe, miverena, miaraha indray aminay ary ampatanjaho kokoa izahay.

Ary ho an'ireo izay mbola tsy nanomboka, nahoana no mangataka andro? Raha te hiaina ireo zavamahatalanjona ao anatin'izany dia ara-panahy lehibe izany ianareo dia atombohy ilay dianareo lehibe mampientanentana! Miresaha amin'ireo misiônera. Miresaha amin'ireo namanareo izay Olomasin'ny Andro Farany. Resaho miaraka amin'izy ireo ny mikasika ity asa mahagaga sy mahatalanjona ity.[11]

Tonga ny fotoana hanombohana izany!

### Avia hiaraka aminay!

Raha mahatsapa ianao fa ny fiainanao dia tokony hisy dikany kokoa, tokony hanana tanjona ambony kokoa sy tokony hahitana fifandraisana mafy kokoa eo amin'ny fianakaviana sy fifandraisana akaiky kokoa amin' Andriamanitra; dia avia re hiaraka aminay.

Raha toa ianao ka mitady vondron'olona izay miasa mba ho tonga amin'ilay tena maha-izy azy azy ireo, sy hanampy ireo sahirana ary hanao an'ity izao tontolo izao ity ho tontolo tsara kokoa, dia avia hiaraka aminay!

Avia dia zahao ny zavatra rehetra mikasika an'ity dia mahagaga sy mahatalanjona ary mampientanentana ity.

Hahafantatra ny tenanao ianao eny an-dalana eny.

Hahatakatra ny tanjon'ny fiainana ianao.

Hahafantatra an' Andriamanitra ianao.

Hiaina dia faran'izay mampientanentana sy faran'izay tsara eo amin'ny fiainanao ianao.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'ilay Mpanavotra antsika sy Mpamonjitsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA


1. J. R. R. Tolkien, *The Hobbit or There and Back Again* (Boston: Houghton Mifflin, 2001), 3.
2. Fanampin-dohatenin'ny *The Hobbit* (Bilbo le hobbit).
3. Mosesy 3:17.
4. Jereo ny Joba 38:4–7 (Nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra); Isaia 14:12–13

("ambonin'ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako"); Apokalypsy 12:7–11 (Nisy ady tany an-danitra).
5. Ny Mpaminany Joseph Smith dia namaritra ny *fahafahana misafidy* ho toy -ny fananan'ny saina fahalalahana, izay iray amin'ireo fanomezana tsara indrindran'ny lanitra natolony tamim-pitiavana ho an'ny olombelona- [*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* comp. Joseph Fielding Smith (1977), 49]. Izany -fananan'ny saina fahalalahana- izany na fahafahana misafidy dia hery izay ahafahan'ny olona tsirairay -manao safidy ho an'ny tenany- (D&C 58:28). Hita ao anatin'izany ny fampiasana ny faniriana hisafidy ny tsara na ny ratsy na ireo ambaratonga samihafan'ny tsara na ny ratsy ary koa ny fahafahana hiaina ny vokatr'izany safidy izany. Tena tian'ny Ray any An-danitra ireo zanany ka tiany isika mba ho tonga amin'ilay tena maha-izy antsika, dia ny ho lasa tahaka Azy izany. Mba hivoarana dia tsy maintsy manana ilay fahaizana ara-boajanahary manao ny safidiny ny olona iray. Tena zava-dehibe ao anatin'ny drafiny ho an'ireo zanany ny fahafahana misafidy ka - na Andriamanitra aza tsy afaka nanao izay hitovian'ny olona Aminy raha tsy nomeny fahafahana aloha izy ireo- [David O. McKay, "Whither Shall We Go? Or Life's Supreme Decision," *Deseret News,* June 8, 1935, 1]" (Byron R. Merrill, "Agency and Freedom in the Divine Plan," in Roy A. Prete, ed., *Window of Faith: Latter-day Saint Perspectives on World History* [2005], 162).
6. Tao amin'ny bokiny *Harry Potter and the Chamber of Secrets,* ny mpanoratra J. K. Rowling dia nampilaza an'i Hogwarts headmaster Dumbledore zavatra tena mitovy tamin'izany tamin'i Harry Potter zatovo. Torohevitra mahafinaritra ho antsika ihany koa izany. Efa nampiasaiko izany tamin'ny hafatra nataoko taloha ary mbola manan-danja ny mamerina an'izany araka ny hevitro.
7. "Ry malala, ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia *ho tahaka Azy isika,* fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa" (1 Jaona 3:2; nampiana fanamafisana).

   Raha sarotra takarina izany fiovana izay, "ny Fanahy dia miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika:

   "Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an' Andriamanitra *no mpiray lova amin'i Kristy koa,* raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa.

   "Fa ataoko fa ny fahoriana amin'izao andro ankehitriny izao dia tsy tokony hoharina amin'ny *voninahitra izay haseho amintsika*" (Romana 8:16–18; nampiana fanamafisana).
8. Jereo ny Matio 28:16–20.
9. Tolkien, *The Hobbit,* 33.
10. Jereo ny Lioka 9:59–62.
11. Jereo ny LeGrand Richards, *A Marvelous Work and a Wonder,* rev. ed. (1966).



NATAON'NY LOHOLONA WALTER F. GONZÁLEZ
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Ny fikasihan'ny Mpamonjy

*Rehefa manatona Azy isika dia ho avy hanavotra antsika Andriamanitra, na mba hanasitrana antsika na hanome antsika ny hery hiatrehana izay toe-javatra misy.*

Tokotokony ho 2.000 taona lasa izay dia nidina avy teny ambonin'ny tendrombohitra ny Mpamonjy rehefa avy nampianatra ny Fahasambarana sy ireo fitsipiky ny filazantsara hafa. Rehefa nandeha Izy dia nanatona Azy ny lehilahy iray nararin'ny habokana. Naneho fanajana lalina ilay lehilahy rehefa niankohoka teo anatrehan'i Kristy, mba hikatsaka fanamaivanana amin'ny fahoriany. Tsotra ny fangatahany: "Tompoko ô, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy."

Dia naninjitra ny tanany ny Mpamonjy ary nikasika azy dia niteny hoe: "Mety Aho; madiova hianao."[1]

Mianatra isika eto fa te hitahy antsika mandrakariva ny Mpamonjy antsika. Mety ho tonga avy hatrany ny fitahiana sasany, mety ho elaela kokoa ny sasany, ary mety ho tonga aorian'izao fiainana izao mihitsy aza ny sasany, kanefa ho tonga amin'ny fotoany ireo fitahiana.

Tahaka ilay boka, isika dia afaka mahazo hery sy fampiononana eto amin'ity fiainana ity amin'ny alalan'ny fanekena ny sitrapony sy ny fahafantarana fa te-hitahy antsika Izy. Afaka mahazo hery hiatrehana izay mety ho olana, sy handresena fakam-panahy, ary hahatakarana sy hiaretana ny zava-miseho eo amin'ny fiainantsika isika. Azo antoka fa tao anatin'ny fotoana navesatra indrindra teo amin'ny



fiainany dia nitombo ny herin'ny Mpamonjy mba hiaritra rehefa niteny Izy hoe "Aoka ny sitraponao no hatao."[2]

Tsy nangataka tamin'ny fomba tafahoatra sy tamim-pitakiana zavatra be ilay boka. Maneho fihetsika feno fanetrentena omban'ny fanantenana lehibe ny teniny, kanefa niaraka tamin'ny faniriana tamin-kitsimpo ihany koa mba ho ny sitrapon'ny Mpamonjy no atao. Ohatra amin'ny fihetsika tokony hanatonantsika an'i Kristy izany. Afaka manatona an'i Kristy amin'ny fahazoana antoka isika fa ny fanirian amin'izao fotoana izao sy ny faniriany mandrakariva dia ny tsara indrindra ho an'ny fiainantsika eto an-tany sy mandrakizay. Manana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay izay tsy ananantsika Izy. Tsy maintsy manatona an'i Kristy amin'ny faniriana amin-kitsimpo isika mba ho voatelina ao amin'ny sitrapon'ny Ray tahaka ny Azy ny antsika.[3] Hanomana antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay izany.

Sarotra be ny maka sary an-tsaina ny fijaliana ara-batana sy ara-pihetsehampo nitambesatra tao amin'ilay boka izay nanatona ny Mpamonjy. Mamely ny hoza-ketsika sy ny hoditra ny habokana, ka miteraka fahasimban'ny endrika sy fahasembanana. Ankoatra izay dia mitondra ho amin'ny fahafaham-baraka lehibe eo anivon'ny fiarahamonina izany. Ny olona voan'ny habokana dia tsy maintsy nandao ireo havan-tiany ary nitoka-monina. Noraisina ho toy ny maloto ny boka, na ara-batana izany na ara-panahy. Noho izany antony izany dia notakin'ny lalàn'i Mosesy ny hanaovan'ny boka akanjo voro-kitsay sy hiantsoantsoany hoe "Maloto e!" rehefa mandeha izy ireo.[4] Noho izy ireo marary sy nankahalaina dia tany amin'ireo trano haolo sy fasana no nipetrahan'ireo boka nony farany.[5] Tsy sarotra ny maka sary an-tsaina fa torotoro ara-batana sy ara-panahy ilay boka izay nanatona ny Mpamonjy.

Na toy ny ahoana na toy ny ahoana dia mety hahatsapa ho torotoro ihany koa isika, na izany vokatry ny zavatra ataontsika ihany na ataon'ny hafa, na vokatr'ireo toe-java-misy izay azontsika na tsy azontsika fehezina. Amin'ny fotoana toy izany dia afaka mametraka ny sitrapontsika eo an-tanany isika.



Taona maro lasa izay no nahazo vaovao sarotsarotra roa herinandro fotsiny mialohan'ny fanambadian'ny iray tamin'ireo zanakay i Zulma vadiko, tsara tarehy, ilay ilako tsara indrindra. Nisy kyste tao amin'ny parotide an'ilay vadiko, ary nitombo haingana izany. Nanomboka nivonto ny tarehiny, ary tsy maintsy nandalo fandidiana sarotra avy hatrany izy. Maro ny eritreritra tonga tao an-tsainy sy nampanahy azy. Homamiadiana ve io fivontosana io? Ahoana no hahasitranan'ny vatany? Ho lasa malemy ve ny tarehiny? Ho toy ny ahoana ny halehiben'ny fanaintainana? Hisy holatra mandra-maty ve ny tarehiny? Hiverina ve ilay fivontosana rehefa avy nesorina? Ho afaka ny hanatrika ny fanambadian'ny zanakay lahy ve izy? Nahatsapa ho trotraka izy rehefa natory tao amin'ny efitrano fandidiana.

Tamin'izay fotoana tena manandanja izay, dia nibitsika taminy ny Fanahy fa tsy maintsy nanaiky ny sitrapon'ny Ray izy. Nanomboka teo dia nanapa-kevitra ny hametraka ny fitokisany amin' Andriamanitra Izy. Tena tsapany nahery vaika tokoa fa na inona na inona no vokany, ny Sitrapony no tsara indrindra ho azy. Vetivety izy dia niharendrika noho ny fampatoriana natao azy mialoha ny fandidiana.

Taty aoriana dia nanoratra tamin'ny fomba kanto tao amin'ny diariny izy hoe: "Raha teo an-databatry ny mpandidy aho dia niankohoka teo anatrehanao ary nanaiky ny sitraponao, dia tafatory aho. Fantatro fa afaka natoky Anao aho noho ny fahafantarako fa tsy misy zavatra ratsy avy Aminao."

Nahazo hery sy fampiononana avy tamin'ny fandeferana ny sitrapony eo anatrehan'ny sitrapon'ny Ray izy. Nanome azy fitahiana lehibe tokoa Andriamanitra tamin'izay andro izay.

Na inona na inona no mety ho toe-javatra iainantsika dia afaka mampihatra ny finoantsika isika mba hanatona an'i Kristy, dia hahita Andriamanitra azontsika itokiana isika. Nanoratra i Gabriel, iray tamin'ireo zanako, indray mandeha izay hoe:

*Araka ny voalazan'ny mpaminany dia*
*mamiratra noho ny masoandro ny*
*tavan' Andriamanitra*
*Ary fotsy noho ny oram-panala ny volony*
*ary mirohondrohona toy ny rano manonja*
*ny feony,*
*Ary tsinontsinona ny olona raha mitaha*
*Aminy. . . .*
*Torotoro aho rehefa tonga saina fa izaho*
*koa dia tsinontsinona.*
*Ary tamin'izay aho vao namindra tamimpahavotsana nankany amin'ny andriamanitra iray azoko itokiana.*
*Ary tamin'izay aho vao nahafantatra ilay*
*Andriamanitra azoko itokiana.*[6]

Ny Andriamanitra izay azontsika itokiana dia afaka mankahery ny fanantenantsika. Afaka matoky Azy isika satria tia antsika Izy ary maniry izay zavatra tsara indrindra ho antsika amin'ny toe-javatra rehetra.

Ny herin'ny fanantenana no nahatonga ilay boka hanatona. Tsy nanome

vahaolana ho azy izao tontolo izao, na dia fampaherezana aza. Noho izany dia tsy maintsy hoe toy ny safosafo ho an'ny fanahiny manontolo ilay fikasihana tsotra nataon'ny Mpamonjy. Ny hany azontsika atao dia ny maka sary an-tsaina ny fahatsapana fankasitrahana lalina izay tsy maintsy tsapan'ilay boka tamin'ny nikasihan'ny Mpamonjy azy, indrindra fa rehefa nahare ilay teny hoe "Mety Aho; madiova hianao" izy.

Milaza ilay tantara fa "nadio tamin'-ny habokany niaraka tamin'izay izy."[7]

Afaka mahatsapa ny fikasihan'ny tanana be fitiavana sy manasitran'ny Mpamonjy ihany koa isika. Endrey ny fifaliana sy fanantenana ary ny fankasitrahana tonga ao anatintsika rehefa fantatsika fa te hanampy antsika mba hadio Izy. Rehefa manatona Azy isika dia ho avy hanavotra antsika Andriamanitra, na mba hanasitrana antsika na hanome antsika ny hery hiatrehana izay toe-javatra misy.

Na izany aza, ny fanekena ny sitrapony, fa tsy ny antsika, dia hanampy antsika hahatakatra ny toe-javatra iainantsika. Tsy misy zavatra ratsy avy amin'Andriamanitra. Fantany izay tsara indrindra ho antsika. Mety tsy hoesoriny eo no ho eo angamba ny enta-mavesatsika. Indraindray dia afaka manao izay hahamaivana kokoa ireny enta-mavesatra ireny Izy, tahaka izay nataony tamin'i Almà sy ny olony.[8] Amin'ny farany, noho ny fanekempihavanana, dia hoesorina ireo enta-mavesatra,[9] na eto amin'ity fiainana ity na amin'ny Fitsanganana amin'ny maty masina.

Ny faniriana amin-kitsimpo mba ho ny sitrapony no hatao, miaraka amin'ny fahatakarana ny toetra araka an'Andriamanitra ananan'ny Mpanavotra antsika, dia manampy antsika hanana ilay karazana finoana nasehon'ilay boka mba ho voadio. I Jesoa Kristy dia Andriamanitry ny fitiavana, Andriamanitry ny fanantenana, Andriamanitry ny fanasitranana, Andriamanitra maniry ny hitahy antsika sy hanampy antsika mba ho madio. Izany no niriny talohan'ny nankanesany teto amin'ity tany ity rehefa nanolo-tena ny hamonjy antsika Izy rehefa lavo noho ny fandikan-dalàna isika. Izany no niriny tao Getsemane rehefa niatrika fanaintainana tsy takatry ny sain'olombelona Izy nandritra ny fijaliany noho ny fanefana ny saran'ny fahotana. Izany no iriny amin'izao fotoana izao rehefa miaro antsika eo anatrehan'ny Ray Izy.[10] Izany no mbola hanohizany ilay fanasana hoe: "Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana."[11]

Afaka manasitrana antsika sy mampitraka antsika Izy satria manana ny fahafahana hanaovana izany. Nitondra teo Aminy ny fanaintainan'ny vatana sy ny fanahy rehetra Izy mba ho feno famindram-po ny kibony mba hahafahany manampy antsika amin'ny zavatra rehetra sy hanasitrana antsika ary hampitraka antsika.[12] Tamin'ny fomba kanto sy mampihetsi-po no nilazan'ny tenin'i Isaia izany, araka izay notanisain'i Abinadia hoe:

"Nitondra marina tokoa ny fahoriantsika Izy ary nivesatra ny alahelontsika. . . .

". . . Nefa Izy dia noratraina noho ny fandikantsika lalàna, notorotoroina noho ny helotsika; ny famaizana nahatra taminy no nahazoantsika fiadanana; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitrana antsika."[13]

Ampianarina ato amin'ity tononkalo ity io hevitra io:

*"Ry mpandrafitra avy ao Nazareta ô,*
*Ity fo maratra tsy mety sitranina,*
*Ity fiainana trotraka amoron-tevana,*
*Azonao amboarina ve izy ireo ry*
*Mpandrafitra ô?*

*Ary amin'ny tanany feno hamorampanahy sy vonon-kanampy,*
*No mampifaningotra ny fiainany mamy*
*Amin'ny fiainantsika izay efa rava,*
*mandra-piarahan'ny fiainantsika sy*
*ny Azy miarina*
*Ho Voary Vaovao—"havaozi[na] ny*
*zavatra rehetra."*

*"Ireo hetahetam-po izay tsy tanteraka,*
*Faniriana, tanjona, fanantenana, ary*
*finoana,*
*Mba tanteraho ho lavorary,*
*Ry mpandrafitra avy ao Nazareta ô!"*[14]

Raha tsapanao fa tsy madio ianao na amin'ny fomba ahoana na ahoana, raha mahatsapa ho torotoro ianao, dia aoka ho fantatrao fa azo diovina ianao, azo amboarina ianao satria tiany ianao. Matokia fa tsy misy zavatra ratsy avy Aminy.


Satria "[nidina] . . . ho ambanin' ny zava-drehetra"[15] Izy, dia ataony izay hahafahana manamboatra ny zavatra rehetra izay rava teo amin'ny fiainantsika, ka noho izany dia azo ampihavanina amin' Andriamanitra isika. Amin'ny alalany no hampihavanana ny zavatra rehetra, na ny ety an-tany na ny any andanitra, ka mampisy ny fampihavanana amin'ny alalan'ny "ràny teo amin'ny hazo fijaliana."[16]

Ndeha isika hanatona an'i Kristy ka hanao ny dingana ilaina rehetra. Rehefa manao izany isika, dia enga anie ny toe-tsaintsika mba ho ilay miteny hoe "Tompoko ô, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy." Raha manao izany isika dia afaka mahazo ny fikasihana manasitran'ny Tompo, miaraka amin'ny feony mahafinaritra manao hoe: "Mety Aho, madiova hianao."

Andriamanitra azontsika itokiana ny Mpamonjy. Izy no Kristy, ilay Voahosotra, ilay Mesia izay ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarany masina, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Matio 8:2–3.
2. Matio 26:42.
3. Jereo ny Môzià 15:7.
4. Jereo ny Levitikosy 13:45.
5. Jereo ny Bruce R. McConkie, *Doctrinal New Testament Commentary* (1973), 1:174.
6. Jereo koa ny Ohabolana 3:5–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:2–3; Mosesy 1:2–10
7. Matio 8:3.
8. Jereo ny Môzià 24:8–15.
9. Jereo ny Môzià 24:13–16.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:3–5.
11. Matio 11:28.
12. Jereo ny Almà 7:12.
13. Môzià 14:4–5.
14. George Blair, "The Carpenter of Nazareth," in Obert C. Tanner, *Christ's Ideals for Living* (Sunday School manual, 1955), 22; tao amin'ny Jeffrey R. Holland, "Broken Things to Mend," *Liahona,* May 2006, 71.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6.
16. Colosiana 1:20; jereo koa ny 2 Korintiana 5:18–20.



NATAON'NY LOHOLONA GARY E. STEVENSON
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Aza mamitaka ahy

*Rehefa mankatò ireo didin' Andriamanitra isika dia ho voatarika mandrakariva eo amin'ilay lalana marina ary tsy ho voafitaka.*

Anio aho dia hanolotra teny mifono torohevitra ho an'ny rehetra, *indrindra* ho anareo ao anatin'ny taranaka vao misondrotra, dia ny ankizy ao amin'ny Kilonga, ny zatovolahy, ary ny zatovovavy izany. Ianareo dia tena tian'ny mpaminanin'ny Tompo amin'izao androntsika izao, dia ny Filoha Russell M. Nelson izany. Tena tiany ianareo ka niresaka tamin'ny maro taminareo izy tamin'ny taona lasa nandritra ny fampitana ny fampaherezam-panahy maneran-tany manokana ho an'ny zatovo izay "Fanantenana ho an'i Isiraely" no lohateniny.[1] Matetika isika no mandre ny Filoha Nelson miantso anareo amin'izany mihitsy: "fanantenana ho an'i Isiraely," ilay taranaka vao misondrotra sy ny hoavin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny.



Ry namako zandry isany, tiako ny hanomboka amin'ny fizarana tantarampianakaviana anankiroa.

## Ilay Dalmatien faha-102

Taona maro lasa izay dia tonga tao an-trano avy niasa aho ary gaga nahita loko fotsy niparitaka teny rehetra teny: teny amin'ny tany, teny amin'ny varavaran'ny garazy, ary teny amin'ny biriky menan'ny tranonay. Nozahako akaiky ny toerana ka hitako fa mbola mando ilay loko. Nisy dian-doko nitarika nankany amin'ny tokotany tao ambadiky ny trano ary dia narahako izany. Hitako tao ny zanako lahy dimy taona, niaraka tamin'ny borosindoko teny an-tanany, nanenjika ny alikanay. Voatondraka loko fotsy ny tapan'ilay Labrador mainty mahafatifatinay!

"Inona ity ataonao?" Hoy aho nanontany tamin'ny feo hentitra.

Nijanona ny zanako lahy, nijery ahy, nijery an'ilay alika, ary nijery ilay borosindoko nisy loko nitete, ka niteny hoe: "Tiako hitovy amin'ireo alika misy teboka mainty ao anatin'ilay horonantsary fotsiny izy. Hitanao, ilay misy ireo Dalmatiens miisa 101."

Tiako ny alikanay. Raha ny hevitro dia tsy misy kianina ilay alika, kanefa nanana hevitra hafa ny zanako lahy.

## Saka mitsoriadria-tsoratra ny volony

Ny tantarako faharoa dia mikasika an'i Dadatoa Grover izay nipetraka tany amin'ny trano iray tany ambanivohitra, lavitra ny tanan-dehibe. Nihaantitra i Dadatoa Grover. Nieritreritra izahay fa tokony hihaona amin'ireo zanakay lahy izy mialoha ny hahafatesany. Koa, indray tolakandro, dia nanao dia lavitra tamin'ny alalan'ny fiara nankany amin'ny tranony izahay. Niara-nipetraka nifampitsidika izahay dia nampahafantatra azy tamin'ireo zanakay lahy. Tsy lasa lavitra akory ny resaka dia naniry ny hivoaka sy hilalao tany ivelany ireo zanakay roalahy zandriny indrindra, angamba dimy sy enina taona tamin'izay.

Raha nandre ny fangatahan'izy ireo i Dadatoa Grover, dia niondrika izy ka nibanjina ny endrik'izy ireo. Efa antitra be sy tsy nahazatra ny endriny ka somary natahotra azy ireto ankizilahy. Hoy izy tamin'izy ireo tamin'ny feony hentitra: "Mitandrema fa misy mouffettes marobe any ivelany any." Raha nandre izany izaho sy i Lisa dia tena gaga tokoa, natahotra izahay sao hitsifotra fofona maimbo amin'izy ireo ny mouffette iray! Tsy ela dia nivoaka nilalao tany ivelany ireo ankizilahy rehefa nanohy fitsidihanay izahay.

Taty aoriana rehefa tao anaty fiara handeha hody izahay dia nanontany an'ireo ankizilahy aho hoe: "Nahita mouffette ve ianareo?" Namaly ny iray tamin'izy ireo hoe: "Tsia, tsy nahita izahay, fa nahita saka mainty iray izay mitsoriadria-tsoratra fotsy ny lamosiny!"

## Ilay mpamitaka lehibe

Ireo tantara momba ny ankizy tsy manan-tsiny mahita zava-baovao momba ny fiainana sy ny tena zava-misy ireo dia mampitsiky antsika tsirairay, kanefa koa maneho hevitra lalina kokoa.



Tao amin'ilay tantara voalohany dia nanana alika fiompy mahafatifaty iray, kanefa na teo aza izany, dia naka loko iray dabakely izy, niaraka teny amin'ny borosy fandokoana teny an-tanany, ka tapa-kevitra ny hamorona ny fiheverany ny zava-marina.

Tao amin'ilay tantara faharoa dia tsy nahafantatra tsotra izao ny mety ho loza natrehan'izy ireo raha nahita mouffette ireo ankizilahy ireo. Noho ny tsy fahafahan'izy ireo nahafantatra ny zavatra tena hitan'izy ireo, dia notandindomin-doza izy ireo. Ireo dia tantara momba ny tsy fahalalana ny tena endri-javatra, ny fiheverana ny zavatra tena izy ho zavatra hafa mihitsy. Tsy dia nampanahy loatra ny vokatr'ireo zavatra nitranga ireo.

Na izany aza, maro ankehitriny no mitolona amin'ireo olana ireo amin'ny ambaratonga lehibe kokoa. Na izy ireo tsy afaka mahita ny zavatra araka ny tena maha-izy azy, na tsy afa-po amin'ny fahamarinana. Ankoatra izany dia misy hery miasa ankehitriny izay natao hitarika antsika mihitsy mba hiala amin'ny fahamarinana tanteraka. Ireny fitaka sy lainga ireny dia mihoatra lavitra ny tsy fahalalana ao anatin'ny tsy fananan-tsiny ny tena endri-javatra ary matetika goavana ny vokatr'izany fa tsy kely.

I Satana, ilay rain'ny lainga sy ilay mpamitaka lehibe, dia manao izay hahatonga antsika hiahiahy ny amin'ireo zavatra araka ny tena ahitana azy, ka na tsy miraharaha ireo fahamarinana mandrakizay na manova azy ireny ho zavatra toa mahafinaritra kokoa. "Miady amin'ny olomasin' Andriamanitra izy"[2] ary nandany arivo taona maro izy nanao kajikajy sy nanao fampiharana ilay fahaizana mandresy lahatra ny zanak' Andriamanitra rehetra mba hino fa *ratsy ny tsara* ary *tsara ny ratsy*.

Izy dia nalaza teo amin'ny fandresendahatra ny olombelona fa ireo mouffettes dia saka kely ihany, na afaka manova ny Labrador ho Dalmatien ianao miaraka amin'ny loko.

Handeha isika izao hitodika any amin'ny ohatra iray momba io fitsipika io mihitsy izay hita ao amin'ny soratra masina rehefa niatrika mivantana izany toe-javatra izany koa i Mosesy mpaminanin'ny Tompo. "Nampaka[rina] . . . ho eo an-tendrombohitra avo izaitsizy tokoa [i Mosesy] ary nahita an' Andriamanitra nifanatrika izy ary niresaka Taminy."[3] Nampianarin' Andriamanitra momba ny tena maha-Izy Azy mandrakizay i Mosesy. Nilaza Izy fa na dia olombelona mety maty sy tsy tonga lafatra aza i Mosesy dia nampianatra an'i Mosesy Andriamanitra fa i Mosesy "natao araka ny endriky ny Zanaka Lahitokako; ary ny Zanaka Lahitokako no . . . ho Mpamonjy."[4]

Ho famintinana, tao anatin'ilay fahitana mahagaga hitany, dia nahita an'Andriamantira i Mosesy, ary nianatra zavatra manan-danja momba ny tenany ihany koa izy: *zanak' Andriamanitra* izy.

Henoy tsara ny nitranga rehefa tapitra io fahitana mahatalanjona io. "Ary ny zava-nitranga, . . . dia . . . tonga i Satana naka fanahy azy, nanao hoe: Ry Mosesy, *zanak'olona,* miderà ahy"[5] Namaly tamin-kerim-po i Mosesy hoe: "Iza moa *ianao*? Fa indro izaho dia *zanak' Andriamanitra,* manahaka ny endriky ny Zanaka Lahitokany; ary aiza izay voninahi*trao* no tokony hidera *anao* aho?"[6]

Raha amin'ny teny hafa dia hoy i Mosesy hoe: "Tsy afaka mamitaka ahy ianao satria fantatro hoe iza aho. Noharina araka ny endrik' Andriamanitra aho. Tsy manana ny fahazavany sy ny voninahiny ianao. Koa nahoana aho no tokony hidera anao na ho tafalatsaka ao amin'ny famitahanao?

Izao dia henoy tsara ny navalin'i Mosesy avy eo. Nanambara izy hoe: "Mialà ety ry Satana; *aza mamitaka ahy.*[7]

Betsaka ny azontsika ianarana avy amin'ny fomba famalin'i Mosesy teo anatrehan'ny fakam-panahin'ny fahavalo. Manasa anareo aho hamaly torak'izany rehefa mahatsapa ho taomin'ny fakam-panahy. Omeo baiko ny fahavalon'ny fanahinareo amin'ny alalan'ny fitenenana hoe: "Mialà! *Tsy manana* voninahitra ianao. Aza maka fanahy ahy na mandainga amiko! Satria fantatro hoe iza aho, dia zanak' Andriamanitra. Ary hangataka fanampiana amin'ilay Andriamanitro foana aho."

Tsy hilavo lefona moramora amin'ilay tanjony manimba mba hamitaka sy handavo antsika anefa ny fahavalo. Marina fa tsy nanao izany tamin'i Mosesy izy, ka naniry kosa ny hanao izay hanadinoan'i Mosesy hoe iza marina izy mandrakizay.

Toy ireny naneho fahatezeran-jaza ireny i Satana ka "nihiaka tamin'ny feo mafy, nitroatroatra teo amin'ny tany sy nandidy, nanao hoe: Izaho ihany no Lahitokana, miderà ahy."[8]

Handeha isika hanao famerenana. Renareo ve izay vao nolazainy teo? "Izaho ihany no Lahitokana. Miderà *ahy*!"

Vokatr'izany dia hoy ilay mpamitaka lehibe: "Aza matahotra; tsy handratra anao aho. Tsy mouffette aho fa saka kely tsy manan-tsiny mitsoriadria-tsoratra mainty sy fotsy fotsiny."

Dia niantso an' Andriamanitra i Mosesy avy eo, ka nahazo ilay tanjany masina. Na dia nangovitra aza ny fahavalo ary nihovitrovitra ny tany dia *tsy nilefitra* i Mosesy. Feno fahatokiana sy nazava ny feony. "Mialà amiko ry Satana," hoy izy, "fa izao Andriamanitra iray izao ihany no hoderaiko, izay Andriamanitry ny voninahitra."[9]

Nony farany dia "Niala teo . . . izy . . . avy teo anatrehan'i Mosesy."[10]

Rehefa avy niseho sy nitsodrano an'i Mosesy noho ny fankatoavany ny Tompo dia niteny hoe:

"Hotahiana ianao ry Mosesy, fa . . . ianao dia hatao mahery noho ny rano maro. . . .

"Ary indro, Izaho momba anao, dia hatrany amin'ny fiafaran'ny andronao."[11]

Ny fanoheran'i Mosesy ny fahavalo dia ohatra mahery vaika sy manazava ny saina amam-panahy ho antsika tsirairay, na inona na inona toe-javatra iainantsika eo amin'ny fiainana. Hafatra mahery vaika ho anareo izany, dia ny hahafantatra izay tokony hatao rehefa miezaka mamitaka anareo izy. Satria ianareo, tahaka an'i Mosesy, dia nomena fanomezana iray, dia ny fanampiana avy any an-danitra izany.

## Didy sy tsodrano

Ahoana no ahafahanao mahita io fanampiana avy any an-danitra io, tahaka ny nahitan'i Mosesy izany, ka tsy ho voafitaka na tafalatsaka ao anatin'ny fakam-panahy ianao? Misy fantsona mazava hahazoana fanampiana avy amin' Andriamanitra izay nohamafisin'ny Tompo Izy Tenany mihitsy indray tato anatin'ity fotoampitantanana rehefa nanambara izy hoe: "Koa Izaho Tompo dia mahalala ny antambo izay hanjo ny mponin'ny tany, ka iantso an'i Joseph Smith zanany mpanompoko sy niteny taminy avy any an-danitra ary nanome azy didy."[12] Raha lazaina amin'ny teny tsotra kokoa dia afaka milaza isika fa ny Tompo, izay mahafantatra "ny fiafarana hatramin'ny fiandohana,"[13] dia mahafantatra ireo fahasarotana miavaka amin'izao androntsika izao. Noho izany dia nanome fomba iray hanoherantsika ireo olana sy fakampanahy Izy, ary ny maro amin'izy ireo dia vokatra mivantan'ny fitaomana mamitaky ny fahavalo sy ireo fanafihany.

Tsotra ilay fomba. Miresaka amintsika zanany amin'ny alalan'ireo mpanompony Andriamanitra, ary manome antsika didy. Azontsika amboarina ireo andininy vao notanisaiko ireo ka hilaza fa "izaho Tompo dia . . . niantso [ny Filoha Russell M. Nelson], mpanompo[ny] sy niteny taminy avy any an-danitra ary nanome azy didy Andriamanitra." Moa ve tsy fahamarinana lehibe izany?

Ijoroako ho vavolombelona amin'ny fomba manetriketrika fa ny Tompo dia tena niresaka marina avy tany an-danitra tamin'i Joseph Smith, nanomboka tamin'ilay Fahitana Voalohany lehibe. Miresaka amin'ny Filoha Nelson koa izy amin'izao androntsika izao. Mijoro ho vavolombelona aho fa niresaka tamin'ireo mpaminany tamin'ny andro fahiny Izy ary nanome azy ireo didy izay natao mba hahazoan'ireo zanany fifaliana eto amin'ity fiainana ity sy voninahitra any amin'ny fiainana ho avy.

Manohy manome didy amin'ny mpaminanintsika velona ankehitriny Andriamanitra. Betsaka ireo ohatra: ny fifandanjana eo amin'ny fampianarana ny filazantsara mifototra ao an-tokantrano ary tohanan'ny Fiangonana, ny fanoloana ny fampianarana sy fitsidihana isan-tokantrano ho fanompoana, ny fanatsarana ireo fomba fanatanterahan-javatra sy ôrdônansy any amin'ny tempoly, ary ny fandaharana vaovao ho an'ny ankizy sy ny zatovo. Talanjona amin'ny fahatsarana sy ny fangorahana asehon'ny Ray any An-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany aho, izay namerina tamin'ny laoniny indray ny Fiangonan'ny Mpamonjy teto an-tany ary niantso mpaminany iray amin'izao androntsika izao. Ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manonitra ireo andro *mahaory* amin'ny *fahafenoan'* ny fotoana.

## Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana

Ny fankatoavana ireo didy nomena ny mpaminanintsika dia tsy fanalahidin'ny fisorohana ny fitaoman'ilay mpamitaka fotsiny ihany fa fanalahidy koa mba hiainana fifaliana sy fahasambarana maharitra ihany koa. Tsotra anefa io rakipohy io: ny fahamarinana, na fankatoavana ireo didy, dia mitondra fitahiana, ary ireo fitahiana dia mitondra fahasambarana, na fifaliana, eo amin'ny fiainantsika.

Mikatsaka ny hamitaka anareo ihany koa anefa ny fahavalo, amin'ilay fomba niezahany namitahana an'i Mosesy. Niseho foana tamin'ny alalan'ilay tsy tena endriny izy. Niezaka nanafina foana ilay tena endriny izy. Mihambo izy fa hahatonga ny fiainanareo ho ory ny fankatoavana ary handroba ny fahasambaranareo izany.

Afaka mieritreritra ny sasany amin'ireo tetika entiny hamitahana ve ianareo? Ohatra, sarontsaronany ny voka-dratsy manimban'ny zava-mahadomelina na ny fisotroana ka lazainy fa hitondra fahafinaretana kosa izany. Arobony ao anatin'ny singa ratsy maro karazana izay hita ao anatin'ny tambazotran-tserasera isika, anisan'izany ny fampitahana mandrava sy ny zava-misy lazaina fa lafatra loatra. Ankoatra izany, dia ataony tsara afina ireo votoatin-javatra maizina sy manimba hita ao amin'ny internet toy ny pôrnôgrafia, sy ireo fanafihana mibaribary ny hafa amin'ny alalan'ny fandrabiana ao amin'ny internet, ary ny famafazana fampahalalana diso mba hiteraka ahiahy sy tahotra ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika. Mibitsika amin-kafetsendratsy izy hoe: "Araho fotsiny aho dia tena ho sambatra ianareo."

Tena manan-danja manokana ho an'izao androntsika izao ireo teny nosoratan'ny mpaminany iray tao amin'ny Bokin'i Môrmôna taonjato maro lasa izay: "Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana *na oviana na oviana*[14] Enga anie ho fantatsika araka ny endriny ireo fitak'i Satana. Enga anie isika hahatohitra sy hahita ireo lainga sy fitaoman'ilay


iray izay mikatsaka ny hamotika ny fanahintsika sy handroba ny fifaliantsika amin'izao fotoana izao sy ilay voninahitsika ho azo any aoriana.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, tsy maintsy mahatoky sy mailo hatrany isika, satria izany no hany fomba hamantarantsika ny fahamarinana sy handrenesantsika ny feon'ny Tompo amin'ny alalan'ny mpanompony. "Fa milaza ny marina ny Fanahy ary tsy mandainga. . . . Noho izany, ireo zavatra ireo dia aseho antsika mazava tsara ho famonjena ny fanahintsika. . . . Fa nolazain' Andriamanitra koa tamin'ny mpaminany fahiny izy ireny."[15] Olomasin' Andriamanitra Tsitoha isika, ilay fanantenana ho an'i Isiraely! Moa ve isika hilavo lefona? "Tokony hisitrika ve isika na hitsoaka an'ilay ady? Tsia! . . . Hijoro ho mahatoky sy marina mandrakariva amin'ny didin' Andriamanitra, amin'ny fanahy, sy ny fo, ary ny tanana isika."[16]

Mijoro ho vavolombelona manokana ny amin'ilay *Iray Masin'i Isiraely* aho, dia i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavana, sy fahamarinana ary fifaliana avy Aminy aho, izay tanteraka noho ny sorona tsy manam-petra sy mandrakizay nataony. Rehefa mankatò ireo didiny isika dia ho voatarika mandrakariva eo amin'ilay lalana marina ary tsy ho voafitaka. Amin'ny anarana masin'ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), HopeofIsrael.ChurchofJesusChrist.org.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:29.
3. Mosesy 1:1–2.
4. Mosesy 1:6.
5. Mosesy 1:12; nampiana fanamafisana.
6. Mosesy 1:13; nampiana fanamafisana.
7. Mosesy 1:16; nampiana fanamafisana.
8. Mosesy 1:19.
9. Mosesy 1:20.
10. Mosesy 1:22.
11. Mosesy 1:25–26.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:17.
13. Abrahama 2:8.
14. Almà 41:10; nampiana fanamafisana.
15. Jakôba 4:13.
16. "Vas-tu faiblir ô jeunesse," *Cantiques,* no. 164.



NATAON'NY FILOHA RUSSELL M. NELSON

# Ny didy lehibe faharoa

*Tretriky ny hafaliana tokoa isika rehefa manampy ireo rahalahy sy anabavintsika.*

Ry rahalahy sy anabaviko malala, misaotra anareo amin'izay rehetra ataonareo mba hanampiana amin'ny fanangonana an'i Isiraely eo amin'ny lafiny roan'ny voaly, mba hanamafisana orina ny fianakavianareo ary mba hitahiana ny fiainan'ireo izay mila fanampiana. Misaotra noho ny fiainanareo toy ny mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy.[1] Ianareo dia mahay sy tia mankatò ireo didiny roa lehibe, dia ny hitia an' Andriamanitra sy ny hitia ny namanareo.[2]

Nandritra ireo enim-bolana farany dia nihaona tamin'ny mpikambana an'arivony izaho sy Rahavavy Nelson rehefa nandeha tany Amerika Afovoany sy Atsimo, ireo nosy ao Pasifika, ary ireo tanàna isan-karazany ao Etazonia. Rehefa nandeha izahay dia ny hampiorina ny finoa*nareo* no nantenainay. Kanefa isaky ny nody izahay dia ny finoa*nay* foana no nampatanjahan'ireo mpikambana sy namana izay nihaona taminay. Afaka miresaka momba ny fotoana telo tena manan-danja avy amin'ny zavatra niainanay vao haingana ve aho?

Tamin'ny volana mey dia nandeha niaraka tamin'ny Loholona Gerrit W. sy Rahavavy Susan Gong tany Pasifika Atsimo izaho sy Rahavavy Nelson. Fony



*Fony izy ireo tany Auckland, Nouvelle-Zélande, ny Filoha sy ny Rahavavy Nelson dia nihaona tamin'ireo mpitarika ny finoana Silamo avy tamina môske roa tao Christchurch, Nouvelle-Zélande.*

izahay tany Auckland Nouvelle-Zélande dia voninahitra ho anay ny nihaona tamin'ireo mpitondra fivavahana mozolmana avy ao amin'ny mosqué anankiroa ao Christianchurch Nouvelle-Zélande, izay vao roa volana talohan'izay no nitifirana ho faty tamin-kerisetra mahatsiravina an'ireo mpivavaka tsy manan-tsiny.

Nampita ny fitiavanay tamin'ireo rahalahy avy amin'ny finoana hafa ireo izahay ary nanamafy indray ny fanolorantena izay niraisanay mikasika ny fahalalahana ara-pivavahana.

Nanolotra asa an-tsitrapo sy fanampiana kely ara-bola ihany koa izahay mba hanorenana indray ny mosqué an'izy ireo. Ny fivorianay niaraka tamin'ireo mpitarika Mozolmana ireo dia heniky ny fanehoana firahalahiana tamim-pitiavana.

Tamin'ny aogôsitra izaho sy Rahavavy Nelson, niaraka tamin'ny Loholona Quentin L. sy Rahavavy Mary Cook, dia nihaona tamin'olona maromaro tao Buenos Aires Argentine, izay tsy mpikamban'ny Fiangonantsika ny ankamaroany, ary ny fiainan'izy ireo dia niova noho ireo seza misy kodiarana nomen'ny Sampana fiantrana olona ao amin'ny Olomasin'ny Andro Farany azy ireo. Nanentana ny fanahinay ny fanehoan'izy ireo fankasitrahana feno fifaliana noho ny fahafahan'izy ireo nandehandeha indray.

Ny fotoana sarobidy fahatelo dia nitranga herinandro vitsy monja izay teto Salt Lake City. Izany dia avy amin'ny taratasy miavaka iray voaraiko tamin'ny tsingerintaona nahaterahako izay nalefan'ny zatovovavy iray 14 taona izay ho antsoiko hoe Mary.

Nanoratra zavatra itovizanay i Mary: "Manan-janaka 10 ianao. Misy ankizy 10 ato aminay. Miteny Sinoa Mandarina ianao. Zaza nantsangana avy any Chine ny fito amin'ireo ankizy ato amin'ny fianakaviako, anisan'izany aho, ka noho izany dia Sinoa Mandarina no fiteny voalohany ampiasainay. Mpandidy fo ianao. Nandalo fandidiana fo misokatra in-droa ny rahavaviko. Tia fotoam-pivavahana adiny roa any am-piangonana ianao. Tia fotoam-pivavahana adiny roa any am-piangonana izahay. Mahay mihaino naoty tsara ianao. Mahay mihaino naoty tsara koa ny anadahiko. Jamba toa ahy koa izy."



Nanohina lalina ny foko ny tenin'i Mary, izay tsy vitan'ny hoe nanambara fotsiny ihany ny toe-tsaina tena tsara ananany fa nanambara ihany koa ny fahafoizan-tenan'ny reniny sy ny rainy.

Ny Olomasin'ny Andro Farany, tahaka ireo mpanara-dia hafa an'i Jesoa Kristy dia mitady mandrakariva fomba hanampiana, sy hampaherezana, ary hitiavana ny hafa. Ireo izay maniry ny ho antsoina hoe vahoakan'ny Tompo dia "te hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay . . . hiara-malahelo amin'izay malahelo; . . . ary hampionona ireo izay mila fampiononana."[3]

Tena mikatsaka marina ny hiaina ny didy lehibe voalohany sy faharoa izy ireo. Rehefa tia an' *Andriamanitra* amin'-ny fontsika rehetra isika, dia mampitodika ny fontsika hitsinjo izay mahasoa ny *hafa* amin'ny lamina iray izay kanto sy tsara.

Tsy ho vita ny hanisa ny habetsahan'ny asa fanompoana atolotry ny Olomasin'ny Andro Farany maneran-tany isan'andro isan-taona, saingy *azo* atao tsara ny manisa ny zavatra tsara ataon'ny Fiangonana amin'ny mahafikambanana azy mba hitahiana ireo lehilahy sy vehivavy, ny ankizilahy sy ny ankizivavy, izay mila tolo-tanana.

Ny fandaharan'asa fanasoavana olona ataon'ny Fiangonana dia natomboka tamin'ny taona 1984. Dia nisy fifadiankanina nataon'ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany taorian'izay mba hanangonam-bola hoentina manampy ireo izay nampahorian'ny hain-tany nitera-doza tao Afrika atsinanana. Nanome 6,4 tapitrisa dôlara ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'io andro fifadian-kanina *tokana* io.

Nalefa tany Ethiopie i M. Russell Ballard izay Loholona tamin'izany niaraka tamin'ny Rahalahy Glenn L. Pace mba hanombantombana ny fomba tsara indrindra azo ampiasana ireo vola masina ireo. Izany ezaka izany taty aoriana no lasa fiantombohan'ny zavatra izay fantatra taty aoriana tamin'ny hoe Sampana fiantrana olona ao amin'-ny Olomasin'ny Andro Farany.

Nanomboka tamin'io fotoana io dia nanolotra vola *roa lavitrisa* dôlara mahery ny Sampana fiantrana olona ao amin'ny Olomasin'ny Andro Farany

mba hoentina hanampiana ireo olona mila fanampiana manerana izao tontolo izao. Io fanampiana io dia atolotra an'ireo olona izay tokony hotolorana izany tsy an-kijery izay fiangonany, na ny zom-pireneny, na ny firazanany, na ny fironany amin'ny lehilahy na amin'ny vehivavy, na ny maha-hoe lehilahy na vehivavy na zavatra hafa ankoatra izay azy, na ny hevitra ara-pôlitika tohanany.

Tsy izay fotsiny ihany. Mba hanampiana ny mpikamban'ny Fiangonan'ny Tompo ao anatin'ny fahasahiranana lalina, dia tiantsika sy iainantsika ilay lalàn'ny fifadian-kanina efa hatry ny ela.[4] Miaritra hanoanana isika mba hanampiana ireo izay noana. Indray mandeha isam-bolana dia tsy mihinan-kanina isika ary manome ny vidin'ilay sakafo (sy mihoatra izany) mba hanampiana ireo sahirana.

Tsy hohadinoiko na oviana na oviana ny fitsidihana nataoko voalohany tany Afrika Andrefana tamin'ny taona 1986. Tonga marobe nanatrika ny fivorianay ireo Olomasina. Na dia tsy nanan-javatra firy aza izy ireo dia tonga nitafy akanjo fotsy tsy misy pentina ny ankamaroany.

Nanontaniako ny filohan'ny tsatòka ny fomba nikarakarany ireo izay tena mahantra. Novaliany hoe mahafantatra tsara ny olona ao aminy ny evekan'izy ireo. Raha afaka nividy sakafo roa isan'andro ny mpikambana dia tsy nisy fanampiana nilaina. Fa raha sakafo iray ihany na latsak'izay no voavidin'izy ireo, na efa miaraka amin'ny fanampian'ny fianakaviany aza, dia nanome sakafo izay novidina tamin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina ny eveka. Dia nampiany an'ity zava-marina mahavariana ity: mazàna ny anjara biriky entin'izy ireo amin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina no *mihoatra* ny fandaniana ataony. Dia nalefa tany amin'ny olona *tany amin'ny toeran-kafa* izay mbola sahirana mihoatra azy ireo avy eo ny vola ambony tamin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina. Ireo Olomasina Afrikanina tena mahatoky ireo dia nampianatra ahy lesona lehibe momba ny herin'ny *lalàna* sy ny *fanahin'ny* fifadian-kanina.

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia mahatsapa



fifandraisana amin'ireo izay mijaly amin'ny fomba rehetra isika.[5] Amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra antsika dia mpirahalahy sy mpirahavavy daholo isika. Manaraka ny fananarana iray ao amin'ny Testamenta Taloha isika hoe: "sokafy tsara aminy ny tànanao, ka ampisambory izay ilainy, araka izay mahory azy."[6]

Miezaka miaina ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo koa isika araka izay voasoratra ao amin'ny Matio 25 hoe:

"Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo:

"Tsy nanan-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo. . . .

". . . Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."[7]

Mamelà ahy hiresaka ohatra vitsy mikasika ny fomba hanarahan'ny Fiangonana ireo fampianaran'ny Mpamonjy ireo.

Mba hanamaivanana ny hanoanana dia mampiasa trano fitehirizan'ny eveka miisa 124 manerana izao tontolo izao ny Fiangonana. Amin'ny alalan'izy ireo dia fangatahana sakafo tokotokony ho 400,000 eo no valina isan-taona ho an'ireo olona sahirana. Any amin'ireo toerana tsy misy trano fitehirizana dia mampiasa vola avy amin'ny kitapom-bolan'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanin'ny Fiangonana ireo eveka sy filohan'ny sampana mba hanomezana sakafo sy vatsy ho an'ireo mpikambana sahirana ao amin'izy ireo.

Na izany aza anefa dia mahakasika olona maro hafa ankoatra ny mpikamban'ny Fiangonana ny olan'ny hanoanana. Mihamahazo vahana manerana izao tontolo izao izany. Tatitra iray vao haingana avy amin'ny Firenena Mikambana no nilaza fa ny isan'ny olona tsy ampy sakafo manerana izao tontolo izao dia mihoatra ny 820 tapitrisa amin'izao fotoana izao, na efa hila ho olona iray ao anatin'ny sivy amin'ny mponina eto an-tany.[8]

Antontan'isa tena mampieritreritra tokoa izany! Velom-pankasitrahana izahay noho ny anjara biriky entinareo. Noho ny falalahan-tanana amim-pitiavana ataonareo, dia olona an-tapitrisany manerana izao tontolo izao no hahazo ireo sakafo tena ilainy, fitafiana, toeram-pialofana ao anatin'ny fotoana voafetra, seza misy kodiarana, fanafody, rano madio ary zavatra maro hafa.

Maro amin'ny aretina manerana izao tontolo izao no ateraky ny rano maloto. Hatramin'izao ny ezaka fanasoavana olona ataon'ny Fiangonana dia efa nitondra fanampiana tamin'ny fanomezana rano fisotro madio tao amin'ny fiarahamonina an-jatony tao amin'ny firenena 76.

Ohatra tena tsara maneho izany ny tetikasa iray ao Luputa ao amin'ny Repoblika Demôkratikan'i Congo. Ilay tanàna izay ahitana mponina 100.000 mahery dia *tsy nanana rano tao an-tranony*. Tsy maintsy nandeha lavitra ireo mponina tao mba hitady loharano azo antoka. Nisy loharano an-tendrombohitra hita tany amin'ny 29 kilaometatra miala avy eo, saingy tsy afaka nampiasa izany rano izany isan'andro ireo mponina tao amin'ilay tanàna.

Rehefa fantatr'ireo misiônerantsika misahana ny asa fanasoavana io olana io, dia niara-niasa tamin'ireo mpitondra tao Luputa izy ireo tamin'ny alalan'ny fanomezana fitaovana sy fanofanana mba hitarihana ilay rano nankany amin'ilay tanàna. Nandany *telo taona* ny vahoaka ao Luputa

nihadiana tatatra iray metatra ny halaliny izay manavatsava vato sy ala mikitroka. Noho ny fiarahan'izy ireo miasa dia tonga ihany ilay androm-pifaliana rehefa afaka nampiasa rano madio ny olona rehetra tao amin'ilay tanàna.

Ny Fiangonana ihany koa dia manampy ireo mpitsoa-ponenana, na avy amin'ny ady an-trano, na ny loza voajanahary, na ny fanenjehana ara-pivavahana. Olona mihoatra ny 70 tapitrisa ankehitriny no voatery niala ny tranony.[9]

Tamin'ny taona 2018 fotsiny dia nanolotra vatsy vonjy taitra ho an'ny mpitsoa-ponenana tao amin'ny firenena 56 ny Fiangonana. Ankoatra izay dia maro ny mpikamban'ny Fiangonana izay mahafoy ny fotoany mba hanampiana ireo mpitsoa-ponenana hiditra ao anatina fiarahamonina vaovao. Isaoranay ny tsirairay avy aminareo izay manao ezaka mba hanampy ireo izay miezaka manangana toeram-ponenana vaovao.

Noho ireo fanomezana aminkalalahan-tanana atolotra any amin'ireo toeram-panobiana an'ny Deseret Industries ao Etazonia dia akanjo an-tapitrisany kilao no voangona sy voafantina isan-taona. Raha toa ka ampiasain'ireo eveka ao an-toerana ireo fitafiana marobe ireo mba hanampiana ireo mpikambana sahirana, ny ampahany *betsaka* indrindra amin'izany kosa dia omena fikambanana mpanao asa soa hafa izay mizara ireo fitafiana maneran-tany.

Ary vao tamin'ny herin-taona ny Fiangonana no nanolotra fitsaboana maso ho an'ny olona mihoatra ny 300.000 tao amin'ny firenena miisa 35, fikarakarana zaza vao teraka ho an'ireo reny sy zaza an'arivony tao amin'ny firenena miisa 39, ary seza misy kodiarana ho an'ny olona mihoatra ny 50.000 izay monina any amin'ny firenena am-polony.

Ny Fiangonana dia fantatry ny maro amin'ny maha-anisan'ireo mpamaly antso voalohany azy rehefa misy loza mamely. Na dia *alohan'ny* hamelezan'ny rivo-doza iray aza dia efa mamolavola drafitra ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo tompon'andraikitra ao amin'ireo faritra voakasika mba hitady ny fomba hanateran'izy ireo ireo vatsy hoentina mamonjy sy hanaovana fanampiana an-tsitrapo ho an'ireo izay ho tra-boina.

Tamin'ny taona lasa fotsiny, dia nahatontosa tetikasa vonjy voina mihoatra ny 100 maneran-tany ny Fiangonana, izay nanampiana ireo niharam-boina noho ny rivo-doza, doro tanety, tondradrano, horohorontany, ary loza hafa. Isak'izay afaka manao izany, dia mivondrona marobe ireo mpikamban'ny Fiangonantsika manao ny akanjo mavon'ny Manome Tanana mba hanampiana ireo izay niharan-doza. Io karazana asa fanompoana io, izay ataon'ny maro aminareo, no fototra manan-danjan'ny fanompoana.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ampahany kely monja amin'ny fandaharan'asa miroborobo momba ny fanampiana sy fanasoavana olona ataon' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ireo atrikasa nofaripiritako ireo.[10] Ary *ianareo* no mahatonga izany rehetra izany ho azo tanterahina. Noho ny fiainana mendri-piderana izay iainanareo, sy ny fonareo tia manome, ary ny fanomezanareo tanana, dia tsy mahagaga raha midera ny ezaka vitanareo ny fiarahamonina sy ny mpitondra fanjakana maro.[11]

Hatramin'ny naha-lasa Filohan'ny Fiangonana ahy dia nahatalanjona ahy ny habetsahan'ny filoham-pirenena, praiminisitra, ary ambasadaoro izay nisaotra ahy tamin-kitsimpo noho ny asa fanasoavana olona ataonareo ho an'ny vahoakan'izy ireo. Ary naneho fankasitrahana ihany koa izy ireo noho ny tanjaka izay nentin'ireo mpikambana mahatokintsika tao amin'ny firenen'izy ireo amin'ny maha-olom-pirenena mahatoky sy mpitondra anjara biriky azy ireo.

Talanjona ihany koa aho rehefa niresaka tamin'ny Fiadidiana Voalohany ireo mpitondra maneran-tany ka nilaza ny *fanantenan'izy ireo* ny hijoroan'ny Fiangonana ao amin'ny tanin'izy ireo. Nahoana? Satria fantatr'izy ireo fa ny Olomasin'ny Andro Farany dia hanangana fianakaviana sy fiarahamonina matanjaka, hanatsara ny fiainana ho an'ny hafa *na aiza na aizaonenan'izy* ireo.

Na aiza na aiza isika no mipetraka, ny mpikamban'ny Fiangonana dia manana fahatsapana miredareda mikasika ny maha-Rainy an' Andriamanitra sy ny maha-mpirahalahy sy mpirahavavy ny olombelona rehetra. Noho izany dia tretriky ny hafaliana



*isika* rehefa manampy ireo rahalahy sy anabavintsika, na aiza na aiza no ipetrahantsika eto amin'ity tontolo mahavariana ity.


Ny fanampiana ny hafa, ny fanaovana ezaka amin-kitsimpo mba hikarakara ny hafa tahaka, na *mihoatra* ny hikarakarantsika ny momba ny tenantsika, no fifaliantsika. Dia tiako hampiana hoe indrindra fa rehefa tsy mety amintsika izany ary voatery hanao zavatra tsy fanaontsika isika. Ny *fiainana* izany didy lehibe faharoa izany no *fanalahidy* hahatongavana ho mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy.

Ry rahalahy sy anabaviko malala, ohatra velona amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fanarahana ny fampianaran'i Jesoa Kristy ianareo. Misaotra anareo aho! Tiako ianareo!

Fantatro fa velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Naverina tamin'ny laoniny amin'izao andro farany izao ny Fiangonany mba hanatanterahana ny tanjon'izany masina. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Môrônia 7:48.
2. Jereo ny Matio 22:37–39; Lioka 10:27.
3. Môzià 18:8–9.
4. Jereo ny Isaia 58:3–12.
5. Tany am-piandohan'ny tantaran'ny Fiangonana dia noana sy tsy nanan-kialofana ary nampahoriana ihany koa ireo mpamaky lay mahery fo.
6. Deoteronomia 15:11.
7. Matio 25:35–36, 40.
8. Jereo ny Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture sy ny zavatra hafa: *The State of Food Security and Nutrition in the World 2019,* 6, fao.org/3/ca5162en/ca5162en.pdf.
9. Jereo ny "Worldwide Displacement Tops 70 Million, UN Refugee Chief Urges Greater Solidarity in Response," United Nations High Commissioner for Refugees website, June 19, 2019, unhcr.org/en-us.
10. Mba hahazoana fampahalalana fanampiny momba ireo ezaka fanaovana asa soa ataon'ny Fiangonana dia jereo azafady ny ChurchofJesusChrist.org/topics/welfare; LatterDaySaintCharities.org; facebook.com/LatterDaySaintCharities; JustServe.org.
11. "Ny kiboky mahomby indrindra hoentintsika dia ny hatsaran'ny fiainantsika manokana sy ny ohatra hasehontsika" (Gordon B. Hinckley, "Find the Lambs, Feed the Sheep," *Liahona,* July 1999, 121).





NATAON'NY FILOHA HENRY B. EYRING
*Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany*

# Fahamasinana sy ny drafitry ny fahasambarana

*Misy fahasambarana lehibe kokoa tonga amin'ny alalan'ny fahamasinan'ny tena kokoa*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, nivavaka aho mba hahazo ilay hery hanampy anareo amin'ny fikatsahanareo manokana ny fifaliana. Misy olona sasany mety efa ampy ny fifaliany, nefa azo antoka fa tsy hisy na iza na iza handa fanomezana fifaliana mihoatra kokoa. Ny olona rehetra dia samy haniry ny hanaiky ilay fanolorana fifaliana maharitra izay azo antoka.

Izany no natolotry ny Ray any Andanitra sy i Jesoa Kristy Zanany Malalany ary ny Fanahy Masina an'ireo fanahy rehetra zanaky ny Ray any An-danitra izay miaina amin'izao fotoana izao sy mbola hiaina na efa niaina teto amin'ity izao tontolo izao ity. Antsoina hoe drafitry ny fahasambarana io zavatra atolotra io. Izany no niantsoan'i Almà mpaminany azy, rehefa nampianatra ilay zanany lahy tafahitsoka tao anatin'ny fijaliana vokatry ny fahotana izy. Fantatr'i Almà fa ny faharatsiana dia tsy ho fahasambarana na oviana na oviana ho an'ny zanany, na ho an'izay mety ho zanaky ny Ray any An-danitra.[1]

Nampianatra ny zanany lahy izy fa ny fitomboana fahamasinana no hany lalana mitondra any amin'ny fifaliana. Nataony mazava fa ny fahamasinana kokoa dia azo tanterahina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay manadio sy mandavorary antsika.[2] Amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana tsy tapaka ary ny fitandremana ireo fanekempihavanana ihany no ahafahantsika rehetra mahazo ilay fifaliana maharitra izay tiantsika hiainana sy hazonina.



Mivavaka aho androany mba ho afaka ny hanampy anareo hahatakatra fa ny fifaliana kokoa dia tonga avy amin'ny fahamasinan'ny tena kokoa, mba handraisanareo andraikitra mifanaraka amin'izany zavatra inoana izany. Avy eo aho hizara ny zavatra fantatro manokana mikasika ny zavatra azontsika atao mba ho mendrika ny hahazo izany fanomezana izany, dia ny ho lasa masina kokoa.

Ny soratra masina dia mampianatra antsika fa ankoatra ireo zavatra hafa dia afaka ny ho hamasinina na ho lasa masina kokoa isika rehefa mampihatra finoana an'i Kristy,[3] mampiseho ny fankatoavantsika,[4] mibebaka,[5] mahafoy tena ho Azy,[6] mandray ireo ôrdônansy masina, ary mitandrina ireo fanekempihavanantsika natao Taminy.[7] Ny fahamendrehana hahazo ilay fanomezana fahamasinana dia mitaky fanetrentena,[8] halemem-panahy,[9] ary faharetana.[10]

Tonga tamiko tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake ny fiainan-javatra iray, dia ny faniriana mba hanana fahamasinana kokoa izany. Niditra vao voalohany ny tempoly aho tamin'izay ary kely fotsiny no nolazaina ahy mikasika ny zavatra hitranga ao. Hitako teo amin'ilay tranobe ireo teny hoe: "Hamasinina ho an'ny Tompo" ary "Ny Tranon'ny Tompo." Nahatsapa ho tena tsindrian-daona aho. Saingy nanontany tena aho raha toa vonona ny hiditra.

Nandeha teo alohako ny raiko sy ny reniko rehefa niditra ny tempoly izahay. Nangatahina izahay mba hampiseho ireo fahazoan-dalanay hidirana ny tempoly izay manamarina ny fahamendrehanay.

Fantatry ny ray aman-dreniko ilay lehilahy teo amin'ny fandraisana ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Noho izany dia naka fotoana kely niresahana taminy izy ireo. Tonga aho dia nandeha irery niditra ilay toerana lehibe, ka fotsy mangatsakatsaka ny zava-drehetra. Nitraka nijery ilay valindrihana aho izay tena avo tamiko, ka toy ny lanitra misokatra izany. Tamin'izay fotoana izay dia nisy eritreritra mazava tonga tao amiko hoe efa tany aho taloha.

Nony avy eo anefa dia naheno feo tena malefaka aho ary tsy ny feoko izany.



Toy izao ireo teny nambara tamin'ny fomba malefaka ireo: "Mbola tsy teto velively ianao tany aloha tany. Ilay fotoana talohan'ny nahaterahanao no tsaroanao. Tany amina toerana masina iray toa an'ity ianao. Nahatsapa ianao fa teo am-pikasana ny ho avy eo amin'ilay toerana nijoroanao ny Mpamonjy. Ary nahatsapa fifaliana ianao satria te hahita Azy mafy."

Tao anatin'ny fotoana fohy monja ihany izany zavatra niainana tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake izany. Kanefa mbola mitondra fiadanana sy fifaliana ary fahasambarana mangina izany.

Nianatra lesona maro aho tamin'io andro io. Iray tamin'izany ny hoe miresaka amin'ny alalan'ny feo tony sy malefaka ny Fanahy Masina. Afaka mandre Azy aho rehefa misy filaminana ara-panahy ao am-poko. Mitondra fahatsapana fifaliana sy fahatokiana ho ahy Izy fa mihamasina kokoa aho. Ary izany dia mitondra foana ilay fifaliana tsapako nandritra ireo fotoana voalohany naha-tao amin'ny tempolin' Andriamanitra ahy.

Efa hitanao teo amin'ny fiainanao manokana sy teo amin'ny hafa ilay fahagagan'ny fifaliana, izay tonga avy amin'ny fitomboan'ny fahamasinana, lasa tahaka ny Mpamonjy kokoa. Herinandro vitsy lasa izay dia namangy olona teo am-pandriana izay afaka niatrika ny fahafatesana niaraka tamin'ny finoana feno ny Mpamonjy sy tamin'ny endrika faly aho.

Ny anankiray dia lehilahy voahodidin'ny fianakaviany. Teo am-piresahana moramora izy sy ny vadiny rehefa niditra izaho sy ny zanako lahy. Efa nifankafantatra tamiko nandritra ny taona maro izy ireo. Efa hitako niasa teo amin'ny fiainan'izy ireo sy teo amin'ny fiainan'ireo olona ao amin'ny fianakavian'izy ireo ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Niara-nisafidy ny fampitsaharana ireo ezaka ara-pitsaboana natao mba hanalavana ny andro iainany izy ireo. Fahatoniana no tsapa rehefa niresaka taminay izy. Nitsiky izy rehefa naneho fankasitrahana ny filazantsara sy ny vokatr'izany izay nanadio azy sy ilay fianakaviana tiany. Niresaka mikasika ireo taona nahafinaritra nanompoany tao amin'ny tempoly izy. Noho ny fangatahan'io lehilahy io dia nohosoran'ny zanako lahy menaka voahasina ny lohany. Nofeheziko ilay fanosorana. Rehefa nanao izany aho dia nanana fahatsapana mazava ny hilaza aminy fa hahita mivantana atsy ho atsy ny Mpamonjiny izy.

Nampanantena azy aho fa hahatsapa fahasambarana sy fitiavana izy ary ho eken'ny Mpamonjy. Nitsiky tamimpitiavana izy rehefa handeha hivoaka izahay. Ny teniny farany tamiko dia hoe "Lazao i Kathy fa tiako izy." I Kathleen vadiko, dia namporisika nandritra ny taona maro ireo taranaka tao anatin'ny fianakaviany mba hanaiky ny fanasan'ny Mpamonjy hanatona Azy sy hanao fanekempihavanana masina ary hahazo ilay



fifaliana izay vokatra entin'izany fahamasinana lehibe kokoa izany.

Nodimandry izy ora vitsy taorian'izay. Herinandro vitsy taorian'ny nahafatesany, dia nitondra fanomezana ho ahy sy ny vadiko ilay vadiny mananotena. Nitsiky izy teo am-piresahanay. Hoy izy tamim-pifaliana hoe: "Noheveriko fa ho malahelo sy ho manirery aho. Tena faly aho. Tsy maninona ve izany araka ny eritreritrareo?"

Noho ny fahafantarako ny halehiben'ny fitiavany ny vadiny sy ny fomba nahafantaran'izy ireo sy nitiavan'izy ireo ary nanompoan'izy roa ny Tompo, dia nolazaiko izy fa ilay fahatsapany fifaliana dia fanomezana nampanantenaina satria nampahamasina azy kokoa ny asa fanompoana nataony tamim-pahatokiana. Nahamendrika azy hahazo izany fifaliana izany ny fahamasinany.

Ny olona sasany izay mihaino amin'izao fotoana fotoana izao dia mety manontany tena hoe: "Nahoana aho no tsy mahatsapa ilay fiadanana sy fifaliana izay ampanantenaina an'ireo izay mahatoky? Naneho fahatokiana aho nandritra ny fahoriana mafy, nefa tsy mahatsapa fifaliana."

Na ny mpaminany Joseph Smith aza dia niatrika izany sedra izany. Nivavaka mba hahazo fahafahana izy rehefa nogadraina tany amin'ny fonja iray tao Liberty, Missouri. Naneho fahatokiana tamin'ny Tompo foana izy. Nitombo ny fahamasinany. Kanefa nahatsapa ho tsy nomena fifaliana izy.

Nampianatra azy ny leson'ny fananana faharetana, izay misy fotoana, ilantsika rehetra azy ny Tompo, ary mety mandritra ny fotoana ela izany, ao anatin'ireo sedra atrehantsika eto an-tany. Izao no hafatry ny Tompo ho an'ilay mpaminaniny mahatoky sy niaina fijaliana:

"Ary raha hatsipy any an-davaka ianao na eo an-tanan'ireo mpamono olona, ary handalo aminao ny fanamelohana ho faty; raha hatsipy any amin'ny lalina ianao; raha mikomy aminao ny alon-drano misamboaravoara; raha manjary fahavalonao ny rivotra mahery; raha manangona haizina ny lanitra, ary miray tsikombakomba ny singa rehetra mba hamefy ny lalana; ary ambonin'izany rehetra izany, raha ireo valanoranon'ny helo no hampitanatana ny vavany mba hitelina anao, dia fantaro anaka, fa ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany.

"Efa nidina tambanin'izany rehetra izany ny Zanak'Olona. Moa va ianao lehibe kokoa noho Izy?

"Koa hazòny ny lalanao dia hitoetra eo aminao ny fisoronana; fa efa voatendry ny fetran'izy ireo ka tsy afa-mihoatra izy. Fantatra ny andronao ary tsy hahena ny taonanao, koa aza matahotra izay mety hataon'ny olona, fa homba anao mandrakizay mandrakizay Andriamanitra."[11]

Izany lesona mifono torolalana izany ihany koa no nomen'ny Tompo an'i Joba, izay niaina zava-tsarotra tokoa mba hamelana ny Sorompanavotana hanamasina azy kokoa. Fantatsika fa masina i Joba araka ny fampahafantarana ny momba azy ananantsika: "Nisy lehilahy iray tany amin'ny tany Oza, Joba no anarany; ary marina sy mahitsy izany lehilahy izany sady natahotra an' Andriamanitra ka nifady ny ratsy."[12]

Avy eo dia namoy ny harenany sy ny fianakaviany ary ny fahasalamany mihitsy aza i Joba. Mety tsaroanareo fa i Joba dia niahiahy ny amin'ny hoe, ilay fahamasinana lehibe kokoa, izay azo tamin'ny alalan'ny fahoriana lehibe kokoa, dia nahamendrika azy hahazo fifaliana lehibe kokoa. Toa nitondra fijaliana ho azy izany fahamasinana izany raha ho an'i Joba.

Saingy ilay lesona mifono fanitsiana nomen'ny Tompo an'i Joseph Smith ihany no nomeny an'i Joba. Navelany hahita ilay toe-javatra niainany izay mahavaky fo tamin'ny alalan'ny maso ara-panahy i Joba. Hoy izy hoe:

"Misikína ary tahaka ny lehilahy;
fa hanadina anao Aho, ka valio:

"Taiza azy hianao, fony Aho nanorina ny tany? Ambarao raha hainao.

"Iza ary no nandidy izay ho refiny, raha fantatrao? Ary iza no nanenjana ny famolaina teo aminy?

"Teo amin'inona no norenana ny vodiandriny? Ary iza no nametraka ny vato fehizorony,

"Raha niara-nihira ny kintan'ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra"[13]

Rehefa avy nibebaka i Joba noho ny nilazany an' Andriamanitra fa manao ny tsy rariny, dia nomena fahafahana hahita ireo fitsapany tamin'ny fomba tsara sy masina kokoa izy. Nibebaka izy.

"Ary Joba dia namaly ny [Tompo] ka nanao hoe:

"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao.

"Iza no mahakatona ny fisainanao amin'ny [tsy fahalalana]? Koa dia nilaza izay tsy fantatro aho, dia zava-mahagaga loatra amiko, izay tsy takatry ny saiko.

"Mifona aminao aho, mihainoa, fa hiteny aho; Hanontany Anao aho, ka ampahafantaro.

"Fandrenesan'ny sofina ihany no nandrenesako Anao; Fa ankehitriny izao kosa dia ny masoko no mahita Anao.

"Koa dia miaiky sy mibebaka eto amin'ny vovoka sy ny lavenona aho."[14]

Rehefa avy nibebaka i Joba ary lasa masina kokoa, dia nomen'ny Tompo fitahiana mihoatra noho ireo zavatra rehetra nafoiny izy. Saingy ny fitahiana lehibe indrindra ho an'i Joba angamba dia ny fitomboany fahamasinana tamin'ny alalan'ny fahoriana sy fibebahana. Mendrika ny hahazo fifaliana lehibe kokoa mandritra ireo andro sisa niainany izy.

Tsy ho tonga amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra fotsiny ny fahamasinana lehibe kokoa. Ho tonga izany amin'ny

alalan'ny fanaovana izay ilaina atao mba hanovan' Andriamanitra antsika.

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanome torohevitra toa faran'izay tsara ho ahy, mikasika ny fomba ahafahana mandroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana mba ho any amin'ny fahamasinana kokoa. Nanoro ilay fomba izy rehefa namporisika hoe:

"Iaino ilay hery mampatanjaka avy amin'ny fibebahana isan'andro, ka hanao sy ho lasa tsaratsara kely kokoa isan'andro.

"Rehefa misafidy ny hibebaka isika, dia misafidy ny hiova! Omentsika fahafahana ny Mpamonjy mba hanova antsika ho lasa ilay tsara indrindra ao amintsika. Misafidy ny hivoatra ara-panahy isika ary hahazo fifaliana, ilay fifalian'ny fanavotana ao Aminy. Rehefa misafidy ny hibebaka isika dia misafidy ny hitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy!"

Notohizan'ny Filoha Nelson ny fanomezana antsika famporisihana ao anatin'ireo ezaka ataontsika mba ho lasa masina kokoa: "Tsy manantena fahalavorariana avy amintsika ny Tompo amin'izao dingana . . . izao. Saingy manantena Izy fa ho lasa hihamadio isika. Ny fibebahana isan'andro no lalana mitondra any amin'ny fahadiovana."[15]

Ny Filoha Dallin H. Oaks, tao anatin'ny lahateny natao nandritra ny fihaonambe tany aloha tany dia nanampy ahy koa mba hahita mazava kokoa ny fomba hitomboantsika fahamasinana sy ny fomba ahafahantsika mahafantatra fa mandroso mankany amin'izany isika. Hoy izy hoe: "Ahoana no ahafahantsika manatratra ny fahamasinana? Ahoana no fomba hanatratrarantsika ilay haavom-pahamasinana izay ahafahantsika manana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva? Ahoana no ahafahantsika mandinika sy manombantombana ireo zavatr'izao tontolo izao amin'ny alalan'ilay fananana fomba fijery mandrakizay?"[16]

Ny valintenin'ny Filoha Oaks dia manomboka amin'ny hoe, fananana finoana lehibe kokoa an'i Jesoa Kristy ho Mpamonjy be fitiavana antsika. Izany dia mitondra antsika any amin'ny fikatsahana famelan-keloka isan'andro sy ny fahatsiarovana Azy isan'andro



amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny. Tonga ny finoana bebe kokoa an'i Jesoa Kristy rehefa mivoky isan'andro amin'ny teniny isika.

Ilay hira ao amin'ny fihirana "Ah, donne-moi, Père" dia manolotra fomba iray mba hangatahana ao anatin'ny vavaka fanampiana mba ho lasa masina kokoa. Milaza amim-pahendrena ilay mpanoratra fa ilay fahamasinana katsahintsika dia fanomezana avy amin'ilay Andriamanitra be fitiavana, ka homena izany rehefa mandeha eny ny fotoana, rehefa nanao izay azontsika natao rehetra isika. Tsaroantsika ilay andininy farany manao hoe:

*Ô mba omeo ahy re*
*fahadiovam-po sy hery,*
*faniriana ho voavonjy*
*ka tsy mba ho very,*
*ho mendrika ho Anao aho,*
*hanompo kokoa,*
*ho tahaka Anao re*
*ry Mpamonjy soa!*[17]

Na inona toe-javatra iainantsika, na aiza na aiza misy antsika eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana izay mitondra mody, dia enga anie ho voavaly ireo vavaka ataontsika mba hanana fahamasinana kokoa. Fantatro fa rehefa omena antsika ny zavatra nangatahantsika dia hitombo ny fifaliantsika. Mety hiadana ny fahatongavan'izany saingy ho avy izany. Izany fahatokiana ananako izany dia avy amin'ilay Ray any An-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy, Zanany Malalany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith, ary ny Filoha Russell M. Nelson dia mpaminanintsika amin'izao fotoana izao. Velona sy tia antsika ilay Andriamanitra Ray. Tiany hody any Aminy isika amin'ny maha-fianakaviana. Manasa antsika ilay Mpamonjy antsika be fitiavana mba hanaraka Azy eo amin'ilay lalantsika mankany. Efa nomanin'izy ireo ny lalana. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Almà 41:10.
2. Jereo ny Almà 42:4–16.
3. Jereo ny Asan'ny Apôstôly 26:18; Etera 4:7.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:34.
5. Jereo ny 3 Nefia 27:19–20.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:50.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:8.
8. Jereo ny Helamàna 3:35.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:1–5.
10. Jereo ny 1 Jaona 3:2–3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:13.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:7–9.
12. Joba 1:1.
13. Joba 38:3–7.
14. Joba 42:1–6.
15. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* mey 2019, 67, 68.
16. Dallin H. Oaks, "Spirituality," *Ensign,* Nov. 1985, 63.
17. "Ah! Donne-moi Père," *Cantiques,* no. 70.



NATAON'NY LOHOLONA HANS T. BOOM
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Mahafantatra sy mitia ary mitombo

*Enga anie isika hahatakatra ny anjarantsika eo amin'ity asa fanompoana lehibe ity mba. hitoviantsika kokoa Aminy.*

Tamin'ny taona 2016 dia tonga nitsidika an'i Pays-Bas sy Belgique ny Amboarampeon'ny Tabernakely avy eto Temple Square. Ary noho izaho tafiditra tao anatin'io hetsika mampientanentana io dia nanana fahafahana ny hankafy in-droa ny fampisehoana nataon'izy ireo aho.

Nandritra io fampisehoana io dia nieritreritra aho hoe tena fahasahiranam-be ny fitondrana io amboarampeo goavana io mitety faritra. Lasa saina aho nieritreritra ilay ampongabe vy izay azoko antoka fa sarotra sy lafo tokoa ny fitaterana azy raha oharina amin'ny lokanga sy ny trompetra ary ireo zava-maneno hafa izay azonareo entina mora foana eny an-tanana. Kanefa rehefa nandinika ny tena fampiasana io ampongabe vy io aho dia im-bitsy ihany izy io no novelesina, ary ireo zava-maneno madinika hafa rehetra kosa nefa dia im-betsaka nampiasaina tao anatin'ilay fampisehoana. Tonga saina aho fa tsy ho nitovy mihitsy ny fivoakan'ny fampisehoana raha tsy nisy ny fidobok'io ampongabe vy io, ka noho izany dia tsy maintsy natao ny ezaka nitaterana ity ampongabe vy ity nitety ny lalana rehetra namakivaky ny ranomasimbe.

Indraindray isika dia mety mahatsapa tena ho toy io ampongabe vy io, tsy mahavita afa-tsy kely fotsiny ao anatin'ilay fampisehoana. Saingy mamelà ahy hilaza aminao fa ny fanenonao no manova ny zava-drehetra.

Ilaintsika ny zava-maneno rehetra. Ny sasany amintsika dia mora mianatra sy mahay tsara any an-tsekoly, raha



ny hafa kosa dia manan-talenta arajavakanto. Ny sasany dia mamorona sy manangana zavatra, na mikolokolo sy miaro, na mampianatra ny hafa. Ilaina daholo isika rehetra mba hanome loko sy lanja an'ity tontolo ity.

Ho an'ireo izay mahatsapa fa tsy manana na inona na inona atolotra, na mino fa tsy misy lanjany izy ireo na fiantraikany na amin'iza na amin'iza, ho an'ireo hafa izay mety ho mahatsapa fa efa lafatra ny fiainany ary ireo hafa rehetra eo anelanelan'ireo no tiako hizarana ity hafatra ity.

Na aiza na aiza misy anareo eo amin'ny lalam-piainana, ny sasany aminareo dia mety ho mahatsapa ho mizaka entamavesatra loatra ka tsy mihevi-tena akory hoe eo amin'io lalana io. Te hanasa anao aho hiala ny haizina hankamin'ny fahazavana. Ny fahazavan'ny filazantsara dia hanome hafanana sy fahasitranana ary hanampy anao hahatakatra hoe iza marina moa ianao ary inona no tanjonao eto amin'ity fiainana ity.

Ny sasany amintsika dia nirenireny teny amin'ireo lalana tsy azo aleha miezaka mitady fahasambarana any.

Manasa antsika ny Ray any Andanitra be fitiavana mba handeha eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra sy hiverina Aminy. Tia antsika amin'ny fitiavana tonga lafatra Izy.[1]

Inona moa ilay lalana? Ilay lalana dia ny mifanampy mba hahatakatra hoe iza moa isika amin'ny alalan'ny fifanompoana.

Amiko ny fanompoana dia fanehoana fitiavana avy amin' Andriamanitra.[2] Amin'izany fomba izany no hamoronantsika tontolo izay hahazoan'ny mpanome sy ny mpandray faniriana hibebaka. Raha ambara amin'ny teny hafa dia miova lalana isika ary manatona sy lasa mitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika.

Ohatra, tsy ilaina ny hitenenana lava ny vadintsika na ny zanatsika amin'ny zavatra izay tokony hatsarain'izy ireo. Efa fantatr'izy ireo izany. Amin'ny alalan'ny famoronana an'io tontolon'ny fitiavana io no hahafahan'izy ireo hahazo hery hanaovana ireo fanovana ilaina eo amin'ny fiainan'izy ireo ka ho tonga olona tsara kokoa.

Amin'io fomba io no mahatonga ny fibebahana ho lasa dingana fanadiovana atao isan'andro, izay mety ahitana ny fialan-tsiny noho ny zavatra ratsy natao. Tsaroako ary mbola iainako ireo toe-javatra izay nahatonga ahy ho mora mitsara loatra na tsy dia mihaino loatra. Ary amin'ny fiafaran'ny andro nandritra ny vavaka manokana fanaoko dia nahatsapa ny torohevitra feno fitiavana avy any an-danitra aho ny tokony hibebahako sy ho tonga tsaratsara kokoa. Ny tontolo feno fitiavana izay tany am-boalohany noforonon'ireo ray aman-dreniko sy ny rahalahiko ary ireo anabaviko, ary taty aoriana noforonin'ny vadiko sy ireo zanako ary koa ireo namako, no nanampy ahy ho lasa olona tsara kokoa.

Fantatsika rehetra ny zavatra ilaintsika hatsaraina. Tsy ilaina ny mifampahatsiahy lavareny, saingy ilaina ny mifankatia sy mifanompo, ary ny fanaovana izany no mampisy tontolo anjakan'ny fahavonona hiova.

Ao amin'io tontolo io ihany no ianarantsika hoe iza marina moa isika ary inona no ho anjara andraikitsika ao anatin'ity fizarana farany amin'ny tantaran'izao tontolo izao ity izay mialoha ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany.

Raha toa ka manontany tena ny amin'izay anjaranao ianao dia te hanasa anao aho hitady toerana iray izay hahafahanao mitokana ka hangataka ny Ray any An-danitra hampahafantatra anao izay anjara tokony ho lalaovinao. Mety ho tonga tsikelikely ny valiny ary avy eo dia hihamazava kokoa rehefa nahazo toerana mafy orina kokoa isika eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana sy ny fanompoana.

Miaina ny sasany amin'ireo olana mitovy amin'izay natrehan'i Joseph Smith isika fony izy "teo afovoan'[ny] ady antsanga sy horakoraka teo amin'ny hevitra." Araka ny hitantsika eo amin'ny tantara noraketiny, dia matetika izy no nanontany anakampo hoe: "Inona no tokony hatao? Iza amin'ireo andiany rehetra ireo no marina? Sa miara-diso avokoa izy ireo? Raha marina ny anankiray aminy, dia iza izany? Ary ahoana no hahafantarako azy?"[3]



Noho ny fahalalana izay azony tao amin'ny Epistily nosoratan'i Jakoba, izay nilaza fa "raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany,"[4] dia "farany dia tonga teo amin'ny fanapahan-kevitra" i Joseph ny -hangataka amin' Andriamanitra-".[5]

Hitantsika misimisy kokoa avy eo fa "sambany nanao andrana toy izany [izy] teo amin'ny fiaina[ny], fa na dia teo afovoan'ny tebitebi[ny] rehetra aza [izy] dia tsy mbola nanandrana na oviana na oviana ny nanao tonom-bavaka."[6]

Koa mety ho toy izany koa hoe sambany ho antsika ny hiresahantsika amin'ilay Mpahary antsika amin'ny fomba izay tsy mbola nataontsika hatrizay.

Noho ilay fanandramana nataon'i Joseph, dia niseho taminy ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany, niantso azy tamin'ny anarany, ary ny vokatr'izany dia manana fahatakarana mazava lavitra kokoa isika hoe iza moa isika ary koa hoe tena manandanja isika.

Hitantsika koa fa fony zatovo i Joseph dia "nenjehin'ireo izay tokony ho nama[ny] ary tokony hitondra [azy] araka ny halemem-panahy."[7] Araka izany dia mety ampoizina ny hisian'ny fanoherana raha manana fiainana araka ny maha-mpianatra isika.

Raha mahatsapa ianao ankehitriny fa tsy afaka ny ho isan'ilay ôrkesitra ary toa sarotra aminao ilay lalan'ny fibebahana, dia aoka ho fantatrao fa raha manohy miezaka isika dia ho esorina amin'ny sorotsika ny enta-mavesatra ary ho avy indray ny fahazavana. Tsy handao antsika velively ny Ray any An-danitra rehefa mitady Azy isika. Na mianjera aza isika ka miarina dia hanampy antsika Izy hamafa ny loto eo amin'ny lohalitsika.

Maratra ny sasany amintsika, saingy ny kojakoja famonjena aina an'ny Tompo dia ahitana famonosam-pery lehibe ampy hamonosana ireo ratrantsika rehetra.

Koa dia io fitiavana io, io fitiavana tonga lafatra io izay antsointsika koa hoe fiantrana na ny "fitiavana madion'i Kristy",[8] izay ilaina ao antokantranontsika, izay toerana hanompoan'ireo ray aman-dreny an'ireo zanany, sy hanompoan'ireo zanaka an'ireo ray aman-dreniny. Amin'ny alalan'io fitiavana io dia hiova ireo fo ary ho tonga ny faniriana vaovao hanatanteraka ny Sitrapony.

Io fitiavana io no ilaina eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny maha-zanaky ny Raintsika any An-danitra antsika, ary mpikamban'ny Fiangonany

ka ahafahantsika mampiditra ireo zava-maneno rehetra ao amin'ny ôrkesitsika mba hahafahantsika miaramitendry amim-boninahitra amin'ireo amboaram-peon'ny anjelin'ny lanitra rehefa hiverina indray ny Mpamonjy.

Io fitiavana io, io fahazavana io no ilaina hamiratra sy hanazava ny manodidina antsika rehefa mamakivavy ny fiainana an-davanandro isika. Hahatsikaritra ilay fahazavana ny olona ary ho voasarika hanatona izany. Izany no karazana asa fitoriana ny filazantsara izay hitarika ny hafa "*[h]andeha ka hizaha, ho avy ka hanampy, ary ho avy ka hitoetra.*"[9] Miangavy aho hoe rehefa nahazo fijoroanao ho vavolombelona momba ity asa lehibe ity sy ny anjarantsika ao amin'izany ianao dia aoka isika hiara-paly amin'i Joseph Smith Mpaminany malalantsika, tamin'izy niteny hoe "Fa efa nahita fahitana aho; nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho."[10]

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa fantatro hoe iza aho, ary fantatro hoe iza ianareo. Isika rehetra dia zanaky ny Raintsika any an-danitra izay tia antsika. Ary tsy nandefa antsika ety Izy hoe tsy hahomby, fa ho tafaverina amimboninahitra any Aminy. Ny vavaka ataoko dia enga anie isika hahatakatra ny anjarantsika eo amin'ity asa fanompoana lehibe ity, mba hitoviantsika kokoa Aminy rehefa hiverina indray Izy, amin'ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny D. Todd Christofferson, "Hitoetra ao amin'ny fitiavako," *Liahona,* nôv. 2016, 48.
2. Jereo ny Russell M. Nelson, "Divine Love," *Liahona,* Feb. 2003, 20–25.
3. Joseph Smith—Tantara 1:10.
4. Jakoba 1:5; jereo koa ny Joseph Smith—Tantara 1:11.
5. Joseph Smith—Tatara 1:13.
6. Joseph Smith—Tantara 1:14.
7. Joseph Smith—Tantara 1:28.
8. Môrônia 7:47.
9. Dieter F. Uchtdorf, "Asa fitoriana: Mizara ny zavatra tena inoana sy tsapanao," *Liahona,* mey 2019, 17.
10. Joseph Smith—Tantara 1:25.



NATAON'NY FILOHA M. RUSSELL BALLARD
*Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Mamela ny fanahintsika hifehy ny vatantsika

*Iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra azontsika ianarana eto amin'ity fiainana ity ny fomba hampisongadinana ny toetrantsika mandrakizay ara-panahy sy hifehezana ny faniriana ratsintsika.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, rehefa nanakaiky ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny volana ôktôbra tamin'ny taon-dasa dia nanomana ny lahateniko aho mba hampisongadinana ny faha-100 taonan'ny fahitana ny tontolon'ny fanahy izay nomena ny Filoha Joseph F. Smith tamin'ny 3 ôktôbra 1918.

Andro vitsivitsy taorian'ny nandefasako ny lahateniko mba hadika dia nahavita ny fisedrana azy teto an-tany i Barbara vadiko mandrakizay ka lasana tany amin'ny tontolon'ny fanahy.



Rehefa nandeha teny ny andro, ny herinandro, ny volana, ary izao herintaona taorian'ny nahalasana an'i Barbara dia lasa nankasitraka tanteraka izao soratra masina izao aho: "Ianareo dia hiara-honina amim-pitiavana, ka hitomany ny famoizana an'izay maty."[1] Tena voatahy izaho sy i Barbara fa "niara-nonina tamim-pitiavana" nandritra ny 67 taona. Saingy nianatra tamin'ny fomba tena mivaingana ny dikan'ny hoe "mitomany ny famoizana" an'ireo olon-tiantsika aho. Tena tiako izy ary malahelo azy aho!

Mino aho fa ny ankamaroantsika dia tsy mankasitraka ny zavatra ataon'ny hafa amintsika raha tsy efa lasana izy ireo. Fantatro fa be atao foana i Barbara, saingy tsy takatro tanteraka ny fangatahana tsy tapaka nataon'ny fianakaviana sy ny Fiangonana ary ny fiarahamonina mba hahazo amin'ny fotoany. Nisy ezaka isan'andro feno fanolorantena niverimberina an'arivony nandritra ireo taona izay nihazona ny fianakavianay tsy ho rava. Ary teo anivon'izany rehetra izany dia tsy nisy na iza na iza tao amin'ny fianakavianay nahare azy nampiaka-peo na nilaza zavatra tamin-karatsiam-panahy.

Nisy fahatsiarovana betsaka tonga tato an-tsaiko tamin'iny taon-dasa iny. Nieritreritra momba ny safidy mitaky herim-batana izay nataony aho, dia ny ho renin'ny zanaka miisa fito. Mpikarakara tokantrano no asa niriny hatrizay, ary tena matihanina tamin'izany izy.

Matetika aho no nanontany tena hoe ahoana no nahavitany nikarakara ahy sy ireo zanakay. Ny fikarakarana sakafo fotsiny dia asa mandreraka, raha tsy hilaza ireo zavatra atao toy ny manasa ireo lamba mivangongo nolotoinay mianakavy tao anatin'ny herinandro, ny mampanao kiraro sy akanjo antonona an'ireo ankizy. Nitodi-doha tany aminy izahay tamin'ny zavatra maro hafa izay nanan-danja taminay. Ary satria nanan-danja taminay izany dia nanan-danja taminy ihany koa. Raha lazaina amin'ny teny iray dia mahafinaritra izy, amin'ny mahavady, reny, namana, mpiara-belona, ary zanakavavin' Andriamanitra azy.

Amin'izao efa nahalasana azy izao dia faly aho fa nisafidy ny hipetraka teo anilany isaky ny tonga tao an-trano avy



any amin'ny birao nandritra ireo volana vitsy farany niainany, mba hihazona ny tanany teo am-pijerenay ny fiafaran'ny sasany amin'ireo rindran-kira tiany indrindra, sady mamerina izany ombieny ombieny noho izy voan'ny Alzheimer ka tsy mahatadidy hoe vao avy nijery izany izy ny tolakandro teo. Tena sarobidy amiko ny fahatsiarovana ireo fotoana nifampihazonanay tanana ireo.

Ry rahalahy sy anabavy, aza avela handalo fotsiny ny fahafahana haneho fitiavana ireo olona ao amin'ny fianakavianareo. Ry ankizy sy ray aman-dreny, mifanolora tanana ianareo ary mifanehoa fitiavana sy fankasitrahana. Tahaka ahy dia mety hisy koa ny sasany aminareo hifoha indray andro any ka hahatsikaritra fa efa lasana ny fotoana tokony nanatanterahana fifandraisana manan-danja toy izany. Miaraha miaina isan'andro miaraka amin'ny fo feno fankasitrahana, sy fahatsiarovana mahafinaritra, sy fanompoana, ary fitiavana bebe kokoa.

Nandritra iny taona lasa iny dia nisaintsaina lalina mihoatra ny efa nataoko hatrizay aho mahakasika ny drafitry ny Raintsika any An-danitra. Raha nampianatra an'i Kôriantona zanany lahy i Almà dia nolazainy hoe "ny drafitra lehiben'ny fahasambarana" izany.[2]

Ny teny tonga ato an-tsaiko foana rehefa mandinika ilay drafitra aho dia ny hoe "fihaonana indray." Drafitra izany, izay novolavolain'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana, izay misy ny fahafahana lehibe sy faran'izay tsara eo anivony ho an'ny fianakaviana mba hihaona indray, fihaonana



mandrakizain'ny mpivady, ray amandreny sy ny zanaka, taranaka mifandimby ao an-tranon' Andriamanitra.

Mitondra fankaherezana sy toky ho ahy izany eritreritra izany fa mbola hihaona amin'i Barbara indray aho. Na dia nijaly aza ny vatany tamin'ny fiafaran'ny fiainany, dia natanjaka sy tsara ary nadio ny fanahiny. Efa niomana izy ny amin'ny zava-drehetra ka rehefa tonga ny fotoana dia afaka mijoro eo anatrehan'ny "toeram-pitsarana mahafinaritra izay an' Andriamanitra"[3] izy, sady feno fahatokian-tena sy fiadanana. Saingy inty aho, afaka roa andro dia 91 taona, ary mbola manontany tena hoe "Vonona ve aho? Manao izay rehetra ilaiko atao ve aho mba hahafahako hihazona ny tanany indray?"

Ny zavatra fototra sy tsotra momba ny fiainana dia izao: Tsy maintsy ho faty avokoa isika rehetra. Na maty efa antitra isika na tanora, na mora na sarotra, na manan-karena na mahantra, na tian'olona na manirery, dia tsy misy afaka mitsoaka ny fahafatesana.

Taona vitsy lasa izay ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nilaza zavatra izay manan-danja manokana momba izany: "Akory ny hamamin'ny toky azo, ary akory ny fiononana azo avy amin'ny fahalalana fa rehefa manambady ny tsara isika sy miaina amimpahamarinana, dia hitohy hatrany ny fiarahana ananantsika, na dia eo aza ny fahafantarana fa tsy maintsy ho faty ary mandalo ihany ny fotoana."[4]

Azo antoka fa nanambady ny tsara aho. Tsy azo ihodivirana ny amin'izany. Saingy tsy ampy izany, araka ny nambaran'ny Filoha Hinckley. Mila miaina amim-pahamarinana ihany koa aho.[5]

Ankehitriny ny hoe "miaina amimpahamarinana" dia mety ho foto-kevitra somary mampisafotofoto, indrindra rehefa mandany fotoana eny amin'ny tambazotran-tserasera ianao, izay mety hilazan'ny rehetra ny tena fahamarinana na foto-kevitra diso momba an' Andriamanitra sy ny drafiny ho an'ireo zanany. Soa ihany fa ny mpikamban'ny Fiangonana dia manana fitsipiky ny filazantsara izay marina mandrakizay mba hahalalana ny fomba fiainana mba hahafahantsika ho vonona tsara rehefa maty.

Volana vitsivitsy monja talohan'ny nahaterahako, ny raibeko izay Apôstôly, ny Loholona Melvin J.Ballard, dia nanao lahateny iray izay, ho an'ny olona sasany, dia nanazava ny tena dikan'ny hoe miaina amim-pahamarinana Io lahateniny io izay nitondra ny lohateny hoe "The Struggle for the Soul" (Ny tolona ho an'ny fanahy) dia nifantoka tamin'ny ady tsy mety tapitry ny vatantsika ara-nofo sy ny fanahintsika mandrakizay.

Hoy izy: "Ny ady lehibe indrindra hatrehan'ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay . . . dia ny ady izay misy ao anatin'ny tena," izay manazava fa i Satana (ilay fahavalon'ny fanahintsika) dia manafika antsika amin'ny alalan'ireo "fitsiriritana sy filana ary nofinofin'ny vatana."[6] Koa ny tena ady dia ifanaovan'ny maha-olona araka an' Andriamanitra sy ara-panahy antsika sy ny maha-olona araka ny nofo antsika. Ry rahalahy sy anabavy, tsarovy fa afaka mahazo fanampiana ara-panahy isika amin'ny alalan'ny fitaoman'ny Fanahy Masina izay "hampianatra anareo ny zavatra rehetra."[7] Afaka ny ho tonga amin'ny alalan'ny hery sy ireo fitahian'ny fisoronana koa ny fanampiana.

Ankehitriny manontany aho hoe: "Ahoana ny fandehan'izany ady izany eo aminareo tsirairay?"

Hoy ny Filoha David O. McKay: "Ny fisian'ny olona eto an-tany dia ny hotsapaina fotsiny mba hahitana raha toa ka hampifantoka ny zavatra ataony sy ny eritreriny ary ny fanahiny amin'ireo zavatra izay mahatanteraka ny fahafinaretana sy ny fahafahampon'ny maha-araka ny nofo azy izy, na hanao [tanjona] eo amin'ny fiainana ny fahazoana ireo toetra ara-panahy."[8]

Io ady eo amin'ny toetra mahaaraka ny nofo sy ny toetra ara-panahy io dia tsy zavatra vaovao. Tao amin'ny lahateny farany nataony tamin'ireo vahoakany ny Mpanjaka Benjamina dia nampianatra "fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra ary efa toy izany hatramin'ny fahalavoan'i Adama ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo."[9]

Nampianatra ny Apôstôly Paoly "fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo; fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy.

"Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana; fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana."[10]

Mazava amiko fa ny iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra azontsika ianarana eto amin'ity fiainana ity


dia ny fomba hampisongadinana ny toetrantsika mandrakizay ara-panahy sy hifehezana ny faniriana ratsintsika. Tsy tokony ho sarotra izany. Raha ny marina, ny fanahintsika izay efa niaina taloha kokoa noho ny vatantsika, dia efa nahomby tamin'ny fisafidianana ny tsara teo anatrehan'ny ratsy tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Talohan'ny nanamboarana ny tany dia niaina tany amin'ny tontolon'ny fanahy tamin'ny naha-zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray aman-dReny any An-danitra, izay tia antsika sy mbola tia antsika amin'izao isika.

Ary marina fa tsy maintsy nandray fanapahan-kevitra sy nanao safidy nanova fiainana isika tao amin'izany fiainana talohan'ny nahaterahana izany. Ny olona tsirairay izay niaina sy mbola hiaina eto amin'ity planeta ity dia nandray fanapahan-kevitra manan-danja ny hisafidy ny hanaiky ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny famonjena antsika. Noho izany dia tonga teto an-tany isika rehetra miaraka amin'ny porofo manamarina ny toetra ara-panahy mahomby sy tanjona mandrakizay.

Eritrereto kely ange izany e! Ianao dia tena izany mihitsy ary efa izany hatrizay: zanakalahy na zanakavavin' Andriamanitra, miaraka amin'ny fototra ara-panahy ao amin'ny mandrakizay sy hoavy feno fahafahana tsy manampetra. Ianao dia olona ara-panahy voalohany indrindra, ary ho izany foana mandrakariva. Koa rehefa misafidy ny hametraka ny maha-olona araka ny nofo ho ambonin'ny maha-olona ara-panahy antsika isika dia misafidy zavatra mifanohitra amin'ny tena toetrantsika marina ara-panahy.

Na izany aza dia tsy isalasalana fa ny nofo sy ny fironan'izao tontolo izao dia manasarotra ny fandraisana fanapahan-kevitra. Noho ny voalin'ny fanadinoana izay manasaraka ny tontolon'ny fanahy talohan'ny nahaterahana sy ity tontolo ity dia mety ho hadinontsika ny fifandraisantsika tamin' Andriamanitra sy ny toetrantsika ara-panahy, ary mety hibahan-toerana amin'ny *zavatra ilaintsika izao* ny toetra maha-olona araka ny nofo antsika. Ny fianarana ny hisafidy ireo zavatry ny Fanahy fa tsy ny zavatry ny nofo no iray amin'ireo antony voalohany mahatonga ity fiainana an-tany ity ho tafiditra ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Izany ihany koa no antony mahatonga ilay drafitra hiorina eo ambonin'ny fototra mafy sy azo antoky ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy, ka ireo fahotantsika, tafiditra amin'izany ireo fahadisoana nataontsika rehefa manaraka ny nofo isika, dia azo resena amin'ny alalan'ny fibebahana tsy tapaka ary afaka miaina ao anatin'ny fifantohana amin'ny ara-panahy isika. Izao no fotoana tokony hamehezana ny fanirian'ny vatantsika ka hanaraka ny fotopampianaran'i Kristy izay masina. Izany no antony mahatonga antsika tsy hanemotra ny andron'ny fibebahantsika.[11]

Ny fibebahana noho izany no lasa fiadiana manan-danja amin'ny ady ataontsika amin'ny tenantsika. Vao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany teo ny Filoha Russell M. Nelson no niresaka momba io ady io ary nampahatsiahy antsika fa "rehefa misafidy ny hibebaka isika, dia misafidy ny hiova! Omentsika fahafahana ny Mpamonjy mba hanova antsika ho lasa ilay tsara indrindra ao amintsika. Misafidy ny hivoatra ara-panahy



isika ary hahazo fifaliana, ilay fifalian'ny fanavotana ao Aminy. Rehefa misafidy ny hibebaka isika dia misafidy ny hitovy kokoa amin'i Jesoa Kristy!"[12]

Isaky ny alina rehefa mamerina mijery ny tontolo androko amim-bavaka amin'ny Raiko any An-danitra aho dia mangataka ny hamelana ahy raha toa ka nanao zavatra tsy mety ary mampanantena ny hiezaka ny ho tsaratsara kokoa ny ampitso. Mino aho fa io fibebahana isan'andro tsy tapaka io dia manampy ny fanahiko hampahatsiahy ny vatako hoe iza no miahy ahy.

Ny loharano iray hafa dia ny fahafahana ananantsika rehetra isankerinandro hanavao ara-panahy ny tenantsika amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny Sorompanavotana sy ny fitiavana tonga lafatra atolotr'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika.

Ry rahalahy sy anabavy, mamporisika anareo aho mba hilamina kely ka handinika hoe aiza izao ianareo amin'ny fandresena ny toetranareo araka ny nofo sy ny fampantanjahanareo ny toetranareo ara-panahy avy any an-danitra, ka rehefa tonga ny fotoana, dia afaka hifindra any amin'ny tontolon'ny fanahy mba hihaona amim-pifaliana amin'ireo olon-tianareo ianao, izay ijoroako ho vavolombelona sy vavaka ataoko amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:45.
2. Almà 42:8.
3. Jakôba 6:13.
4. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 157.
5. Nanambara ny Tompo fa tsy maintsy miaina araka ny fanekempihavanana nataontsika isika mba handray ireo fitahiana nampanantenaina (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10; 132:5–7, 19).
6. Melvin J. Ballard, "Struggle for the Soul" (lahateny natao tao amin'ny Tabernakelin'i Salt Lake, mey 5, 1928).
7. Jaona 14:26.
8. *Teachings of Presidents of the Church: David O. McKay* (2003), 14.
9. Môzià 3:19.
10. Romana 8:5–6.
11. Jereo ny Almà 34:33.
12. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* may 2019, 68.



NATAON'NY LOHOLONA PETER M. JOHNSON
*Ao amin'ny Fitopololahy*

# Hery handresena ny fahavalo

*Ahoana no ahitantsika fiadanana, sy ahatsiarovantsika hoe iza isika, ary handresena ireo F telon'ny fahavalo?*

Ry rahalahy sy anabavy, misaotra noho ny zava-drehetra izay ataonareo mba ho lasa mpanara-dia marin'i Jesoa Kristy sy hanampy ny hafa ho lasa toy izany ary hankafy ireo fitahian'ny tempoly masina. Misaotra noho ny fahatsaranareo. Tena mahavariana ianareo, tsara ianareo.

Ny vavaka ataoko dia ny hahafantarantsika ny fitaomana *manamafy* avy amin'ny Fanahy Masina rehefa mihatakatsika tanteraka fa zanak' Andriamanitra isika. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" dia milaza fa "ny olombelona rehetra—na lahy na vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra."[1] Isika dia "fanahy nofinidy izay notanana ho fiandry mba hivoaka amin'ny fotoam-pahafenoana handray anjara amin'ny fandatsahana ny fototry ny asa lehiben'ny andro farany."[2] Nanambara ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Nampianarina tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana ianareo mba hanomanana anareo amin'izay zavatra rehetra mety hatrehinareo mandritra ity ampahany farany amin'izao andro farany ity izao (jereo ny F&F 138:56). Nijanona niaraka taminareo ny zavatra izay nampianarina anareo!"[3]

Zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra voafidy ianareo. Manana ny hery handresena ny fahavalo ianareo. Ny fahavalo anefa dia mahafantatra hoe iza ianareo. Fantany ny lovanareo avy any an-danitra ary mikatsaka ny hametra ny hery anaty anananareo ety an-tany sy ny any an-danitra izy amin'ny fampiasana F anankitelo:

- Famitahana
- Fandrebirebena
- Fanakiviana

## Famitahana

Nampiasa ny fitaovan'ny famitahana ny fahavalo tamin'ny andron'i Mosesy. Hoy ny Tompo tamin'i Mosesy hoe:

"Indro, zanakalahiko ianao. . . .

"Manana asa ho anao aho, . . . ary ianao dia natao araka ny endriky ny Zanaka Lahitokako."[4]

Fotoana fohy taorian'io fahitana lehibe io dia nanandrana namitaka an'i Mosesy i Satana. Mahavariana ny teny nampiasainy: "Ry Mosesy, zanak'olona, miderà ahy."[5] Tsy tao anatin'ilay fanasana hidera azy ihany no nisy famitahana, fa tao amin'ny fomba namaritany an'i Mosesy hoe zanak'olona ihany koa. Tsarovy fa vao avy niteny an'i Mosesy ny Tompo hoe zanak' Andriamanitra izy, nohariana tahaka ny endriky ny Zanaka Lahitokana.

Tsy nihambahamba ny fahavalo nanao fanandramana maro nentina namitahana an'i Mosesy saingy nanohitra i Mosesy nanao hoe: "Mialà amiko ry Satana, fa izao Andriamanitra iray izao ihany no hoderaiko, izay Andriamanitry ny voninahitra."[6] Tsaroan'i Mosesy hoe iza izy: zanak' Andriamanitra.

Mihatra aminareo sy amiko ihany koa ny tenin'ny Tompo tamin'i Mosesy. Nohariana araka ny endrik' Andriamanitra isika, ary manana asa tokony hataontsika Izy. I Satana dia miezaka mamitaka amin'ny fanaovana izay hanadinoantsika hoe iza isika. Raha tsy takatsika hoe iza isika dia ho sarotra ny hahafantatra ny olona izay tokony hahatongavantsika.

## Fandrebirebena

Miezaka ny mandrebireby ny saintsika ihany koa i Satana mba hanalavitra an'i Kristy sy ny lalan'ny fanekempihavanany. Nizara izao manaraka izao



ny Loholona Ronald A. Rasband: "Ny drafitry ny fahavalo dia ny handrebireby antsika tsy hahita ireo vavolombelona ara-panahy ary ny fanirian'ny Tompo kosa dia ny hanazava antsika sy ny hampirotsaka antsika ao amin'ny asany."[7]

Amin'izao androntsika izao dia misy zavatra maro mandrebireby ny saintsika, toy ny Twitter, ny Facebook, ny kilalao ao anatin'ny tontolo tsy tena izy, sy ny maro hafa. Tena mahatalanjona ireo fandrosoana ara-teknôlôjia ireo, saingy raha tsy mitandrina isika, dia mety handrebireby antsika tsy ho tonga tahaka an'Andriamanitra. Ny fampiasana azy ireny araka ny tokony ho izy dia afaka mitondra ny herin'ny lanitra ka manome fahafahana antsika hahita fahagagana rehefa mikatsaka ny hanangona an'i Isiraely miely patrana isika eo amin'ny lafy roan'ny voaly.

Aoka isika hitandrina fa tsy hanao tsirambina ny fampiasantsika ny teknôlôjia.[8] Katsaho tsy tapaka ny fomba mety hahafahan'ny teknôlôjia mitondra antsika ho akaiky kokoa ny Mpamonjy sy manome fahafahana antsika hanatanteraka ny asany eo am-panomanantsika ny fiaviany fanindroany.

## Fanakiviana

Farany, ny fahavalo dia maniry antsika ho lasa kivy. Mety ho kivy isika rehefa mampitaha ny tenantsika amin'ny hafa na rehefa mahatsapa isika fa tsy mahatakatra ny fari-piainana andrasan'ny olona, tafiditra amin'izany ny an'ny tena.

Rehefa nanomboka ny fianarako hahazoako doctorat aho dia nahatsapa ho kivy. Tamin'izay taona izay ilay fandaharam-pianarana dia tsy nandray afa-tsy mpianatra efatra monja, ary tena nahay ireo mpianatra hafa. Nanana naoty ambony kokoa izy ireo tamin'ny fitsapam-pahaizana, ary nanana traikefa arak'asa amin'ny resaka fitantanana, ary nasehon'izy ireo ny fahatokian-tenany amin'ny fahaizany. Taorian'ny herinandro roa voalohany nanarahako ilay fandaharam-pianarana dia nanomboka niantraika tamiko ireo fahatsapana fahakiviana sy fisalasalana, izay saika nandreraka ahy mihitsy.



Nanapa-kevitra aho hoe raha te hamita ity fandaharam-pianarana maharitra efa-taona ity aho dia hamita ny famakiako ny Bokin'i Môrmôna isaky ny enim-bolana. Isan'andro rehefa mamaky aho dia hitako ilay fanambaran'ny Mpamonjy hoe hampianatra ahy ny zavatra rehetra ny Fanahy Masina ary hampahatsiaro ahy ny zava-drehetra.[9] Izany dia nanamafy hoe iza aho amin'ny maha-zanak' Andriamanitra ahy, nampahatsiahy ahy ny tsy hampitaha ny tenako amin'ny hafa, ary nanome ahy fahatokian-tena amin'ny anjara asako masina ny mba hahomby.[10]

Ry namako malala, aza avela hisy olona hangalatra ny fahasambaranareo. Aza mampitaha ny tenanareo amin'ny hafa. Mba tsarovy ireo teny mamin'ny Mpamonjy hoe: "Ny *fiadanako* no avelako ho anareo, ny *fiadanako* no omeko anareo: tsy tahaky ny fanomen'izao tontolo izao, no fanomeko anareo. Aza *malahelo* na matahotra ny fonareo."[11]

Koa ahoana ary no fomba anaovantsika an'izany? Ahoana no ahitantsika io fiadanana io, sy ahatsiarovantsika hoe iza isika, ary handresena ireo F telon'ny fahavalo?

Voalohany, tsarovy ny didy voalohany sy lehibe indrindra dia ny mitia an' Andriamanitra amin'ny fontsika sy ny saintsika ary ny herintsika.[12] Ny zavatra rehetra ataontsika dia tokony hatosiky ny fitiavana Azy sy ny Zananilahy. Rehefa mamolavola fitiavana Azy ireo isika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny, dia hitombo ny fahafahantsika hitia ny tenantsika sy hitia ny hafa. Hanomboka hanompo ny fianakaviana, sy ny namana, ary ny mpiara-belona amintsika isika satria ho hitantsika tahaka ny fahitan'ny Mpamonjy azy ireo izy ireo, dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra.[13]

Faharoa, mivavaha amin' Andriamanitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isan'andro, isan'andro, isan'andro.[14] Amin'ny alalan'ny vavaka no ahafahantsika mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra sy maneho ny fitiavantsika Azy. Amin'ny alalan'ny vavaka isika dia maneho fankasitrahana ary mangataka hery sy risi-po hampandeferantsika ny sitrapontsika amin'ny an' Andriamanitra sy ho voatarika amin'ny zavatra rehetra.

Mamporisika anareo aho mba "*hivavaka* amin' ny Ray amin' ny herin' ny fo manontolo mba hahazoana mameno




anareo amin'izany fitiavana izany, . . . mba hahatonga anareo ho zanak' Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia *ho* tahaka Azy isika."[15]

Fahatelo, vakio ary halalino isan'andro, isan'andro, isan'andro ny Bokin'i Môrmôna.[16] Toa mihatsara kokoa ny fandalinako ny Bokin'i Môrmôna rehefa vakiko miaraka amin'ny fanontaniana ao an-tsaina izany. Rehefa mamaky sady manana fanontaniana isika dia afaka mahazo fanambarana ary hahafantatra fa ny mpaminany Joseph Smith dia nilaza ny marina raha nanambara hoe: "Ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto antany, . . . ary hanatona kokoa an' Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fitsipika ao anatiny toy izay ao anatin'ny boky hafa."[17] Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny tenin'i Kristy ary manampy antsika hahatsiaro hoe iza isika.

Farany, mandray ombam-bavaka ny Fanasan'ny Tompo isan-kerinandro, isan-kerinandro, isan-kerinandro. Amin'ny alalan'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny fisoronana no hanehoana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.[18] Ny Loholona David A. Bednar dia nampianatra hoe: "Ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo dia fanasana masina sy miverimberina mba hibebaka amin-kitsimpo ary mba hihavao ara-panahy. Tsy ilay hoe fandraisana fotsiny ny Fanasan'ny Tompo no manadio amin'ny fahotana. Fa rehefa miomana amin-kitsimpo sy mandray anjara amin'io ôrdônansy masina io isika miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina dia mahazo fampanantenana fa hanana *mandrakariva* ny Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika."[19]

Rehefa mandray amim-panetrentena ny Fanasan'ny Tompo isika, dia mahatsiaro ny fijaliany tao amin'izany saha masina antsoina hoe Getsemane izany sy ny fijaliany teo amin'ny hazo fijaliana. Maneho fankasitrahana ny Ray isika noho ny nandefasany ny Zanaka Lahitokana, ilay Mpanavotra antsika, ary maneho ny fahavononantsika ny hitandrina ny didiny sy hahatsiaro Azy mandrakariva.[20] Misy fahazavana ara-panahy miaraka amin'ny Fanasan'ny Tompo, ka an'ny tena manokana izany, mahery vaika izany, ary ilaina izany.

Ry namako, mampanantena aho fa rehefa miezaka mitia an' Andriamanitra amin'ny fontsika manontolo isika, mivavaka amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, mandalina ny Bokin'i Môrmôna, ary mandray ombam-bavaka ny Fanasan'ny Tompo, dia hanana ny fahafahana, miaraka amin'ny herin'ny Tompo, handresy ny *fitaky* ny fahavalo, hampihena ny *fandrebirebena* izay mametra ny hery masina ananantsika, ary hanohitra ny *fanakiviana* izay mampihena ny fahafahantsika hahatsapa ny fitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany. Ho lasa mahatakatra *tanteraka* ny amintsika isika, dia hoe zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra.

Ry rahalahy sy anabavy, zaraiko aminareo ny fitiavako ary ambarako aminareo ny fijoroana ho vavolombelona ananako fa fantatro fa velona ny Ray any An-danitra ary i Jesoa no Kristy. Tiako Izy ireo. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Manana ny *andraikitra masina* ny hanangona an'i Isiraely sy hanomana izao tontolo izao ho amin'ny fiavian'i Mesia fanindroany isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* mey 2017, 145.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:53; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:54–56.
3. Russell M. Nelson, "Mijoroa ho tena zanaky ny arivo taona," *Liahona,* ôkt. 2016, 53.
4. Mosesy 1:4, 6.
5. Mosesy 1:12.
6. Mosesy 1:20; jereo ihany koa ny Mosesy 1:16–19, 21.
7. Ronald A. Rasband,"Fandrao hadinonao," *Liahôna,* Nôv. 2016, 115.
8. Jereo ny Becky Craven, "Mitandrina tsara ampitahaina amin'ny hoe tsy miraharaha firy," *Liahôna,* Mey 2019, 9–11.
9. Jereo ny Jaona 14:26.
10. Ny andraikitsika mba hahomby dia ny hahazo ny fiainana mandrakizay, tsy miankina amin'ny fahazoana ny zavatra lazain'izao tontolo izao ho fahombiazana eto an-tany. Ny Fanahy Masina dia mampahatsiahy antsika ny andraikitsika masina sy ny olona mety hahatongavantsika rehefa mijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika ka mandresy, miaraka amin'ny herin'ny Tompo, ireo fakam-panahin'ny fahavalo.
11. Jaona 14:27; nampiana fanamafisana.
12. Jereo ny Matio 22:37–38.
13. Jereo ny Jaona 3:16; 1 Jaona 4:19; Môzià 2:17.
14. Jereo ny 3 Nefia 18:18–21.
15. Môrônia 7:48; nampiana fanamafisana.
16. Jereo ny Kevin W. Pearson, "Mijanòna eo akaikin'ilay hazo," *Liahôna,* mey 2015, 114–16.
17. Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20–21.
19. David A. Bednar, "Hitana mandrakariva ny famelana ny fahotanareo," *Liahôna,* mey 2016, 61–62.
20. Jereo ny Môrônia 4:2–3; 5:1–2; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:76–79. Aza hadinoina fa miaina amin'ny fotoana izay ilantsika fatratra ny Fanahiny miaraka amintsika isika izao.



NATAON'NY LOHOLONA ULISSES SOARES
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Mitondra ny hazo fijaliantsika

*Ny hoe mitondra ny hazo fijalianareo ianareo ary manaraka ny Mpamonjy dia midika hoe manohy amim-pinoana eo amin'ny lalan'ny Tompo ary tsy mirona any amin'ireo fahazaran'izao tontolo izao.*

Ry rahalahy sy anabavy, nandray fampianarana mahafinaritra avy tamin'ireo mpitarika antsika isika nandritra ireo roa andro lasa. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa raha miezaka mampihatra ireo fampianarana tena tsara sy natao ho an'izao fotoana izao ireo isika eo amin'ny fiainantsika, dia hanampy antsika tsirairay hitondra ny hazo fijaliantsika sy hanamaivana ireo enta-mavesatsika ny Tompo amin'ny alalan'ny fahasoavany.[1]

Raha teo akaikin'i Kaisaria-Filipo ny Mpamonjy dia nambarany tamin'ireo mpianany ny zavatra izay hozakainy eo an-tanan'ireo loholona, mpisorona, ary mpanora-dalàna tao Jerosalema. Nampianatra azy ireo manokana momba ny fahafatesany sy ny Fitsanganany amin'ny maty feno voninahitra Izy.[2] Tamin'io fotoana io dia tsy nahatakatra tanteraka ny asa masina nanirahana Azy teto an-tany ireo mpianany. I Petera mihitsy aza, rehefa nandre izay nolazain'ny Mpamonjy, dia nanohina Azy hitanila kely ka niteny mafy Azy hoe: "Sanatria aminao izany, Tompoko! Tsy ho aminao tokoa izany."[3]

Mba hanampiana ireo mpianany hahatakatra fa tafiditra ao anatin'ny fanolorantena amin'ny asany ny



fanoavana sy ny fijaliana, dia nanambara tamim-pitserana ny Mpamonjy hoe:

"Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy.

"Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany.

"Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny fanahiny? Na inona no homen'ny olona ho takalon'ny fanahiny?"[4]

Nanantitrantitra ny Mpamonjy tamin'ny alalan'io fanambarana io fa ireo rehetra izay vonona ny hanaraka Azy dia mila mandà ny tenany ka mifehy ireo faniriany, ireo filàny, ary ireo zavatra tiany, mahafoy ny zavatra rehetra, eny na dia ny fiainana mihitsy aza raha ilaina, manoa tanteraka ny sitrapon'ny Ray—tahaka ny nataony.[5] Izany raha ny marina no saran'ny famonjena fanahy iray. Nampiasain'i Jesoa noho ny antony manokana sy tamin'ny alalan'ny sariohatra ny tandindon'ny hazo fijaliana mba hanampiana ireo mpianany hahatakatra kokoa izay tena hevitry ny fanatitra sy fanolorantena ho amin'ny tanjon'ny Tompo. Tena hain'ny mpianany sy ny mponina tao amin'ny Fanjakana Romana ny hevitry ny hazo fijaliana satria noteren'ireo Romana hitondra ampahibemaso ny hazo fijaliany na vatan-kazo hanomboana azy ireo mankeny amin'ny toerana hitrangan'ny famonoana ireo olona izay homboana.[6]

Taorian'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty vao nisokatra ny sain'ireo mpianatra ka nahatakatra izay rehetra voasoratra momba Azy[7] sy izay ho notakina tamin'izy ireo nanomboka tamin'io fotoana io.[8]

Mitovy amin'izany koa ry rahalahy sy ranabavy, isika rehetra dia mila manokatra ny saintsika sy ny fontsika mba hahatakarana feno kokoa ny hevitry ny hoe mitondra ny hazo fijaliantsika ary manaraka Azy. Ianarantsika amin'ny alalan'ny soratra masina fa ireo izay maniry ny hitondra ny hazo fijalian'izy ireo dia tena tia an'i Jesoa Kristy ka handà ny tenany amin'ireo zavatra



tsy araka an' Andriamanitra rehetra sy ny fitsiriritana ny zavatr'izao tontolo izao rehetra ary hitandrina ny didiny.[9]

Ny fahavononantsika hanary izay rehetra mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra sy hahafoy izay rehetra angatahina amintsika ary hiezaka hanaraka ireo fampianarany dia hanampy antsika haharitra eo amin'ny lalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, eny na dia eo anatrehan'ny fahoriana, na ny fahalemen'ny fanahintsika, na ny faneren'ny fiarahamonina sy ireo fihevitra arak'izao tontolo izao izay manohitra ireo fampianarany aza.

Ohatra: ho an'ireo izay tsy mbola nahita vady mandrakizay sy mety ho mahatsapa ho irery sy tsy manampanantenana, na ireo izay nisara-bady sy mahatsapa ho nariana sy nohadinoina, manome toky anareo aho fa ny fanekena ny fanasan'ny Mpamonjy mba hitondra ny hazo fijalianareo ka hanaraka Azy dia midika fanohizana amim-pinoana eo amin'ny lalan'ny Tompo, fihazonana ny lamin'ny fahamendrehana, ary tsy fironana amin'ireo fahazaran'izao tontolo izao izay hanaisotra ny fanantenantsika ny fitiavana sy ny famindram-pon' Andriamanitra amin'ny farany.

Ireo fitsipika ireo dia mihatra ihany koa amin'ireo izay miaina ny fifanintonan'ny samy lahy na samy vavy ka mahatsapa ho kivy sy tsy misy afaka manampy. Ary noho izany angamba no mahatonga ny sasany aminareo mahatsapa fa tsy ho anareo intsony ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Raha izany no izy dia te hanome toky anareo aho fa misy mandrakariva ny fanantenana ao amin' Andriamanitra Ray sy ao amin'ny drafitry ny fahasambarany, ao amin'i Jesoa Kristy sy ny sorona fanavotana nataony, ary ao amin'ny fiainana ireo didy feno fitiavana nomen' Izy Ireo. Enga anie ny Tompo hamehy antsika ho Azy ao anatin'ny fahendreny, sy ny heriny, sy ny fahamarinany, ary ny fahasoavany izay lavorary, ka hoentina eo anatrehany isika ary hahazo famonjena mandrakizay mandrakizay, raha toa ka miorina mafy sy tsy miova amin'ny fitandremana ny didiny[10] ary hahefa be mandrakariva amin'ny asa tsara.[11]

Ho an'ireo izay nahavita fahotana goavana, ny fanekena io fanasana io dia midika izao zavatra izao miaraka amin'ireo zavatra hafa: manetry ny tenanareo eo anoloan' Andriamanitra, maka torohevitra amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana tompon'andraikitra amin'izany, ary mibebaka sy miala amin'ireo fahotanareo. Io lamina io dia hitahy ihany koa ireo rehetra izay miady amin'ny fiankinan-doha mampalemy, anisan'izany ny opiacés, ireo zava-mahadomelina, ny alikaola ary ny pôrnôgrafia. Mitondra anareo hanakaiky kokoa ny Mpamonjy, izay afaka manafaka anareo amin'ny fahatsapana ho meloka, ny alahelo, ary ny fanandevozana ara-panahy sy ara-batana ny fanaovana ireo dingana ireo. Ankoatra izany, dia azonareo atao ihany koa ny mikatsaka fanohanana avy amin'ny fianakavianareo, namanareo, ary mpitsabo sy manam-pahaizana amin'ny fanoroan-kevitra.

Aza milavo lefona mihitsy aorian'ny tsy fahombiazana maro misesy ary raiso ho afaka manary ireo fahotana sy mandresy ireo fiankinan-doha ny tenanareo. Tsy afaka mijanona tsy miezaka indray ianareo ka hanohy ao amin'ny fahalemena sy fahotana aorian'izany! Miezaha hatrany hanao ny tsara indrindra vitanareo, maneho amin'ny alalan'ny asanareo ny faniriana hanadio ny atin'ny vazy, araka ny nampianarin'ny Mpamonjy.[12] Indraindray ireo vahaolana ho an'ny olana sasany dia tonga aorian'ny volana maro nanaovana ezaka tsy tapaka. Ilay fampanantenana hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa "noho ny fahasoavany no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao,"[13] dia mihatra ao anatin'ireo tranga ireo. Mba tsarovy fa ny fanomezan'ny Mpamonjy fahasoavana "dia tsy voatery ho voafetra ao anatin'ny fotoana hoe -aorian'ny-zavatra rehetra azontsika atao. Mety hahazo ny fahasoavany isika mialoha, mandritra, ary aorian'ny fotoana rehefa manitatra ny ezaka ataontsika manokana."[14]

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa miezaka tsy tapaka ny handresy ireo olantsika isika, dia hanome antsika ny fanomezam-pahasoavan'ny fananana finoana ho sitrana sy hahavita fahagagana Andriamanitra.[15] Izy no hanao ho antsika ny zavatra tsy vitan'ny tenantsika.

Ankoatra izany, ho an'ireo izay mahatsapa ho tezitra, tohina, na voagejan'ny alahelo noho ny zavatra izay tsapanareo fa tsy tokony ho zakainareo, ny fitondran'ny olona iray ny hazo fijaliany ka hanaraka ny Mpamonjy dia midika hoe miezaka misoroka ireny fahatsapana ireny ary mitodika amin'ny Tompo mba hahafahany manafaka antsika

amin'izany toe-tsaina izany sy manampy antsika hahita fiadanana. Mampalahelo fa rehefa mifikitra amin'ireo fahatsapana sy fihetsehampo tsy mahasoa ireo isika dia mety tsy hanana ny fitaoman'ny Fanahin'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika. Tsy afaka mibebaka *ho an'*ny olona hafa isika, saingy afaka mamela azy ireo kosa, amin'ny alalan'ny fandavana ny tsy ho babon'ireo izay nandratra antsika.[16]

Mampianatra ny soratra masina fa misy fomba iray hivoahana amin'ireny toe-javatra ireny, dia amin'ny alalan'ny fanasana ny Mpamonjy antsika mba hanampy antsika hanolo ny fo vatontsika amina fo vaovao izany.[17] Mba hitrangan'izany, dia mila manatona ny Tompo miaraka amin'ireo fahalementsika isika [18] ary mitalaho ny fanampiany sy ny famelany,[19] indrindra mandritra ireo fotoana masina rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo isaky ny alahady. Enga anie isika hikatsaka ny fanampiany ary hanao ny dingana manan-danja sy sarotra hamela ireo izay nandratra antsika mba hahafahan'ny ferintsika hanomboka ho sitrana. Mampanantena anareo aho fa rehefa manao izany ianareo dia ho fenon'ilay filaminana izay tonga avy amin'ny fiadanan-tsaina noho ny fiarahana amin'ny Tompo ny alinareo.

Raha tao amin'ny fonjan'i Liberty ny Mpaminany Joseph Smith dia nanoratra epistily ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana, epistily izay ahitana faminaniana tena azo ampiharina ao anatin'ireo toe-javatra ireo. Nanoratra izy hoe: "Ireo fiandrianana sy fizakana ary fanapahana sy hery rehetra dia hambara ary hatolotra ireo rehetra izay efa niaritra tamin-kerim-po noho ny amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy."[20] Ary na zovy na zovy, ry rahalahy sy anabavy, no mitondra ny anaran'ny Mpamonjy eo amin'ny tenany, matoky ireo fampanantenany sy maharitra hatramin'ny farany dia izy no hovonjena[21] ary hiarahonina amin' Andriamanitra ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[22]

Samy miatrika toe-javatra sarotra isika eo amin'ny fiainantsika, izay mahatonga antsika hahatsapa ho malahelo, tsy misy manampy, tsy manam-panantenana, ary indraindray ho lasa malemy. Ny sasany amin'ireny fahatsapana ireny dia mety hitarika antsika hanontany ny Tompo hoe: "Nahoana aho no miaina ireto toe-javatra miseho ireto?" na "Nahoana no tsy tratra izay zava-kinendriko? Nefa efa manao izay rehetra araka ny heriko aho mba hitondra ny hazo fijaliako sy hanaraka ny Mpamonjy!"

Ry namana malalako, tsy maintsy tsaroantsika fa ny hoe mitondra ny hazo fijaliantsika dia ahitana ny fanetrentena sy ny fahatokiana an' Andriamanitra sy ny fahendreny tsy manam-petra. Tsy maintsy ekentsika fa Izy dia mahafantatra antsika tsirairay sy ny zavatra ilaintsika. Ilaina ihany koa ny manaiky ilay hoe tsy mitovy amin'ny fotoantsika ny fotoan'ny Tompo. Indraindray isika dia mikatsaka fitahiana ary mametraka fe-potoana hanatanterahan'ny Tompo izany. Tsy afaka manisy fepetra amin'ny fahatokiantsika Azy amin'ny alalan'ny fametrahana fe-potoana ho an'ny valin'ireo faniriantsika isika. Rehefa manao izany isika dia mitovy amin'ireo Nefita be fisalasalana fahiny, izay nanaraby ireo rahalahiny sy anabaviny tamin'ny filazana fa efa lasana ny fotoana fahatanterahan'ireo tenin'i Samoela ilay Lamanita, ka niteraka disadisa teo anivon'ireo izay nino.[23] Mila ampy ny fahatokiantsika ny Tompo ka ho tony isika ary hahafantatra fa Izy no Andriamanitra, fa mahalala ny zavatra rehetra Izy, ary fantany isika tsirairay.[24]



*Rahavavy Franca Calamassi miaraka amin'ireo zanany efatra tany amin'ny tempoly.*

Vao haingana aho no nanana fahafahana hanompo ranabavy mananotena iray antsoina hoe Franca Calamassi, izay voan'ny aretina iray mampalemy. Rahavavy Calamassi no olona voalohany tao amin'ny fianakaviany niditra ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny. Na dia tsy natao batisa mihitsy aza ny vadiny, dia nanaiky ny hihaona tamin'ireo misiônera izy ary nanatrika matetika ireo fivoriam-piangonana. Na teo aza izany toe-javatra niainana izany dia nijanona ho mahatoky Rahavavy Calamassi ary nanabe ireo zanany efatra tao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Herintaoana taorian'ny nahafatesan'ny vadiny dia nentin-dRahavavy Calamassi tany amin'ny tempoly ireo zanany ary nandray anjara tamin'ireo ôrdônansy masina ary nofehezina ny fianakaviany. Nitondra fanantenana, fifaliana, ary fahasambarana izay nanampy azy handroso teo amin'ny fiainana ireo fampanantenana nifandray tamin'ireo ôrdônansy ireo.

Rehefa nanomboka nipoitra ireo fambara voalohany an'ilay aretina dia nanome tsodrano ho azy ny evekany. Tamin'io fotoana io dia nilaza tamin'ny evekany izy fa vonona ny hanaiky ny sitrapon'ny Tompo, sady naneho ny finoany ho sitrana mbamin'ny finoana haharitra ny aretiny hatramin'ny farany.

Nandritra ny fitsidihako, raha nihazona ny tanan-dRahavavy Calamassi aho ka nijery ny masony, dia nahita hazavan'anjely avy teny amin'ny endriny aho—naneho ny fahatokiany ny drafitr' Andriamanitra sy ny fanantenana mamirapiratra ny fitiavan' Andriamanitra sy ny drafiny ho azy.[25] Tsapako ny fahavononany matotra haharitra hatramin'ny farany ao amin'ny finoany amin'ny alalan'ny fitondrana ny hazo fijaliany, na dia teo aza ireo olana natrehany. Fijoroana ho vavolombelona momba an'i Kristy, ary fanambarana ny finoany sy ny fanolorantenany Aminy ny fiainan'io ranabavy io.

Ry rahalahy sy anabavy, te hijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny fitondrana ny hazo fijalianareo sy ny fanarahana ny Mpamonjy dia mitaky ny hanarahantsika ny ohatra nasehony sy ny fiezahantsika ho tonga tahaka

Azy,[26] miatrika amim-paharetana ireo toe-javatra miseho eo amin'ny fiainana, mandà sy mankahala ireo filàna araka ny nofo, ary miandry ny Tompo. Nanoratra ny Mpanao Salamo hoe:


"Miandrasa an'i Jehovah ianareo, matokia, ary aoka hahery ny fonao, eny, miandrasa an'i Jehovah."[27]

"Famonjena sy ampingantsika Izy."[28]

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny fanarahana ny dian'ilay Mpampianatra antsika sy ny fiandrasana Azy, dia Ilay mpanasitrana lehibe indrindra ny fiainantsika izany, dia hanome fitsaharana ho an'ny fanahintsika ary hanalefaka sy hanamaivana ireo enta-mavesatsika.[29] Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Matio 11:29–30; Jakoba 2:24; 2 Nefia 25:23.
2. Jereo ny Matio 16:21.
3. Matio 16:22.
4. Matio 16:24–26.
5. Jereo ny Jaona 6:38.
6. Jereo ny Jaona 19:16–17.
7. Jereo ny Marka 16:17–20; Lioka 24:36–53.
8. Jereo ny Matio 28:19–20.
9. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 16:25–29 (ao amin'ny Fanampiana ho an'ny Fandalinana); jereo ihany koa ny Torolalana ho an'ny soratra masina, "Mitsiriritra"; "Olona araka ny nofo"; "Faharatsiana"; scriptures .ChurchofJesusChrist.org.
10. Jereo ny Almà 1:25.
11. Jereo ny Môzià 5:15.
12. Jereo ny Almà 60:23.
13. 2 Nefia 25:23.
14. Jereo ny Bruce C. Hafen, *The Broken Heart: Applying the Atonement to Life's Experiences* (1989), 155–56.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:19, 21.
16. Jereo ny Neal A. Maxwell, "Repentance," *Ensign,* Nov. 1991, 32.
17. Jereo ny Ezekiela 18:31; 36:26.
18. Jereo ny Etera 12:27.
19. Jereo ny 1 Nefia 7:21.
20. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:29.
21. Jereo ny 3 Nefia 27:6.
22. Jereo ny Môzià 2:41.
23. Jereo ny 3 Nefia1:4–7.
24. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:16.
25. Jereo ny 2 Nefia 31:20.
26. Jereo ny Matio 5:48; 3 Nefia 12:48; 27:27.
27. Salamo 27:14.
28. Salamo 33:20.
29. Jereo ny Matio 11:30; Môzià 24:14.



NATAON'NY LOHOLONA NEIL L. ANDERSEN
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

# Voa

*Afantohy amin'ny Mpamonjy, Jesoa Kristy, sy ny fifaliana mandrakizay izay tsy tonga raha tsy amin'ny alalany ihany ny masontsika sy ny fontsika.*

Fantatro ny zavatra eritreretinareo! Mpandahateny iray sisa dia hihaino ny Filoha Nelson isika. Mba hihazonana ny fifantohanareo eo am-piandrasana an'ilay mpaminany malalantsika dia nisafidy lohahevitra tena mahaliana iray aho. Ny lohahevitro dia momba ny voankazo.

Noho ny loko sy ny endrika ary ny hamamin'ireo voakanzo amimboa madinika, ireo akondro, ireo voanketsihetsy ary ireo manga na ireo voankazo vahiny toy ny melon à cornes na ny goavitsinahy, ny voankazo dia sakafo matsiro mahatsiriritra.

Nandritra ny asa fanompoana nataony teto an-tany, ny Mpamonjy dia nampitaha ireo zavatra manan-danja mandrakizay tamin'ny voa tsara. Hoy Izy hoe: "Ny voany no hahafantaranareo azy."[1] "Ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara."[2] Namporisika



*Nandritra ny asa fanompoana nataony teto an-tany, ny Mpamonjy dia nampitaha ny voa tsara tamin'ireo zavatra izay manan-danja mandrakizay.*

antsika Izy mba hanangona "vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay."[3]

Tao anatin'ilay nofy mampientanentana izay fantatsika rehetra tsara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia nahita ny tenany tany amin'ny "tany foana maizina sy mahonena" ny mpaminany Lehia. Nisy rano maloto, zavon'ny haizina, lalana hafahafa, sy lalana voarara, ary koa anja-by[4] teo amin'ilay lalana ety sy tery izay nitondra teny amin'ilay hazo tsara tarehy misy "voa [izay] mahasambatra ny olona." Rehefa nitantara ilay nofy i Lehia dia nilaza hoe: "Nihinana tamin'ny voany [aho]; . . . tena mamy izany, manoatra noho izay rehetra efa nandramako hatramin'izay. . . . [Ary] nofenoiny fifaliana mitafotafo tokoa ny fanahiko." *Izany* voankazo izany dia "mampilendalenda [kokoa] [noho] ny voankazo hafa rehetra."[5]

## Ny dikan'ny hazon'aina sy ny voany

Maneho inona ity hazo ahitana voankazo faran'izay sarobidy ity? Maneho ny "fitiavan' Andriamanitra izany"[6] ary manambara ilay drafitra mahagagan'ny fanovatana an'ny Ray any An-danitra. "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."[7]

Io voankazo sarobidy io dia maneho ireo fitahiana mahatalanjona avy amin'ny Sorompanavotana tsy manampaharoan'ny Mpamonjy. Tsy hoe mbola hiaina fotsiny indray isika aorian'ny fiainantsika eto an-tany fa amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahantsika ary ny fitandremantsika ny didy, dia afaka ny ho voavela ny fahotantsika ary indray andro dia hijoro ho madio eo anoloan'ny Raintsika sy ny Zanany isika.

Ny fihinanana amin'ny voan'ilay hazo koa dia maneho fa nanaiky ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny isika: natao batisa, nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ary niditra ny tranon'ny Tompo mba hotafina hery avy any ambony. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy sy amin'ny alalan'ny fanajana ireo fanekempihavanana nataontsika, dia mahazo fampanantenana goavana isika fa hiaraka hiaina mandrakizay amin'ireo fianakaviantsika marin-toetra.[8]

Tsy mahagaga raha toa ilay anjely ka namaritra ilay voankazo ho "mampiravoravo indrindra ny fanahy."[9] Tena marina izany!

## Ny fanamby mba hijanona no marina

Araka ny efa fantatsika rehetra, dia tsy mbola mora ny mifikitra sy mitoetra ho mahatoky amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy na dia efa nihinana tamin'ilay voankazo sarobidin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny aza. Araka ny voalaza imbetsaka tato anatin'ity fihaonambe ity dia mbola miaina fahavarimbarianan'ny saina, famitahana, fisafotofotoana, korontana, fisaritsarihana ary fakam-panahy isika izay manandrana mamily ny fontsika tsy hitodika any amin'ny Mpamonjy sy ireo fifaliana ary ireo zavatra tsara efa niainantsika eo amin'ny fanarahana Azy.

Noho io fahoriana mianjady io dia misy fampitandremana koa ao amin'ny nofin'i Lehia! Teny ampitan'ilay renirano dia nisy trano malalaka iray nahitana olona tao anatin'ny sokajin-taona rehetra nanondro tamin'ny rantsan-tananan'izy ireo, naneso sy nanaraby ireo mpanaradia marintoetran'i Jesoa Kristy.

Ireo olona tao amin'ilay tranobe dia naneso ary nihomehy an'ireo izay nitandrina ireo didy ary nanantena ny hanaratsy sy hanevateva ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Ary noho ireo teny feno fampiahiahiana sy fanivaivana nafafy teny amin'ireo mpino, dia lasa menatra tamin'ilay filazantsara izay noraisin'izy ireo ny sasany tamin'ireo izay efa nihinana tamin'ilay voa taloha. Voasarik'ireo fihetsika mamitak'izao tontolo izao izy ireo ka nanalavitra ilay hazo sy ilay voa ary araka ny tenin'ny soratra masina dia, "nianjera tamin'ny lalana voarara ka very."[10]

Eto amin'ity tontolontsika amin'izao fotoana izao ity, ny ekipa mpanorintranon'ny fahavalo dia miasa mihoatra ny ora hiasana mba hanitarana haingana ilay trano mijoalajoala sy malalaka. Niitatra teny ampitan'ny renirano ilay fanitarana miaraka amin'ny fanantenana mba hanafika ny tokantranontsika, ary ireo mpanondronondro sy ireo mpanarabiraby dia mivazavaza andro aman'alina amin'ny alalan'ireo fanitaram-peon'izy ireo ao amin'ny internet.[11]

Nanazava ny Filoha Nelson hoe: "Ampitomboin'ny fahavalo inefatra ny ezaka ataony mba hanembantsembanana ireo fijoroana ho vavolombelona sy hisakantsakanana ny asan'ny Tompo."[12] Tokony hotsaroantsika ilay tenin'i Lehia hoe: "Tsy noraharahainay izy ireo."[13]



*Araka ny efa fantatsika rehetra, na dia efa avy nihinana tamin'ilay voankazo sarobidin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny aza isika, dia tsy mbola mora ny mitoetra ho mahatoky amin'i Jesoa Kristy Tompo.*

*NY NOFIN'I LEHIA,* NATAON'I GREG OLSEN




Na dia tsy mila matahotra aza isika dia tsy maintsy mitandrina. Indraindray dia mety hanova ny filaminantsika ara-panahy ireo zavatra kely. Aza avela hampanalavitra anao amin'ireo fitahiana tena tsara sy madio ary mahafaly fo izay azo avy amin'ny voa sarobidin'ilay hazo ireo fanontaniana ananana, ny famingavingan'ny hafa, ireo namana tsy manam-pinoana, na ireo fahadisoana mampalahelo sy fahadisoampanantenana. Afantohy amin'ny Mpamonjy, Jesoa Kristy, sy ny fifaliana mandrakizay izay tsy tonga raha tsy amin'ny alalany ihany ny masontsika sy ny fontsika.

### Ny finoan'i Jason Hall

Tamin'ny volana jona dia nanatrika ny fandevenana an'i Jason Hall i Kathy vadiko. 48 taona izy tamin'ny fotoana nahafatesany ary filohan'ny kôlejin'ny loholona.

Toy izao no zavatra nolazain'i Jason mikasika ny zava-nitranga iray izay nanova ny fiainany:

"[Fony aho 15 taona] dia niharandoza rehefa nitsoraka nanao an-kilentika tany anaty rano. . . . Tapaka ny tendako ary nalemy ny faritra nanomboka teo amin'ny tratra no ho midina. Tsy afaka nibaiko ny tongotro intsony aho ary tsy afaka nibaiko ny ampahany tamin'ny tanako. Tsy afaka nandeha na nitsangana, . . . na namahana ny tenako aho. Zara raha afaka niaina na niteny aho."[14]


"-Ry Ray malala [any An-danitra],- hoy aho nitalaho, -raha mba afaka mampiasa fotsiny ny tanako aho dia ho tafavoaka. Miangavy Anao re ry Ray! . . .

". . . -Azonao hazonina ny tongotro ry Ray fa [mivavaka] fotsiny aho mba ho afaka hampiasa ny tanako.-"[15]

Tsy afaka niverina nampiasa ny tanany intsony i Jason. Renao ve ny feon'ireo olona avy ao amin'ilay trano malalaka? "Ry Jason Hall a! Tsy mihaino ireo vavaka ataonao Andriamanitra! Raha be fitiavana tokoa Andriamanitra, dia nahoana Izy no mamela anao ho toy izao? Inona no antony inoana an'i Kristy?" Henon'i Jason Hall ny tenin'izy ireo saingy tsy noraharahainy izany. Fa naleony kosa nivoky tamin'ny voan'ilay hazo. Lasa tsy voahozongozona ny finoany an'i Jesoa Kristy. Nahazo maripahaizana tany amin'ny oniversite izy ary nanambady an'i Kolette Coleman tany amin'ny tempoly, izay nofaritany hoe ilay olona tiany indrindra eo amin'ny fiainana.[16] 16 taona taorian'ny nivadian'izy ireo dia nisy fahagagana iray hafa nitranga. Teraka i Coleman, ilay zanakalahin'izy ireo sarobidy.

Ahoana no fomba nampitomboan'izy ireo ny finoan'izy ireo? Nanazava i Kolette hoe: "Natoky ny drafitr' Andriamanitra izahay. Ary nanome anay fanantenana izany. Fantatray fa ho avy ny andro izay hahatafaverina amin'ny laoniny ny vatan'i Jason. . . . Nahafantatra izahay fa Andriamanitra dia nanome anay Mpamonjy, izay ny sorona fanavotana nataony no manome fahafahana anay hanana fanantenana foana rehefa mitady hilavo levona izahay."[17]

Rehefa nandray fitenenana nandritra ny fandevenana an'i Jason i Coleman izay 10 taona, dia nilaza fa nampianarin'ny dadany izy hoe: "Manana



*Jason, Coleman, ary Kolette Hall*

drafitra ho antsika ny Ray any Andanitra, ho tena tsara ny fiainana eto an-tany ary afaka miaina ao anatina fianakaviana isika. . . . Saingy . . . tsy maintsy handalo zava-tsarotra isika ary hanao fahadisoana."

Notohizan'i Coleman hoe: "Nandefa an'i Jesoa, Zanany, ho ety an-tany ny Ray any An-danitra. Ny anjara asany dia ny mba ho lavorary. Hanasitrana ny olona. Hitia azy ireo. Ary avy eo dia hizaka ireo fijaliantsika sy fahoriantsika ary ireo fahotantsika. Maty ho antsika izy avy eo." Dia nampian'i Coleman hoe: "Noho i Jesoa nanao izany dia fantany ny zavatra tsapako amin'izao fotoana izao.

"Telo andro taorian'ny nahafatesan'i Jesoa, dia . . . velona indray Izy niaraka tamin'ny vatana tonga lafatra. Zava-dehibe ho ahy izany satria fantatro fa . . . ho tonga lafatra ny vatan'ny [dadako] ary ho tafaraka izahay amin'ny maha-fianakaviana anay."

Nofaranan'i Coleman tamin'ny hoe: "Isaky ny alina, nanomboka fony aho zazakely, dia niteny tamiko ny dadako hoe ·Tia anao i Dada, tia anao ny Ray any An-danitra ary ankizilahy tsara toetra ianao.·"[18]

## Ny fifaliana dia tonga noho i Jesoa Kristy

Nohazavain'ny Filoha Russell M. Nelson ny antony nahatsapan'ny fianakaviana Hall fifaliana sy fanantenana. Hoy izy hoe:

"Tsy dia misy ifandraisany loatra amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika, fa tena misy ifandraisany amin'ny zavatra ifantohan'ny fiainantsika kosa izany.

"Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra, . . . sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no ifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga, na tsy mitranga, eo amin'ny fiainantsika. Tonga avy Aminy sy noho ny Aminy ny fifaliana. Izy no loharanon'ny fifaliana rehetra. . . .

"Raha toa ka mijery izao tontolo izao isika . . . , dia tsy hahafantatra fifaliana na oviana na oviana. . . . [Ny fifaliana] no fanomezana izay tonga avy amin'ny fiezahana amin'ny nahim-po mba hiaina fiainana araka ny fahamarinana, araka ny nampianaran'i Jesoa Kristy."[19]

## Fampanantenana raha hiverina ianareo

Raha toa ka lavitra ny voan'ilay hazo ianao nandritra ny fotoana maharitra, dia fantaro azafady fa ny sandrin'ny Mpamonjy dia mihijintra foana mankeny aminao. Manasa amim-pitiavana Izy hoe: "[Mibebaha ary manatòna] ahy."[20] Mitobaka ny voankazony ary misy foana amin'ny fotoana rehetra. Tsy voavidim-bola izany ary tsy misy na iza na iza izay maniry izany amin-kitsim-po no holavina tsy hahazo izany.[21]

Raha toa ianareo maniry ny hiverina eo amin'ilay hazo ary hihinana ilay voa indray dia atombohy amin'ny alalan'ny vavaka amin'ny Rainao any An-danitra izany. Minoa an'i Jesoa Kristy sy ny herin'ny sorona fanavotany. Mampanantena anao aho fa raha mibanjina ny Mpamonjy amin'ny "eritreritra rehetra"[22] ianao dia hahazo ny voan'ilay hazo izay mafilotra sy mampiravoravo ny fanahinao, ary "lehibe indrindra amin'ny fanomezam-pahasoavana rehetra avy amin' Andriamanitra."[23]

Telo herinandro lasa izay, dia nahita maso ny fifaliana avy amin'ny voan'ny Mpamonjy aho raha nanatrika ny fanokanana ny Tempolin'i Lisbonne Portugal izaho sy i Kathy. Nisokatra ho an'i Portugal tamin'ny 1975 ireo fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny rehefa nisy ny fahalalahana ara-pivavahana. Olomasina mendrikaja maro izay nanandrana voalohany ilay voa tamin'ny fotoana tsy nahitana mpiangona sy trano fiangonana ary tempoly akaiky raha tsy tany amin'ny 1600 kilaometatra, no miara-mifaly amintsika fa hita ao amin'ny tranon'ny Tompo ao Lisbonne, Portugal amin'izao fotoana izao ny voa sarobidin'ilay hazo. Tena manome voninahitra sy maneho fanajana an'ireo Olomasin'ny Andro Farany ireo aho izay nampifantoka ny fon'izy ireo tamin'ny Mpamonjy.

Hoy ny Mpamonjy hoe: "Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona."[24]

Rehefa niresaka tamin'ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao ny Filoha Nelson ny maraina teo dia niteny hoe: "Ry rahalahy sy anabaviko malala, ohatra velona amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fanarahana ny fampianaran'i Jesoa Kristy ianareo." Dia nampiany hoe: "Misaotra anareo aho! Tiako ianareo!"[25]

Tianay ianao ry Filoha Nelson.

Izaho dia vavolombelona mahita maso ny herin'ny fanambarana izay mitoetra eo amin'ny Filoha malalantsika. Mpaminanin' Andriamanitra izy. Toa an'i Lehia fahiny, dia manasa antsika sy ny fianakavian' Andriamanitra rehetra ny Filoha Russell M. Nelson mba ho tonga ary hihinana amin'ny voan'ny hazo. Enga anie isika hanana fanentrentena sy tanjaka hanarahana ny toroheviny.

Mijoro ho vavolombelona amimpanetrentena aho fa i Jesoa Kristy no Zanak' Andriamanitra. Ny fitiavany, ny heriny ary ny fahasoavany dia mitondra ireo zavatra rehetra manan-danja maharitra. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

### FANAMARIHANA


1. Matio 7:16.
2. Matio 7:17.
3. Jaona 4:36.
4. Tany amin'ny fiandohan'ny taona 2007, raha nanomana lahateny atao mandritra ny fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young izay hatao ny 4 martsa 2007 aho tamin'ny naha-Filohan'ny Fitopololahy ahy, dia nanontaniako ny Loholona David A. Bednar izay nomaniny ho an'ny lahateniny izay hataony ny 4 febroary 2007, ho an'ireo mpihaino irao ihany. Gaga aho raha namaly izy fa momba ny fifikirana mafy amin'ny anja-by ny lahateniny. Izany mihitsy no lohateny nosafidiako ho an'ny lahateniko. Rehefa nifampitaha ny lahatsoratray izahay dia hitanay fa samy hafa ny fomba nitondranay izany. Ny lahateniny, izay mitondra ny lohateny hoe "A Reservoir of Living Water," dia nanantitrantitra ny anja-by, na ny tenin'Andriamanitra, izay manambara ny soratra masina. Nanontany izy tao anatin'ny lahateniny hoe: "Moa ve izaho sy ianao mamaky sy mandinika ary mandalina ny soratra masina amin'ny fomba izay ahafahantsika mamikitra mafy amin'ilay anja-by—sa mihazona tsotra fotsiny izany isika?" (speeches.byu.edu).

Dia herinandro monja taorian'ny resakay sy ny Loholona Bednar, dia nanao lahateny nandritra ny fampaherezam-panahy tao BYU mitondra ny lohateny hoe "Lehi's Dream and You" ny Filoha Boyd K. Packer. Nantitranterin'ny Filoha Packer ny anja-by izay fanambarana ho an'ny tena manokana sy fitaomana izay tonga amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Nilaza izy hoe: "Raha toa ka mifikitra amin'ilay anja-by ianareo dia afaka *hahatsapa* fa mandroso miaraka amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina. . . . Fikiro ilay anja-by ary aza avotsotra izany. Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina dia afaka *mahatsapa* mandroso eo amin'ny fiainana ianareo" (Jan. 16, 2007, speeches.byu.edu).

Ny lohahevitro: "Hold Fast to the Words of the Prophets," tamin'ny martsa 2007 dia ny anja-by izay manaho ireo tenin'ireo mpaminany velona (Mar. 4, 2007, speeches.byu.edu).

Tsy kisendrasendra ny fifandraisan'ireo lahateny telo ireo. Niasa ny tanan'ny Tompo rehefa nomanina ho an'ny mpihaino mitovy ny lahateny telo izay naneho endrika telon'ny anja-by, na ny tenin'Andriamanitra: (1) ny soratra masina, na ireo tenin'ireo mpaminany fahiny; (2) ny tenin'ireo mpaminany velona; ary (3) ny herin'ny Fanahy Masina. Traikefa nitondra fianarana manan-danja ho ahy izany.

5. Jereo ny 1 Nefia 8:4–12.
6. 1 Nefia 11:25.
7. Jaona 3:16.
8. Jereo ny David A. Bednar, "Nofin'i Lehia: Mihazona mafy ny anja-by," *Liahona,* ôkt. 2011, 32–37.
9. 1 Nefia 11:23.
10. 1 Nefia 8:28.
11. Jereo ny Boyd K. Packer, "Lehi's Dream and You" (Brigham Young University devotional, Jan. 16, 2007), speeches.byu.edu.
12. Russell M. Nelson, "Afaka manao tsaratsara kokoa sy ho lasa tsaratsara kokoa isika," *Liahona,* mey 2019, 68.
13. 1 Nefia 8:33.
14. Stephen Jason Hall, "The Gift of Home," *New Era,* Dec. 1994, 12.
15. Stephen Jason Hall, "Helping Hands," *New Era,* Oct. 1995, 46, 47.
16. Taratasy manokana ho an'ny Loholona Andersen avy tany amin'i Kolette Hall.
17. Taratasy manokana ho an'ny Loholona Andersen avy tany amin'i Kolette Hall.
18. Lahateny nataon'i Coleman Hall, nozarain'ny Loholona Andersen tamin'ny alalan'i Kolette Hall.
19. Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2016, 82, 84.
20. 3 Nefia 21:6.
21. Jereo ny 2 Nefia 26:25, 33.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:36.
23. 1 Nefia 15:36.
24. Jaona 15:5.
25. Russell M. Nelson, "Ny didy lehibe faharoa," *Liahona,* nôv. 2019, 100.



NATAON'NY FILOHA RUSSELL M. NELSON

# Lahateny famaranana

*Ny fahamendrehan'ny tena manokana dia mitaky fiovana tanteraka ao an-tsaina sy ao am-po mba hitovy kokoa amin'ny Tompo.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, eto am-pamaranantsika ity fihaonambe manan-tantara ity dia misaotra ny Tompo isika noho ireo hafatra feno fitaomam-panahy sy hira izay nankahery antsika. Tena nankafy fivokisana ara-panahy tokoa isika.

Fantatsika fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia hitondra fanantenana sy fifaliana ho an'ireo olona izay mandre sy mihaino ny fotopampianarany. Fantatsika ihany koa fa ny tokantrano tsirairay dia afaka ny ho toerana hanjakan'ny finoana tokoa, izay afaka hitoeran'ny fiadanana sy fitiavana, ary ny Fanahin'ny Tompo.

Mazava ho azy fa ny tempoly no ampahany manan-danja indrindra amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Manan-danja amin'ny fanomanana ny olona izay vonona ny handray ny Mpamonjy amin'ny Fiaviany Fanindroany ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny tempoly. Amin'izao fotoana izao dia miisa 166 ireo tempoly voatokana anananantsika ary mbola misy maro ho avy.

Hisy varavarana misokatra ho atao mialoha ny fanokanana ny tempoly vaovao sy ny tempoly nohavaozina tsirairay. Maro amin'ireo namana izay tsy iray finoana amintsika no handray anjara amin'ireny fitsidihana ireny tempoly ireny ary hianatra zavatra momba ireo fitahian'ny tempoly. Ary ny sasany amin'ireny mpitsidika ireny dia hotaomim-panahy hanam-paniriana hahafantatra kokoa. Ny sasany dia hanontany amin-kitsimpo ny fomba hahafahan'izy ireo ho mendrika ny hahazo ireo fitahian'ny tempoly.

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia ho ilaintsika ny ho vonona hamaly ny fanontanian'izy ireo. Afaka manazava isika fa ireo fitahian'ny tempoly dia ho azon'ny olona rehetra izay hanomana ny tenanany ho amin'izany. Saingy mialoha ny ahafahan'ny olona iray miditra ny tempoly iray voatokana dia mila mahafeno ny fepetra ho amin'izany izy. Tian'ny Tompo ireo zanany rehetra handray anjara amin'ireo fitahiana omena any amin'ny tempoly. Izy dia efa nametraka ny zavatra tsy maintsy ataon'ny olona tsirairay mba ho mendrika ny hiditra ny tranony masina.

Toerana tsara hanombohana ny fahafahana mampianatra toy izany ny fisarihana ny saina ho amin'ireo teny voasokitra eo ivelan'ny tempoly manao hoe "Fahamasinana ho an'ny Tompo; Ny tranon'ny Tompo." Ny hafatry ny Filoha Eyring anio sy ny an'ireo maro hafa dia nitaona antsika mba ho lasa masina kokoa. Ny tempoly tsirairay

dia toerana masina; ny olona tsirairay miditra ny tempoly dia milofo mba ho lasa masina kokoa.

Ny fepetra rehetra takina mba hidirana ny tempoly dia mifandray amin'ny fahamasinan'ny tena manokana. Mba hamantarana izany fahavononana izany, ny olona tsirairay izay maniry ny hisitraka ireo fitahian'ny tempoly dia handalo tafa sy dinika roa: voalohany miaraka amin'ny eveka, na mpanolotsaina iray ao amin'ny episkôpà, na ny filohan'ny sampana. Ny faharoa dia miaraka amin'ny filohan'ny tsatòka, na ny filohan'ny misiôna, na ny iray amin'ireo mpanolotsainy. Hisy fanontaniana maromaro hapetraka mandritra ireo tafa sy dinika ireo.

Vao haingana no nasiana fanovana ny sasany tamin'ireo fanontaniana ireo mba ho mazava tsara. Tiako ny hamerina azy ireo ho anareo izao:

1. Moa ve ianao manana finoana an'Andriamanitra, Ray Mandrakizay, sy ny Zanany, Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina ary manana fijoroana ho vavolombelona momba Azy ireo?
2. Moa ve ianao manana fijoroana ho vavolombelona momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny anjara asany amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra Azy?
3. Moa ve ianao manana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Famerenana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny laoniny?
4. Moa ve ianao manohana ny Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara, ary ho hany olona eto an-tany nahazo lalana hampiasa ireo fanalahidin'ny fisoronana rehetra?

   Moa ve ianao manohana ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara?

   Moa ve ianao manohana ireo Manampahefana Ambony hafa sy ireo mpitarika ny Fiangonana eto an-toerana?
5. Niteny ny Tompo fa ny zavatra rehetra dia tokony "hatao amin'ny fahadiovana" eo anatrehany (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:41).

   Moa ve ianao miezaka ny hanana fahadiovan-tsaina amam-panahy ao anatin'ny eritreritrao sy eo amin'ny fitondrantenanao?

   Moa ve ianao manaja ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena?
6. Moa ve ianao manaraka ireo fampianaran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eo amin'ny fitondrantena asehonao amin'ireo olona ao amin'ny fianakavianao sy ireo olon-kafa rehefa tsy misy mahita na misy mahita?
7. Moa ve ianao manohana na mampiely fampianarana, na fomba fanao, na fotopampianarana izay mifanohitra amin'ireo izay hita ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany?
8. Moa ve ianao miezaka ny mihazona ny andro Sabata ho masina any an-tokantrano sy any am-piangonana, manatrika ireo fivorianao, miomana amin'ny fanasan'ny Tompo sy mandray izany amim-pahamendrehana, ary miaina fiainana izay mifanaraka amin'ireo lalàna sy ireo didin'ny filazantsara?
9. Moa ve ianao miezaka ny ho marintoetra amin'ny zavatra rehetra ataonao?
10. Moa ve ianao mandoa fahafolonkarena feno?
11. Moa ve ianao mahatakatra sy manaja ny Tenin'ny Fahendrena?
12. Moa ve ianao manana adidy arabola na adidy hafa amin'ny vadinao taloha na amin'ny zanaka?

    Raha eny, moa mahatontosa tsara ireo adidy ireo ve ianao?
13. Moa ve ianao manaja ireo fanekempihavanana nataonao tany amin'ny tempoly, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanaovana ny garmentan'ny tempoly araka ny torolalana nomena nandritra ny fanafiana masina?
14. Moa ve misy fahotana goavana eo amin'ny fiainanao izay tokony hovahana miaraka amin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana, izay tafiditra ao anatin'ny fibebahana ataonao?
15. Moa ve ianao mihevitra ny tenanao ho mendrika ny hiditra ny tranon'ny Tompo sy handray anjara amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly?



Rahampitso ireo fanontaniana nasiana fanovana momba ny fahazoandalana hidirana ny tempoly ireo dia hozaraina amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana maneran-tany.

Ankoatra ny famaliana ireo fanontaniana ireo amim-pahamarinan-toetra dia takatsika fa ny olon-dehibe tsirairay izay miditra ny tempoly dia hanao ny garmenta masin'ny fisoronana ao anatin'ny akanjo fanaony andavanandro. Izany dia mariky ny fanolorantena ara-panahin'izy ireo ny hilofo isan'andro mba hitovy kokoa amin'ny Tompo. Izany ihany koa dia mampahatsiahy antsika mba hitoetra ho mahatoky

isan'andro amin'ireo fanekempihavanana natao, ary handeha isan'andro eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana amin'ny fomba avo sy masina kokoa.

Ankehitriny, vetivety fotsiny, tehiresaka fohy amin'ireo zatovontsika aho. Mamporisika anareo izahay mba ho mendrika hahazo ny fahazoandalana voafetra hidirana ny tempoly. Ireo fanontaniana izay mifanandrify aminareo amin'ny fiomananareo ho amin'ireo ôrdônansy isoloana tena an'ny batisa sy fametrahan-tanana ho fandraisana ho mpikambana ihany no hapetraka aminareo. Feno fankasitrahana izahay ny amin'ny fahamendrehanareo sy ny fahavononanareo handray anjara amin'izany asan'ny tempoly izany. Misaotra anareo izahay!

Ny fahamendrehan'ny tena manokana mba hiditra ny tranon'ny Tompo dia mitaky fiomanan'ny tena manokana ara-panahy be dia be. Kanefa miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo dia tsy misy zavatra tsy azo tanterahana. Amim-panajana no ilazako fa mora kokoa ny manorina tempoly iray toy izay ny manorina vahoaka iray vonona ny hiditra ny tempoly iray. Ny fahamendrehan'ny tena manokana dia mitaky fiovana tanteraka ao an-tsaina sy ao ampo mba hitovy kokoa amin'ny Tompo, mba ho olom-pirenena marin-toetra, sy ho ohatra tsaratsara kokoa, ary ho olona masina kokoa.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asa fiomanana toy izany dia mitondra fitahiana sesehena eo amin'ity fiainana ity ary fitahiana tsy hain'ny saina takarina any amin'ny fiainan-ko avy, anisan'izany ny haha-tsy hanampahataperana ny fianakavianareo mandrakizay mandrakizay ao anatin'ny toetry ny "fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."[1]

Izao aho dia te-hiresaka momba ana lohahevitra iray, dia ireo drafitra ho an'ny taona ho avy. Amin'ny lohataonan'ny taona 2020 dia ho 200 taona katroka ny nisehoan' Andriamanitra mivantana tamin'i Joseph Smith izay fantatsika amin'ny hoe Fahitana Voalohany. Niseho tamin'i Joseph, zatovo iray 14 taona Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanaka Malalany. Izany tranga izany dia nanamarika ny fiantombohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho amin'ny fahafenoany, araka ny nambara mazava tsara mialoha ao amin'ny Baiboly.[2]

Avy eo dia nifandimby ny famangiana avy amin'ny mpitondra hafatra avy any an-danitra, anisan'izany i Môrônia, i Jaona Mpanao Batisa, ary i Petera sy i Jakoba ary i Jaona apôstôly fahiny. Nanaraka izany ny hafa toa an'i Mosesy sy i Elià ary i Elia. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia nitondra fahefana avy any an-danitra mba hitahiana indray ireo zanak' Andriamanitra eto an-tany.

Tamin'ny fomba mahagaga no nahazoantsika ihany koa ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy ho soratra masina miara-miasa amin'ny Baiboly Masina. Ireo fanambarana navoaka ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy ihany koa dia tena nampivelatra tokoa ny fahatakarantsika ireo didin' Andriamanitra sy ny fahamarinana mandrakizay.

Ireo fanalahidy sy anjara fanompoana ao amin'ny fisoronana dia naverina tamin'ny laoniny. Ao anatin'izany ny anjara fanompoan'ny Apôstôly, Fitopololahy, patriarka, mpisorona avo, loholona, eveka, mpisorona, mpampianatra ary diakona. Ary ireo vehivavy izay tia ny Tompo dia manompo amimpahavitrihana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, Kilonga, Zatovovavy, Sekoly Alahady, ary ireo antso hafa ao amin'ny Fiangonana. Ireo rehetra ireo dia singa manan-danja amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho amin'ny fahafenoany.

Noho izany ny taona 2020 dia hatao hankalazana ny faha-roanjato taona. Ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny aprily ho avy izao dia hiavaka amin'ireo fihaonambe teo aloha. Amin'ireo enim-bolana manaraka dia manantena aho fa ny mpikambana tsirairay sy ireo fianakaviana tsirairay dia hiomana ho amina fihaonambe tsy manam-paharoa izay hankalazana ireo fototra iorenan'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara.

Mety ho tianareo ny hanomboka ny fiomananareo amin'ny famerenana mamaky ny tantaran'i Joseph Smith momba ny Fahitana Voalohany araka ny voalaza ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy. Ny Bokin'i Môrmôna no ho fandaharam-pianarantsika amin'ny *Avia, hanaraka Ahy* amin'ny herintaona. Mety ho tianareo ny hisaintsaina fanontaniana manan-danja toy ny hoe: "Mety ho toy ny ahoana ny fiainako raha toa ka hoesorina tampoka ireo fahalalana azoko avy tamin'ny Bokin'i Môrmôna?" na "Inona no fiovana tamiko sy tamin'ireo olon-tiako vokatry ny zava-nitranga izay nanaraka ny Fahitana voalohany?" Mety ho tianareo ihany koa ny hampiditra ireo horonan-tsary momba ny Bokin'i Môrmôna izay efa misy amin'izao ao anatin'ny fandalinana manokana na iarahan'ny mpianakavy.

Misafidiana fanontaniana ho anao manokana. Manaova drafitra ho anao manokana. Miroboha tanteraka ao amin'ny hazavana be voninahitry ny Famerenana amin'ny laoniny. Rehefa ataonareo izany dia sady ho mendrika ny hotsaroana ny fihaonambe amin'ny volana aprily no tsy ho hay hadinoina ihany koa."

Eto am-pamaranana dia omeko anareo ny fitiavako sy ny tsodranoko mba ho sambatra sy ho masina kokoa anie ianareo tsirairay isan'andro isan'andro. Mialoha izany dia aoka ianareo hahazo antoka fa mitohy ny fanambarana ao amin'ny Fiangonana ary hitohy eo ambanin'ny fitarihan'ny Tompo mandra-"[paha]tanteraka ny tanjon' Andriamanitra ary hilaza ilay Jehovah Lehibe fa vita ny asa."[3]

Izany no tsodrano omeko anareo, sady manamafy ny fitiavako anareo aho miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananako fa velona Andriamanitra! I Jesoa no Kristy! Fiangonany ity ary Vahoakany isika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Môzià 2:41.
2. Jereo ny Isaia 2:2; 29; Ezekiela 37:15–20, 26–28; Daniela 2:44; Amosa 3:7; Asan'ny Apostoly 3:21; Efesiana 1:10; Apokalypsy 14:6.
3. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 142.

# Fanontaniana hahazoana fahazoan-dalana ho any amin'ny tempoly nohavaozina sy ireo vaovao hafa momba ny tempoly

Nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2019 ireo fanovana eo amin'ireo fanontaniana hahazoana fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly (jereo ny pejy 121). Mijanona toy ny teo aloha ireo fenitry ny tempoly, saingy nasiampanovana ireo teny ao amin'ny fanontaniana sasany mba hazava kokoa izany. Tokony efa nahazo taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 6 ôktôbra 2019 ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana tokony handray izany. Ahitana ireo fanontaniana nasiam-panavaozana izany.

Nanambara rafi-panorenana ho ana tempoly vaovao miisa valo ihany ny Filoha Nelson (jereo ny pejy 79). Ireo tempoly ireo dia hatsangana any Freetown, Sierra Leone; Port Moresby, Papua Nouvelle Guinée; Bentonville, Arkansas, Etazonia; Bacolod, Philippines; McAllen, Texas, Etazonia; Cobán, Guatemala; sy Orem ary Taylorsville, Utah, Etazonia.

Hatramin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily 2019, dia nisy tempoly natokana tany Kinshasha, Repoblika Demokratikan'i Congo; Lisbonne, Portugal; Port-au-Prince, Haiti; ary Fortaleza, Brésil; ary tempoly naverina natokana tany Oakland, Californie, Etazonia; Memphis, Tennessee, Etazonia; Frankfurt, Allemagne; Oklahoma City, Oklahoma, Etazonia; ary Raleigh, North Carolina, Etazonia.

Vita ny ady fototra ho an'ireo tempoly any Yigo, Guam; Praia, Cap Vert; San Juan, Puerto Rico; Lima, Pérou (Los Olivos); ary Belém, Brésil, ary voafidy ireo toerana hanorenana ny tempoly any Auckland, Nouvelle Zélande, sy Layton ary Saratoga Springs, Utah, Etazonia.

Nambara ampahibemaso ireo rafi-panorenana ho an'ny fanavaozana ny tempolin'i Salt Lake, izay hikatona amin'ny desambra ary hisokatra indray amin'ny 2024, ary ny tempolin'i St. George Utah dia hikatona amin'ny desambra 2019 ary hisokatra indray amin'ny 2022. ■

*Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa momba ireo tempoly ireo dia midira ao amin'ny **temples.ChurchofJesusChrist.org.***



*Miainga avy any an-kavia: Tempolin'i Fortaleza Brésil, Tempolin'i Lisbonne Portugal, Tempolin'i Kinshasa Repoblika Demokratikan'i Congo, ary ny Tempolin'i Port-au-Prince Haiti*

## Nanao fanovana teo amin'ny fitsipika mifehy ny vavolombelona amin'ireo ôrdônansy ny Fiangonana

Nandritra ny fivorian'ny mpitarika nandritra Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay nandraisan'ireo Manampahefana Ambony sy ireo Mpiandraikitra Ambony ato amin'ny Fiangonana torolalana avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany, dia nanao filazana ny Filoha Russell M. Nelson momba ireo fanovana aradrafitra eo amin'ny fitsipika mifehy an'ny Fiangonana mikasika izay afaka manao vavolombelona amin'ny batisa sy ny famehezana.

Ny taratasy iray avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany, natao ny 2 ôktôbra 2019 dia ahitana ny antsipirian'ireo fanovana natao:

"Rehefa mahazo fanasana avy amin'ireo mpitarika mpiahy dia:

1. "Azo atao vavolombelona ho an'ny batisa isoloana tena izay olona mpikambana mihazona fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery, ka tafiditra ao anatin'izany ny fahazoan-dalana voafetra.
2. "Azo atao vavolombelona ho an'ny fanaovana famehezana ho an'ny velona na famehezana isoloana tena izay olona mpikambana efa nandray fanafiana masina ka manana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery.
3. "Azo atao vavolombelona ho an'ny fanaovana batisa olona velona ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana efa vita batisa, tafiditra ao amin'izany ny ankizy sy ny tanora." ■

# Mampahafantatra ilay ezaka vaovao "Ankizy sy Zatovo" ireo mpitarika

Ny Ankizy sy Zatovo dia hatomboka amin'ny Janoary 2020 mba hanampiana ireo ankizy sy ireo zatovo eo am-pivoaran'izy ireo ara-panahy, ara-tsôsialy, ara-batana ary ara-tsaina. Raha hijery lahateny ato anatin'ity gazetiboky ity izay miresaka momba ny Ankizy sy Zatovo, dia jereo ny pejy 40 sy 53.

"Tonga izao ny fotoana ho an'ny fomba vaovao, natao hanampiana ireo ankizy sy zatovo ankehitriny manerana izao tontolo izao," hoy ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fampitana manokana tamin'ny 29 septambra 2019.



"Ho solon'ny hoe izahay no manome ny asa atao voafaritra maro ho anareo," hoy izy tamin'ireo ankizy sy zatovo, "dia manasa anareo izahay mba hiresaka amin'ny Tompo momba ny fomba ahafahanareo mitombo amin'ny fomba mifandanjalanja. Hitondra valisoa sy hahafinaritra izany, saingy hitaky karazana ezaka avy aminareo ihany koa. Mila mikatsaka fanambarana ho an'ny tena manokana ianareo. Mila misafidy ho an'ny tenanareo ny amin'ny fomba hanaovana asa mifanaraka amin'izany ianareo. Indraindray ny Fanahy dia mety hibitsika aminareo mba hanao zavatra sarotra. Tena afaka miatrika izany fanamby izany ianareo araka ny eritreritro. Afaka manao zavatra sarotra ianareo."

Nilaza ihany koa ny Filoha Nelson fa manana anjara asa manan-danja ny ray aman-dreny ao anatin'izany. "Aoka ianareo hanorina fifandraisana mafy orina amin'ireo zanakareo sy zatovonareo," hoy izy. "Afaka manampy ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana, kanefa ireo dia zanakareo. Tsy misy olona afaka manana fitaomana lehibe kokoa eo amin'ny fahombiazan'izy ireo ankoatra anareo. Omeo fitiavana izy ireo, fankaherezana, ary torohevitra, kanefa tohero ny fakam-panahy hanao zavatra eo amin'ny toeran'izy ireo. Hanao ny tsara kokoa izy ireo rehefa mampiasa ny fahafahany misafidy.

Notohizan'ny Filoha Nelson tamin'ny hoe: "Mihatra amin'ireo mpitarika mahafinaritra ato amintsika sy ireo mpampianatra ankizy sy zatovo io torohevitra io." "Ilaintsika ny mamela ny tanora hitarika, indrindra ireo izay nantsoina sy natokana mba hanompo ao amin'ny fiadidian'ny kilasy sy ny kôlejy. Ny fahefan'ny fisoronana dia efa natolotra azy ireo. Hianatra ny fomba hahazoana fitaomampanahy amin'ny fitarihana ny kilasiny na ny kôlejiny izy ireo."

Tao anatin'izany fampahafantarana izany ihany, ny Filoha M. Russell Ballard, Filoha Mpisolo toerana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza ny vina ho an'ny Ankizy sy ny Zatovo: ny "hanamafy orina ny finoan'ny taranaka vao misondrotra an'i Jesoa Kristy ary hanampy ny Ankizy sy ny Zatovo ary ny fianakavian'izy ireo handroso eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana eo am-piatrehan'izy ireo ireo olana eo amin'ny fiainana."[1] Nilaza izy fa "ny fanampiana ny ankizy sy ny zatovo hahazo fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy dia hitahy azy ireo sy hitahy antsika rehetra eo amin'ny fiainantsika."

Taorian'ilay fampitana niaraka



tamin'ny hetsika iray nentina hanehoana ny fampiasana ny *Torolalana fampahafantarana ny Ankizy sy Zatovo,* dia niteny ny Filoha Ballard hoe: "Vao fanombohana ihany ity. Androany isika vao nanomboka ity hetsika ity. Ity dia zavatra iray izay hitohy ao amin'ny fianakavianareo sy rehefa miara-miasa izy ireo. Manasa anareo izahay hanohy ilay hetsika. . . . Ry ray aman-dreny, tohizo any an-tokantrano ity hetsika ity azafady." Nohamafisina fa "ity dia fandaharana mifototra ao an-tokantrano, ary tohanan'ny Fiangonana" ary "ny fianakaviana dia miara-mandray anjara ao anatin'ity fandaharana ity. Izany no hahatonga izany ho tena tsara."


Any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao dia hahazo ny torolalana fampahafantarana ho azy ireo manokana ny ray aman-dreny sy ny mpitarika. Ny faritra hafa dia hanana ny Ankizy sy Zatovo ho voadika amin'ny fitenin'izy ireo ao aoriana ao amin'ny 2020.


Ny fianarana ny filazantsara, ny fanompoana sy ireo hetsika, ary ny fivoaran'ny tena manokana (anisan'izany ny fametrahana sy fanatanterahana tanjona) no ho ampahany fototra amin'ny Ankizy sy Zatovo, ary tokony hitarika amin'ny fanaovana drafitra ny zatovo. Mikatsaka fanambarana ho an'ny tena manokana ny Ankizy sy Zatovo eo am-pirosoan'izy ireo eo amin'ny lalan'ny fankempihavanana, miaraka amin'ny fanohanana avy amin'ny fianakaviana, mpitarika ary ny hafa. Nomarihan'ny Filoha Ballard fa ny Ankizy sy Zatovo dia ezaka manerana izao tontolo izao ka noho izany dia azo ampifanarahana amin'ny "toerana misy anareo sy ny toe-java-mitranga ao amin'ny fianakavianareo."

Hisy antsipirian-javatra sy loharano fanampiny homena amin'ny fampitana Face to Face ho an'ny ankizy sy ny zatovo amin'ny 17 nôvambra 2019, hiarahana amin'ny Loholona Gerrit W. Gong ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asaina hanatrika izany ny ankizy sy ny zatovo efa ho 8 taona ka hatramin'ny 18 taona amin'ny 2020, ny ray aman-drenin'izy ireo, sy ireo mpitarika ny Zatovovavy, ireo mpanoro hevitra ny Fisoronana Aharôna, ary ireo mpitarika ny Kilonga. Alefaso any amin'ny Loholona Gong amin'ny **facetoface.ChurchofJesusChrist.org** ireo fanontanianareo momba ny fandaharana Ankizy sy Zatovo. Aorian'ilay hetsika mivantana, izay hampitaina amin'ny fiteny miisa 18, ilay horonan-tsary dia azo jerena sy sintonina amin'ny fotoana rehetra. ■











*Jereo ny* ***ChildrenandYouth.ChurchofJesusChrist.org*** *sy ny* ***ChildrenandYouthLeaders.ChurchofJesusChrist.org*** *hahitana fampahalalana fanampiny, anisan'izany ny fampahalalana momba ny hetsika Face to Face.*

**FANAMARIHANA**

1. *Ankizy sy Zatovon'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany: Torolalana fampahafantarana ho an'ny ray aman-dreny sy ny mpitarika* (2019), 1.



## Fihaonambe RTM mba hanohanana ny fandaharan'asa ho an'ny ankizy sy ny zatovo

Ho ampahany amin'ny ezaka ataon'ny Fiangonana mba hampiraisana ireo fandaharan'asany ho an'ny ankizy sy ny tanora maneran-tany, manomboka amin'ny 2020, ireo tsatòka ao Etazonia sy Kanadà dia hanao fihaonambe Ry Tanora, Mahereza (RTM) isaky ny roa taona.

Natao ivelan'i Etazonia sy Kanadà nandritra ny folo taona mahery ireo fihaonambe RTM ary hitohy toy ny taloha.

Hisy fampahalalana fanampiny homena mandritra ny hetsika Face to Face amin'ny 17 nôvambra 2019. ■

# Mifantoka amin'ny fanamafisana orina ny zatovo ireo fanovana ara-drafitra

Ho ampahany amin'ilay ezaka mba hampandrosoana ny fahafahan'ny zatovon'ny Fiangonana mahatratra ny tena tanjony masina, dia nisy fanovana teo amin'ny rafitra ho an'ny Zatovovavy sy Zatovolahy nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2019 (jereo ny pejy 38) sy nohazavain'ny Loholona Quentin L. Cook avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (jereo ny pejy 40) ary ny Rahavavy Bonnie H. Cordon, Filohan'ny zatovovavy maneran-tany (jereo ny pejy 67).

Ireo fanovana ireo dia manantitrantitra fa "ny andraikitra voalohany indrindra [sahanin'ny eveka] dia ny mikarakara ireo zatovolahy sy ny zatovovavy ao amin'ny paroasiny," hoy ny Filoha Nelson. Ireo fanovana ireo dia ahitana ny fampitsaharana ny fiadidian'ny Zatovolahy. Ny episkôpà, izay fiadidian'ny Fisoronana Aharôna, dia ho ampian'ireo mpanoro hevitra ny kôlejy ary koa mpiandraikitra manokana amin'ny toe-java-misy sasantsasany. Hanao tatitra mivantana amin'ny eveka ny filohan'ny Zatovovavy ao amin'ny paroasy.


Hifantoka amin'ny asa famonjena ireo fiadidian'ny kôlejy sy kilasy, anisan'izany ny asa fitoriana ataon'ny mpikambana, ny fitazonana ny mpikambana vaovao, ny fampahavitrihana, ny fanaovana asa atao any amin'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana, ary ny fampianarana ny filazantsara. Ny kôlejin'ny zatovo sy ireo filohan'ny kilasy dia manao drafitra sy mitarika ireo fivoriana amin'ny alahady, ireo tetikasa fanompoana, ary ireo hetsika hafa.

Tsy antsoina hoe "Fiarahamientana ifanakalozana" intsony ny fiaraha-mientana ho an'ny zatovo fa azo antsoina kosa hoe "fiaraha-mientan'ny Zatovovavy," "fiaraha-mientan'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna," na "fiarahamientan'ny zatovo." Ny vatsim-bola ho an'ny fiaraha-mientan'ny zatovo dia tokony hotsinjaraina mitovy ho an'ny zatovo arakaraka ny isan'ny zatovo ao amin'ny rafitra tsirairay.

Nasiam-panovana ny lohahevitry ny Zatovovavy, ary ny isan'ireo kilasin'ny Zatovovavy dia tokony harafitra araka ny isa sy ny filan'ny zatovovavy. Antsoina hoe "Zatovovavy" ireo kilasy, arahin'ny taonan'ireo ao amin'ilay kilasy, ohatra hoe: "Zatovovavy 12–14 taona", na "Zatovovavy" fotsiny raha miara-mivory avokoa izy ireo. Ny anaran'ny kilasy hoe "Tohotantely," "Farimbona," ary "Ravintsara" dia tsy ho ampiasaina intsony.

Ny mpikambana iray ao amin'ny filankevitra avon'ny tsatòka dia ho filohan'ny Zatovolahy eo anivon'ny tsatòka, ary ny fiadidian'ny Zatovolahy eo anivon'ny tsatòka dia hanompo ao amin'ny kômity misahana ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy eo anivon'ny tsatòka miaraka amin'ilay mpikambana ao amin'ny filankevitra avo nampiandraiketana ny Zatovovavy sy ilay mpikambana ao amin'ny filankevitra avo nampiandraiketana ny Kilonga.

Ao anatin'ireo fanovana hafa, ny Fikambanana Ifanampiana, Zatovovavy, Zatovolahy, Kilonga ary Sekoly Alahady dia ho antsoina hoe "rafitra" fa tsy "vondrona fanampiny," ary ireo mpitarika dia ho antsoina hoe "Mpiandraikitra Ambony" eo amin'ny sehatry ny Fiangonana maneran-tany ary "mpiandraikitra eo anivon'ny tsatòka" ary "mpiandraikitra eo anivon'ny paroasy" eo amin'ny sehatra eo an-toerana. ■



## Fomba efatra entina mivonona ho amin'ny aprily 2020

Ny taona 2020 dia hanamarika ny faha-200 taonan'ny Fahitana Voalohany, izay nitranga tamin'ny lohataonan'ny 1820. Araka izany, ny Filoha Russell M. Nelson dia mampilaza fa ny fihaonambe ho avy amin'ny volana aprily dia "hankalazana ireo fototra iorenan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny" (jereo ny pejy 122).

Namporisika ny mpikambana sy ny fianakaviana tsirairay izy mba hiomana ho amin'io "fihaonambe tsy manam-paharoa" io ary nanolotra sosokevitra momba ireo fomba azo atao hanatanterahana izany:

1. Vakio indray ny fitantaran'i Joseph Smith momba ny Fahitana Voalohany.
2. Rehefa mandalina ny *Avia, hanaraka Ahy* ianareo amin'ny taona 2020, dia saintsaino ireo fanontaniana momba ny fahalalana azo sy ireo fitahiana azo noho ny Bokin'i Môrmôna.
3. Ampiasao ireo horonan-tsary vaovao momba ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana.
4. Safidio ireo fanontaniana anao manokana dia arafeto ny drafitrao manokana mba "[handrobohana ny tenanao] ao amin'ny fahazavana be voninahitry ny Famerenana amin'ny laoniny."

"Rehefa ataonareo izany," hoy ny Filoha Nelson, "dia sady ho mendrika ny hotsaroana ny fihaonambe amin'ny volana aprily no tsy ho hay hadinoina ihany koa." ■

Avia, hanaraka Ahy

# Mianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany



Ny fampianaran'ireo mpaminany velona sy ireo mpitarika hafa maneran-tany ao amin'ny Fiangonana dia manome fitarihana tena tsara rehefa mikatsaka ny handray anjara ao amin'ny asan'ny Tompo isika. Ny alahady faharoa sy fahefatra isam-bolana, dia mifidy hafatra iray avy amin'ny fihaonambe mba hifanakalozana hevitra ny fiadidian'ny kôlejy sy ny Fikambanana Ifanampiana, izay mifototra amin'ireo zavatra ilain'ireo mpikambana sy amin'ny fitarihana avy amin'ny Fanahy. Indraindray mety hanolotra hafatra iray koa ny eveka na ny filohan'ny tsatòka. Amin'ny ankapobeny ireo hafatra avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no tokony tena hamafisin'ireo mpitarika. Kanefa azo ifanakalozana hevitra daholo izay mety ho hafatra avy amin'ny fihaonambe farany indrindra.

Ireo mpitarika sy mpampianatra dia tokony hitady fomba hamporisihana ireo mpikambana hamaky mialoha ny fivoriana ilay hafatra voafidy.

Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa mikasika ireo fivoriana an'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana dia jereo ny *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana,* 7.8.1, 9.4.1, ChurchofJesusChrist.org.

## Lamina enti-mampianatra

Ireto fanontaniana manaraka ireto dia afaka manampy ireo mpampianatra rehefa manao drafitra hampianatra hafatra iray avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izy ireo.

**1.** Inona no tian'ny mpandahateny hotakarinay? Inona avy ireo fitsipiky ny filazantsara ampianariny? Nahoana izany no manan-danja ho an'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anay?

**2.** Inona no soratra masina nampiasain'ilay mpandahateny mba hanohanana ny hafany? Misy soratra masina hafa azonay vakina ve izay hampahalalina ny fahatakaranay? (Mety afaka mahita vitsivitsy ianao ao anatin'ireo fanaramarihana any amin'ny faran'ny hafatra.)

**3.** Inona avy ireo fanontaniana azoko apetraka izay hanampy ireo mpikambana hisaintsaina ilay hafatra? Inona avy ireo fanontaniana izay hanampy azy ireo hahita ny maha-manan-danja ilay hafatra eo amin'ny fiainan'izy ireo sy ny an'ny fianakavian'izy ireo ary eo amin'ny asan'ny Tompo?

**4.** Inona no zavatra hafa azoko atao mba hanasana ny Fanahy ao anatin'ny fivorianay? Inona no zavatra azoko ampiasaina mba hampivelarana ny fifanakalozan-kevitra, tafiditra ao anatin'izany ny tantara, ny fifanahafana, ny mozika ary ny zavakanto ara-tsary? Inona no nampiasain'ilay mpandahateny?

**5.** Moa ve nanolotra fanasana ilay mpandahateny? Ahoana no ahafahako manampy ireo mpikambana hahatsapa ny faniriana mba handray andraikitra eo anatrehan'ireo fanasana ireo?



## Hevitra mikasika ireo asa azo atao

Misy fomba maro azo anampiana ireo mpikambana mba hianatra avy amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Misy ohatra vitsivitsy ireto. Mety manana hevitra hafa izay hahomby kokoa ho an'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao ianao.

- ***Mifanakalo hevitra ao anatina vondrona.*** Zarazarao ho vondrona kely maromaro ireo mpikambana ary omeo ampahany samihafa avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe ny vondrona tsirairay mba hovakina sy hifanakalozana hevitra. Dia angataho ny vondrona tsirairay mba hizara izay zavatra nianarany. Na afaka manorina vondrona ahitana olona nandalina ampahany samihafa ianao, dia avelao izy ireo hifampizara ny zavatra nianaran'izy ireo.

- ***Mamaly fanontaniana.*** Asao ireo mpikambana mba hamaly fanontaniana taha-ka ireto manaraka ireto mikasika ny hafatra avy amin'ny fihaonambe: Inona avy ireo fahamarinana momba ny filazantsara izay hitantsika ao amin'io hafatra io? Ahoana no ahafahantsika mampihatra ireo fahamarinana ireo? Inona avy ireo fanasana natolotra sy fitahiana nampanan-tenaina? Inona no ampianarin'izany hafatra izany antsika mikasika ny asa tian'Andriamanitra hataontsika?

- ***Mizara teny nindramina.*** Asao ireo mpikambana mba hizara teny nindramina avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe izay mamporisika azy ireo hanatanteraka ny andraikitr'izy ireo eo amin'ny asa famonjena. Amporisiho izy ireo mba handinika ny fomba ahafahan'izy ireo mizara ireo teny nindramina ireo mba hitahiana olona, tafiditra ao anatin'izany ireo olon-tiana sy ireo olona izay anaovan'izy ireo fanompoana.

- ***Mizara lesona ampiasana ohatra azo tsapain-tanana.*** Angataho mialoha ny mpikambana vitsivitsy mba hitondra zavatra avy any an-trano izay azon'izy ireo ampiasaina mba hampianarana mikasika ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Angataho ireo mpikambana mba hanazava ny ifandraisan'ireo zavatra ireo amin'ilay hafatra.

- ***Manomana lesona iray mba ho ampianarina any an-trano.*** Angataho ireo mpikambana hiasa tsiroaroa mba hano-mana lesona iray ho an'ny takarivan'ny mpianakavy izay mifototra amin'ilay hafatra avy ao amin'ny fihaonambe. Ahoana no fomba ataontsika mba hahatonga ilay hafatra ho manan-danja ho an'ny fianakaviantsika? Ahoana no ahafahantsika mizara io hafatra io amin'ny olona izay anaovantsika fanompoana?

- ***Mizara ireo zavatra niainana.*** Miaraha mamaky teny maro nambara tao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Angataho ireo mpikam-bana mba hizara ohatra avy ao amin'ny soratra masina sy avy amin'ny fiainan'izy ireo izay maneho na manamafy ilay fotopampianarana nampianarina tao anatin'ireo teny nambara ireo.

- ***Mianatra soratra masina iray.*** Asao ireo mpikambana mba hamaky soratra masina iray izay nolazaina tao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonam-be. Angataho izy ireo mba hifanakalo hevitra mikasika ny fomba anampian'ireo fampianarana ao amin'ilay hafatra azy ireo mba hahatakatra tsara kokoa ilay soratra masina.

- ***Mitady valiny.*** Mamoròna fanontaniana vitsivitsy mialoha ny fotoana izay azo valina amin'ny alalan'ny fampiasana ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Mifantoha amin'ireo fanonta-niana izay manosika ny fieritreretana lalina na ny fam-piharana ireo fitsipika ao amin'ny filazantsara (jereo ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy,* 31–32). Dia avelao ireo mpikambana mba hifidy fanontaniana iray ary hitady valiny ao anatin'ilay hafatra. Asao izy ireo mba hifanakalo hevitra ao anatina vondrona kely maromaro mikasika ireo valiny hitan'izy ireo.

- ***Mitady andian-teny.*** Asao ireo mpikambana mba handinika ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe ka hitady ireo andian-teny izay manan-danja amin'izy ireo. Angataho izy ireo hizara ireo andian-teny sy ny zavatra nianaran'izy ireo avy amin'izany. Nahoana no manampy antsika hanatanteraka ny asan'ny Tompo ireo fampianarana ireo?

- ***Mamorona zavatra.*** Asao ireo mpikambana mba hanamboatra sary na karatra fanamarihana pejy izay ahitana teny fohy manentana ny fanahy avy ao amin'ilay hafatra avy amin'ny fihaonambe. Omeo fahafahana hizara ny zavatra nataony izy ireo. ■



© MICHAEL COLEMAN, TSY AZO ADIKA

***I Kristy teny an-dalana nankany Jerosalema,***
nataon'i Michael Coleman

*"Ny tempoly no ampahany manan-danja indrindra amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Manan-danja amin'ny fanomanana ny olona izay vonona ny handray ny Mpamonjy amin'ny Fiaviany Fanindroany ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny tempoly. . . .*

*". . . Ny tempoly tsirairay dia toerana masina; ny olona tsirairay miditra ny tempoly dia milofo mba ho lasa masina kokoa."*

Filoha Russell M. Nelson, "Lahateny famaranana," 120, 121.



"Ny taona 2020 dia hatao hankalazana ny faha-roanjato taona. Ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny volana aprily dia hiavaka amin'ireo fihaonambe teo aloha," hoy ny Filoha Russell M. Nelson nandritra ny fivoriana famaranana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-189. "Ao anatin'ireo enim-bolana manaraka dia manantena aho fa ny mpikambana tsirairay sy ny fianakaviana tsirairay dia hiomana ho amina fihaonambe tsy manampaharoa izay hankalazana ireo fototra iorenan'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara. . . ."

" . . . Rehefa ataonareo izany dia sady ho mendrika ny hotsaroana ny fihaonambe amin'ny volana aprily no tsy ho hay hadinoina ihany koa."

**Mba hahitana hevitra mikasika ny fomba hiomanana amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny volana aprily 2020, dia jereo ny pejy 122 sy 126.**

MALAGASY
4 02186 11654 2

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY